


# Liabona

**Lahateny tamin'ny  
Fihaonamben'ny  
Fiangonana**

**Fiantsoana Fitopololahy  
Vaovao sy Fiadidian'ny  
Sekoly Alahady Vaovao**





© HOWARD LYON, TSY AZO ADIKA

*Iray ihany ny Mpiandry, nataon'i Howard Lyon*

*Namangy ireo Nefita tany Amerika i Jesoa eto ho fanatanterahana ilay faminiana nozarainy tamin'ireo olona tany Jerosalema:*

*“Manana ondry hafa izay tsy amin'ity vala ity Aho; ary ireny koa dia tsy maintsy ho entiko ka hihaino ny feoko;  
ary ho tonga andiany iray izy, sady iray ihany ny Mpiandry” (Jaona 10:16; jereo koa ny 3 Nefia 15:21).*

## FIVORIANA SABOTSY MARAINA

- 4 Tonga soa eto amin'ny Fihaonambe  
*Filoha Thomas S. Monson*
- 6 Ny Sarany Efaina—sy ireo  
Fitahiana azo—amin'ny  
Maha-mpianatr'i Kristy  
*Loholona Jeffrey R. Holland*
- 9 Ilay Andraikitra Mahafinaritra  
lantsorohan'ny Mpianatra  
*Loholona Ronald A. Rasband*
- 12 I Kristy Ilay Mpanavotra  
*Loholona Carlos H. Amado*
- 15 Fiarovana amin'ny Pôrnôgrafia—  
Tokantrano Mifantoka amin'i Kristy  
*Linda S. Reeves*
- 18 Tadio Ara-panahy  
*Loholona Neil L. Andersen*
- 22 Lovam-panantenana  
Tsy Hay Sandaina  
*Filoha Henry B. Eyring*

## FIVORIANA SABOTSY TOLAKANDRO

- 26 Fanohanana ireo Mpiandraikitra  
ato amin'ny Fiangonana  
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*
- 28 Tatitry ny Departemanta  
Fanamarinana ny Fampiasam-  
bolan'ny Fiangonana, taona 2013  
*Kevin R. Jergensen*
- 28 Tatitra momba ny Antontan'isa  
ho an'ny Taona 2013  
*Brook P. Hales*
- 29 Avelao ny Finoanareo Hiseho  
*Loholona Russell M. Nelson*
- 32 "Fianarana no Nomeko Anareo"  
*Loholona Richard G. Scott*
- 35 "Raha tia Ahy Hianareo,  
dia Hitandrina ny Didiko"  
*Nataon'ny Loholona Robert D. Hales*
- 39 Aoka Isika Tsy ho Diso Lalana  
*Loholona Claudio D. Zivic*
- 41 Inona no Eritreritrao?  
*Loholona W. Craig Zwick*
- 44 Faka sy Sampana  
*Loholona Quentin L. Cook*

## FIVORIAMBEN'NY FISORONANA

- 49 Ny Fanalahidy sy Fahefan'ny  
Fisoronana  
*Loholona Dallin H. Oaks*
- 53 Karazana Olona Toa Inona?  
*Loholona Donald L. Hallstrom*

- 56 Ilay Taranaka Nofinidy  
*Randall L. Ridd*
- 58 Sondrian-tory Ve lanareo Mandritra  
ny Famerenana amin'ny Laoniny?  
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*
- 62 Ilay Lehilahy manana ny Fisoronana  
*Filoha Henry B. Eyring*
- 66 Mahareza sy Matanjaha  
*Filoha Thomas S. Monson*

## FIVORIANA ALAHADY MARAINA

- 70 Mahay Mankasitraka na inona  
na inona Toe-javatra Misy  
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*
- 78 Manohy ny Fandraisana Andraikitra  
*Loholona M. Russell Ballard*
- 81 "Aza matahotra, fa momba  
anao Aho"  
*Jean A. Stevens*
- 84 Ireo Efatra Minitranareo  
*Eveka Gary E. Stevenson*
- 87 Mitondra Mora Foana  
ny Enta-mavesany  
*Loholona David A. Bednar*
- 91 Ny Fitiavana—Fitsipika Fototry  
ny Filazantsara  
*Filoha Thomas S. Monson*

## FIVORIANA ALAHADY TOLAKANDRO

- 94 Ilay Fijoroana ho Vavolombelona  
*Filoha Boyd K. Packer*
- 97 Aoka lanao Higaina ao Anatin'ny  
Fifikirana amin'ny Finoana  
*Loholona William R. Walker*
- 100 Fankatoavana amin'ny alalan'ny  
Fahatokiantsika  
*Loholona L. Tom Perry*
- 103 Ny Mpaminany Joseph Smith  
*Loholona Lawrence E. Corbridge*
- 106 Izay Itoeran'ny Harenareo  
*Loholona Michael John U. Teh*
- 108 Raha Tsy Manam-pahendrena  
Hianareo  
*Loholona Marcos A. Aidukaitis*
- 111 Ny Fitsanganan' i Jesoa Kristy  
tamin' ny Maty  
*Loholona D. Todd Christofferson*
- 115 Mandra-pihaonantsika Indray  
*Filoha Thomas S. Monson*

## FIVORIAMBEN'NY VEHIVAVY MANERAN-TANY

- 116 Miaro sy Manomana ary Manome  
Hery Antsika ny Fitandremana ireo  
Fanekepivahanana  
*Rosemary M. Wixom*
- 119 Vondron'ny Mpirahavavy:  
Tena Mila ny Tsirairay Isika  
*Bonnie L. Oscarson*
- 122 Mitady: Tanana sy Fo Vonona  
Hanafaingana ny Asa  
*Linda K. Burton*
- 125 Zanakavavy ao amin'ny  
Fanekepivahanana  
*Filoha Henry B. Eyring*
- 72 Manampahafana Ambony sy  
Mpiandraikitra Ambony ao amin'Ny  
Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny  
Olomasin'ny Andro Farany
- 129 Fanoroam-pejin'ireo Tantara  
nandritra ny Fihaonambe
- 130 Niteny Tamintsika Izy Ireo: Manome  
Anjara Toerana ny Fihaonamben'ny  
Fiangonana eo amin'ny Fiainantsika
- 132 Vaovaom-piangonana



# Famintinana ny Fihaonamben'ny Fiangonana Maneran-tany Fanao Isan-taona faha-184

## SABOTSY MARAINA, 5 APRILY 2014, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.  
Vavaka fanokafana: Loholona Carl B. Cook.  
Vavaka famaranana: Loholona W. Christopher Waddell. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika; Clay Christiansen sy Richard Elliott, mpitendry ôrga: "Fototra Mafy Orina," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha- 12; "Saints, en avant! Armés de foi en Christ" *Cantiques*, no. 40, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Brillante Étoile, Étoile du Matin," *Cantiques*, no. 52, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Bien Choisir," *Cantiques*, no. 154; "A New Commandment I Give unto You," Gates, navoakan'i Jackman; "O Viens, toi, Roi des rois," *Cantiques*, no. 29, narindran'i Murphy, tsy navoaka.

## SABOTSY TOLAKANDRO, 5 APRILY 2014, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.  
Vavaka fanokafana: Loholona Ian S. Arderm.  
Vavaka famaranana: Linda K. Burton. Hira nataon'ny Amboarampeo mitambatra avy ao amin'ny Institiota ao Orem Utah; Ryan Eggett, mpitarika; Bonnie Goodliffe sy Linda Margetts, mpitendry ôrga: "Gloire au Dieu Tout-puissant," *Hymns*, no. 32, narindran'i Manookin, navoakan'i Jackman; "I Lived in Heaven," *Children's Songbook*, 4, narindran'i Beebe, navoakan'i Larice Music; "Misaotra Anao noho ny mpaminany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha- 72; "An-tendrombohitra," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha- 59, narindran'i Duffin, navoakan'i Duffin.

## SABOTSY HARIVA, 5 APRILY, 2014, FIVORIAMBEN'NY FISORONANA

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf. Vavaka fanokafana: Loholona LeGrand R. Curtis Jr. Vavaka famaranana: Russell T. Osguthorpe. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Fisoronana avy ao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young -Idaho; Randall Kempton sy Kevin Brower, mpitarika; Andrew Unsworth, mpitendry ôrga: "Saints, Behold How Great Jehovah," *Hymns*, no. 28, narindran'i Kempton, tsy navoaka; "Instant de paix, moment si doux," *Cantiques*, no. 79, narindran'i Kasen, navoakan'i Jackman; "Hosanna au Grand Roi," *Cantiques*, no. 34; "Reste avec nous,

Seigneur!" *Cantiques*, no. 92, narindran'i Kempton, tsy navoaka.

## FIVORIANA ALAHADY MARAINA, 6 APRILY 2014, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring. Vavaka fanokafana: Loholona L. Whitney Clayton. Vavaka famaranana: Neill F. Marriott. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg, mpitarika; Richard Elliott sy Andrew Unsworth, mpitendry ôrga: "Disciples du Seigneur," *Cantiques*, no. 51; "On This Day of Joy and Gladness," *Hymns*, no. 64; "Ndao handroso hatrany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha- 20, narindran'i Elliott, tsy navoaka; "Toroy aho handeha amin'ny mazava," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha- 129; "La Prière d'un Enfant," *Chants pour les Enfants*, 6, narindran'i Perry, navoakan'i Jackman; "Vers Sion, cité promise," *Cantiques*, no. 39, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

## ALAHADY TOLAKANDRO, 6 APRILY 2014, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.  
Vavaka fanokafana: Eveka Dean M. Davies. Vavaka famaranana: Loholona Benjamín De Hoyos. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika; Linda Margetts sy Bonnie Goodliffe, mpitendry ôrga: "Tsara ny asa," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha- 20, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Endrey mahagaga ahy," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha- 44, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Peuples du monde, écoutez-donc!" *Cantiques*, no. 170; "Come, Let Us Anew," *Hymns*, no. 217, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

## SABOTSY HARIVA, 29 MARTSA 2014, FIVORIAMBEN'NY VEHIVAVY MANERAN-TANY

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Fitarihana: Bonnie L. Oscarson. Vavaka fanokafana: Emri Elizabeth Smith. Vavaka famaranana: Ofa Kaufusi. Hira nataon'ny Amboarampeo mitambatra ny Kilonga sy ny Zatovovavy ary ny Fikambanana Ifanam-piana avy amin'ireo tsatoka manerana ny Wasatch Front; Emily Wadley, mpitarika; Bonnie Goodliffe, mpitendry ôrga: "Peuples du monde, écoutez-donc!" *Cantiques*, no. 170; "Daughters in His Kingdom," Creamer, tsy navoaka, miaraka amin'ny

feona ôrga, sodina, lokanga ary lokangabe; "Zanaky ny Ray Aho," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha- 113, narindran'i DeFord, tsy navoaka; hira natambatra, narindran'i Mohlman, tsy navoaka: "Seigneur, je te suivrai," *Cantiques*, no. 141, sy "Aimez vos frères," *Cantiques*, no. 200; "Ndao handroso hatrany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, faha- 20, narindran'i Huff, tsy navoaka.

## FOMBA HHAZOANA IREO LAHATENY TAMIN'NY FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA

Mba hahazoana ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana amin'ny fiteny maro ao amin'ny Internet dia tsidiho ny conference.lds.org ary misafidiana fiteny iray. Hita amin'ny Application Gospel Library ihany koa ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana. Amin'ny ankapobeny dia enina herinandro aorian'ny fihonamben'ny Fiangonana no hita ao amin'ireo foibe fanapariahana ireo raki-peo.

## HAFATRA HO AN'NY FAMANGIANA SY FAMPANARANA ISAN-TOKANTRANO

Ho an'ny hafatra ho an'ny famangiana sy ny fampianarana isan-tokantrano, dia mba misafidiana lahateny iray izay tena mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ireo izay vangiana.

## EO AMIN'NY FONONY

Eo aloha: Sary nalain'i Christina Smith.  
Ao ambadika: Sary nalain'i Leslie Nilsson.

## SARY NANDRITRA NY FIHAONAMBE

Ireo sary nandritra ny fihaonambe tao Salt Lake City dia nalain'i Welden C. Andersen, Cody Bell, Randy Collier, Weston Colton, Scott Davis, Craig Dimond, Nathaniel Ray Edwards, Lloyd Eldredge, Ashlee Larsen, John Luke, Leslie Nilsson, Christina Smith, ary i Byron Warner; nalain'i Jamie Dale Johnson ny tao Gilbert, Arizona, Etazonia; nalain'i Rebecca Morgenege ny tao Highlands Ranch, Colorado, Etazonia; nalain'i Israel Gutiérrez ny tao Mexico City, Mexique; nalain'i David Winters ny tao Norcross, Géorgie, Etazonia; nalain'i Brent Walton ny tao Palmyra, New York, Etazonia; nalain'i Jeremy Hall ny tao Pleasant Grove, Utah, Etazonia; nalain'i Rhonda Steed ny tao Raymond, Alberta, Kanada; nalain'i Vladimir Egorov ny tao Saint Petersburg, Russie; nalain'i Lauren Fochetto ny tao São Paulo, Brésil; nalain'i Colin Ligertwood ny tao Sydney, Australie; nalain'i Kylie Sneddon ny tao Ulaanbaatar, Mongolie; nalain'i Frank Helmrich ny tao Vienne, Autriche; ary nalain'i James Iloff Jeffery ny tao Washington, Utah, Etazonia.

**MEY 2014 BOKY. 14 LAH. 2  
LIAHONA 10985 654**

Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen

**Mpanomana ny fanontana:** Craig A. Cardon  
**Mpanorohevitra:** Jose L. Alonso, Mervyn B. Arnold, Shayne M. Bowen, Stanley G. Ellis, Christoffel Golden

**Tale mpitantana:** David T. Warner

**Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana**

**sy ny Mpikambana:** Vincent A. Vaughn

**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg

**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** R. Val Johnson

**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr

**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Brittany Beattie, David Dickson, David A. Edwards, Jennifer Grace Fallon, Matthew D. Flitton, Mindy Raye Friedman, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Michael R. Morris, Sally Johnson Odekirik, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Paul VanDenBerghe, Marissa Widdison

**Tale mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen

**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson

**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P.

Andrus, Mandie M. Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child,

Nate Gines, Colleen Hincley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren,

Scott M. Mooy, Mark W. Robison, Brad Teare, K. Nicole

Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:**

Collette Nebeker Aune

**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters

**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Kevin C. Banks,

Connie Bowthorpe Bridge, Julie Burdett, Bryan W. Gygi,

Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Gayle Tate Rafferty

**Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana:** Jeff L. Martin

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Craig K. Sedgwick

**Talen'ny Fanaparahana:** Stephen R. Christiansen

**Tompon' andraikitra ny fandikan-teny:**

Rakotondrasoza Ziva Lalarielo

**Mpanandika teny:** Rabemalanto Lucia, Ifano Rasolondraibe,

Ramamonjisoa Hanitra, Andriamaheninisoa Tatamo, Hanitriniy

Cynthia Rakotoarivelo

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanada

dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanaparahana any

amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny

mpitaraka ao amin'ny parosy na sampana misy anao.

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny

internet ao amin'ny [liahona.lds.org](http://liahona.lds.org); amin'ny alalan'ity e-mail ity

[liahona@ldschurch.org](mailto:liahona@ldschurch.org); na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona*,

Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-

0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe

"kompa" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana,

Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola,

Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa,

Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia,

Koreana, Kroasiana, Latviana, Litoaniana, Malagasy, Marisalazy,

Mongoliana, Norveziana, Okirieniana, Ordo, Pôlôney, Portogey,

Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboano, Siloveniana, Sinoa, Sinoa

(notsorina), Soaly, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana,

Tseky ary Vietnamiana (Ny fivoahon'ny boky dia miovaova araka ny

tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2014 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana.

Natonta tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika

raha sendra ilaina any am-piangonana na ao an-tokantrano

ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha

misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana

fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny

fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao

adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St.,

Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: [cor-intellectualproperty@ldschurch.org](mailto:cor-intellectualproperty@ldschurch.org).

**For Readers in the United States and Canada:**

May 2014 Vol. 14 No. 2. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy

(ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May,

October, and November) by The Church of Jesus Christ of

Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT

84150. USA subscription price is \$2.00 per year; Canada, \$2.40

plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City,

Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include

address label from a recent issue; old and new address must be

included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake

Distribution Center at address below. Subscription help line:

1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American

Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information:

Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 707.4.12.5).

NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to

Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake

City, UT 84126-0368, USA.



**LISITR'IREO MPANDAHATENY  
MANARAKA NY ABIDIA**

Aidukaitis, Marcos A., 108  
Amado, Carlos H., 12  
Andersen, Neil L., 18  
Ballard, M. Russell, 78  
Bednar, David A., 87  
Burton, Linda K., 122  
Christofferson, D. Todd, 111  
Cook, Quentin L., 44  
Corbridge, Lawrence E., 103  
Eyring, Henry B., 22, 62, 125  
Hales, Robert D., 35  
Hallstrom, Donald L., 53  
Holland, Jeffrey R., 6  
Monson, Thomas S., 4, 66,  
91, 115  
Nelson, Russell M., 29  
Oaks, Dallin H., 49  
Oscarson, Bonnie L., 119  
Packer, Boyd K., 94  
Perry, L. Tom, 100  
Rasband, Ronald A., 9  
Reeves, Linda S., 15  
Ridd, Randall L., 56  
Scott, Richard G., 32  
Stevens, Jean A., 81  
Stevenson, Gary E., 84  
Teh, Michael John U., 106  
Uchtdorf, Dieter F., 26, 58, 70  
Walker, William R., 97  
Wixom, Rosemary M., 116  
Zivic, Claudio D., 39  
Zwick, W. Craig, 41

**FANOROAM-PEJY ARAKA NY  
LOHAHEVITRA**

Anaran'ny Fiangonana, 78  
Andriamanitra Ray, 81, 94  
Asa Fanompoana, 9, 32, 53,  
58, 62, 119, 122  
Asa fitoriana, 32, 78  
Bokin' i Môrmôna, 18  
Fahafahana misafidy, 35,  
56, 100  
Fahafatesana, 12, 111  
Fahafoizana, 97  
Fahamarinana, 111  
Fahamarinana, 6  
Fahamarinana, 29, 94,  
103, 108  
Fahamarinan-toetra, 62  
Fahamendrehana, 53  
Faharatsiana, 29  
Fahefana, 49  
Fahendrena, 103, 108  
Fahoriana, 9, 18, 70, 81,  
87, 106  
Famelan-keloka, 91  
Fameranana amin' ny  
laoniny, 58  
Fanahy Masina, 22, 94, 100  
Fanambadiana, 18, 41, 49  
Fanambarana, 103, 108  
Fanantenana, 22  
Fandalana ny fahamarinana,  
29, 66  
Fanekepiphavanana, 22, 84,  
87, 116, 122, 125  
Fanenjhana, 6  
Fanetren-tena, 106  
Fangorahana, 91  
Fankasitrahana, 70  
Fankatoavana, 6, 18, 35,  
84, 100  
Fianana mandrakizay, 22  
Fianakaviana, 44, 49  
Fiankinan-doha, 15, 58  
Fiantrana, 91  
Fibebahana, 39, 84

Fifandraisana, 41  
Fifehezan-tena, 84  
Fihaonamben'ny  
Fiangonana  
Maneran-tany, 4, 115  
Fijoroana ho  
vavolombelona, 94  
Finoana, 29, 78, 81, 97,  
100, 108  
Fisoronana, 49, 53, 62  
Fitiavana, 6, 32, 41, 58, 91,  
115, 119  
Fitiavan-tena, 58  
Fitsanganana amin'ny maty,  
12, 111  
Hatsaram-panahy, 91  
Herimpo, 6, 18, 66  
Jesoa Kristy, 6, 9, 12, 18, 22,  
29, 32, 35, 39, 58, 70, 87,  
94, 103, 111  
Joseph Smith, 22, 39, 66,  
103  
Laharam-pahamehana, 58,  
106  
Maha Mpanara-dia, 6, 9,  
18, 122  
Maha-mpirahavavy, 119,  
125  
Maha-ray aman-dreny, 94  
Mpamaky lay, 70, 97  
Mpaminany, 97, 103, 108  
Mpikambana Manao Asa  
Fitoriana, 78  
Ohatra, 32, 62  
Ôrdônansy, 94  
Pôrnôgrafia, 15, 53, 58  
Soratra Masina, 29, 56  
Sorompanavotana, 12, 15,  
18, 87, 111  
Tantaram-pianakaviana, 44  
Teknôlôjia, 44, 56, 108  
Tempoly, 4, 44, 97, 116  
Vavaka, 15, 56, 62, 81  
Vehivavy, 49, 119



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Tonga soa eto amin'ny Fihanonambe

*Miray fo ao anatin'ny finoantsika sy ny faniriansika hihaino ny hafatra hozaraina amintsika [isika] ka hianatra avy amin'izany.*

Ry rahalahy sy ranabavy malalako, tena faly aho miarahaba anareo tonga soa ato anatin'ity Fihanonamben' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany maneran-tany ity. Tafavory toy ny fianakaviana lehibe iray isika izay miisa 15 tapitrisa mahery, ary miray fo ao anatin'ny finoantsika sy ny faniriansika hihaino ny hafatra hozaraina amintsika ka hianatra avy amin'izany.

Nandeha haingana dia haingana tokoa izay enim-bolana lasa izay rehefa nandeha tsara tsy nahitana sakantsakana ny fanatanterahana ny asan'ny Fiangonana. Tombontsoa lehibe ho ahy vao iray volana lasa izay ny nito-kana ny Tempolin'i Gilbert Arizona izay trano tena tsara tarehy. Ny hariva talohan'ny fitokanana dia nisy fampisehoana ara-kolontsaina natao teo akaikikaikin'i Discovery Park. Tanora niisa roa arivo sy iray alina no nanao fampisehoana nandritra ny 90 minitra. Tena niavaka ny fampisehoana dihy ary ny hira sy mozika.

Nianjadian'ny hain-tany tokoa

iny faritra iny ary maro ny vavaka nalefa tany an-danitra araka ny eritritro tao anatin'ny herinandro maro talohan'izany mba hangatahana orana izay tena ilaina tokoa. Indrisy fa tena tonga talohan'ny fampisehoana izany ary nijohy nandritra ilay seho manontolo! Samy nahatsapa ny Fanahin'ny Tompo izahay rehetra na dia kotsa tanteraka sy tratran'ny hatsiaka tampoka aza ireo tanora noho ilay mari-pana lasa nangatsiatsiaka. Tafavoaka tsara tamin'ny alalan'ireo tovolahy sy tovovavy feno tsiky sy fientanentanana ilay lohahevitra ny fampisehoana hoe: "Aoka ianao hiaina ao anatin'ny fifikirana amin'ny finoana"—hevero anie izany hoe "Aoka ianao hiaina ao anatin'ny fifikirana amin'ny finoana." Na dia teo aza ny hatsiaka sy ny orana dia ho toe-javatra niainana nampitombo finoana sy nanentana ny fanahy izay hotehirizin'ireo tanora ireo ao am-pony rahatrizay izany ary hotantarainy amin'ny zanany sy ny zafikeliny ao anatin'ireo taona ho avy atsy ho atsy.



Notanterahina ny ampitson'izany ny fitokanana ny Tempolin'i Gilbert Arizona. Lasa tempoly faha-142 efa miasa ato amin'ny Fiangonana izany. Tsara tsy toy ny hariva omalin'iny ny andro ary nibaliaka ny masoandro. Tena nanentana ny fanahy ireo fotoampanokanana ny tempoly nifanesy. Nanatrika izany niaraka tamiko ny Filoha Henry B. Eyring, ny Loholona Tad R. Callister sy Rahavavy Callister, ny Loholona William R. Walker sy Rahavavy Walker, ary ny Loholona Kent F. Richards sy Rahavavy Richards.



Hotokanana amin'ny volana Mey ny Tempolin'i Fort Lauderdale Floride. Misy tempoly hafa izay ho vita sy hotokanana aoriandriana kely amin'ity taona ity. Miandrandra ny famitana sy fitokanana tempoly vaovao any amin'ny faritra maro eto amin'izao tontolo izao izahay amin'ny 2015. Hitohy izany dingana izany. Rehefa vita daholo ireo tempoly rehetra nambara teo aloha dia hanana tempoly miasa miisa 170 manerana an'izao tontolo izao isika.

Na dia mampifantoka ny ezaka

ataonay amin'ny famitana ireo tempoly nambara teo aloha aza izahay amin'izao fotoana izao ary tsy hanambara fananganana tempoly vaovao ato ho ato, dia hanohy handinika ireo zavatra ilaina sy hitady toerana ho an'ireo tempoly haorina amin'ny ho avy. Ao anatin'ireo fihao-namben'ny Fiangonana amin'ny ho avy izany vao hisy ny fanambarana. Olona mpanangana tempoly sy mpatrika tempoly isika.

Ankehitriny ry rahalahy sy anabavy dia efa tsindrindaona isika hihaino

ireo hafatra izay hozaraina amintsika anio sy rahampitso. Ireo izay hiteny amintsika dia nikatsaka ny fanampiana sy fitarihana avy any ambony teo am-panomanana ny hafatra hozarain'izy ireo.

Enga anie isika—isika rehetra manatrika eto sy any amin'ny toerana hafa—ka ho feno ny Fanahin'ny Tompo ary hahazo fahazavan-tsaina amam-panahy sy fanentanam-panahy rehefa hihaino sy hianatra. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika, amena. ■



**Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny Sarany efaina— sy ireo Fitahiana azo—amin'ny maha-Mpianatr'i Kristy

*Matanjaha. Aoka ianareo hiaina amim-pahatokiana  
ny filazantsara na dia tsy miaina izany mihitsy aza  
ireo manodidina anareo.*

Tianay ianao ry Filoha Monson. Nanolotra ny fonao manontolo sy ny fahasalamanao ianao tamin'ny antso rehetra nomen'ny Tompo anao hatrizay, indrindra fa ny anjara fanompoana masina izay hazoninao amin'izao fotoana izao. Misaotra anao ity Fiangonana iray manontolo ity noho ny fanompoana amim-pahavitrihana ataonao sy noho ny amin'ny fanoloran-tenanao tsy tapaka hanao adidy.

Ao anatin'ny fiderana sy famporosihana ireo rehetra izay mila miorina mafy amin'izao andro farany izao no ilazako amin'ny rehetra, indrindra amin'ireo tanoran'ny Fiangonana, fa ho avy ny fotoana indray andro any, raha toa ka mbola tsy nitranga izany, izay hanananareo fahafahana hiaro ny finoanareo, na hiaritra herisetra mihitsy aza noho ianareo hoe mpikamban' Ny Fianganan'i Jesoa Kristy ho an'ny

Olomasin'ny Andro Farany tsotra izao fotsiny. Ny fotoana toy izany dia sady mitaky herimpo no mitaky fahalalam-pomba avy aminareo.

Ohatra, vao haingana no nisy rahavavy misiônera iray nanoratra taty amiko hoe: “Nahita lehilahy iray nipetraka sy nisakafo teo amin'ny dabilio teo akaikin'ny lapan'ny tanàna izaho sy ny rahavavy mpiara-miasa tamiko. Rehefa nanatona azy izahay, dia nitraka izy ka nahita ny soratra famantarana ny misiônera teny aminay. Nahatsiravina ny fijeriny, ary nitsangana izy sady nanainga ny tanany handeha hamely ahy. Nahay niala aho, saingy naloany teny amiko indray ny sakafony sady nanomboka nanompa anay tamin'ny teny ratsy faran'izay mahatsiravina izy. Niala teo izahay ary tsy niteny na inona na inona. Niezaka namafa ny sakafo teny amin'ny tarehiko aho, kanjo nisy

vaingan'ovy voapotsitra namely ahy indray avy tao amin'ny hatoka. Indraindray dia tena sarotra ny manao asa fitoriana satria tamin'izay fotoana izay aho dia naniry ny hiverin-dalana, sy hisambotra ilay rangahy kely ka hiteny hoe: ‘AZAFADY KELY HOE!’ Saingy tsy nanao izany aho.”

Ho an'io misiônera feno fanoloran-tena io, dia izao no lazaiko, ry zanako malala, ianao dia efa niditra tamimpanetrentena ho isan'ny vondrona iray izay ahitana vehivavy sy lehilahy tena miavaka izay voalazan'ny mpaminany Jakôba ao amin'ny Bokin'i Môrmôna hoe “[n]ibanjina ny fahafatesan[i Kristy], sy [n]iaritra ny hazofijaliany ary [n]izaka ny henatr'izao tontolo izao.”<sup>1</sup>

Eny tokoa, momba an'i Jesoa mihitsy no nilazan'i Nefia rahalahin'i Jakôba hoe: “Ary izao tontolo izao, noho ny helony dia hihevitra Azy ho tsinontsinona; koa karavasiny Izy ary miaritra izany; ary asiany Izy, fa miaritra izany. Eny, rorany Izy ary miaritra izany noho ny lemim-panahiny sy ny fitiavany ary ny faharipony amin'ny zanak'olombelona.”<sup>2</sup>

Toy ny toe-javatra niainan'ny Mpamonjy, dia nisy hatrany koa ny fandavana sy ny sarany tena lafo izay nefain'ireo mpaminany sy apôstôly, ireo misiônera sy mpikambana isaky ny taranaka nifandimby—ireo rehetra izay niezaka ny hanaja ny antson'Andriamanitra mba hanandratra ny zanak'olombelona ho eo amin'ny “lalana tena tsara indrindra.”<sup>3</sup>

“Ary inona koa no holazaiko [momba azy ireo]?” hoy ny mpanoratra ny bokin'ny Hebreo manontany.

“[Ireo] izay . . . nanakombona ny vavan'ny liona,

“Namono ny fidedadedan'ny afo, afaka tamin'ny lelan-tsabatra, . . . nahery tamin'ny ady, nampandositra [ny miaramila] . . .

“[Nahita] ny azy efa maty, fa natsangana ho velona indray [raha] ny sasany nampijalijaliana . . .

“Ary . . . niaritra fanesoana sy kapoka mafy, . . . fatorana sy tranomaizina:

“Notoraham-bato izy [ireo], . . . notsofana, nalaim-panahy, novonoina



tamin'ny sabatra: . . . nirenireny nitafy hoditr'ondry sy hoditr'osy; efa lao, ory, [sy] fadiranovana;

“(izao tontolo izao tsy miendrika ho nitoeran'[izy ireo] akory:) . . . dia nirenireny tany an-efitra sy tany antendrombohitra sy tany an-johy ary tao an-dava-tany izy [ireo].”<sup>4</sup>

Azo antoka fa nitomany ireo anjelin'ny lanitra rehefa nirakitra antoratra izany sarany efaina amin'ny maha-mpianatry ny Tompo izany eo amin'izao tontolo izao izay matetika mankahala ny didin'Andriamanitra. Ny Mpamonjy mihitsy no nandatsa-dranomaso ho an'ireo izay nolavina sy novonoina nandritra ny an-jato-taona maro teo am-panompoana Azy. Ary ankehitriny Izy dia lavina sy efa hovanoina.

“Ry Jerosalema, ry Jerosalema” hoy Jesoa niantsoantso, “izay mamono ny mpaminany sy mitora-bato izay irahina ho aminao, impiry Aho no ta-hanangona ny zanakao, tahaka ny fanomban'ny akoho ny zanany ao ambanin'ny elany, fa tsy nety hianareo!

“Indro, avela ho lao ho anareo ny tranonareo.”<sup>5</sup>

Ary ao anatin'izany teny izany dia misy hafatra ho an'ireo zatovolahy sy zatovovavy rehetra ao amin'ity Fianganana ity. Mety hanontany tena ianareo hoe tsy hanenenana ve ny miaro amin-kerimpo ny fitsipiky ny fahatsaram-pitondrantena any amin'ny sekoly ambaratonga faharoa (lycée) na ny mandeha manao asa fitoriana kanefa avy eo tevatavaina ireo zavatra inoanao tena maminao indrindra, na koa ny miady mafy eo amin'ny fiaraha-monina izay indraindray manao tsinontsinona ny fiainan'ny olona feno fanoloran-tena amin'ny fivavahana. Eny, tsy hanenenana izany, satria raha tsy izany ny “tranontsika” dia avela ho “lao” ho antsika—olona lao, fianakaviana lao, mpiara-monina lao, ary firenena lao.

Hitantsika amin'izany ny entamavesatr'ireo izay antsoina hitondra ilay hafatra momba ny Mesia. Ankoatra ny mampianatra sy mamporisika ary mampitraka ny olona (izay ampahany mahafinaritra amin'ny maha-mpianatry ny Tompo), indraindray



ireo mpitondra hafatra ireo dia antsoina mba hisahiran-tsaina sy ham-pitandrina ary indraindray hitomany tsootra izao (izay no ampahany mampalahelo amin'ny maha-mpianatry ny Tompo). Fantatr'izy ireo tsara fa ilay lalana mitondra mankany amin'ny tany nampanantenaina “tondra-dronono sy tantely”<sup>6</sup> dia tsy maintsy mandalo lalana mitovy amin'ny an'ny Tendrombohitra Sinay izay ahitana ireo fandrarana sy fandidiana isan-karazany.<sup>7</sup>

Indrisy anefa fa ireo iraka mitondra ireo didy ambaran'Andriamanitra dia matetika no tsy tian'ny olona kokoa ankehitriny raha oharina amin'ny tany aloha, ary farafaharatsiny misiônera vavy anankiroa izay nandoavan'olona sy nipitihan'ny ovy voapotsitra no afaka manamarina izany ankehitriny. Mahasosotra ny teny hoe *Fankahalana*, misy anefa ankehitriny ireo izay milaza miaraka amin'i Ahaba fangolika hoe: “Halako [ny mpaminany Mikaila]; satria tsy mbola naminany soa ho ahy izy, fa loza ihany mandrakariva.”<sup>8</sup> Izany karazana fankahalana ny fahatsoran'ny mpaminany

izany dia namoizana ny ain'i Abinadia. Araka izay nolazainy tamin'ny Mpanjaka Noà: “Satria efa nilaza ny marina taminareo aho dia tezitra amiko ianareo. . . . Satria efa nilaza ny tenin'Andriamanitra aho dia efa notsarainareo ho adala”<sup>9</sup> na azontsika ampiana hoe, tambanivohitra, mpanao fitondrana jadona, tery saina, masiaka, nilaozan'ny toetr'andro, ary manao fisainana antitra.

Izany dia tahaka ny nitomanian'ny Tompo Izy tenany tamin'ny mpaminany Isaia hoe:

“[Ireo] zaza [ireo]. . . tsy mety mihaino ny lalàn'i Jehovah:

“[Izy ireo dia] manao amin'ny mpahita hoe, Aza mahita; ary amin'ny mpaminany, Aza maminany zavatra marina aminay, manaova vava malefaka aminay, maminania fitaka:

“Mialà amin'ny lalana, mivilia amin'ny aleha: Atsaharo ny Iray Masin'ny Isiraely tsy ho eo anoloanay intsony.”<sup>10</sup>

Indrisy ry tanora namako, mampiavaka izao vanim-potoana misy antsika izao ny hoe raha te hanana andriamanitra ny olona, dia tiany ho

andriamanitra tsy mitaky zavatra maro izany, andriamanitra mampilamin-tsaina, andriamanitra moramora izay tsy manakorontana na manova ny zava-misy nefa koa tsy mampandroso sy mampivoatra na inona na inona, andriamanitra izay manome toky antsika, mampifalifaly antsika, ary mandefa antsika hanao izay mahafalifaly ny fontsika.<sup>11</sup>

Izany anie ka tena ny olombelona indray no mahary an'Andriamanitra tahaka ny endriny ihany e! Indraindray—ary izany no toa tena maneso indrindra—ireo olona ireo koa dia manao an'i Jesoa ho iray amin'izany karazana Andriamanitra “mampilamin-tsaina” izany. Amin'ny fomba ahoana moa? Izy izay nilaza fa tsy vitan'ny hoe tsy tokony handika ireo didy fotsiny isika, fa tsy tokony hataontsika akory na dia ny *hieritreritra* ny handika ireo didy fotsiny aza. Ary raha mieritreritra ny handika ireo didy isika, dia efa nandika izany tao am-pontsika. Izany ve dia fotopampianarana “mampilamin-tsaina”, sy mahafinaritra ny sofina ary ankafizin'ny sarambagem-bahoaka?

Ary ahoana indray ny amin'ireo izay maniry ny hitazana fotsiny ny fahotana na koa hikitika izany sady somary manalavitra? Nilaza tsy ampiahambambana i Jesoa fa, raha ny masonao no manafintohina anao, dia esory hiala. Raha ny tananao no manafintohina anao, dia tapaho.<sup>12</sup> “Tsy tonga hitondra fiadanana Aho, fa sabatra,”<sup>13</sup> Nampitandremany ireo izay nieritreritra fa rediredy mahafinaritra fotsiny no noteneniny. Tsy mahagaga raha isaky ny avy manao toriteny Izy dia tonga ireo fokonolona “nifona tamin'ny] mba hiala amin'ny taniny.”<sup>14</sup> Tsy mahagaga raha isaky ny avy manao fahagagana Izy dia lazain'ny olona fa tsy avy amin'Andriamanitra ny heriny fa avy amin'ny devoly.<sup>15</sup> Mazava ho azy fa ilay fanontaniana malaza manao hoe “Inona no ho nataon'i Jesoa raha teo Izy?” dia tsy voatery foana hahazoana valinteny ho tian'ny besinimaro.

Tao anatin'ny fotoana lehibe indrindra nandritra ny asa fanompoana nataony tety an-tany, dia nilaza i Jesoa hoe, “[Mifankatiava], tahaka ny nitiavako anareo.”<sup>16</sup> Mba hahazoana

antoka fa tena takatr'izy ireo hoe karazana fitiavana manao ahoana izany, dia hoy Izy, “Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko,”<sup>17</sup> ary “na zovy na zovy no mamaha ny anankiray amin'ireo didy madinika indrindra ireo, *ka mampianatra ny olona [hanao] toy izany*, dia hatao hoe kely indrindra amin'ny fanjakan'ny lanitra izy.”<sup>18</sup> Ny fitiavana tahaka ny an'i Kristy no tena ilaintsika indrindra eto amin'ity tany ity satria amin'ny ampahany dia tokony hiaraka amin'izy io hatrany ny fahamarinan-toetra. Koa raha toa ka ny fitiavana no ataontsika teny filamatra, araka ny *tokony* hataontsika, dia tokony hialantsika ny fandikan-dalàna sy izay mety ho endrika famporisihana ny hafa hanao izany, amin'ny alalan'ny tenin'ilay fitiavana tonga nofo. Nahatakatra tsara ny zavatra izay toa hadinon'ny maro amin'izao kolontsaina misy antsika izao i Jesoa, dia ny hoe misy fahasamihafana lehibe tokoa amin'ny didy hamela ny fahotana (izay Izy no manana fahafahana tsy manam-petra hanao izany) sy ny fampitandremana mba tsy hilefitra manoloana ny fahotana (izay zavatra tsy mbola nataony na indray mandeha monja aza).

Ry namako, indrindra ianareo tanora namako, mahereza. Ny fitiavana madio tahaka ny an'i Kristy izay ateraky ny fahamarinan-toetra marina dia afaka manova izao tontolo izao. Mijoro ho vavolombelona aho fa ety ambony tany ny filazantsara marina sy velon'i Jesoa Kristy ary ianareo dia mpikamban'ny Fiangonany marina sy velona, ary miezaka ny mizara izany ianareo. Mijoro ho vavolombelon'izany filazantsara izany sy izany Fiangonana izany aho, ary mijoro ho vavolombelona manokana ny amin'ny fanalahidin'ny fisoronana naverina tamin'ny laoniny izay mamaha ny herin'ireo ôrdônansin'ny famonjena sy mahatonga azy ireo ho manan-kery. Mihoatra noho ny ahazoako antoka hoe mijoro eto amin'ity polpitra ity aho ary ianareo mipetraka eo anoloako amin'ity fihaonambe ity no ahazoako antoka fa ireo fanalahidy ireo dia naverina tamin'ny laoniny ary ireo ôrdônansy ireo dia azo tanterahina



indray amin'ny alalan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Matanjaha. Aoka ianareo hiaina amim-pahatokiana ny filazantsara na dia tsy miaina izany mihitsy aza ireo manodidina anareo. Arovy amim-panehoana fahalalam-pomba sy indrafo ny finoanareo, kanefa mba tena arovy izany. Feo nentanim-panahy maro, anisan'izany ireo izay ho renareo mandritra ity fihaonambe ity, sy ilay feo izay vao norenesinareo dia ny an'ny Filoha Thomas S. Monson, no mitarika anareo hizotra hankany amin'ny lalan'ny mpianatr'i Kristy. Lalana ety izany ary lalana tery izay tsy dia misy ahafahana mivilivily loatra amin'ny ampahany sasany, saingy azo handehanana amim-pifaliana sy amim-pahombiazana izany, "amin'ny fiorenan[a] ao amin'i Kristy, . . . amin'ny fananan[a] fanantenana mamirapiratra sy lavorary, omban'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny olon-drehetra."<sup>19</sup> Raha manaraka amin-kerimpo izany lalana izany ianareo, dia hanefy finoana tsy azo hozongozonina, sy hahita fialofana amin'ireo rivotra ratsy izay mitsoka, eny hazo hifikirana mihitsy aza mandritra ny tadio, ary hahita ilay hery mitovy amin'ny vatolampy avy amin'ny Mpanavotra antsika, ka raha eo amboniny no hanorenanareo ny maha-mpianatry ny Tompo mahafatra-po anareo, dia tsy *afaka* mianjera ianareo.<sup>20</sup> Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jakôba 1:8.
2. 1 Nefia 19:9.
3. Etera 12:11; jereo koa ny 1 Korintiana 12:31.
4. Hebreo 11:32-38.
5. Matio 23:37-38.
6. Eksodosy 3:8.
7. Jereo ny Eksodosy 20:3-17.
8. 2 Tantara 18:7.
9. Môsià 13:4.
10. Isaia 30:9-11.
11. Jereo ny Henry Fairlie, *The Seven Deadly Sins Today* (1978), 15-16.
12. Jereo ny Matio 5:29-30.
13. Matio 10:34.
14. Marka 5:17.
15. Jereo ny Matio 9:34.
16. Jaona 15:12.
17. Jaona 14:15.
18. Matio 5:19; nampiana fanamafisana.
19. 2 Nefia 31:20.
20. Jereo ny Helamàna 5:12.



**Nataon'ny Loholona Ronald A. Rasband**  
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# Ilay Andraikitra Mahafinaritra Iantsorohan'ny Mpianatra

*Tombontsoa lehibe ny manohana ny mpitarika antsika. Izany dia miaraka amin'ny fandraisana andraikitra manokana mba hanampy amin'ny fiantsorohan'izy ireo ny adidiny sy mba ho mpianatr'i Jesoa Kristy Tompo.*

Tamin'ny 20 Mey tamin'ny taondasa dia nisy rambon-danitra goavana namely ny faritra manodidina ny Tanànan'i Oklahoma City, izay ao amin'ny faritra afovoan'i Amerika. Izany dia nanimba faritra teo amin'ny 1,6 km ny sakany ary 27 km ny halavany. Nanova ny endritany sy ny fiainan'ny olona izay nolalovany io rambon-danitra sy tafiodrivotra maromaro nisesy ka nandravarava io.

Herinandro monja taorian'ny namelezan'ilay rambon-danitra goavana dia nasaina aho hitsidika ilay faritra izay nahitana trano sy fananana niparitadritaka tetsy sy teroa tao amin'ilay toeram-ponenana ravaravara.

Talohan'ny nandehanako dia niresaka tamin'ny mpaminany malalantsika aho, dia ny Filoha Thomas S. Monson izay tena tia ny karazana

iraka ho an'ny Tompo toa izany. Tsy hoe noho ny fanajana ny anjara fanompoany fotsiny fa noho ny hatsaran-toetrany ihany koa, dia nanontany azy aho hoe: "Inona no tianao hataoko? Inona no tianao holazaiko?"

Noraisiny tamim-pitiavana ny tanako toy izay ho nataony tamin'ireo tra-boina tsirairay sy ireo olona tsirairay mitondra fanampiana noho ilay faharavana raha toa izy ka tany, dia hoy izy:

"Voalohany, lazao azy ireo fa tiako izy ireo.

"Faharoa, lazao azy ireo fa mivavaka ho azy ireo aho.

"Fahatelo, mba isaory azafady ireo rehetra izay manampy."

Amin'ny maha-mpikambana ahy ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy dia tsapako ny maha-zava-dehibe ilay



adidy iantsorohako araka ny teny nolazain'ny Tompo an'i Mosesy hoe:

“Manangona fitopolo lahy amin'ny loholon'ny Isiraely ho ety amiko, dia izay fantatrao ho loholona amin'ny fireneny sy mpifehy azy; . . .

“Dia hidina Aho ka hiteny aminao eo; ary Izaho haka amin'ny fanahy izay ao aminao [ry Mosesy], ka hame-traka izany ao amin'ireo, ary hiaramitondra ity firenena ity aminao ireo, fa tsy hianao irery intsony no hitondra azy.”<sup>1</sup>

Teny nolazaina fahiny ireo kanefa tsy niova ny fomban'ny Tompo.

Amin'izao fotoana izao ao amin'ny Fiangonana dia niantso Fitopololahy miisa 317 ny Tompo, izay manompo ao anatin'ny kôlejy miisa 8 mba hanampy ireo Apôstôly Roambinifolo hilanja ny adidy mavesatra iantsorohan'ny Fiadidiana Voalohany. Tsapako lalina amim-pifaliana tokoa izany andraikitra sahanina izany toy ny hahatsapan'ireo Rahalahy namako azy. Kanefa tsy izahay irery akory no hany mitondra anjara biriky eo amin'ity asa tena lehibe ity. Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao antsika dia manana fahafahana tsara isika rehetra hitondrana fitahiana eo amin'ny fainan'ny hafa.

Fantatro avy tamin'ny mpaminany malalantsika ny zavatra ilain'ny olona nofazan'ny oram-baratra—fitiavana, vavaka, ary fankasitrahana an'ireo izay manolo-tanana.

Anio tolakandro dia hanangana ny tanantsika havanana isika tsirairay ary hanohana ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany, sy mpahita ary mpanambara ato amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Tsy hoe fomba fanao tsotra fotsiny izany na koa hoe natokana fotsiny ho an'ireo izay voantso ho Mpiandraikitra Ambony ao amin'ny Fisoronana ato amin'ny Fiangonana. Tombontsoa lehibe ny manohana ny mpitarika antsika. Izany dia miaraka amin'ny fandraisana andraikitra manokana mba hanampy amin'ny fiantso-rohan'izy ireo ny adidiny sy mba ho mpianatr'i Jesoa Kristy Tompo.

Hoy ny Filoha Monson hoe: “Voahodidin'olona izay mila ny fitiavantsika, ny famporisihantsika sy ny fanohanantsika ary ny fampaherezantsika sy ny hatsaram-panahintsika isika—mety ho olona ao amin'ny fianakaviansika izany na naman-tsika na olom-pantatsika na olona tsy fantatsika. Isika no tanan'ny Tompo eto ambonin'ny tany ary manana ilay fahefana nomena mba hanompoana sy hanomezana hery ny zanany. Miantehitra amintsika tsirairay Izy. . .

“. . . Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto . . . kely indrindra ireto no nataonareo tamiko' [Matio 25:40].”<sup>2</sup>

Moa ve isika handray andraikitra amim-pitiavana rehefa misy fotoana tsara miseho eo anatrehantsika

hanaovana famangiana, na hiantsoana olona iray an-tariby, na hanoratana hafatra fohy, na hanokanana andro iray hanomezana izay zavatra ilain'ny olona iray hafa? Sa ve isika ho toy ilay tovolahy izay nanamarina fa efa nanaja ny didin'Andriamanitra rehetra:

“Izany rehetra izany efa voatandriko avokoa; fa inona no mbola tsy mahatanteraka ahy?

“Dia hoy Jesosy taminy: Raha tia ho tanteraka hianao, mandehana, amidio ny fanananao, ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra hianao; ary avia hanaraka Ahy.”<sup>3</sup>

Nantsoina hanao asa fanompoana lehibe kokoa miaraka amin'ny Tompo ity tovolahy ity mba hanao ny asan'ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany kanefa niala izy “satria nanana fananana be.”<sup>4</sup>

Inona avy ireo fananantsika eto an-tany? Hitantsika ny zavatra vitan'ny tafio-drivotra amin'izy ireny ao anatin'ny minitra vitsy. Tena zava-dehibe tokoa ny fiezahantsika tsirairay avy hihary harena ara-panahy ho antsika any an-danitra—amin'ny alalan'ny fampiasana ny fotoantsika sy ny talentantsika ary ny fahafahantsika misafidy mba hanompoana an'Andriamanitra.

I Jesoa Kristy dia manohy manao ilay antso hoe “Avia hanaraka Ahy.”<sup>5</sup> Nandeha nitety ny tanindrazany niaraka tamin'ireo mpanara-dia azy Izy tao anatin'ny tsy fikatsahana tombontsoa ho an'ny tenany. Mbola miaraka amintsika Izy sy mijoro eo akaikintsika ary mitarika antsika. Ny hoe manaraka ny ohatra tonga lafatra nasehony dia midika hoe manaiky sy manaja ny Mpamonjy izay nilanja ireo enta-mavesatsika rehetra tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany masina sy manavotra, ilay asa fanompoana faratampony indrindra. Ny zavatra angatahiny amintsika tsirairay avy dia ny mba hahafahantsika sy hahavonona antsika hiantsoroka amim-pifaliana ilay “andraikitra” ny mpianatra.

Nanana fahafahana aho nihaona tamin'ny fianakaviana vitsivitsy traboina noho ireo tafio-drivotra goavana tamin'izaho tany Oklahoma. Rehefa niresaka tamin'ny fianakaviana Sorrels

aho dia tena tohina tamin'ny zavatra nitranga tamin'i Tori zanak'izy ireo vavy, izay ao amin'ny kilasy fahadimy ao amin'ny sekoly ambaratonga foto- tra Plaza Towers Elementary School. Miaraka amintsika eto androany izy sy ny reniny.

Nitampify tao amin'ny trano fivoa- hana i Tori sy ireo namany vitsivitsy mba hiaro tena rehefa namely ny sekoly ilay rambon-danitra. Henoy rehefa vakiko ny filazan'i Tori manokana ny zavatra nitranga tamin'izany andro izany:

“Naheno zavatra nandona ny tafon- trano aho. Noheveriko hoe havandra fotsiny izany. Lasa nihamafy hatrany hatrany ilay feo. Nanao vavaka aho mba hiarovan'ny Ray any an-danitra anay rehetra. Tampoka teo dia nandre feon-javatra toy ny feon'ny aspirateur izahay ary nanjavona teo ambony lohanay mihitsy ny tafontrano. Nisy rivotra be sy potipoti-javatra nanidintsi- dina nanodidina ahy ary nandondona ny faritry ny vatako iray manontolo. Maizina kokoa ny tany ivelany ary toy ireny hoe mainty ireny ny lanitra saingy hay tsy izany—fa ny atin'ilay rambon-danitra izany. Nakimpiko fotsiny ny masoko sady nanantena sy nivavaka mba hitsaharan'izany hain- gana dia haingana.

“Nangina tampoka teo izany.

“Rehefa nahiratro ny masoko dia nisy takelaka famantarana ny hoe mijanona teo anoloan'ny masoko! Efa nila hikasika ny oroko mihitsy izany.”<sup>6</sup>

Tafavoaka velona tamin'ny fomba mahagaga tamin'ilay rambon-danitra i Tori sy ny reniny ary ny telo tamin'ny mpiray tampo taminy sy ireo namany maromaro, saingy fito tamin'ireo mpiara-mianatra tamin'izy ireo no maty.

Tamin'io faran'ny herinandro io dia nanome tsodrano maro ny mpikam- bana izay tra-pahavoazana nandritra ilay oram-baratra ireo rahalahy tao amin'ny fisoronana. Nampanetry tena ahy ny nanomezako tsodrano an'i Tori. Rehefa nametraka ny tanako teo amin'ny lohany aho dia tonga tato an-tsaiko ny soratra masina anan- kiray tena tiako: “Izaho handeha eo alohanareo. Ho eo ankavananareo

sy eo ankavianareo Aho, ary ho ao am-ponareo ny Fanahiko, ary hanodi- dina anareo ny anjeliko mba hano- hana anareo.”<sup>7</sup>

Notoroiko hevitra i Tori mba haha- tsiaro ilay andro nisian'ny mpanom- pon'ny Tompo anankiray nametraka ny tanany teo amin'ny lohany ka nanambara fa narovan'ny anjely tao anatin'ilay oram-baratra izy.

Ny fanoloran-tanana mba hifa- monjy na inona na inona toe-javatra mitranga dia porofom-pitiavana mandrakizay. Izany no asa fanom- poana natrehako maso tao Oklahoma tamin'io herinandro io.

Matetika isika no omena fahafa- hana hanampy ny hafa ao anatin'ny fotoana mahasahirana azy ireo. Amin'ny maha-mpikamban'ny Fian- gonana antsika dia manana andrai- kitra masina isika “hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hana- maivana izany,”<sup>8</sup> “hiara-malahelo ami- n'izay malahelo,”<sup>9</sup> sy “[hampiakatra] ny tanana izay miraviravy ary [ham- patanjaka] ny lohalika malemy.”<sup>10</sup>



Ry rahalahy sy rahavavy, tena feno fankasitrahana aminareo tsirairay ny Tompo noho ireo ora tsy tambo isaina nolanianareo sy ny zavatra nataonareo mba hanaovana asa fanompoana, ary na kely izany na lehibe, dia nanome tamim-pahalalahan-tanana sy tamin- katsaram-panahy tokoa ianareo isan'andro.

Nampianatra ny Mpanjaka Benjamina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna hoe: “Rehefa eo amin'ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an'Andriamanitrareo ianareo.”<sup>11</sup>

Ny fifantohana amin'ny fanompoana ny rahalahintsika sy anabavintsika dia afaka mitarika antsika handray fanapahan-kevitra masina eo amin'ny fiainantsika andavanandro ary manoma antsika hanome lanja sy hitia ny zavatra tian'ny Tompo. Rehefa manao izany isika dia mijoro ho vavolombelona amin'ny alalan'ilay fiainana iainantsika mihitsy fa mpianany isika. Rehefa mirot- saka manao ny asany isika dia mahatsapa ny Fanahiny miaraka amintsika. Mitombo ny fijoroana ho vavolombe- lona ananantsika sy ny finoantsika sy ny fahatokiantsika ary ny fitiavantsika.

Fantatro fa velona ilay Mpanavotra ahy dia i Jesoa Kristy izany; ary ami- n'izao androntsika izao Izy dia miteny amin'ny mpaminaniny sy amin'ny alalan'ny mpaminaniny dia ny Filoha Thomas S. Monson malala izany.

Enga anie isika rehetra mba hahita fifaliana avy amin'ilay asa masina hoe mifampitondra ny enta-mavesatra, na dia ireo enta-mavesatra tsotra sy bitika aza. Izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Nomery 11:16–17.
2. Thomas S. Monson, “What Have I Done for Someone Today?” *Liahona*, Nôv. 2009, 86, 87.
3. Matio 19:20–21.
4. Matio 19:22.
5. Matio 19:21.
6. Toe-javatra niainan'i Victoria (Tori) Sorrels, notantaraina tamin'ny 16 Jan. 2014.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88.
8. Môsià 18:8.
9. Môsià 18:9.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81:5.
11. Môsià 2:17.



**Nataon'ny Loholona Carlos H. Amado**  
Ao amin'ny Fitopololahy

# I Kristy ilay Mpanavotra

*Nitahy ny olona rehetra nanomboka tamin'i Adama ilay olombelona voalohany ka hatramin'ny olona farany indrindra amin'ny olombelona rehetra ny sorona nataon[ny Mpanavotra].*

**T**eraka sy maty tao anatin'ny toe-javatra tena niavaka i Jesoa Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra. Niaina sy lehibe tao anatin'ny toe-piainana tsotra Izy ary tsy mba nanana harena. Toy izao no nolazainy mikasika ny tenany: “Ny amboahaolo manan-davaka, ary ny voromanidina manana fialofana; fa ny Zanak'olona tsy mba manana izay hipetrahan'ny lohany” (Lioka 9:58).

Tsy mba nomena mari-boninahitra na tombontsoa na mari-pankasitrahana manokana Izy na nahazo fikarakarana manokana avy tamin'ireo mpitarika ankolafy pôlitika teto an-tany na avy tamin'ireo mpitondra fivavahana tamin'ny androny. Tsy mbola nipetraka teny amin'ireo fipe-trahana aloha indrindra tao amin'ny synagoga mihitsy Izy.

Tsotra ny fomba nitoriany ny filazantsara ary na dia olona maro be aza no nanaraka Azy, dia niompana foana tamin'ny fitahiana ny olona tsirairay ny asa fanompoana nataony. Nanatan-teraka fahagagana maro tsy tambo ho isaina Izy teo anivon'ireo izay nanaiky Azy ho toy Ilay nirahin'Andriamanitra.

Nomeny fahefana sy hery hanatan-terahana fahagagana “sy asa lehibe” noho izay nataony (Jaona 14:12)ny Apôstôliny, saingy tsy nomeny azy ireo velively ny fahafahana mamela fahotana. Tena tafintohina ny fahavalony rehefa nandre Azy niteny hoe: “Mandehana, ary aza manota intsony” (Jaona 8:11) na hoe: “Voavela ny helokao” (Lioka 7:48). Izy irery ihany no nanana izany zo izany satria zanak'Andriamanitra Izy ary satria hanonitra ireo fahotana ireo amin'ny alalan'ilay Sorompanavotany Izy.

## **Ny Hery Nananany Nandresena ny Fahafatesana**

Ny hery nananany nandresena ny fahafatesana dia fahefana masina iray hafa. I Jairo izay mpanapaka ny synagoga ary nanana ny naha-izy azy dia niangavy taminy mba “hiditra ao an-tranony fa nanana zanakavavy tokana tokony ho roa ambin'ny folo taona izy, ary efa ho faty razavavy” (Lioka 8:41–42). Henon'ny Mpampianatra ny fiangaviany ary rehefa teny an-dalana ho any izy ireo dia indro tamy ny

mpanompon'i Jairo anankiray nilaza taminy hoe: “Maty ny zanakao vavy; aza manahirana ny Mpampianatra” (Lioka 8:49). Rehefa tafiditra tao an-trano i Jesoa dia nangataka ny olona rehetra hivoaka ary tonga dia noraisiny tamin'ny tanany ilay zazavavy ka hoy Izy hoe: “Miarena!” (Lioka 8:54).

Tao anatin'ny fotoana iray hafa, raha teny an-dalana ho any amin'ny tanan-n'i Naina Izy dia nifanena tamin'ny andian'olona nidonam-pahoriana handeha handevina ary nitomany tao anatin'izany ilay vehivavy mpitondra-tena noho ny fahafatesan'ilay zanany lahitokana. Nanendry ilay tranovorona tamim-pamindram-po tanteraka Izy ary nilaza hoe: “Ry zatovo, hoy Izaho aminao: Miarena” (Lioka 7:14). Rehefa nahita ilay fahagagana ny olona dia nihiaka hoe: “Mpaminany lehibe no efa mitsangana eto amintsika; ary . . . Andriamanitra efa nitsinjo ny olony” (Lioka 7:16). Tena niavaka mihitsy aza ity fahagagana iray ity satria efa nambara ho tena maty io zatovolaha io ary handeha halevina. Rehefa hita fa zatovo roa no velona indray dia nahatalanjona ireo mpino sy nampatahotra ireo mpanala baraka ny fibaribarian'ny fahefany sy ny hery nananany handresena ny fahafatesana.

Ilay toe-javatra fahatelo no tena nahatalanjona indrindra. I Marta sy i Maria ary i Lazarosy dia olona mpiray tampo izay famingin'i Kristy matetika. Rehefa nolazain'ny olona taminy fa narary i Lazarosy dia mbola nijanona roa andro izy talohan'ny nandehanany tany amin'ilay fianakaviana. Rehefa nampionona an'i Marta Izy taorian'ny fahafatesan'ny anadahiny dia nijoro ho vavolombelona tamin'ny fomba mazava taminy hoe: “Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray” (Jaona 11:25).

Rehefa nangatahan'ny Mpamonjy ireo tompom-pahoriana mba hanaisotra ny vato teo amin'ny fasana, dia nibitsika taminy i Marta sady sadaikatra hoe: “Tompoko, maimbo izy izao, fa efa hefarana izay.” (Jaona 11:39).

Dia nampahatsiahy azy tamim-pitiavana i Jesoa hoe: “Tsy voalazako va fa raha hino hianao, dia ho hitanao

ny voninahitr'Andriamanitra?" (Jaona 11:40). Ary rehefa avy niteny izany Izy dia niantso tamin'ny feo mahery hoe:

"Ry Lazarosy, mivoaha.

"Dia nivoaka ny maty" (Jaona 11:43-44).

Taorian'ny nilevenan'i Lazarosy hefarana tao am-pasana dia teo anatrehan'ny porofo mivaingana tsy azony ihodivirana na hamaivanina na ovaina ireo fahavalon'ny Zanak'Andriamanitra, ary "hatramin'izany andro izany dia nihendry [tamin'ny fomba tsy voasaina sy tamin-kasomparana] hahafaty Azy ireo" (Jaona 11:53).

### Ilay Didy Vaovao

Taty aoriana i Kristy velona dia nankalaza niaraka tamin'ireo Apôstôliny ny andro firavoravoana farany natrehany tamin'ny Paska ka nanao ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo ary nanome didy azy ireo mba hifankatia amin'ny alalan'ny fifanompoana amin-kitsimpo.

### Ny Fijaliany tao Getsemane

Taorian'izany dia tao anatin'ny fam-pisehoana faratampony ny fitiavany ny olombelona sy ny fandraisana andraikitra mifanaraka tanteraka amin'ny sitrapony no nandehanany tamin-kerimpo sy tamim-pahavononana hiatrika ilay fitsapana goavana. Tao amin'ny Sahan'i Getsemane ary tao anatin'ny fanirery tanteraka no nizakany ilay fijaliana faran'izay lehibe indrindra ka nivoa-dra ny mason-kodiny. Tao anatin'ny fanoavany tanteraka ny Rainy no nanaovany sorona ho an'ny fahotantsika ary nitondrany teny Aminy koa ny aretintsika sy ny fahoriantika mba hahafantarana ny fomba hanampiana antsika (jereo ny Almà 7:11-13).

Manana trosa aloa Aminy sy amin'ny Raintsika any an-danitra isika satria nitahy ny olona rehetra nanomboka tamin'i Adama ilay olombelona voalohany ka hatramin'ny olona farany indrindra amin'ny olombelona rehetra ny sorona nataony.

### Fanamelohana sy Fanomboana Mpamonjy

Rehefa nitsahatra ny fijaliany tao Getsemane dia nitolo-tena an-tsitra



tamin'ireo mpanaratsy azy Izy. Rehefa namadika azy ny iray tamin'ireo mpanara-dia Azy dia nomelohina haingana dia haingana tamin'ny fomba sady tsy ara-drariny no tsy ara-dalàna izy teo anatrehan'ny fitsarana izay sady nisy mpibaiko ambadika no tsy araka ny tokony ho izy. Tamin'io alina io ihany Izy dia nampangaina hoe nanao faniratsirana ary nohelohina ho faty. Tao anatin'ny fankahalany sy ny faniriany hamaly faty no nanaovan'ireo fahavalony teti-dratsy mba hanaovana an'izay hanamelohan'i Pilato Azy satria nijoro ho vavolombelona tamin'izy ireo izy fa Zanak'Andriamanitra. Mba hanatanterahana izany dia novain'izy ireo ho fikomiana fa tsy faniratsirana ilay zavatra nampangana azy mba ho amin'ny alalan'ny fanomboana eo amin'ny hazo fijaliana no hahafaty Azy.

Mbola loza bebe kokoa noho izany aza ny fanamelohana Azy teo anivon'ny Romana: fampitandremana mazava avokoa ho an'ny olona rehetra izay sahy manambara ny tenany fa mpianany ny fandraborabiana sy ny fanaratsiana natao taminy mikasika ilay fanjakany ara-panahy, ilay fametrahana satro-boninahitra vita tamin'ny tsilo teo amin'ny lohany tamin'ny fomba feno fanambaniana, ny fikaravasiana izay nampitaraina Azy, ary ilay fijaliana naharitra nandritra ilay Fanomboana Azy ampahibemaso.

Naneho fifehezan-tena tamin'ny fomba tena niavaka ny Mpanavotra tao anatin'ny fotoana tsirairay nijaliany. Nieritritra ny hitahy ny hafa foana Izy. Niangavy tamin-katsarampanahy sy tamim-pitiavana an'i Jaona Izy mba hikarakara an'i Maria reniny.

Nangataka ny Ray any an-danitra Izy mba hamela ireo nomena baiko mba hanombo Azy. Rehefa tanteraka ny asa tokony hataony teto an-tany dia nanolotra ny fanahiny tamin'Andriamanitra Izy ary niala aina. Nentina tany ampasana ny vatan'i Kristy ary nitoetra tao nandritra ny telo andro.

### **Ny Asa Nataon'ny Mpanavotra teo anivon'ny Maty**

Raha mbola tao anatin'ny fijaliana ireo mpianany noho ny alahelo sy ny hakiviana ary ny fisalasalana, dia nampivelatra kosa tamin'ny fomba vaovao ny asa fanompoana nataony ny Mpamonjy antsika. Niasa tsy ankitsahatra mba handrindra ilay asa famonjena goavana teo anivon'ny maty Izy tao anatin'ny telo andro, izay fotoana fohy. Lasa fotoana nitondra fanantenana be dia be ho an'ny fianakavian'Andriamanitra ireo andro ireo. Nandritra io famangiany

io dia nandrindra ireo mpanara-dia mahatoky azy Izy mba hilaza ny teny mahafaly amin'ireo izay tsy nahafantatra mikasika ilay drafitra lehibe na nandà izany nandritra ny fiainana teto an-tany. Manana fahafahana izy ireo ankehitriny mba ho afaka amin'ny fahababoana ary mba havotan'ilay Andriamanitra ny velona sy ny maty (jereo ny F&F 138:19, 30–31).

### **Ilay Santatr'izay Nodimandry**

Rehefa tontosa ny asany tany amin'ny tontolon'ny fanahy dia niverina teto an-tany Izy—mba hampitambatra mandrakizay ny fanahiny sy ny vatany. Na dia nasehony tanteraka aza ny hery ananany handresena ny fahafatesana dia asehon'ireo tantara ao amin'ny soratra masina mikasika an'ireo izay novelominy indray talohan'ny Fitsanganany tamin'ny maty, fa ireo olona ireo dia tena novelomina indray tokoa saingy

nampitomboina tamin'ny fomba mahagaga fotsiny ny fotoana iainany fa mbola ho faty izy ireo.

I Kristy no voalohany nitsangana tamin'ny maty ary tsy ho faty intsony, ary Izy no voalohany manana vatana tonga lafatra sy maharitra mandrakizay. Niseho tamin'i Maria Izy tao anatin'ilay toe-batany efa nitsangana tamin'ny maty ary raha vao nahafantatra Azy i Maria dia nanomboka nitsaoka Azy. Nampitandrina azy tamim-pitiavana ilay Mpanavotra antsika mikasika ilay toe-batany vaovao sy be voninahitra hoe: “Aza manendry Ahy; fa tsy mbola niakatra tany amin'ny Ray aho” (Jaona 20:17)—ary porofo fanampiny izany izay mampiseho fa tena nisy ary tanteraka ilay asa fanompoana nataony tany amin'ny tontolon'ny fanahy. Taty aoriana dia hoy Izy rehefa nampiasa teny izay nanamafy ny Fitsanganany tamin'ny maty marina hoe: “Miakatra ho any amin'ny Raiko sy ny Rainareo aho, ary ho any amin'Andriamanitra sy Andriamanitrareo” (Jaona 20:17). Taorian'ny nandehany tany amin'ny Rainy dia niverina indray Izy ary niseho tamin'ny Apôstôlîny. “Nasehony azy ny tany sy ny lanivoany. Dia faly ny mpianatra raha nahita ny Tompo” (Jaona 20:20).

### **Hiverina ny Mpanavotra**

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Kristy dia hiverina amin'ny fomba tena samy hafa tokoa amin'ilay fiaviany voalohany. Ho avy amin-kery sy amim-boninahitra Izy miaraka amin'ireo olo-marina sy mahatoky rehetra. Ho tonga amin'ny maha-Mpanjakan'ny Mpanjaka sy Tompon'ny Tompo azy Izy sy amin'ny maha-Mpanjakan'ny Fiadanana sy ilay Mesia nampanantenaina ary Mpamonjy sy Mpanavotra Azy mba hitsara ny velona sy ny maty. Enga anie isika ka ho mendrika ny hiaraka hiaina Aminy sy ho afaka ny hiaraka hanompo Aminy amim-pifaliana sy amim-panoloran-tena ary ho afaka ny haneho fahatokiana lalanda eo anatrehan'ny hatramin'ny farany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■







**Nataon'i Linda S. Reeves**

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

# Fiarovana amin'ny Pôrnôgrafia— Tokantrano Mifantoka amin'i Kristy

*Ny sivana lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao . . . dia ny sivana manokana ao anaty, izay tonga avy amin'ny fijoroana ho vavolombelona lalina sy maharitra.*

Ry rahalahy sy rahavavy malala, tena sambatra aho androany manana ireo zafikeliko zokiny indrindra 13 miaraka amin'ny daholobe ato. Izany dia nahatonga ahy hanontany hoe: “Inona no tian'ireo zafikeliko ho fantatra?” Te hiresaka mivantana amin'ny fianakaviako sy ny fianakavianareo aho amin'ity maraina ity.

Izahay amin'ny maha-mpitarika anay dia tena lasa miahiahy momba ny faharavana ateraky ny pôrnôgrafia eo amin'ny fiainan'ny mpikamban'ny Fiangonana sy ny fianakavian'izy ireo. I Satana dia manafika amimpahatezerana tsy misy toa izany.

Anisan'ny antony hisiantsika eto an-tany ny hianatra handamina ireo firehetampo sy fihetsehampon'ny vatantsika. Ireny fahatsapana nomen'Andriamanitra ireny dia manampy antsika hanam-paniriana hanambady sy hanan-janaka. Ny fifandraisana

tena akaiky eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray ao anatin'ny fanambadiana izay mitondra zanaka ho eto amin'ny fiainana an-tany dia natao ho mahafinaritra sy ho traikefa feno fitiavana ihany koa, izay mampifamatotra ireo fo roa mifankatia, mampiray ny fanahy sy ny vatana, ary mitondra ny fahafenoan'ny fifaliana sy ny fahasambarana rehefa mianatra mametraka ilay olon-tiana ho eo amin'ny toerana voalohany isika. Nampianatra ny Filoha Spencer W. Kimball fa ao amin'ny fanambadiana “ny vady . . . dia manjary manana toerana ambony dia ambony mihoatra noho ny zavatra rehetra eo amin'ny fiainan'ny vadiny, ary . . . [tsy misy] zavatra mahaliana [na] olona [na] zavatra hafa tokony ho lohalaharana kokoa noho ny vady. . . .”

Midika fahatokiana sy fanajana tanteraka ny vady ny fanambadiana.”<sup>1</sup>

Taona maro lasa izay dia tena tsikaritra fa niasa saina mafy ny iray tamin'ireo zanakay. Niditra ny efitrano fandriany aho, izay toerana nanokafany ny fony sy nanazavany fa tany an-tranon'ny namany iray izy ka nahita tsy nahy sary sy fihetsika nanaitra sy nanelingelina nataon'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray tsy niakanjo tao amin'ny fahitalavitra. Nanomboka nitomany izy ary naneho ny fahatsapany ho rikoriko tamin'ny zavatra hitany ary naniry mafy ny hanala izany tao an-tsainy. Tena feno fankasitrahana aho fa namboraka izany tamiko izy, ka nanome ahy fahafahana hampitony ny fony tsy manan-tsiny sy marary ary hanampy azy hahafantatra ny fomba ahazoana fanampiana amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Tsaroako ireo fahatsapana masina nananako raha niara-nandohalika izahay, amin'ny maha-reny ahy sy amin'ny maha-zanakavavy azy, ka nangataka ny fanampian'ny Raintsika any an-danitra.

Ankizy sy tanora ary olon-dehibe maro no mahita tsy nahy pôrnôgrafia, saingy lehilahy sy vehivavy maro no misafidy hijery izany ka mamerimberrina izany mandra-pahatongan'izany ho fiankinan-doha. Ireo olona ireo dia mety haniry amin'ny fony iray manontolo ny hiala ao anatin'izany fandrika izany kanefa matetika dia tsy afaka mandresy izany samirery. Tena feno fankasitrahana tokoa isika rehefa misafidy ny hamboraka ny mahazo azy amintsika ireo olona akaikin'ny fo ireo amin'ny maha-ray aman-dreny antsika na amin'ny maha-mpitarika ao amin'ny Fiangonana iray. Tsara kokoa raha toa isika ka tsy maneho fahatafintohinana, na fahatezerana na fanilihana, izay mety hahatonga azy ireo hangina indray.

Amin'ny maha-ray aman-dreny sy mpitarika antsika dia mila mifampiresaka tsy tapaka amin'ny zanatsika sy ny tanorantsika isika, ka mihaino amim-pitiavana sy amimpangorahana. Mila fantatr'izy ireo ny loza ateraky ny pôrnôgrafia sy ny fomba hifehezan'izany ny fiainan'ny olona, ka mahatonga fahaverezan'ny Fanahy, fitiavana voatorotoro,



**Raymond, Alberta, Kanada**

fahadisoam-panantenana, fifandraisana simba, fahaverezan'ny fifehezantena ary saika tsetsefin'izany tanteraka ny fotoana sy ny saina ary ny hery.

Maharikoriko sy ratsy ary mibari-bary kokoa noho ny hatramin'izay ny pôrnôgrafia. Rehefa mifampiresaka amin'ny zanatsika isika, dia afaka manangana miaraka drafitra irain'ny mpianakavy izay ahitana ireo fitsipika sy ireo zavatra tsy azo ihoarana ary mandray andraikitra mba hiarovana ny tokantranontsika isika amin'ny fampiasana logiciel manivana ireo fitaovana elektrônika. Ry ray aman-dreny, moa ve fantatrareo fa tsy ny solosaina no olana lehibe indrindra fa ireo fitaovana entina mandehandeha izay afaka mahazo Internet?<sup>2</sup>

Ry zatovo sy olon-dehibe, raha toa ka tafalatsaka ao amin'ny fandriky ny pôrnôgrafian'i Satana ianareo dia tadidio fa be famindram-po ny Mpamonjy malalantsika. Mba tsapanareo ve ny halalin'ny fitiavan'ny Tompo anareo na amin'izao aza? Manana hery hanadiovana sy hanasitranana anareo ny Mpamonjy. Afaka manaisotra ny fanaintainana sy ny alahelo tsapanareo Izy ary afaka manao izay hahatonga anareo ho madio indray amin'ny alalan'ny herin'ny Sorompanavotany.

Izahay amin'ny maha-mpitarika anay dia miahiahy mafy momba ireo mpivady sy ny fianakavian'ireo izay

tratan'ny fiankinan-doha amin'ny pôrnôgrafia. Niangavy ny Loholona Richard G. Scott hoe: “Raha toa ka afaka tamin'ny fahotana goavana ny tenanareo dia aza mampijaly tena tsy amin'ny antony noho ny voka-dratsin'ny fahotan'ny hafa. . . . Afaka mahatsapa fangorahana ianareo. . . . Kanefa tsy tokony hahatsapa ho tompon'andraikitra amin'ireny toe-javatra miseho ireny.”<sup>3</sup> Fantaro fa tsy irery ianareo. Misy fanampiana any. Misy ireo fivoriana fanasitranana amin'ny fiankinan-doha ho an'ny mpivady, ka tafiditra ao anatin'izany ireo fivoriana atao amin'ny alalan'ny telefona, izay mamela ny mpi-vady hiantso mandritra ny fivoriana



iray sy handray anjara avy any antokantranon'izy ireo.

Ry rahalahy sy rahavavy, ahoana no fomba hiarovantsika ny zanatsika sy ireo tanorantsika? Fitaovana tena manampy be ny logiciel manao sivana saingy ny sivana lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao, ilay hany tokana izay tena handaitra dia ny sivana manokana ao anaty, izay tonga avy amin'ny fijoroana ho vavolombelona lalina sy maharitra momba ny fitiavan'ny Raintsika any an-danitra sy ny Sorompanavotan'ny Mpamonjintsika ho an'ny tsirairay amintsika.

Ahoana no fomba hitarihantsika ny zanatsika hanana fiovam-po lalina sy hampiasa ny Sorompanavotan'ny Mpamonjintsika? Tiako ny fanambaran'ny mpaminany Nefia ny amin'ny zavatra nataon'ny vahoakany mba hampahatanjarahana ny tanora tamin'ny androny. “Ary miresaka an'i Kristy isika, mifaly amin'i Kristy, mitory an'i Kristy, [ary] maminany ny amin'i Kristy . . . mba hahafantaran'ny zanatsika ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany.”<sup>4</sup>

Ahoana no ahafahantsika manao izany ao an-tokantranontsika? Ny sasany aminareo dia efa naheno ahy niteny momba ny fahasahirananay sy i Mel vadiko amin'ny maha-ray aman-dreny manan-janaka efatra anay. Rehefa niatrika ireo olan'ny fitaizana zanaka sy nanatontosa ireo fitakian'ny fiainana izahay dia nila fanampiana mafy. Nivavaka sy nitalaho izahay mba hahafantatra ny zavatra tokony hatao. Nazava ny valinteny izay tonga: “Tsy maninona raha mikorontana ny trano sy mbola manao akanjo mandry ny ankizy ary tsy vita ny andraikitra sasany. Ireo hany zavatra tena mila vitaina ao an-tokantrano dia ny fandalinana soratra masina sy ny vavaka isan'andro ary ny takarivan'ny mpianakavy isan-kerinandro.”

Niezaka nanao ireo zavatra ireo izahay, saingy tsy lohalaharana foana izy ireny ary, notsinontsinoavina indraindray tao anatin'ny korontana. Nanova ny zavatra ifantohanay izahay ary niezaka ny tsy niahiahy momba ireo zavatra tsy dia manan-danja loatra. Ny zavatra ifantohanay dia lasa ny

fifampiresahana, ny fifaliana, ny fitoriana sy ny fijoroana ho vavolombelon'i Kristy amin'ny alalan'ny fiezahana mivavaka isan'andro sy mandalina soratra masina ary manao takarivan'ny mpianakavy isan-kerinandro.

Vao haingana no nampitandrina ahy ny namako iray hoe: "Rehefa mangataka ireo rahavavy mba hamaky soratra masina sy hivavaka bebe kokoa ianao dia manakorontan-tsaina azy ireo izany. Tsapan'izy ireo fa efa betsaka loatra ny zavatra ataony."

Ry rahalahy sy rahavavy malala, satria fantatro avy amin'ireo traikefako manokana sy ny an'ny vadiko, dia tsy maintsy mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fitahiana azo avy amin'ny fandalinana soratra masina sy ny vavaka isan'andro ary ny takarivan'ny mpianakavy aho. Ireo no tena fomba fanao izay hanampy hanala ny fikorontanantsaina, hanoro ny fomba hitantanana ny fiainantsika ary hitondra fiarovana fanampiny ho an'ny tokantranantsika. Ka rehefa mamely ny fianakaviansika ny pôrnôgrafia sy ireo olana hafa dia afaka mangataka fanampiana amin'ny Tompo isika, ary miandrindra fitarihana lehibe kokoa avy amin'ny Fanahy rehefa nahafantatra fa nanao izay nangatahin'ny Raintsika mba hataontsika isika.

Ry rahalahy sy rahavavy, raha toa ka tsy fomba fanao ao antokantranonareo ireo dia afaka manomboka izany avokoa isika ankehitriny. Raha toa ka efa lehibe ny zantsika ka mandà ny hiaraka amintsika dia afaka manomboka amin'ny tenantsika isika. Raha manao izany isika dia hanomboka hameno ny tokantranantsika sy ny fiainantsika ny fitaoman'ny Fanahy, ary any aoriana any dia mety mba hamaky amin'izay ny zanaka.

Tsarovy fa ireo Apôstôly velona koa dia nampanantena fa rehefa mikaroka ireo razzambentsika sy manomana ny anaran'ny fianakaviansika halefa any amin'ny tempoly isika dia ho voaro amin'izao fotoana izao sy mandritra ny fiainantsika ary ao anatin'izany koa ny fijanonantsika mba ho mendrika lalanda hihazona ny fahazoan-dalana ho any amin'ny tempoly.<sup>5</sup> Fampanantennana tena tsara izany!

Ry tanora, ataovy andraikitra ny fikarakarana ny mahaso anareo ara-panahy. Vonoy ny telefaoninareo raha ilaina izany, mihirà hiran'ny kilonga, mangataha fanampiana amin'ny alalan'ny vavaka, mieritre-reteta soratra masina iray, mivoaha ny trano fijerena horonan-tsary, alaivo sary an-tsaina ny Mpamonjy, raiso amim-pahamendrehana ny fanasan'ny Tompo, halalino ny *Ry Tanora Mahereza*, meteza ho ohatra eo anoloan'ny namanareo, aoka ianareo hamboraka ny mahazo anareo amin'ny ray aman-dreny, mandehana any amin'ny evekanareo, mandehana any amin'ireo mpanorohevitra efa matihanina raha ilaina izany.

Inona no tiako ho fantatry ny zafikeliko ankehitriny? Tiako ho fantatry izy ireo sy ho fantatrareo fa velona sy tia antsika ny Mpamonjy. Efa nanefa ny saran'ny fahotantsika Izy kanefa tsy maintsy mandohalika eo anatrehan'ny Raintsika any an-danitra isika, ao anatin'ny fanetren-tena lalina, ary mibaboka ny fahotantsika sy mitalaho Aminy mba hahazo famelan-keloka. Tsy maintsy maniry hanova ny fontsika sy ireo faniriansika isika ary manetry tena araka izay ilaina mba hikatsahana ny fanampiana sy ny famelan-keloka avy amin'ireo izay mety nomensika fanafintohinana na nailitsika.

Fantatro fa nahita an'Andriamanitra, ilay Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy, Mpamonjintsika i Joseph Smith. Mijoro ho vavolombelona aho

fa manana mpaminany velona isika eto ambonin'ny tany, dia ny Filoha Thomas S. Monson. Mijoro ho vavolombelona koa aho fa tsy ho very na rahoviana na rahoviana isika raha toa ka manaraka ny torohevity ny mpaminanin'Andriamanitra. Mijoro ho vavolombelona ny amin'ny herin'ireo fanekempihavanana sy ireo fitahiana azo avy amin'ny tempoly aho.

Fantatro fa marina ny Bokin'i Môrmôna! Tsy ampy ny teny hana-zavako ny herin'ity boky lehibe ity. Fantatro fotsiny fa raha ampiarahina amin'ny vavaka, dia mitondra ny hery hiarovana ny fianakaviana sy hanamafisana orina ny fifandraisana ary hanomezana fahatokiana manokana ny Tompo ny Bokin'i Môrmôna. Mijoro ho vavolombelona ny amin'ireo zavatra ireo aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. *Enseignements des Présidents de l'Eglise*: Spencer W. Kimball (2006), 199–200.
2. Jereo ny Clay Olsen, "What Teens Wish Parents Knew" (lahateny natao nandritra ny fihaonamben'ny Fikambanan'i Utah Manohitra ny Pôrnôgrafia, 22 Mar 2014); [utahcoalition.org](http://utahcoalition.org).
3. Richard G. Scott, "To Be Free of Heavy Burdens," *Liahona*, Nôv. 2002, 88.
4. 2 Nefia 25:26.
5. Jereo ny David A. Bednar, "Hitodika ny fon'ny zanaka," *Liahona*, Nôv. 2011, 24–27; Richard G. Scott, "Ny fifaliana avy amin'ny fanavotana ny maty," *Liahona*, Nôv. 2012, 93–95; Neil L. Andersen, "Find Our Cousins!" (lahateny natao nandritra ny RootsTech 2014 Family History Conference, Feb. 8, 2014); [lds.org/prophets-and-apostles/unto-all-the-world/find-our-cousins](http://lds.org/prophets-and-apostles/unto-all-the-world/find-our-cousins).





**Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Tadio Ara-panahy

*Aza avela handresy anareo ny zava-tsarotra sy ny fanoherana. Andronareo izao, izay tokony hijoroanareo ho matanjaka toy ny mpianatra ny Tompo Jesoa Kristy.*



**M**iarahaba anareo aho amin'ity maraina ity—indrindra fa ireo zatovo izay eto amin'ity Ivontoeran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana ity sy manerana izao tontolo. Taranaka voafidy ianareo, izay manana anjara miavaka, ary hiresaka aminareo manokana aho.

Taona maro lasa izay raha nitsidika ny fianakavianay tany Floride izahay dia nisy rambon-danitra namely ny toerana tsy dia lavitra anay. Nandeha tany amin'ny trano fidiovana mba hiarovany ny tenany ny vehivavy iray nipetraka tamin'ny trano iray izay azo afindrafindra. Nanomboka nihozongozona ilay trano. Nandeha ny fotoana. Avy eo dia naheno ny feon'ny mpifanolobodirindrina taminy izy nanao hoe: “Ato amin'ny efitra

vao miditra ato aho.” Raha nivoaka ny trano fidiovana izy dia gaga tokoa raha nahita fa naingain'ilay rambondanitra ny tranony sy nasidiny teny ambony ka napetrany tsara teo ambonin'ny tranon'ny mpifanolobodirindrina taminy.

Ry tanora namako, tsy ho toerana tony izao tontolo izao raha mihamankaiky ny Fahatongavan'ny Mpamonjy Fanandroany. Manambara ny soratra masina fa “hisamboaravoara ny zava-drehetra.”<sup>1</sup> Nilaza i Brigham Young hoe: “Nambara tamiko tany amin'ny fiandohan'ny tantaran'ity Fiangonana ity fa hiely patrana, hiroborobo sy hitombo ary hivelatra ny Fiangonana, ary hifanentana amin'ny fielezan'ny Filazantsara eo anivon'ireo firenen'ny tany ny ho fitomboan'ny herin'i Satana.”<sup>2</sup>

Mampiahiahy kokoa noho ireo horohoron-tany sy ady izay naminihana<sup>3</sup> ireo tadio ara-panahy izay mety hanaisotra anao amin'ireo fototra ara-panahy hiorenanao ka hametraka ny fanahinao amin'ny toerana tsy mbola neritretinao mihitsy hoe hahatongavanao, indraindray zara raha tsikaritrao akory hoe nafindra ianao.

**Lasa matanjaka kokoa ireo hazo mihalehibe ao anatin'ny toerana be rivotra.**

Ireo fakam-panahin'ny fahavalo no loharanon'ny fahasimbana ara-panahy ratsy indrindra. Efa nisy teto amin'izao tontolo izao foana ny fahotana, saingy tsy mbola mora nidirana sy tsy mety afa-po ary neken'ny maro toy ny amin'izao mihitsy izany. Mazava ho azy fa misy hery mahery vaika izay handresy ny fahasimbana ateraky ny fahotana. Antsoina hoe fibebahana izany.

Tsy ireo zava-tsarotra rehetra eo amin'ny fiainana akory dia ho vokatry ny asanao manokana avokoa. Ny sasany dia tonga noho ireo safidy ratsy ataon'ny hafa, ary ny sasany dia tonga izao noho isika hoe miaina eto an-tany fotsiny.

Fony mbola zazalahy ny Filoha Boyd K. Packer dia nitondra kilema noho ny aretina lefakozatra. Tamin'ny Loholona Dallin H. Oaks vao fito taona dia maty tampoka ny rainy. Mbola zatovovavy Rahavavy Carol F. McConkie ao amin'ny fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany dia nisara-panambadiana ny ray aman-dreniny. Handia zava-tsarotra maro ianareo, saingy hampatanjaka ny finoanareo izany rehefa matoky an'Andriamaniatra ianareo.

Eo amin'ny zava-boahary dia manjary matanjaka kokoa ireo hazo izay maniry amin'ny toerana be rivotra. Rehefa mitsoka mafy manodidina ny zana-kazo iray ny rivotra dia manao zavatra roa ireo hery ao anatin'ilay hazo. Voalohany, manaitaitra ny fakan'ilay hazo izy ireo hitombo haingana kokoa sy hisandrahaka lavidavitra kokoa. Faharoa, manomboka mamorona rafitra



sela izay mahatonga ny vatan'ilay hazo sy ireo rantsany ho matevina kokoa sy mahatanty kokoa ny herin'ny rivotra ireo hery ao anatin'ilay hazo. Miaro ny hazo amin'ny rivotra izay azo antoka fa hiverimberina ireo faka sy rantsana matanjaka kokoa ireo.<sup>4</sup>

Tena mbola sarobidy lavitra kokoa noho ny hazo iray ianareo amin'Andriamanitra. Zanakalahiny sy zanakavaviny ianareo. Nataony matanjaka sy afaka mahatanty ireo tadion'ny fiainana ny fanahinareo. Afaka mampitombo ny finoanareo sy ny tanjakareo ara-panahy ireo tadio mandritra ny fahatanorana, tahaka ny rivotra mamefy ny zana-kazo iray, ka hanomana anareo ho amin'ireo fotoana ho avy eo amin'ny fiainanareo.

Ahoana no fiomananareo amin'ireo tadionareo? "Tsarovy . . . eo amin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo; ka rehefa handefa ny rivo-maheriny ny devoly, . . . ny zana-tsipikany ao amin'ny tadio, . . . rehefa hamely anareo ny havandrany rehetra sy ny tafiotra maheriny, dia tsy hanankery aminareo izany mba hisintona anareo hidina . . . noho ilay vatolampy izay iorenanareo."<sup>5</sup> Izany no fiarovana anareo ao anatin'ilay tadio.

Hoy ny Filoha Thomas S. Monson hoe "Nisy fotoana saika nitovy ny fenitry ny Fiangonana sy ny fenitra iainana eo amin'ny fiaraha-monina. Ankehitriny dia misy hantsana goavana manasaraka antsika ary tsy mitsahatra mihamalalaka hatrany izany."<sup>6</sup> Miteraka tadio ara-panahy mahery vaika izany hantsana izany ho an'ny sasany. Mamelà ahy hizara ohatra iray.

Tamin'ny volana lasa teo dia namoaka taratasy iray ho an'ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana manerana izao tontolo izao ny Fia-didiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Toy izao ny ampahany amin'izany: "Ny fiovana eo amin'ny lalàn'ny fanjakana dia tsy afaka na oviana na oviana hanova ny lalàna ara-pitondrantena izay napetrak'Andriamanitra. Mian-dry antsika hanohana sy hitandrina ny didiny Andriamanitra na dia eo



aza ireo fomba fihevitra na fironana mifanohitra amin'izany eo amin'ny fiaraha-monina. Mazava ny lalàn'ny fitondrantena nataony: tsy azo atao ny firaisana ara-nofa raha tsy eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray mpi-vady ara-dalàna ihany. Mamporisika anareo izahay hamaky . . . ny foto-pampianarana voarakitra ao amin'ny 'Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao.'<sup>7</sup>

Na dia mihamanalavitra ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantenan'ny Tompo aza ny fitsipi-pitondrantenan'izao tontolo izao dia manohy miaina ny lalàn'ny Tompo isika. Hoy ny Filoha Monson hoe: Namaritra ny tenany ho eto amin'izao tontolo izao ny Mpa-monjin'ny zanak'olombelona fa tsy naman'izao tontolo izao. Isika ihany koa dia afaka ny ho eto amin'izao tontolo izao fa tsy naman'izao tontolo izao rehefa mandà ny foto-kevitra sy fampianarana diso ary mijanona ho mahatoky amin'izay zavatra nandidian'Andriamanitra antsika."<sup>8</sup>

Na dia nanome famaritana hafa indray ho an'ny fanambadiana aza ny fitondram-panjakana maro sy ireo olona mihevitra ny hanao soa dia tsy nanao izany ny Tompo. Andriamanitra no nanomboka nanao ny fanambadiana teo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray—dia i Adama sy i Eva. Nataony

mihoatra noho ny fahafaham-pon'ny tena manokana sy ny fahatontosanjavatra eo amin'ny olon-dehibe ny tanjon'ny fanambadiana, mba hanaovana zavatra manan-danja kokoa noho izany, dia ny handroso ho amin'ny fiainana tsara indrindra mba hiterahana sy hanabeazana ary hikolokoloana zanaka. Haren'ny lanitra ny fianakaviana.<sup>9</sup>

Nahoana isika no manohy miresaka mikasika an'izany? Araka ny nolazain'i Paoly hoe: "Fa tsy mijery ny hita izahay, fa ny tsy hita."<sup>10</sup> Amin'ny maha-Apôstôlin'ny Tompo Jesoa Kristy anay dia manana andraikitra izahay hampianatra ny drafitry ny Mpahary antsika ho an'ny zanany sy hampitandrina ny amin'ireo voka-dratsin'ny tsy firaharahiana ny didiny.

Vao haingana aho no niresaka tamin'ny zatovovavy Ravintsara iray avy eto Etazonia. Izao no nolazainy tao amin'ny email nalefany:

"Nanomboka nanoratra ny hevitr'izy ireo mikasika ny fanambadiana tao amin'ny Facebook ny sasany amin'ireo namako tamin'iny taona lasa iny. Betsaka ireo nanohana ny fanambadian'ny samy lahy na samy vavy, ary zatovo Olomasin'ny Andro Farany maro no nanindry ny hoe "tiako" teo amin'ireo soratra. Tsy naneho hevitra aho.

"Nanapa-kevitra aho ny hanambara tamim-pitandremana ny finoana



**Rehefa avy nanambara ny finoany ny lanjan'ny fanambadian'ny lehilahy iray amin'ny vehivavy iray i Laurel dia naharay hafatra maro avy amin'ny namany izay nanakiana azy.**

ijoroako, dia ny fanambadian'ny lehilahy iray amin'ny vehivavy iray.

“Nampiakio soratra hoe: ‘Mino ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray aho’ teo amin'ny sary famantarana ahy. Fotoana fohy monja taorian'izay dia nanomboka naharay hafatra aho. ‘Tia tena ianao.’ ‘Be tsikera ianao.’ Nampitaha ahy tamin'ny tompona andevo ny olona iray. Dia naharay ity hafatra ity avy amin'ny namako iray izay mpikamban'ny Fiangonana matanjaka tokoa aho: ‘Mila manaraka ny toetr'andro ianao. Efa niova ny zavatra maro ary tokony hiova araka izany ianao.’

“Tsy namaly aho,” hoy izy “saingy tsy nofafako ireo teny nambarako.”

Nofaranany tamin'ny hoe: “Indraindray, araka ny nolazain'ny Filoha Monson dia [Mila sahy] mijoro irey' ianao. Enga anie isika tanoran'ny Fiangonana mba hiara-hivondrona amin'ny fijanonana ho mahatoky amin'Andriamanitra sy amin'ireo fampianaran'ny mpaminaniny velona.”<sup>11</sup>

Tokony hanokanantsika fiahiana manokana ireo izay mahatsapa fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy. Tadio haingam-pandeha izany. Tiako ny haneho ny fitiavako sy ny fiderako manokana ireo izay manana risipo hiatrika ity fitsapana amin'ny finoana ity ary mijanona ho mahatoky amin'ny didin' Andriamanitra!<sup>12</sup> Saingy ny tsirairay dia mendrika ny hanehoantsika hatsaram-panahy sy fahalalam-pomba, na inona na inona

fanapahan-kevitra raisiny sy zavatra inoany.<sup>13</sup>

Nampianatra antsika ny Mpamonjy mba hitia, tsy ireo namantsika ihany fa ireo tsy mitovy hevitra amintsika ihany koa—eny fa na ireo izay mandà antsika aza. Hoy Izy hoe “Fa raha izay tia anareo ihany no tianareo, inona no valim-pitia azonareo? . . . Raha ny rahalahinareo ihany no arahabainareo, inona no ataonareo mihoatra noho ny sasany?”<sup>14</sup>

Nampitandrina antsika ny Mpaminany Joseph Smith mba “hitandrina amin'ny fahamarinan'ny tena manokana” sy hampitombo ny fitiavantsika sy ny fanajantsika ireo lehilahy sy vehivavy rehetra mandra-pahatsapantsika ho te “handray andraikitra momba azy ireo.”<sup>15</sup> Tsy misy toerana ho an'ny fanebahana na ny fampijaliana ny hafa na ny fanenjehana ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Raha manana fanontaniana mikasika ny torohevitra avy amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana ianareo dia resaho amin'ny ray amandreninareo sy ireo mpitarika anareo ireo olana tsapanareo any anatinareo. Mila ny hery avy amin'ny fahatokiana ireo mpaminanin'ny Tompo ianareo. Hoy ny Filoha Harold B. Lee hoe: “Ny hany fiarovana ananantsika amin'ny maha-mpikambana antsika ato amin'ity fiangonana ity dia ny . . . mianatra mihaino ny teny sy ny didy izay homen'ny Tompo amin'ny alalan'ny mpaminaniny. . . . Ho avy ireo zavatra izay ilàna faharetana sy finoana. Mety tsy ho tianareo ny zavatra lazain'izy ireo. . . . Mety hifanohitra amin'ny fomba fijerinareo ara-pôlitika izany . . . ny fomba fijerinareo ara-tsôsialy . . . mety hisy fiantraikany . . . amin'ny fiainanareo ara-tsôsialy. Fa raha mihaino ireo zavatra lazain'ny mpaminany ireo ianareo, toy ny hoe avy amin'ny vavan'ny Tompo mihitsy izany, . . . dia ‘ny vavahadin'ny helo dia tsy haharesy anareo . . . ary ny Tompo Andriamanitra dia hampiha-haka ny herin'ny haizina eo anoloanareo . . .’ (F&F 21:6).”<sup>16</sup>

Fiarovana mahery vaika iray hafa amin'ny tadion'ny fiainana ny Bokin'i Môrmôna.

Tamin'ny Filoha Henry B. Eyring mbola zatovo dia nifindra tany amin'ny tanàna vaovao iray ny fianakaviany. Tamin'ny voalohany dia hitany ho tsy mahafinaritra ilay fifindrana ary tsy nanana namana maro izy. Tsapany ho tsy dia nifandray loatra tamin'ireo mpianatra tao amin'ny Lycée nisy azy izy. Nanomboka nianjadian'ny zavatsarotra izy. Inona no nataony? Nafantony tamin'ny fandalinana ny Bokin'ny Môrmôna ny heriny iray manontolo, ka naverimberiny novakina izany.<sup>17</sup> Taona maro taty aoriana dia nijoro ho vavolombelona ny Filoha Eyring hoe: “Tiako ny mamerina mamaky ny Bokin'i Môrmôna sy maka sakafompanahy lalina sy matetika avy ao anatin'izany.”<sup>18</sup> “[Izy io no] fijoroana ho vavolombelona mahery vaika indrindra izay nosoratana ka ananantsika . . . fa i Jesoa no Kristy.”<sup>19</sup>

Nanome fomba hafa ijoroanareo ho mafy orina ny Tompo, fanomezam-pahasoavana ara-panahy izay mahery vaika kokoa noho ny tadion'ny fahavalo! Hoy izy hoe: “Mijoroa amin'ny toerana masina . . . ary aza [mi]hetsika [eo].”<sup>20</sup>

Fony aho tovolahy dia 13 fotsiny no isan'ny tempolin'ny Fiangonana. Ankehitriny dia 142 izy ireo. Mipe-traka ao anatin'ny 320 kilaometatra miala ny tempoly iray ny dimy amby valopolo isan-jaton'ny mpikamban'ny Fiangonana. Namela ny taranaka misy anareo hanana fahafahana kokoa hiditra ny tempoliny masina



ny Tompo raha ampitahaina amin'ny taranaka hafa rehetra tamin'ny tantaran'izao tontolo izao.

Efa nijoro tao anatin'ny tempoly ve ianareo, nanao akanjo fotsy, niandry hanao batisa? Inona no tsapanareo? Misy fahatsapana fahamasinana azo tsapain-tanana ao amin'ny tempoly. Mandresy ny tadion'izao tontolo izao ny fiadanan'ny Mpamonjy.

Ny fahatsapana ananareo ao amin'ny tempoly dia modelin'ny fahatsapana tianareo hananana eo amin'ny fiainanareo.<sup>21</sup>

Tadiavo ireo dadabe sy bebenareo ary ireo zanaky ny dadatoa sy nenitoanareo izay efa nodimandry. Ento any amin'ny tempoly ny anaran'izy ireo.<sup>22</sup> Rehefa mianatra momba ireo razambenareo ianareo dia hahita maodely arahina amin'ny fiainana, amin'ny fanambadiana sy fitaizana; maodelin'ny fahamarinana; ary indraindray dia maodely izay tsy tianareo harahina.<sup>23</sup>

Any aoriana any dia hianatra misimisy kokoa ianareo any amin'ny tempoly momba ny Fahariana izao tontolo izao sy momba ireo modely arahina teo amin'ny fiainan'i Adama sy i Eva ary, ny manan-danja indrindra, dia momba an'i Jesoa Kristy Mpamonjintsika.

Ry rahalahy sy ranabavy zandriko, tena tianay ianareo, ankafiziny ianareo ary mivavaka ho anareo izahay. Aza avela handresy anareo ny zavatsarotra sy ny fanoherana. Andronareo izao, izay tokony hijoroanareo ho matanjaka toy ny mpianatry ny Tompo Jesoa Kristy.<sup>24</sup>

Aoreno mafy kokoa eo amin'ny vatolampin'ny Mpanavotra anareo ny fototrareo.

Omeo lanja kokoa ny fiainany sy ireo fampianarany mahatalanjona.

Araho am-pahazotoana kokoa ny ohatra napetrany sy ireo didiny.

Ekeo bebe kokoa ny fitiavany, sy ny famindram-pony ary ireo fanomezam-pahasoavana maherin'ny Sorompanavotany.

Rehefa manao izany ianareo, dia mampanantena anareo aho fa ho hitanareo mazava tsara hoe inona avy ireo tadio—fitsapana, fakam-panahy, fisarihana ny saina mba ho variana, na ireo zava-tsarotra izay hanampiana



anareo hivoatra. Ary rehefa miaina fiainana marina isan-taona ianareo dia manome toky anareo aho fa hanamafy aminareo hatrany hatrany ireo zavatra iainanareo fa i Jesoa no Kristy. Ho mafy kokoa sy ho azo antoka kokoa ilay fototra iorenanareo ara-panahy. Ho faly ianareo fa nandefa anareo eto an-tany Andriamanitra mba handray anjara amin'ireo fanomanana farany ny fiverenan'i Kristy amim-boninahitra.

Hoy ny Mpamonjy hoe “tsy hamela anareo ho kamboty Aho; hankaty aminareo Aho.”<sup>25</sup> Izany no fampantantenany aminareo. Fantatro fa tena misy io fampanantenana io. Fantatro fa velona Izy, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:91.
2. *Discourses of Brigham Young*, nofantenin'i John A. Widtsoe (1954), 72.
3. Jereo ny Dallin H. Oaks, “Preparation for the Second Coming,” *Liahona*, Mey 2004, 7–10.
4. Jereo ny A. Stokes, A. H. Fitter, and M. P. Coutts, “Responses of Young Trees to Wind and Shading: Effects on Root Architecture,” *Journal of Experimental Botany*, vol. 46, no. 290 (Sept. 1995), 1139–46.
5. Helamàna 5:12.
6. Thomas S. Monson, “Ny Herin'ny Fisoronana,” *Liahona*, Mey 2011, 66.
7. Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 6 Martsa 2014; Jereo ihany koa ny David A.

Bednar, “Mino Isika fa Tokony ho Madio Fitondrantena,” *Liahona*, Mey 2013, 41–44; Dallin H. Oaks, “Tsy Manana Andriamani-kafa,” *Liahona*, Nôv. 2013, 72–75; *Jeunes soyez forts* (bokikely, 2011), 35–37.

8. Thomas S. Monson, *Liahona*, Mey 2011, 67.
9. Hoy ny Loholona Russell M. Nelson hoe: “Ny fanambadiana no toerana hanefena ny filaminan'ny fiaraha-monina. . . . Tsy eo amin'ny mpivady fotsiny ihany izany firaisana izany; fa midika ho fiaraha-miasa amin'Andriamanitra” (“Nurturing Marriage,” *Liahona*, Mey 2006, 36. Jereo ihany koa ny Matio 19:5–6.
10. 2 Korintiana 4:18.
11. Taratasy sy resaka nifanaovana manokana, 17 Martsa 2014; jereo ihany koa ny Thomas S. Monson, “Sahia Mijoro Irery,” *Liahona*, Nôv. 2011, 60–67.
12. Jereo ny Jeffrey R. Holland, “Helping Those Who Struggle with Same-Gender Attraction,” *Liahona*, Ôkt. 2007, 40–43.
13. Na dia nikatsaka ny hanimba ny finoan'ny vahoaka aza i Kôrihôra, ilay antikristy, dia niaro azy tamin'ny famaizana araka ny lalàna na ara-batana ny lalàn'Andriamanitra: “Tsy nisy lalàna nanohitra ny finoan'ny olona iray; satria mifanohitra indrindra amin'ny didin'Andriamanitra ny hisian'ny lalàna izay hametraka ny olona amin'ny toerana tsy mitovy. . . . Raha maniry ny hanompo an'Andriamanitra ny olona iray, dia zony izany; . . . saingy raha tsy nino Azy izy dia tsy nisy lalàna mba hanafay azy” (Almà 30:7, 9). Mivaky toy izao ny Fanekempinoana fahairaika ambin'ny folo: “Isika dia mitaky ny zo hanompo an'Andriamanitra Tsitoha araka ny baikon'ny fieritreretantsika ary miaiky fa manana izany zo izany ny olon-drehetra, ka aoka izy hanompo, na manao ahoana na manao ahoana, na aiza na aiza, ary na inona na inona sitrany.”
14. Matio 5:46–47.
15. *Enseignements des Présidents de L'Église: Joseph Smith* (2007), 427, 429.
16. *Enseignements des Présidents de L'Église: Harold B. Lee* (2000), 84–85; jereo koa ny Robert D. Hales: “Ny Fihaonamben'ny Fianganana: Manamafy Orina ny Finoana sy ny Fijoroana ho Vavolombelona,” *Liahona*, Nôv. 2013, 6–8.
17. Jereo ny Robert I. Eaton sy Henry J. Eyring, *I Will Lead You Along: The Life of Henry B. Eyring* (2013), 40.
18. Henry B. Eyring, *Choose Higher Ground* (2013), 38.
19. Henry B. Eyring, *To Draw Closer to God* (1997), 118.
20. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87:8; jereo ihany koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:32.
21. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52:14.
22. Jereo ny Neil L. Andersen, “Find Our Cousins!” (lahateny natao tao amin'ny Fivoriamben'ny Tantaram-pianakaviana RootsTech 2014, 8 Feb. 2014); [lds.org/prophets-and-apostles/unto-all-the-world/find-our-cousins](https://www.lds.org/prophets-and-apostles/unto-all-the-world/find-our-cousins).
23. Jereo ny David A. Bednar, “Hitodika ny Fon'ny Zanaka,” *Liahona*, Nôv. 2011, 24–27.
24. Jereo ny Helamàna 7:9.
25. Jaona 14:18.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Lovam-panantenana tsy Hay Sandaina

*Rehefa misafidy ny hanao na hitandrina fanekempihavanana amin'Andriamanitra ianareo na tsia dia misafidy ny hamela na tsia lovam-panantenana ho an'ireo izay mety hanaraka ny ohatra asehonareo.*

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, ny sasany aminareo dia nasain'ny misiôneran'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ho tonga eto amin'ity fivoriana ity. Ireo misiônera ireo dia mety efa nanao anareo hisafidy ny hanao fanekempihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanaovana batisa anareo.

Ny sasany aminareo dia mihaino amin'izao satria nekenareo ny fanasana nataon'ny ray aman-dreny, na vady, na ny ankizy iray izay manantena anareo hisafidy ny hametraka ny fanekempihavanana izay efa nataonareo tamin'Andriamanitra ho ivon'ny fiainanareo indray. Ny sasany aminareo izay mihaino amin'izao dia efa nisafidy ny hiverina hanaraka ny Mpamonjy ary mahatsapa ankehitriny ny fifaliana avy amin'ny fanekeny amim-pifaliana ny fiverenanareo.

Na iza ianareo na iza ary na aiza na aiza no misy anareo dia eo ampelatananareo ny fahasambaran'ny olona maro mihoatra izay azonareo eritreretina amin'izao fotoana izao. Afaka misafidy ny hanao

fanekempihavanana amin'Andriamanitra na hitandrina izany ianareo isan'andro sy isan'ora.

Na aiza na aiza no misy anareo eo amin'ilay lalana handovana ny fanomezana ny fiainana mandrakizay dia manana fahafahana ianareo haneho amin'ny olona marobe ny lalana mankany amin'ny fahasambaran'ny lehibe kokoa. Rehefa misafidy ny hanao na hitandrina fanekempihavanana amin'Andriamanitra ianareo na tsia dia misafidy ny hamela na tsia lovam-panantenana ho an'ireo izay mety hanaraka ny ohatra asehonareo.

Samy nomena fampanantenana ny amin'izany lova izany izaho sy ianao. Ny ankamaroan'ny fifaliana azoko teo amin'ny fiainako dia avy amin'ny lehilahy iray izay tsy mbola nihaona tamiko mihitsy teto an-tany. Zaza kamboty izy, izay lasa iray tamin'ireo rain'ny ray aman-drenibeko. Namela lovam-panantenana tsy hay sandaina ho ahy izy. Mamelà ahy ianareo hitantara ny anjara toerana notanany tao anatin'ny fanangonana izany lova izany ho ahy.

I Heinrich Eyring no anarany. Teraka tao anatin'ny fianakaviana mpanankarena izy. Nanana fananana be tao Coburg i Edward rainy, tao amin'ny faritra izay antsoina hoe Allemagne ankehitriny. Ny reniny dia andriambavy nantsoina hoe Vicomtesse Charlotte Von Blomberg. Ny rain'i Charlotte no mpiandraikitra ny tanin'ny mpanjakan'i Prusse.

Zanaka lahimatoan'i Charlotte sy i Edward i Heinrich. Nodimandry teo amin'ny faha-31 taonany i Charlotte taorian'ny nahaterahan'ny zanany fahatelo. Nodimandry afaka fotoana fohy taorian'izay i Edward ary very tamin'ny fampiasam-bola tsy nahitana fahombiazana avokoa ny fananany sy ny haren'ny rehetra. Vao 40 taona izy tamin'izay. Namela zaza kamboty telo izy.

I Heinrich izay rain'ny ray aman-drenibeko dia namoy ireo ray aman-dreniny sy fananana maro tokony ho lovany. Tsy nanam-bola izy na dia kely aza. Noraketiny tao amin'ny diarin'ny fa ny fandehanany aty Amerika no tsapany fa ho fanantenana tsara indrindra mba hananany hoavy mamiratra. Na dia tsy nanana na fianakaviana na namana aza izy teto dia nahatsapa fanantenana mikasika ny fandehanana aty Amerika. Tao New York City no nahany voalohany. Nifindra tany St. Louis, Missouri izy taty aoriana.

Olomasin'ny Andro Farany ny iray tamin'ireo mpiara-miasa taminy tao St Louis. Ka avy tamin'izy io no nahazoany boky kely nosoratan'ny Loholona Parley P. Pratt. Novakiny ilay izy dia nohalalininy avy eo ny boky rehetra izay azony mikasika ny Olomasin'ny Andro Farany. Nivavaka izy mba hahafantarany raha tena nisy marina ireo anjely niseho tamin'ny olona, raha toa ka nisy mpaminany velona na tsia ary raha toa ka fivavahana marina izay nampahafantar'Andriamanitra no hitany sa tsia.

Taorian'ny roa volana nanaovany fandalinana sy vavaka matotra dia nanofy i Heinrich hoe nasaina izy mba ho atao batisa. Ny Loholona William Brown, izay lehilahy iray nanana ny fahefan'ny fisoronana ary hajaiko fatratra no nanatanteraka ny



ôrdônansy. Natao batisa tao amin'ny dobo feno ranon'orana i Heinrich tamin'ny 11 Martsa 1855, tamin'ny 7:30 maraina.

Mino aho fa fantatr'i Heinrich Eyring tamin'izany fotoana izany fa marina ny zavatra ampianariko anareo androany. Fantany fa ny fahasambarana amin'ny fiainana mandrakizay dia tonga amin'ny alalan'ny fifandraisan'ny fianakaviana izay mitohy mandrakizay. Na dia vao haingana aza izy no nahita ny drafitry ny Tompo ho an'ny fahasambarana dia fantany fa ny fanantenany ny fifaliana mandrakizay dia niankina tamin'ny safidy malalaka ataon'ny hafa hanaraka ny ohatra nasehony. Niankina tamin'ny olona izay tsy mbola teraka akory ny fanantenany fahasambarana mandrakizay.

Namela rakitsoratra ho an'ny taranany izy ho isan'ny lovanpanantenana ho an'ny fianakavianay.

Afaka mahatsapa ny fitiavany anay izay hanara-dia azy aho ao anatin'io diary io. Tsapako ao amin'ireo teniny ny fanantenany fa mety hisafidy ny hanara-dia azy eo amin'ny lalana miverina any amin'ny fonenantsika any an-danitra ireo taranany. Fantany fa izany safidin'ny taranany izany dia tsy ho vokatry ny safidy lehibe tokana fa ho vokatry ny safidy kely maromaro. Iza no voalaza ao amin'ny diariny:

“Hatramin'ny fotoana nandrene-sako voalohany ny lahatenin'ny Loholona Andrus . . . dia nanatrika hatrany ny fivorian'ny Olomasin'ny Andro Farany aho ary marina tokoa fa vitsy dia vitsy ny fotoana tsy nahafahako namonjy fivoriana satria adidiko ihany koa ny manatrika izany.

“Soratako ato anatin'ny diariko izany mba hanarahan'ny zanako ny ohatra nasehoko ka tsy hanao tsinontsinona mihitsy ity adidy manandanja mba hiara-hivory amin'ny Olomasina ity.”<sup>1</sup>

Fantatr'i Heinrich fa isika dia afaka manavao mandritra ireo fivoriana fanasan'ny Tompo ny fampanantenana nataontsika ny mba hahatsiaro mandrakariva ny Mpamonjy ka hanana ny Fanahiny miaraka amintsika.

Io Fanahy io no nanampy azy

tamin'ny asa fitoriana izay niantsoana azy volana vitsy monja taorian'ny nanekeny ny fanekempihavanan'ny batisa. Navelany ho lova ny ohatra nasehony tamin'ny fijanonana ho mahatoky tamin'ny asa nanirahana azy nandritra ny enin-taona tany amin'ny toerana iray nantsoina hoe Faritry ny Indiana tamin'izany fotoana izany. Mba hahazoany mandray ny fisaorana azy tamin'ny iraka nataony dia nandeha an-tongotra izy sy nandray fiaran-dalamby avy any Oklahoma nankany Salt Lake City, izay elanelan-tany tokotokony ho teo amin'ny 1.770 km teo.

Fotoana fohy taorian'izay dia nantsoin'ny mpaminanin'Andriamanitra izy hifindra tany atsimon'i Utah. Tao amin'io toerana io no nanekeny antso hafa hanao asa fitoriana tany Allemagne izay toerana nahaterahany. Taorian'izay dia nekeny ny fanasan'ny Apôstôly iray an'i Jesoa Kristy Tompo azy mba hanampy tamin'ny fanangana vondron'Olomasin'ny Andro Farany maromaro tany avaratr'i Mexique. Tany izy no nantsoina ho any Mexico hanao misiônera amin'ny fotoana feno indray. Notanterahany ireo antso ireo. Ao amin'ny fasana kely ao Colonia Juárez, Chihuahua, any Mexique izy no milevina.

Raha mitanisa ireo zavatra ireo aho dia tsy hoe te hilaza fa lehilahy niavaka izy, na niavaka ny zavatra nataony na miavaka ny taranany. Mitanisa ireo zavatra ireo aho mba hanomezako voninahitra azy noho ny ohatra maneho finoana sy fanantenana tao am-pony.

Nanaiky ireo antso ireo izy noho ny finoany fa niseho tamin'i Joseph Smith tao amin'ny ala kely iray tao amin'ny Fanjakan'i New York ilay Kristy efa nitsangana tamin'ny maty sy ny Raintsika any an-danitra. Nanaiky ireo antso ireo izy satria nanampinoana fa naverina tamin'ny laoniny ato amin'ny Fiangonan'ny Tompo ireo fanalahidin'ny fisoronana niaraka tamin'ny fahefana hamehezana ny fianakaviana ho mandrakizay, raha toa izy ireo ka manana finoana ampy hitandremana ny fanekempihavanana nataon'izy ireo.

Tahaka an'i Heinrich Eyring razambeko dia mety ho ianareo no olona voalohany ao amin'ny fianakavianareo izay hitarika ny lalana ho any amin'ny fiainana mandrakizay eo amin'ilay lalana misy fanekempihavanana masina izay natao sy notandremana tamimpahazotoana sy tamimpinoana. Ny fanekempihavanana tsirairay dia omban'ny andraikitra sy fampanantenana. Ho antsika rehetra, ary toy izany koa ho an'i Heinrich, dia tsotra ireo andraikitra ireo indraindray fa sarotra kosa izany matetika. Kanefa tadidio fa tsy maintsy sarotra ireo andraikitra indraindray satria ny tanjon'izy ireo dia ny hampandroso antsika amin'ilay lalana mba hiarahana miaina mandrakizay amin'ny Ray any an-danitra sy Jesoa Kristy Zanany Malala, ao anatin'ny fianakaviana.

Tadidinareo ireo teny avy ao amin'ny bokin'i Abrahama hoe:

“Ary nisy anankiray nijoro teo anivony, izay nitovy tamin' Andriamanitra, ary hoy Izy tamin' ireo izay niaraka taminy: Hidina isika fa misy toerana eny, ary haka amin' ireto akora ireto isika dia hanao tany iray izay hahazoan' ireto mitoetra;

“Dia hosedraintsika amin' izany izy ireo, hahitana raha toa izy ireo ka hanao ny zava-drehetra handidian' ny Tompo Andriamaniny azy ireo;

“Ary ireo izay mitana ny toetrany voalohany no homena fanampiny; ary ireo izay tsy mitana ny toetrany voalohany dia tsy hanana voninahitra ao amin' ny fanjakana iraisana amin' ireo izay mitana ny toetrany voalohany; ary ireo izay mitana ny toetrany faharoa dia hanana voninahitra anampy eo ambony lohany mandrakizay mandrakizay.”<sup>2</sup>

Ny fihazonana ny toetrantsika faharoa dia miankina amin'ny fanaovantsika fanekempihavanana amin'Andriamanitra sy ny fanatanterahantsika amim-pahatokiana ireo andraikitra takian'ireo fanekempihavanana ireo amintsika. Ny fitandremana ireo fanekempihavanana mandritra ny andrompiainana manontolo dia ilàna finoana an'i Jesoa Kristy ho Mpamonjy antsika.

Satria lavo i Adama sy i Eva dia misedra fakam-panahy sy ny fitsapana

ary fahafatesana isika tsirairay. Kanefa ny Raintsika any an-danitra izay tia antsika dia nanome an'i Jesoa Kristy, ilay Zanakalahiny Malalany, mba ho Mpamonjy antsika. Mitondra lova ho an'ny olon-drehetra izany fanomezana sy fitahian'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izany: dia ilay fampanantenana ny Fitsanganana amin'ny maty sy ny fahafahan'ny rehetra izay teraka hahazo ny fiainana mandrakizay.

Ny fiainana mandrakizay, izay lehibe indrindra amin'ireo fitahiana rehetra avy amin'Andriamanitra, dia tsy ho tonga eo amintsika raha tsy manao ireo fanekempihavanana hita ao amin'ny Fiangonana marin'i Jesoa Kristy isika, tanterahan'ireo mpamonpony nahazo lalana. Noho ny fahalavoana dia ilaintsika rehetra ny fanadiovana entin'ny batista sy ny fametrahan-tanana mba handraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina. Ireo ôrdônansy ireo dia tsy maintsy tanterahan'ireo olona manana ny fahefan'ny fisoronana mifanaraka amin'izany. Avy eo isika miaraka amin'ny fanampian'ny Fahazavan'i Kristy sy ny Fanahy Masina, dia afaka mitandrana ireo fanekempihavanana rehetra ataontsika amin'Andriamanitra, indrindra fa ireo izay tanterahana any amin'ireo tempoliny. Amin'io fomba io ihany, ary miaraka amin'izany fanampiana izany, no hahafahan'ny olona na iza na iza mangataka ny lova tokony ho azony amin'ny mahazanak'Andriamanitra azy ao anatin'ny fianakaviana iray mandrakizay.

Ho an'ny sasany izay mihaino ahy dia mety ho toy ny faniriana tsy dia antenaina loatra ho tanteraka izany.

Efa nahita ray aman-dreny nalahelo ianareo noho ny zanany izay nandà na nisafidy ny hanapaka ny fanekempihavanany tamin'Andriamanitra. Kanefa afaka mahazo fampiononana sy fanantenana avy amin'ny traikefan'ny ray aman-dreny hafa ireo ray aman-dreny ireo.

Nibebaka tamin'ny fikomiana lehibe tamin'ny fanekempihavanana sy ireo didin'Andriamanitra ny zanak'i Almà sy ireo zanakalahin'ny Mpanjaka Môsià. I Almà Zanany dia nahita an'i Kôriantôna zanany lahy niova raha toa

ka nanao fahotana lehibe teo aloha dia lasa nanompo tamim-pahatokiana. Ny Bokin'i Môrmôna dia mirakitra ihany koa ny fahagagana momba ireo Lamanita izay niala tamin'ireo fomban-drazana nankahala ny fahamarinana ka nanao fanekempihavanana ny ho faty mba hihazonana ny fandriampahalemana.

Nirahina ho any amin'i Almà Zanany sy ireo zanakalahin'i Môsià ny anjely iray. Tonga ilay anjely noho ny finoana sy ireo vavaka nataon'ny rain'izy ireo sy ny vahoakan'Andriamanitra. Afaka mahazo risi-po sy fampiononana ianareo avy amin'ireo ohatra ireo izay maneho ny herin'ny Sorompanavotana izay miasa ao ampon'ny olona.

Nomen'ny Tompo antsika ny loharanom-panantenana rehetra ilaina amin'ny tolona ataontsika mba hanampiana ireo olon-tiantsika hanaiky ny lovan'izy ireo mandrakizay. Nanome fampanantenana antsika Izy rehefa manohy ny ezaka hanangona ny olona ho any Aminy isika, eny fa na dia manohitra ny fanasany hanao izany aza izy ireo. Mampalahelo Azy ny fanoheran'izy ireo saingy tsy milavo lefona Izy, dia tsy tokony hilavo lefona koa isika. Nampiseho ny ohatra tonga lafatra ho antsika Izy niaraka tamin'ny fitiavany maharitra manao hoe: “Ary koa, impiry Aho no efa ta hanangona anareo toy ny reniakoho manangona



ny zanany eo ambany elany, eny, ô ianareo vahoakan'ny mpianakavin' i Isiraely, izay efa lavo; eny, ô ianareo vahoakan'ny mpianakavin' i Isiraely, ianareo izay mitoetra ao Jerosalema, toa anareo izay efa lavo; eny, impiry Aho no ta hanangona anareo toy ny reniakoho manangona ny zanany ary tsy nety ianareo.”<sup>3</sup>

Afaka miantehitra amin'io fanirian'ny Mpamonjy tsy mety lefy io isika mba hitondrana ireo fanahy rehetra zanaky ny Ray any an-danitra hiverina any amin'ny fonenany miaraka Aminy. Ny ray na reny mahatoky tsirairay, ny raibe na ny renibe, ary ny ray na renin'ny ray aman-drenibe dia manana izany faniriana izany. Ohatra tonga lafatra ho antsika ny Raintsika any an-danitra sy ny Mpamonjy eo amin'ny zavatra azontsika atao sy tsy maintsy ataontsika. Tsy manery antsika hanao safidy tsara mihitsy Izy Ireo satria tokony hosafidiana ny fahamarinana. Ataon'Izy Ireo izay hamantarantsika ny tsara ary avelan'Izy Ireo isika hahita ny fifaliana azo avy amin'ny fanaovana safidy tsara.

Ny olona tsirairay izay teraka eto an-tany dia mandray ny Fahazavan'i Kristy, izay manampy antsika hahita sy hahatsapa ny tsara sy ny ratsy. Naniraka olombelona mpanompo Andriamanitra, izay afaka manampy antsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina hamantatra ny zavatra tian'ny Ray hataontsika sy ny zavatra handrarany antsika. Ataon'Andriamanitra mahasarika ny fisafidianana ny tsara amin'ny alalan'ny famelana antsika hahatsapa ny vokatra ny safidintsika. Raha mifidy ny tsara isika dia hahita fahasambarana—amin'ny farany. Raha mifidy ny ratsy isika dia ho avy ny alahelo sy ny nenina—amin'ny farany. Azo antoka fa hitranga ireo vokatra ireo. Matetika anefa izy ireny no ampiandrasana fotoana noho ny tanjona iray. Raha azo eo no eo ireo fitahiana dia tsy hampiorina ny finoana ny fisafidianana ny tsara. Ary satria koa ny alahelo indraindray dia ampiandrasana fotoana maharitra, dia ilàna finoana ny mahatsapa ny filàna ny fikatsahana famelan-keloka alohaloha noho ny fahotana toy izay aorian'ny

hahatsapantsika ny vokat'izany izay mitondra alahelo sy fanaintainana.

Nalahelo noho ny safidy nataon'ny sasany tamin'ireo zanany lahy sy ny fianakavian'izy ireo i Lehia Rainy. Lehilahy tsara sady marina izy—mpaminanin'Andriamanitra. Matetika izy no nijoro ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika tamin'izy ireo. Ohatry ny fankatoavana sy ny asa fanompoana izy rehefa niantso azy ny Tompo mba hamoy ireo fananany mba hanavotana ny fianakaviany tamin'ny fandranganana. Teo am-pialany aina dia mbola nijoro ho vavolombelona tamin'ireo zanany izy. Na dia nanana fahefana tahaka ny Mpamonjy aza izy hamantatra izay tao am-pon'izy ireo sy hahita ny ho avy izay sady nampalahelo no nahavariana—dia nanohy nanampy ny fianakaviany i Lehia mba hitondrana azy ireo ho amin'ny famonjena.

Ankehitriny dia taranak'i Lehia Rainy an-tapitrisany no manatanteraka ny zavatra nantenainy tamin'izy ireo.

Inona no azontsika sy ianao atao mba hisintonana lesona avy amin'ny ohatra nasehon'i Lehia? Afaka misintona lesona avy amin'ny ohatra nasehony isika amin'ny alalan'ny fandalinana soratra masina ombambavaka sy amin'ny alalan'ny fampiharana izany.

Manoro hevitra aho ny mba hieritreretanao izay zavatra tsy maharitra sy izay maharitra rehefa miezaka mamela lovam-panantenana ho an'ny fianakavianareo ianareo. Ao amin'ilay tsy maharitra dia hisy olana maro ary hampiasa ny heriny i Satana hakana fanahy antsika. Ary misy ny zavatra izay tokony handrasana amim-paharetana sy amimpinoana, ao anatin'ny fahafantarana fa miasa amin'ny fotoany sy ny fombany ny Tompo.

Misy ny zavatra izay azonao atao mialoha dieny mbola kely ireo olontiano. Tadidio fa mora kokoa ary mahomby kokoa ny vavaky ny mpianakavy isan'andro sy ny fandalinan'ny fianakaviana soratra masina ary ny fizarana fijoroana ho vavolombelona mandritra ny fivorian'ny fasan'ny Tompo raha mbola kely ny zanaka.



Matetika ny ankizy madinika no mora mahatsapa kokoa ny Fanahy mihoatra noho izay heverintsika.

Rehefa lehibe kokoa izy ireo dia hotsaroany ireo hira nohirainy niaraka taminareo. Hahatsiaro ireo teny soratra masina sy fijoroana ho vavolombelona mihitsy aza izy ireo mihoatra noho ny fahatsiarovana ny hira. Afaka mampahatsiahy azy ireo ny zava-drehetra ny Fanahy Masina, fa ny teny ao amin'ny soratra masina sy ny tonon-kira no haharitra ela indrindra ao amin'ny fitadidiany. Ireo fahatsiarovana ireo no hitaona azy ireo hiverina rehefa miala amin'ny lalana mody any amin'ny fiainana mandrakizay izy ireo ao anatin'ny fotoana iray, na mety ho mandritra ny taona maro.

Mila mieritreritra lavitra isika rehefa mahatsapa ny fitaoman'izao tontolo izao ireo olon-tiantsika ary toa manafotra ny finoan'izy ireo ny rahon'ny ahiahy. Manana finoana sy fanantenana ary fiantrana isika hitarika antsika sy hampahery azy ireo.

Nahita izany aho tamin'ny nahampanolotsaina ahy an'ny mpaminany velon'Andriamanitra miisa roa. Olona samy manana ny maha-izy azy izy ireo. Kanefa dia toa itovizan'izy ireo ny fananana fomba fisainana tsara tsy miovaova. Rehefa misy olona manaparitaka olana iray mikasika ny Fiangonana dia toy izao ny valinteny omen'izy ireo matetika indrindra hoe "hilamina ny amin'izany ka!" Amin'ny ankapobeny dia mahafantatra bebe kokoa mikasika ilay olana izy ireo noho ireo olona manaparitaka azy.

Fantatr'izy ireo ihany koa ny fomba fasan'ny Tompo, ka noho izany dia manana fanantenana momba ny

fanjakan'ny Tompo foana izy ireo. Fantatr'izy ireo fa Izy no mitarika ity Fiangonana ity. Tsitoha Izy kanefa miahy. Raha omenareo lalana Izy ho mpitarika ny fianakavianareo dia hilamina ny zava-drehetra.

Ny sasany tamin'ny taranak'i Heinrich Eyring dia toa nania. Saingy maro amin'ireo zafindohaliny no mandeha any amin'ny tempolin'Andriamanitra amin'ny 6:00 maraina mba hanatanteraka ôrdônansy ho an'ny razambe izay tsy mbola nihaona tamin'izy ireo. Mandeha any izy ireo noho ilay lovam-panantenana navelany. Namela lova izy izay takian'ny maro amin'ireo taranany.

Rehefa manao ny zavatra rehetra azontsika atao amim-pinoana isika dia hohamarinin'ny Tompo ny fanantantsika ireo fitahiana lehibe kokoa noho izay azontsika heverina ho an'ny fianakaviansika. Maniry ny tsara indrindra ho azy ireo sy ho antsika Izy amin'ny maha-Zanany antsika rehetra.

Zanak'ilay Andriamanitra velona isika rehetra. I Jesoa Kristy avy any Nazareta no Zanakalahiny Malalany sy Mpamonjy antsika nitsangana tamin'ny maty. Fiangonany ity. Hita ato amin'ity Fiangonana ity ireo fanalahidin'ny fisoronana ka noho izany dia afaka ny hiaraka mandrakizay ny fianakaviana. Izany no lovam-panantenana tsy hay sandaina ho antsika. Mijoro ho vavolombelona aho fa marina izany, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Henry Eyring reminiscences, 1896, typescript, Church History Library, 16–21.
2. Abrahama 3:24–26.
3. 3 Nefia 10:5.



**Natolotry ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**  
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Fanohanana ireo Mpiandraikitra ato amin'ny Fiangonana

**A**saina isika hanohana an'i Thomas Spencer Monson amin'ny maha-mpaminany sy mpahita ary mpanambara azy, ary Filohan'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany; i Henry Bennion Eyring amin'ny maha-Mpanolotsaina Voalohany azy

ao amin'ny Fiadidiana Voalohany; ary i Dieter Friedrich Uchtdorf amin'ny maha-Mpanolotsaina Faharoa azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.

Ireo izay manohana, aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia aoka haneho izany.

Asaina isika hanohana an'i Boyd Kenneth Packer amin'ny maha-Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo azy ary ireto manaraka ireto amin'ny maha-mpikambana azy ireo ao amin'io kôlejy io: Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, ary Neil L. Andersen.

Ireo izay manohana, aoka haneho izany.

Raha misy manohitra, dia afaka maneho izany.

Asaina isika hanohana ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

Izay rehetra manohana, aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, aoka haneho izany koa.

Ankehitriny dia isaorantsika miaraka amin'ny fankasitrahana amin-kitsimpo ny Loholona Tad R. Callister tamin'ny naha-Manampahefana Ambony azy sy tamin'ny naha-mpikambana azy tao amin'ny Fiadidian'ireo Kôlejin'ny Fitopololahy.

Ireo izay te hiaraka aminay haneho fankasitrahana dia aoka haneho izany.

Asaina isika hanohana ny Loholona Lynn G. Robbins ho mpi-kambana ao amin'ny Fiadidian'ireo Kôlejin'ny Fitopololahy.

Izay rehetra manohana, dia aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy.

Aroso amintsika ny hisaorana an'ireto manaraka ireto tamin'ny naha-Fitopololahin'ny Vondrom-paritra azy ireo, ka hihatra manomboka ny 1 Mey 2014 izany: Pedro E. Abularach, Julio A. Angulo, Victor A. Asconavieta, Duck Soo Bae, Juan C. Barros, Colin H. Bricknell, Dennis C. Brimhall, Thomas M. Cherrington, Kim B. Clark, Wynn R. Dewsnpup, Rodolfo C. Franco, G. Guillermo Garcia, Julio C. González, Mauro Junot De Maria, Larry S. Kacher, David E. LeSueur, Paulo C. Loureiro, Steven J. Lund, Abraham Martinez, Hugo E. Martinez,



**Washington, Utah, Etazonia**

Sergey N. Mikulin, Christopher B. Munday, Hirofumi Nakatsuka, Chikao Oishi, Alejandro S. Patanía, Renato M. Petla, Anatoly K. Reshetnikov, Jonathan C. Roberts, J. Craig Rowe, Robert B. Smith, Warren G. Tate, Hesbon O. Usi, Taniela B. Wakolo, Randy W. Wilkinson, ary Chi Hong (Sam) Wong.

Ireo izay te hiaraka aminay haneho fankasitrahana noho ny asa fanompoana mahatalanjona izay nataon'izy ireo dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hisaorana miaraka amin'ny fanehoana fankasitrahana ny Rahalahy isany, Russell T. Osguthorpe sy David M. McConkie ary Matthew O. Richardson tamin'ny naha-fiadidian'ny Sekoly Alahady maneran-tany azy ireo.

Ataonay torak'izany koa ny fisao-rana ireo mpikambana rehetra ao amin'ny filankevi-pitantanan'ny Sekoly Alahady maneran-tany.

Izay rehetra te hiaraka aminay haneho fankasitrahana ho an'ireo rahalahy sy rahavavy ireo noho ny asa fanompoana nataony sy ny fanoloran-tena nananany izay niavaka, dia aoka haneho izany.

Asaina isika hanohana ireto manaraka ireto ho mpikambana vaovao ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy: Chi Hong (Sam) Wong sy Jörg Klebingat, ary ho mpikambana vaovao ao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy: Larry S. Kacher sy Hugo E. Martinez.

Izay rehetra manohana, aoka haneho izany.

Izay manohitra, aoka haneho torak'izany koa.

Asaina isika hanohana ireto manaraka ireto ho Fitopololahin'ny Vondrom-paritra vaovao: Julio Cesar Acosta, Blake R. Alder, Alain C. Allard, Taiichi Aoba, Carlos F. Arredondo, Vladimir N. Astashov, Jorge T. Becerra, Michael H. Bourne, Romulo V. Cabrera, Jose Claudio F. Campos, Nicolas Castañeda, Walter Chatora, Fook Chuen Zeno Chow, J. Kevin Ence, K. Mark Frost, Mauricio G. Gonzaga, Leonard D. Greer, Jose Isaguirre, Michael R. Jensen, Adolf Johan Johansson, Tae Gul Jung, Wisit



Khanakham, Serhii A. Kovalov, Sergio Krasnoselsky, Milan F. Kunz, Bryan R. Larsen, Geraldo Lima, W. Jean-Pierre Lono, Tasara Makasi, Khumbulani Mdletshe, Dale H. Munk, Eduardo A. Norambuena, Yutaka Onda, Raimundo Pacheco De Pinho, Marco Antonio Rais, Steven K. Randall, R. Scott Runia, Alexey V. Samaykin, Edwin A. Sexton, Raul H. Spitale, Carlos Walter Treviño, ary Juan A. Urrea.

Izay rehetra manohana dia aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy.

Asaina isika hanohana an'i Tad R. Callister mba ho filohan'ny Sekoly

Alahady maneran-tany, miaraka amin'i John S. Tanner ho mpanolotsaina voalohany ary i Devin G. Durrant ho mpanolotsaina faharoa.

Ireo izay manohana aoka haneho izany.

Izay manohitra dia afaka maneho izany koa.

Marihina fa i John S. Tanner sy i Devin G. Durrant dia samy filohan'ny misiona amin'izao fotoana izao ka noho izany dia tsy manatrika eto amin'ny Ivontoeran'ny Fihaonambe.

Hanomboka ny asa fanompoana amin'ny fomba ôfisialy ao amin'ny fiadidian'ny Sekoly Alahady maneran-tany izy ireo aorian'ny fisaorana azy ireo amin'ny volana Jolay 2014.

Asaina isika hanohana ireo Manampahefana Ambony hafa rehetra, sy ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra ary ireo fiadidian'ny vondrona mpanampy izay misy ankehitriny.

Ireo izay manohana, dia aoka haneho izany.

Izay manohitra dia afaka maneho izany.

Misaotra ry rahalahy sy rahavavy noho ny fanohananao sy ny finoana maharitra asehonareo ary ny vavaka tsy tapaka ataonareo ho anay.

Asaintsika ireo izay vao nantsoina ho Manampahefana Ambony handroso haka ny toerany ety amin'ny lampihazo. ■



# Tatitry ny Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana taona 2013

## Natolotr'i Kevin R. Jergensen

Tale Mpitantana, Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana

*Ho an'ny Fiadidiana Voalohany ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany*

**R**y Rahalahy malala isany: Araka ny voalazan'ny fanambarana ao amin'ny fizarana faha-120 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fane-kempihavanana, dia ny Filankevitry ny Fitantanana ny Fahafolonkarena—izay ahitana ny Fiadidiana Voalohany, ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary ny Episkôpà Mpiahy—no manome lalana ny hampiasana ny volan'ny Fiangonana. Ireo rafitra ato amin'ny Fiangonana no mitsinjara ny vola araka ny teti-bola sy ireo fitsipika ary fomba fiasa izay nolanihana.

Ny Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana, izay ahitana matiha-nina manana mari-pahaizana ary tsy miankina amin'ireo departemanta hafa rehetra ato amin'ny Fiangonana, dia manana andraikitra ny hanao ireo fanamarinana ny fampiasam-bola mba hahazoana antoka tsara ny amin'ireo vola miditra sy ny vola

mivoaka ary ny fiarovana ny fananan'ny Fiangonana.

Araka ireo fanamarinana ny fampiasam-bola natao, dia maneho ny heviny ny Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana fa ny anjara biriky voaray sy ny fandania natao ary ny fananan'ny Fiangonana amin'ny antsipiriany rehetra ho an'ny taona 2013 dia noraketina sy notantanana araka ny teti-bola sy ireo fitsipika ary fomba fiasa ara-dalàna amin'ny fampiasam-bola izay nolanihan'ny Fiangonana. Ny Fiangonana dia manaraka ireo fomba amam-panao ampianarina ny mpikambana ao aminy dia ny mba hanao teti-bola hivelomana sy hisoroka ny trosa ary hanangombola hiatrehana ny tsy fisiana.

Natolotra tamim-panajana, Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana Kevin R. Jergensen Tale Mpitantana ■



# Tatitra momba ny Antontan'isa, taona 2013

## Natolotr'i Brook P. Hales

Mpitantsoratra ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

**M**ba ho fampahalalana ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana dia namoaka izao tatitra momba ny antontan'isa manaraka izao ny Fiadidiana Voalohany, izay mahakasika ny fitombon'ny Fiangonana sy ny toe-java-misy ao aminy hatramin'ny 31 Desambra 2013.

### Ireo Vondron'ny Fiangonana

Tsatòka.....	3.050
Misiona.....	405
Distrika.....	571
Paroasy sy Sampana .....	29.253

### Mpikamban'ny Fiangonana


Totalin'ny isan'ny mpikamban'ny Fiangonana.....	15.082.028
Isan'ireo zaza vaovao voarakitra .....	115.486
Olona vita batisa .....	282.945

### Misiônera

Misiônera manompo amin'ny fotoana feno .....	83.035
Misiôneran'ny Fiangonana mpanao asa soa.....	24.032

### Tempoly

Tempoly notokanana nandritra ny taona 2013 (Tempolin'i Tegucigalpa Honduras).....	1
Tempoly miasa tamin'ny faran'ny taona .....	141



**Nataon'ny Loholona Russell M. Nelson**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Avelao ny Finoanareo Hiseho

*Ampitomboy isan'andro ny finoanareo, eny am-pandehananareo mankany amin'ilay anjara mandrakizay nomena anareo. Torio ny finoanareo! Avelao ny finoanareo hiseho!*

**R**y rahalahy sy ranabavy malala, maneho ny fitiavanay sy ny fankasitrahany lalina anareo izahay. Fenô fankasitrahana izahay noho ny fanirahana anay mba hiasa miaraka aminareo.

Tao anatin'ny sidina iray vao haingana izay dia nilaza ny mpanamory fiaramanidina nitondra anay fa hiatrika fihontsonkontsonana izahay mandritra ny fidinanay ka tsy maintsy manidy tsara ny fehikibony ny mpandeha rehetra. Dia tonga tokoa ny fihontsonkontsonana. Tena mafy dia mafy izany. Tery amin'ny ilany ampita tery ary seza maromaro taoriako dia nisy vehivavy iray natahotra mafy ka nihotakotaka. Nihikiakiaka mafy izy isaky ny misy toy ny milatsaka sy isaky ny mihetsika tampoka ilay fiaramanidina. Niezaka nankahery azy ny vadiny fa tsy nampitony azy izany. Nihikiakiaka toy ny adala foana izy mandra-pivoakanay tamin'ilay faritra nampihontsonkontsona ka tafantsona soa aman-tsara ny fiaramanidina. Nandritra izany fotoana nampitebiteby be azy izany dia nalahelo azy aho. Satria



ny finoana no fanefitry ny tahotra dia naniry mangina tao anatiko aho hoe raha mba izao aho mantsy no mba afaka nampahatanjaka ny finoany.

Taty aoriana, rehefa nandao ilay fiaramanidina ny mpandeha dia niresaka

tamiko ny vadin'ilay vehivavy. Hoy izy hoe: "Miala tsiny fa natahotra mafy ny vadiko. Ny hany fomba nahafahako nankahery azy dia ny niteny taminy hoe 'Ato anatin'ity fiaramanidina ity ny Loholona Nelson ka tsy mila matahotra ianao.'"

Tsy dia matoky loatra aho hoe tokony ho nitondra izay fankaherezana nilainy ny naha tao anatin'ilay fiaramanidina ny tenako fa ambarako kosa fa ny iray amin'ireo zava-misy amin'ny fiainana an-tany dia ny hoe hose-draina sy hotsapaina ny finoantsika. Indraindray dia tonga ireo fisedrana ireo rehefa miaina toe-javatra toa mety hiafara amin'ny fahafatesana isika. Ho an'ity vehivavy feno tahotra ity, ilay fiaramanidina nihontsonkontsona mafy dia mafy dia naneho ny iray amin'ireo fotoana hitsapana hoe hatraiza ny tanjaky ny finoantsika.

Rehefa miresaka momba ny finoana isika—ilay finoana izay afaka mamin-dra tendrombohitra—dia tsy miresaka finoana amin'ny ankapobeny fa ilay finoana an'i Jesoa Kristy Tompo. Afaka mihamatanjaka ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo rehefa mianatra momba Azy sy miaina araka ny fivavahantsika isika. Nataon'ny Tompo hanampiana antsika hampitombo ny finoantsika ny fotopampianaran'i Jesoa Kristy. Amin'ny fiteny izay ampiasain'ny maro ankehitriny anefa dia mety hidika zavatra samihafa amin'ny olona samihafa ny teny hoe *fivavahana*.

Raha ara-bakiteny ny teny hoe *fivavahana* [amin'ny teny anglisy] dia midika hoe "mampifamatotra indray" amin'Andriamanitra.<sup>1</sup> Ny fanontaniana mety hapetratsika amin'ny tenantsika dia hoe, tena mifamatotra tsara amin'Andriamanitra ve isika ka miseho ny finoantsika, sa ve isika raha ny marina mifamatotra amin'ny zavatra hafa? Ohatra, imbetsaka aho no nahare resadresaka isaky ny Alatsinainy maraina momba ireo lalao matihanina ara-panatanjahantena izay nitranga ny Alahady omalin'iny. Eo anatrehan'ny sasany amin'ireo mpankafy fatratra izany taranja izany dia manontany tena ihany aho hoe, ny azy ireo izany ny "fivavahany" dia tsy "mampifamatotra" azy afa-tsy



amin'ilay karazana fanatanjahantena ankafiziny indrindra.

Mety hanontany tena isika tsirairay hoe aiza ny finoantsika? Ao amin'ny ekipa iray ve izany? Ao anatin'ny marika famantarana zavatra amidy iray ve izany? Ao anatin'ny olo-malaza iray ve izany? Na ny ekipa mahay indrindra aza dia mety ho resy. Afaka mihalefy laza ireo olo-malaza. Ao anatin'ilay Iray izay ihany no ho voaro foana ny finoantsika, dia tsy aiza fa ao amin'i Jesoa Kristy Tompo izany. Ary mila mamela ny finoanareo hiseho ianareo!

Nanambara Andriamanitra ao anatin'ny *voalohany* amin'ireo Didy Folony hoe “Aza manana Andriamankafa fa Izaho ihany.”<sup>2</sup> Niteny ihany koa Izy hoe, “Banjino Aho amin'ny eritreritra rehetra; aza miroanàhana, aza matahotra.”<sup>3</sup> Kanefa mbola maro ny olona tsy mijery afa-tsy ny toebolan'izy ireo any amin'ny banky mba hahazoana fiadanana na mijery olombelona mitovy amin'ny tena mba ho ohatra alaina tahaka.

Matetika traran'ny fisedrana finoana ireo mpitsabo matihanina, sy ireo mpampianatra matihanina ary ireo mpanao pôlitika. Rehefa ao anatin'ny fanatratrarana ny tanjony izy ireo, dia moa ve hiseho sa ho takona ny fivavahany? Mifamatotra amin'Andriamanitra ve izy ireo sa amin'olona?

Niaina fisedrana toy izany aho ampolo taonany maro lasa izay rehefa nibedy ahy ny mpiara-miasa iray tamiko tany amin'ny sekoly ambony

fianarana ho mpitsabo, noho ny tsy fampisarahako ny fahalalako arak'asa amin'ny finoako ara-pivavahana. Nangataka ahy izy mba tsy hampifangaro azy roa ireo. Ahoana no ahafahako manao izany? Ny fahamarinana dia fahamarinana! Tsy azo saratsarahana izany, ary tsy misy ampahan'izany azo tsinontsinoavina.

Na mivoaka avy ao amin'ny laboratoara ara-tsiansa iray na amin'ny alalan'ny fanambarana, dia miainga avy any amin'Andriamanitra avokoa ny fahamarinana rehetra. Izay fahamarinana rehetra dia ampahany amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.<sup>4</sup> Kanefa dia nangatahina aho mba hanakona ny finoako. Tsy nanaiky ilay fangatahan'ny mpiara-miasa tamiko aho. Navelako hiseho ny finoako!

Takiana ao anatin'ny karazan'asa atao rehetra ny fanarahana ireo fenitra hentitra mifehy ny fanaovan-javatra amin'ny fomba mazava. Zava-tsarobidy ho an'ireo manam-pahaizana ny fahalalahan'izy ireo maneho hevitra. Saingy tsy azo iainana feno ny fahalalahana raha toa ka feheziny ilay hoe “tsy eken'ny” lalàn'ny olona ny ampahan'ny fahalalan'ny olona iray.

Tsy azo tsinontsinoavina ny fahamarinana ara-panahy—indrindra ireo didy avy amin'Andriamanitra. Mitondra fitahiana foana ny fitandremana ireo didy avy amin'Andriamanitra! Miteraka fahaverezan'ny fitahiana foana ny fandikàna ireo didy avy amin'Andriamanitra!<sup>5</sup>

Maro dia maro ny olana eto amin'ity izao tontolo izao ity satria feno olona tsy tonga lafatra. Miankina betsaka amin'ny finoan'izy ireo na ny tsy fahampian'izany ny tanjony sy ny faniriany. Maro ireo mametraka laharampahamehana hafa alohan'Andriamanitra. Misy ireo izay mifanditra amin'ny maha-zava-dehibe ny fivavahana eo amin'ny fiainana maoderina. Toy ny tao anatin'ny vanim-potoana rehetra dia misy ankehitriny ireo izay maneso na manakina ny fampiharana malalaka ny fivavahana. Misy olona sasany aza moa manameloka ny fivavahana ho anisan'ireo aretina mikiky an'izao tontolo izao. Marina tokoa fa nisy ireo fotoana nitran-gan'ny zava-doza izay notanterahana tamin'ny anaran'ny fivavahana. Kanefa ny fiainana ny fivavahana madion'ny Tompo, izay midika hoe fiezahana ho tonga mpanara-dia marin'i Jesoa Kristy, dia fomba fiainana iray sy fanoloran-tena isan'andro izay hitondra fitarihana avy any an-danitra. Rehefa miaina ilay fivavahanao ianao dia mampihatra ny finoanao. Mamela ny finoanao hiseho ianao.

Fantatry ny Tompo fa mila mianatra ny fomba hahitana Azy ny zanany. “Fa ety ny vavahady” hoy Izy, “ary tery ny lalana izay mitondra amin'ny fisandra-tana . . . , ary vitsy no mahita izany.”<sup>6</sup>

Manome ny iray amin'ireo fomba tsara indrindra hahitantsika ny lalantsika sy hanohizana izany ny soratra masina. Mitondra fiarovana sarobidy ihany koa ny fahalalana ara-tsoratra masina. Ohatra hoe, hatramin'izay dia niteraka fahafatesana ho an'ny reny sy ny zaza tsy manan-tsiny maro ny aretina toy ny “fanaviana eo ampiterahana”. Kanefa ny Testamenta Taloha dia efa nahitana ireo fitsipika tsara hikarakarana ireo marary tratran'izany aretina izany izay nosoratana 3000 taona mahery lasa!<sup>7</sup> Olona maro no maty satria tsy nahay nihaino ny tenin'ny Tompo ny olona noho ny fikarohany fahalalana!

Ry rahalahy sy ranabavy malalako, inona no banga eo amin'ny fiainantsika raha toa ka “mianatra mandrakariva [isika kanefa] tsy mahatratra ny fahalalana ny marina”?<sup>8</sup> Afaka mahazo



fahalalana lehibe avy amin'ny soratra masina isika ary mahazo fitaomampanahy amin'ny alalan'ny vavaka mifono finoana.

Hanampy antsika amin'ny fandraisantsika fanapahan-kevitra isan'andro ny fanaovana izany. Indrindra fa rehefa foronina sy terena ho ampiharina ny lalàn'ny olombelona dia tsy maintsy ny lalàn'Andriamanitra no ataontsika faneva mandrakariva. Rehefa misy olana miteraka adihevitra dia tokony hitady ny fitarihan'Andriamanitra aloha isika.

Tokony “hampih[tra] ny soratra masina [amintsika] isika, . . . mba ho tombontsoan[tsika] sy ho fianarana ho [antsika].”<sup>9</sup> Mananontanona ny loza rehefa manandrana manasaraka ny tenantsika isika amin'ny fiteny toy ny hoe “ny fiainako manokana” na koa aza hoe “ny fitondrantenako tsara indrindra.” Rehefa manandrana mampizarazara ny fiainany ho lasa efitrefitra misaraka toy izany ny olona iray dia tsy hahatratra velively ilay fahafenoan'ny fahamarinan-toetran'ny tena manokana tokony ho tratrany—tsy ho tonga amin'ilay *tena* maha-izy azy na oviana na oviana.

Ilay fakam-panahy te ho tonga olo-malaza dia mety hanao ho lohalaharana ny hevitra ny olona fa tsy ny tenin'Andriamanitra. Matetika ireo fampielezan-kevitra ara-pôlitika sy ireo paikady amin'ny haivarotra no mampiasa ny fakana ny hevitra ny olona mba hamolavolana ny drafitr'izy ireo. Manome fahalalana ny vokatr'ireny fakan-kevitra ireny. *Saingy* tsy azo ampiasaina tsotra izao ho antony hanamarinana ny tsy fankatoavana ny didin'Andriamanitra izy ireny! Na dia “manao izany aza ny olon-drehetra,” dia tsy ho marina na rahoviana na rahoviana ny diso. Tsy ho lasa fahamarinana na rahoviana na rahoviana ny ratsy sy ny fahadisoana ary ny maizina, na dia malaza aza izany. Manambara izany ny fampitandremana iray ao anatin'ny soratra masina manao hoe: “Lozan'izay milaza ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy; izay manao ny maizina ho mazava ary ny mazava ho maizina.”<sup>10</sup>

Taorian'ny Ady Lehibe Voalohany dia nanjary nalaza be ny hira feno fahasahiana iray. Raha nanindrahindra ny tsy fahadiovam-pitondrantena izany dia nampanantena fa tsy afaka ny ho diso hevitra ny olona miisa 50 tapitrisa. Kanefa raha ny marina dia *mety* ho diso—diso tantarakana ny olona 50 tapitrisa. Ny tsy fahadiovam-pitondrantena dia mbola tsy fahadiovam-pitondrantena hatrany eo imason'Andriamanitra, izay hitsara ny asantsika sy ny fanirantsika rehetra indray andro any.<sup>11</sup>

Ampitahao amin'ny tahotra sy ny tsy fananana finoana izay mihanaka tokoa eto amin'izao tontolo izao ankehitriny ny finoana sy ny herimpo nananan'i Emily, zanakavavy malalako, izay miaina any ambadiky ny voaly ankehitriny. Rehefa niomana handao ity fiainana an-tany ity ilay vatany trotraky ny homamiadana dia zara raha afa-niteny izy. Saingy tamim-pitsikiana no nitenenany tamiko hoe: “Dada a! aza manahy ny momba ahy. Fantatro fa tsy haninona aho!” Niseho—ary tena nibaribary—tamin'izay fotoana mamy izay, ary tamin'ny fotoana tena nilanay azy indrindra ny finoan'i Emily.

Nanana finoana feno ny Rainy any an-danitra sy ny drafiny ary izay zavatra mahaso mandrakizay ho an'ny fianakaviany ity reny tanora mahafatifaty nanan-janaka dimy ity. Nifamatotra tsara tamin'Andriamanitra

izy. Nahatoky tanteraka tamin'ireo fanekempihavanana nataony tamin'ny Tompo sy tamin'ny vadiny izy. Tiany ireo zanany kanefa feno fiadanana izy na dia tsy ho ela aza dia hisaraka amin'izy ireo. Nanana finoana ny amin'ny hoaviny sy ny amin'ny hoavin'ireo zanany koa izy satria nino ny Raintsika any an-danitra sy ny Zanany.

Niteny ny Filoha Thomas S. Monson tamin'ny 1986 hoe: “Mazava ho azy fa hiatrika tahotra isika, hiaina fahafaham-baraka, ary hiatrika fanoherana. Aoka isika hanana herimpo hanoherana izay mety hinoan'ny ankamaroan'ny olona, herimpo hiarovana ny fitsipika arahintsika. Ny herimpo, fa tsy ny fanekena fahatany no ahazoantsika ilay fankasitrahana'Andriamanitra. . . . Tadidio fa manana ny tahony avokoa ny olona rehetra, saingy ireo izay miatrika ny tahony amim-[pinoana] dia manana herimpo ihany koa.”<sup>12</sup>

Ho marina foana io torohevitra ny Filoha Monson io! Koa miangavy anareo aho ry rahalahy sy ranabavy malalako: Ampitombo isan'andro ny finoanareo, eny am-pandehananareo mankany amin'ilay anjara mandrakizay nomena anareo. Torio ny finoanareo! Avelao ny finoanareo hiseho!<sup>13</sup>

Mivavaka aho mba hifamatotra tsara amin'Andriamanitra ianareo, mba ho mafy orina mandrakariva ao amponareo ireo fahamarinany mandrakizay. Ary mivavaka aho mba hamela ny



finoanareo hiseho ianareo mandritra ny androm-piainanareo! Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Rehefa teraka ny zazakely dia asiana fatotra roa ny tadin-poitra ka tapahina eo anelanelan'ireo fatotra ireo. Ny fatotra iray dia fehy iray—fehy iray tena mafy. Ny teny hoe *religion* izay fivavahana amin'ny teny malagasy dia avy amin'ny teny Latina, ka ny hoe *re* dia midika hoe “indray” na hoe “miverina amin'ny” ary ny hoe *ligare* dia midika hoe “mamatotra.” Fantatsika amin'izany fa ny fivavahana dia “mamatotra ny mpino amin'Andriamanitra.”
2. Eksodosa 20:3. Ho fanampin'izany dia hoy ny Tompo hoe: “Mibebaha, dia miambohoa amin'ny sampinareo sy ny fahavetavetanareo rehetra” (Ezekiela 14:6).
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36.
4. Jereo ny Spencer W. Kimball, *The Teachings of Spencer W. Kimball*, ed. Edward L. Kimball (1982), 391.
5. Jereo ny Môsia 2:41; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:30–33; 82:10. Ity fitsipika ity dia marina ho an'ny olon-drehetra, fa “tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra” (Asan'ny Apôstôly 10:34; jereo ihany koa ny Môrônia 8:12).
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:22.
7. Jereo ny Levitikosa 15:13.
8. 2 Timoty 3:7.
9. 1 Nefia 19:23.
10. Isaia 5:20.
11. Mampianatra ny soratra masina hoe: “Manatona ny Tompo, Ilay Iray Masina. Tsarovy fa marina ny lalany. Indro, ety ho an'ny olona ny lalana kanefa dia voasoritra mahitsy eo anoloany izany, ary ny Iray Masin'ny Isiraely no mpiandry ny vavahady; ary tsy mampiasa mpanompo Izy eo amin'ny vavahady; ary tsy misy lalan-kafa afa-tsy ny vavahady; satria tsy azo fitahina Izy, fa ny Tompo Andriamanitra no anarany” (2 Nefia 9:41).
12. Thomas S. Monson, “Courage Counts,” *Ensign*, Nôv. 1986, 41. Nanome ity fananarana tena tsara ity ny Filoha Monson tamin'ny fotoana iray hafa: “Raha te hiaina tsara isika dia mila mikolokolo ilay fahaizana miatrika olana amin-kerimpo, sy miatrika ny fahadisoam-panantenana amim-piravoravoana, ary miatrika ny fahombiazana amin-panetren-tena. . . . Zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra velona isika, izay nohariana araka ny endriny. . . . Tsy afaka mihazona marina izany faharesen-dahatra izany isika raha tsy miaina fahatsapana tanjaka sy hery lalina vaovao, dia ilay tanjaka hiainana ny didin'Andriamanitra, ilay hery hanoherana ireo fakam-panahin'i Satana” (“Yellow Canaries with Gray on Their Wings,” *Ensign*, Jolay 1973, 43).
13. “Aoka . . . holavin'ny tenanareo ny toetra tsy araka an'Andriamanitra rehetra” (Môrônia 10:32). Aza matahotra ny olona mihoatra an'Andriamanitra (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3:7; 59:5).



Nataon'ny Loholona Richard G. Scott  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôsôtôly Roambonifolo

## “Fianarana no Nomeko Anareo”

*I Jesoa Kristy Mpamonjy antsika no ohatra lehibe indrindra nandia ny tany hatramin'izay. . . . Manasa antsika Izy mba hanaraka ilay ohatra lavorary nasehony.*

**R**ehefa nandinika ilay adidiko mba hizara ny filazantsara aho, dia nieritreritra an'ireo olona akai-kin'ny foko ka nanampy ahy hahita ilay fitarihana masina izay nitondra fanampiana teo amin'ny fivoarako ara-panahy ny fitarihan'izy ireo ahy tamim-pitiavana. Tamin'ireo fotoana nanan-danja teo amin'ny fiainako dia nomen'ny Ray any an-danitra olona naneho fitiavana ahy aho mba hitarika ahy hanao safidy araka ny tokony ho izy. Nanaraka ireto tenin'ny Mpamonjy ireto izy ireo: “Fianarana no nomeko anareo mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo.”<sup>1</sup>

Fony aho mbola ankizy dia tsy mpikamban'ny Fiangonana ny raiko ary lasa mpikambana malaindina ny reniko. Nipetraka tany Washington, D.C. izahay ary ny ray aman-drenin'ny reniko dia nipetraka lavitra tany amin'ny 4000 kilaometatra miala avy teo, tany amin'ny faritanin'i Washington. Namakivaky ny firenena mba hamangy anay i Bebe Whittle volana vitsivitsy taorian'ny fahafenoako valo taona. Nampiasa saina an'i Bebe ny hoe, tsy mbola vita batisa na izaho na ny zokiko lahy. Tsy fantatro izay

nolazainy tamin'ny ray aman-dreniko mikasika izany, saingy ny fantatro dia nentiny tany amin'ny zaridaina fitsangantsanganana sy filalaovana izaho sy ny rahalahiko indray maraina ary nozarainy taminay ny zavatra tsapanay momba ny maha-zava-dehibe ny hoe atao batisa sy ny fanatrehana tsy tapaka ny fivoriam-piangonana. Tsy tadidiko amin'ny antsipiriany ireo zavatra nolazainy saingy nampihetsi-po ahy ny zavatra nolazainy ary natao batisa izaho sy ny rahalahiko fotoana fohy taorian'izay.

Nanohy nanampy anay i Bebe. Tsaroako tokoa fa raha vao misy fotoana nanasana ahy na ny rahalahiko hanao lahateny any am-piangonana dia miantso azy amin'ny telefaonina izahay mba hangataka torohevitra vitsivitsy. Afaka andro vitsivitsy dia tonga amin'ny alalan'ny paositra ny lahateny natao soratanana. Taty aoriana dia niova ho rindran-damina nitaky ezaka bebe kokoa avy aty aminay ireo toroheviny.

Fahasahiana sy fanajana tena amin'ny antonony no nampiasain'i Bebe mba hanampiana ny rainy hahatsapa ny maha-zava-dehibe ny

fitondrana anay amin'ny fiarakodia any am-piangonana mba hanatrika ireo fivorianay. Nampiany tamin'ny fomba tsara rehetra izahay mba hatsapa ny filana ny filazantsara eo amin'ny fiainanay.

Fa ny tena manan-danja indrindra dia ny fahafantarany fa tia anay i Bebe ary tia ny filazantsara. Ohatra tena tsara izy! Tena feno fankasitrahana aho noho ny fijoroany ho vavolombelona izay nozarainy tamiko fony aho mbola kely. Nanova ny lalan'ny fiainako ny fitarihany mba hankany amin'ny fahazoana fitahiana maharitra mandrakizay.

Taty aoriana rehefa akaiky hahazo mari-pahaizana tany amin'ny oniversite aho dia raiki-pitia tamin'ny tovovavy tsara tarehy iray nantsoina hoe Jeanene Watkins. Nihevitra aho hoe hanomboka hatsapa zavatra lalina momba ahy koa izy. Indray hariva rehefa niresaka momba ny hoavy izahay dia nilaza zavatra mazava tsara izy, izay nanova mandrakizay ny fiainako, tao anatin'ny resaka nifanaovanay. Hoy izy hoe: "Rehefa tonga ny fotoana hanambadiako dia lehilahy mahatoky nahavita asa fitoriana no hovadiko any amin'ny tempoly."

Tsy dia nieritreritra loatra ny handeha hanao asa fitoriana aho talohan'io. Niova be tokoa ilay antony nandrisika ahy hanao asa fitoriana tamin'io hariva io. Lasa nody aho ary tsy afaka nieritreritra zavatra hafa ankoatran'io. Tsy natory aho ny alina iray manontolo. Tsy nifantoka mihi-tsy tao amin'ny fianarana ny saiko ny ampitson'io. Taorian'ny vavaka maro natao dia nanapa-kevitra ny hihaona tamin'ny evekako aho ary nanomboka nameno ny antontan-taratasy hirotsahana ho misiônera.

Tsy nangataka ahy mba handeha hanao asa fitoriana *ho azy* velively i Jeanene. Tiany aho ka nozarainy tamiko ny zavatra inoany ary dia nomeny fahafahana aho hisafidy ny lalam-piainako. Samy nandeha nanao asa fitoriana izahay ary nofehezina tany amin'ny tempoly taty aoriana. Ny herimpon'i Jeanene sy ny fanolorantenany ho an'ny finoany no singa fototra namaritra ny fiainanay roa. Azoko

antoka fa tsy ho nahita ilay fahasambarana azonay izahay raha tsy teo ilay finoany matanjaka mikasika ny fitsipiky ny fanaovana ho lohalaharana ny fanompoana ny Tompo. Ohatra tena tsara sy feno fahamarinan-toetra izy!

Tena tia ahy na i Bebe Whittle na i Jeanene ka nozarain'izy ireo tamiko ny finoany fa hitahy ny fiainako ireo ôrdônansin'ny filazantsara sy ny fanompoana ny Ray any an-danitra. Samy tsy nisy naneritery izy ireo na hoe nanakivy ahy noho ny toetrako tamin'izany. Notiaviny fotsiny izaho sy ny Ray any an-danitra. Samy nahafantatra izy ireo fa ny Ray any an-danitra dia afaka manao zavatra bebe kokoa eo amin'ny fiainako noho izay azoko atao samirery. Samy nanampy ahy tamim-pahasahiana tao anatin'ny fitiavana ny tsirairay tamin'izy ireo mba hahitako ilay lalan'ny fahasambarana lehibe indrindra.

Ahoana no ahafahantsika tsirairay ho tonga olona mitondra fitarihana manan-danja toy izany? Tsy maintsy ataontsika izay hitiavana amin-kitsimpo ireo izay tiantsika hampiana amim-pahamarinana, dia ho afaka hanomboka hampitombo ny fahatokiany ny fitiavan'Andriamanitra izy ireo avy eo. Ny dingana atao voalohany ao anatin'ny fanekena ny filazantsara ho an'ny olona maro eto amin'izao tontolo izao, dia ny mampitombo ny finoana an'ilay Ray any an-danitra izay tia azy ireo tanteraka. Mora kokoa ny mampitombo izany finoana izany rehefa manana namana na olona ao amin'ny fianakaviana izy ireo izay mi-tia azy ireo amin'izany fomba izany.

Ny fanampianareo azy ireo hatoky ny fitiavanareo dia afaka manampy azy ireo hampitombo ny finoany ny fitiavan'Andriamanitra. Ary amin'ny alalan'ilay fifandraisanareo feno fitiavana sy hatsaram-panahy amin'izy ireo, dia ho voatahy ny fiainan'izy ireo amin'ny alalan'ny fizaranareo ireo lesona nianaranareo sy ireo zavatra niainanareo ary ireo fitsipika narahananareo mba hamahana ireo olanareo manokana. Asehoy ny fanirianareo marina hitady izay hahasoa azy ireo, dia zarao avy eo ny fijoroanareo ho vavolombelona mikasika ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.



Afaka manampy ianareo amin'ny fomba izay mifototra amin'ny fitsipika sy ny fotopampianarana. Amporisiho ireo izay tianareo mba hikatsaka ny hahatakatra ny zavatra tian'ny Tompo hataon'izy ireo. Ny fomba iray hanaovana izany dia amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana izay manosika azy ireo hieritreritra ary avy eo dia manome fotoana ampy ho azy ireo—na ora na andro na volana maro izany na mihoatra noho izany—mba hisaintsainana sy mba hahitan'izy ireo samirery ny valin'ireo fanontaniana ireo. Mety ilainareo ny manampy azy ireo hahafantatra ny fomba fivavaka sy ny fomba hamantarana ny valin'ireo vavaka nataony. Ampio izy ireo hahafantatra fa loharano tena lehibe hahazoana sy hamantarana ireo valiny ireo ny soratra masina. Amin'izany ianareo dia hanampy azy ireo hiomana hiatrika zavatra mitondra soa ary hiatrika fanamby hiseho amin'ny ho avy.

Ny "[h]anatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona."<sup>2</sup> no tanjon'Andriamanitra. Izany no fototra iaingan'ny zavatra rehetra ataontsika. Indraindray isika sondriana loatra amin'ny zavatra izay hitantsika fa mahavariana na lasa rempotr'ireo andraikitra fanao mahazatra ka tsy mahita intsony ireo tanjon'Andriamanitra. Rehefa mampifantoka tsy tapaka ny fiainanareo amin'ireo fitsipika tena fototra ianareo dia hahatakatra ny zavatra tokony hataonareo ary hamokatra voa bebe kokoa ho



an'ny Tompo sy fifaliana bebe kokoa ho an'ny tenanareo.

Rehefa mampifantoka ny fiainanareo amin'ireo fitsipika fototry ny drafitry ny famonjena ianareo dia hifantoka tsara kokoa amin'ny fizarana izay zavatra fantatrareo satria takatrareo ny lanja mandrakizay ananan'ireo ôrdônansin'ny filazantsara. Hozarainareo izay zavatra fantatrareo amin'ny fomba izay hamporisika ny namanareo haniry ny ho hatanjahana ara-panahy. Ho ampianareo ireo olona akaikin'ny fonareo mba haniry ny hanolo-tena mba hankatò ny didiny rehetra ary hitondra eo amin'izy ireo ny anaran'i Jesoa Kristy.

Tsarovy fa ampahany ihany amin'ilay asa famonjena ny hoe hitondra fiovam-po ho an'ny olona tsirairay. Katsaho lalandava ny hampatanjaka ireo fianakaviana. Mampianàra miaraka amin'ny fomba fijery hoe zava-dehibe ny hamehezana ny fianakaviana any amin'ny tempoly. Mety haharitra taona maro vao ho tanteraka izany ho an'ny fianakaviana sasany. Izany no nitranga tamin'ireo ray aman-dreniko. Taona maro taorian'ny batisako dia vita batisa ny raiko ary taty aoriana dia nofehezina tany amin'ny tempoly ny fianakaviako. Lasa mpanao famehezana tao amin'ny tempoly ny raiko ary niara-nanombo taminy ny reniko. Rehefa manana ny fomba fijery amin'izany ôrdônansin'ny tempoly izany ianareo dia hanampy amin'ny

fanorenana ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany.

Tsarovy fa ny mitia azy ireo no fototra mahery vaika hitarihana ireo izay tianao hampiana. Mety ho tsy nanandanja ihany ny fitahiran'i Bebe Whittle sy i Jeanene vadiko raha toa ka tsy fantatro hoe tia ahy izy ireo ary naniry ny hahazoako izay tsara indrindra teo amin'ny fiainako.

Ankoatra ny fitiavana azy ireo dia matokia azy ireo. Mety ho sarotra ny matoky ao anatin'ny toe-javatra sasany, saingy mitadiava fomba hahatokiana azy ireo. Afaka manao zavatra mahagaga ireo zanaky ny Ray any an-danitra rehefa mahatsapa izy ireo fa hatokisana. Nisafidy ny drafitry ny Mpamonjy ireo zanak'Andriamanitra rehetra eto an-tany. Matokia hoe raha omena fahafahana

### **Sydney, Australie**



izy ireo hanao izany dia mbola hisafidy izany indray.

Mizarà fitsipika izay manampy ireo olona tianao handroso hatrany eo amin'ilay lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay. Tsarovy fa mivoatra andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra isika rehetra. Nanaraka io lamina io ihany koa ianareo tao anatin'ny fanakaranareo ny filazantsara. Aoka ho *tsotra* hatrany ny fizaranareo ny filazantsara.

Fitaovana mahery vaika ny fijo-roana ho vavolombelona manokana anananareo momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ny loharano hafa miaraka amin'izany dia ny vavaka, ny Bokin'i Môrmôna sy ireo soratra masina hafa ary ny fanoloran-tenanareo eo anatrehan'ireo ôrdônansin'ny fisoronana. Ireo rehetra ireo dia hanamora ny fahazoanareo ny fitarihan'ny Fanahy izay tena zava-dehibe tokoa ny tokony hianteheranareo aminy.

Mba hahombiazana sy mba hanaovana izany araka ny nanaovan'i Kristy azy,<sup>3</sup> dia mifantoha amin'ity fitsipika fototry ny filazantsara ity: *nanome fahafahana antsika mba hitovy bebe kokoa amin'ny Ray any an-danitra ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, mba hahafahantsika miaraka miaina mandrakizay ao anatin'ny rafitry ny fianakaviansika.*

Tsy misy fotopampianarana izay manandanja kokoa noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy eo amin'ny asantsika. Mijoroa ho vavolombelona

momba ny Mpamonjy sy ny herin'ny Sorompanavotana amin'ny fotoana rehetra mahamety izany. Mampiasà so-ratra masina izay mampianatra momba Azy sy ny antony mahatonga Azy ho ohatra tonga lafatra tokony harahin'ny rehetra eo amin'ny fiainana.<sup>4</sup> Hilainareo ny mandalina amim-pahavitrihana. Aza dia variana loatra amin'ny zavatra tsy manan-danja ka lasa tsy vitanareo ny mianatra ny fotopampianarana sy ny fampianaran'ny Tompo. Ho loharano mahery vaika mpizara fahamarinana manan-danja amin'ireo olona hafa izay mila mafy izany ianareo rehefa manana fototra mafy orina an'ny tenanareo manokana miorina amin'ny fotopampianarana.

Manompo amin'ny fomba tena tsara ny Raintsika any an-danitra isika amin'ny alalan'ny fitarihana ny hafa sy ny fanompoana azy ireo amim-pahamarinana.<sup>5</sup> I Jesoa Kristy Mpamonjy antsika no ohatra lehibe indrindra nandia ny tany hatramin'izay. Ny asa fanompoana nataony teto an-tany dia feno fampianarana sy fanompoana ary fitiavana ny hafa. Niara-nipetraka tamin'ireo olona izay noraisina ho tsy mendrika ny hiaraka Aminy Izy. Notiaviny ny tsirairay tamin'izy ireo. Nofantariny ny zavatra nilain'izy ireo ary nampianariny azy ireo ny filazantsara. Manasa antsika Izy mba hanaraka ilay ohatra lavorary nasehony.

Fantatro fa ny filazantsarany no lalana mitondra fiadanana sy fifaliana eto amin'ity fiainana ity. Enga anie isika ka hahatsiaro ny hanao tahaka ny nataony amin'ny alalan'ny fizarana ny fitiavantsika sy ny fahatokiantsika ary ny fahalalantsika ny fahamarinana amin'ireo olona hafa izay mbola tsy nandray ny fahazavan'ilay filazantsara lehibe. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jaona 13:15.
2. Mosesy 1:39.
3. Jereo ny Jaona 13:15.
4. Jereo ohatra ny Lioka 22:39–46; Jaona 8:3–11; Filipiana 4:13; Jakoba 5:15–16; 1 Jaona 1:7; 2 Nefia 1:15; 2; 25:17–30; 31; Jakôba 4; Almà 7; 42; 3 Nefia 11–30; Môrônia 10:32–33; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10–16; 19:13–19; 29:3; 88:1–13; 138:2–4; Mosesy 5:6–12.
5. Jereo ny Matio 22:35–40; Môsià 2:17.



**Nataon'ny Loholona Robert D. Hales**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

## “Raha Tia Ahy Hianareo, dia Hitandrina ny Didiko”

*Ny fampiasantsika ny fahafahantsika misafidy dia midika hoe misafidy ny “[hanao ny marina dia miandry izay ho vokany].”*

**R**y rahalahy sy rahavavy, amin'ireo lesona rehetra ianarantsika avy amin'ny fiainan'ny Mpamonjy dia tsy misy mazava sy mahery kokoa noho ny lesona momba ny fankatoavana.

#### Ny Ohatry ny Mpamonjy

Nikomy tamin'ny drafitry ny Ray any an-danitra i Losifera nandritra ilay Filankevitra natao tany An-danitra talohan'ny nahaterahana. Namarana ny fivoarany mandrakizay ireo izay nanaraka an'i Losifera—mitandrema amin'izay arahanao!

Taorian'izay i Jesoa dia nanambara ny fanoloran-tenany hankatò nanao hoe “Ray ô, hatao anie ny sitraponao ary ho Anao ny voninahitra mandrakizay.”<sup>1</sup> Nandritra ny asa fanompoany dia “nalaim-panahy izy saingy tsy nilefitra tamin' ireny.”<sup>2</sup> Marina tokoa fa “nianatra fanarahana tamin'izay fahoriana nentiny Izy.”<sup>3</sup>

Koa satria nankatò ny Mpamonjy antsika dia nanao sorona Izy noho ny

fahotantsika, ka nanao izay hahatanteraka ny fitsanganantsika amin'ny maty ary nanomana ny lalana hive-renantsika any amin'ny Raintsika any an-danitra, izay nahafantatra fa hanao fahadisoana isika eo am-pianarantsika mankatò eto amin'ny fiainana an-tany. Rehefa mankatò isika dia manaiky ny sorona nataony satria “mino isika fa noho ny Sorompanavotana nataon'i Jesoa Kristy, dia azo vonjena ny olombelona rehetra, amin'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansy ary ireo didy ao amin'ny filazantsara.”<sup>4</sup>

Nampianatra antsika hankatò tamin'ny teny tsotra izay mora takarina i Jesoa: “Raha tia Ahy Hianareo, dia hitandrina ny didiko.”<sup>5</sup> ka “[ho avy, hanaraka Ahy].”<sup>6</sup>

Rehefa vita batisa isika dia “[mitondra] eo amin[tsika] ny anaran'i Kristy” sy manao “fanekempihavanana amin' Andriamanitra fa ho mpankatò mandra-pahatapitry ny fiainan[tsika].”<sup>7</sup> Manavao izany fanekempihavanan'ny batisa izany isika isaky ny Alahady

amin'ny alalan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo sy ny fijoroana ho valombelona fa vonona ny hitandrina ny didiny isika. Mikatsaka famelan-keloka isika noho ny eritreritra, na ny fahatsapana na ny asa rehetra izay tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'ny Raintsika any an-danitra. Rehefa mibebaka isika amin'ny alalan'ny fitsaharantsika amin'ny tsy fankatoavana sy amin'ny alalan'ny fanombohana mankatò indray, dia maneho ny fitiavantsika Azy isika.

### Ireo Karazam-pankatoavana

Rehefa miaina ireo fitsipiky ny filazantsara isika dia mitombo ny

fahatakarantsika ny fankatoavana. Mety misy ny fotoana izay mahatafaroboka antsika amin'ny fakam-panahy hanaraka ilay antsoiko hoe “fankatoavana ny fahendren'olombelona,” izay handavantsika tsy amim-pankatoavana ny lalàn'Andriamanitra ka hisafidiansika ny fahendrena sy ny fanirian'ny tenantsika manokana na ny laza koa aza. Noho izy io iainan'ny olona maro dia maro tokoa, io fanimbana ny hevitra ny fankatoavana io dia mampihen-danja ireo fenitra nape-trak'Andriamanitra eo amin'ny kolontsaintsika sy ireo lalàna eo amintsika.

Indraindray ireo mpikambana dia miaina ny hoe “fifantenana izay didy

sasantsasany tiansika hankatoavina,” ary milaza fa tia sy manaja an'Andriamanitra kanefa mifantina hoe inona amin'ireo didiny sy fampianarany—ary ireo fampianarana sy torohevitr'ireo mpaminaniny—no ho arahan'izy ireo tanteraka.

Ny sasany dia mifidifidy izay hankatoaviny satria tsy takatr'izy ireo ny anton'ny didy iray, tahaka ny zanaka izay tsy mahatakatra foana ny antony hanomezan'ireo ray aman-dreniny torohevitra sy fitsipika. Saingy isika kosa dia mahalala foana ny antony hanarahantsika ireo mpaminany satria Fianganon'i Jesoa Kristy ity ary ny Mpamonjy no mitarika ireo mpaminaniny ao anatin'ireo fotoampitantana rehetra.

Rehefa mihalalina ny fahatakarantsika ny fankatoavana dia eken-tsika ny anjara asa manan-danjan'ny fahafahana misafidy. Tamin'i Jesoa tao amin'ny Sahan'i Getsemane dia nivavaka intelo tamin'ny Rainy any an-danitra Izy hoe “Raiko ô, raha azo atao, dia aoka hesorina amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao fa ny Anao.”<sup>8</sup> Tsy hanaisotra ny fahafahan'ny Mpamonjy misafidy Andriamanitra kanefa tao anatin'ny famindram-pony no nandefasany anjely iray mba hampahery ny Zanany Malalany.

Niatrika fitsapana iray hafa ny Mpamonjy tao Golgota, toerana izay tokony ho nahafahany niantso andian'anjely mba hampidina Azy avy eo amin'ny hazo fijaliana, saingy nanao ny safidiny manokana Izy mba haharitra hatramin'ny farany tamim-pankatoavana sy hamita hatramin'ny farany ny sorompanavotany, na dia fijaliana lehibe sy fahafatesana aza no dikan'izany.

Rehefa matotra ara-panahy ny fankatoavana dia lasa “fankatoavana toy ny an'ny Mpamonjy.” Ny fitiavana marina ny Ray any an-danitra sy ny Zanany no manosika ho amin'izany. Rehefa mankatò an-tsitraro isika tahaka izay nataon'ny Mpamonjy dia ankamamiansika ny tenin'ny Raintsika any an-danitra hoe: “Inty ny Zanako Malalako Izay sitrako.”<sup>9</sup> Ary andrandraintsika ny handre ny hoe



“Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky: . . . midira amin’ny fifalian’ny tomponao”<sup>10</sup> rehefa miditra eo anatrehan’ny Raintsika any an-danitra.

Ny fampiasantsika ny fahafahantsika misafidy dia midika hoe misafidy ny hanao ny marina ary miandry izay ho vokany.<sup>11</sup> Mitaky fifehezan-tena izany ary mitondra fahatokian-tena ho antsika sy fahasambarana mandrakizay ary fahatsapana ho nahavita zavatra; ka mitondra izany koa amin’ireo manodidina antsika amin’ny alalan’ny ohatra asehontsika. Ary izany dia ahitana hatrany fanoloran-tena lalina hanohana ireo mpitarika ao amin’ny fisoronana sy hanaraka ny fampianarana sy ny torohevitr’izy ireo.

### Ireo Vokany

Rehefa misafidy ny hankatò isika na tsia dia manampy mandrakariva ny mitadidy ireo vokatry ny safidintsika. Moa ve i Losifera sy ireo mpanara-dia azy nahatakatra ireo vokatry ny fisafidianana ny hanohitra ny drafitry ny Ray any an-danitra? Raha izany no izy dia nahoana izy ireo no nanao safidy mahatsiravina toy izany? Mety hametraka fanontaniana mitovy amin’izany amin’ny tenantsika isika hoe: Nahoana no misy amintsika ny misafidy ny tsy hankatò kanefa fantatsika ireo vokatra mandrakizay ateraky ny ota? Manome ny valin’izany ny soratra masina: ny antony nisafidianan’i Kaina sy ny sasany tamin’ireo zanak’i Adama sy Eva ny tsy hankatò dia satria “notiaviny mihoatra noho Andriamanitra i Satana.”<sup>12</sup>

Ny fitiavantsika ny Mpamonjy dia tena ilaina mba hananana fankatoavana tahaka ny an’ny Mpamonjy. Rehefa miezaka ny ho mpankatò eto amin’ity tontolo ankehitriny ity isika dia manambara ny fitiavantsika sy ny fanajantsika ireo zanaky ny Ray any an-danitra rehetra. Kanefa tsy afaka manova ny didin’Andriamanitra io fitiavana ny hafa io, izay didy nomena mba ho soa ho antsika! Ohatra, ilay didy hoe “tsy . . . hamono olona, na hanao zavatra toy izany [ianaol]”<sup>13</sup> dia miorina amin’ny lalàna ara-panahy izay miaro ny zanak’Andriamanitra rehetra, eny fa na dia ireo vao any



am-bohoka aza. Zavatra maro niainana avy amin’ny tantara no maneho fa rehefa manao tsinontsinona io lalàna io isika dia alahelo lehibe no aterak’izany. Maro anefa ireo mino fa azo ekena ny manapitra ny ain’ny zaza iray ao am-bohoka satria izay no tian’izy ireo na mety amin’izy ireo.

Ny fiezahana manamarina ny tsy fankatoavana dia tsy manova ny lalàna ara-panahy na ny vokany fa mitarika kosa ho amin’ny fisavorovoroantsaina, sy ny tsy fiorenana tsara, ny firenirenena amin’ny lalana hafahafa, fahaverezana ary alahelo. Amin’ny maha-mpianatr’i Jesoa Kristy antsika dia manana adidy masina isika ny hitandrina ny lalàny sy ny didiny ary ireo fanekempihavanana izay nataontsika.

Tamin’ny Desambra 1831 dia nantsoina ny rahalahy sasany mba hampihena ny tsy fitiavan’ny olona ny Fiangonana izay nihanahazo laka. Nitarika azy ireo ny Tompo tamin’ny fomba tsy mahazatra, ary tsy nampozina mihitsy aza, tamin’ny alalan’ny Mpaminany Joseph Smith:

“Koa, ataovy mangaihay ny fahavalonareo; antsoy izy ireo hihaona aminareo na an-kalamanjana na any amin’ny toerana mitokana. . . .

“Koa aoka izy ireo hitondra ny fandaharan-teny maheriny hanoherana ny Tompo.

“. . . Tsy misy fiadiana izay voaforona hamelezana anareo ka hiroborobo;

“Ary raha misy olona manandratra ny feony manohitra anareo, dia hatao mangaihay izy amin’ny fotoana mahamety izany Amiko.

“Koa tandremo ny didiko; marina sy mahatoky izany.”<sup>14</sup>

### Ireo Lesona hita ao amin’ny Soratra Masina

Feno ohatra ao amin’ny soratra masina mikasika ireo mpaminany izay nianatra ireo lesona momba ny fankatoavana tamin’ny alalan’ny zavatra niainany manokana.

Nampianarina an’i Joseph Smith ny vokatry ny fanekena ireo faneriterena avy amin’ny Martin Harris izay sady mpiantoka azy no namany sy mpitan-tsorany. Ho valin’ny fangatahan’i Martin dia nangataka lalana tamin’ny Tompo i Joseph mba hampindrana ireo ireo pejy voalohany vita amin’ny sora-tanana miisa 116 ao amin’ny Bokin’i Môrmôna mba hahafahan’i Martin mampiseho izany amin’ny fianakaviany, saingy nasain’ny Tompo nandà i Joseph. Nitalaho tamin’i Joseph i Martin ny mba hangatahany tamin’ny Tompo indray. Rehefa avy nangataka fanintelony i Joseph dia nanome lalana olona dimy voafaritra tsara ny Tompo mba hamaky ilay sora-tanana. “Nampanantena ny



hanaraka io fifanarahana io tamin'ny voady lehibe i Martin. Rehefa tonga tany an-trano izy, ka niheran'ny faneriterena maro avy tamin'ny hafa mba haneho ilay sora-tanana, dia nanadino ny voady lehibe nataony ka namela ny hafa hijery ilay sora-tanana; ary vokat'izany dia votsotra teny an-tanany ilay sora-tanana,<sup>15</sup> ka very. Vokat'izany dia bedin'ny Tompo i Joseph ary tsy navela hanohy handika ny Bokin'i Môrmôna. Nijaly i Joseph ary nibekaka tamin'ny fandikan-dalàna nataony noho ny nanekenany ny faneriterena avy tamin'ny hafa. Afaka fotoana vitsy dia nahazo lalana hanohy indray ny fandikan-teniny i Joseph. Nianatra lesona manan-danja mikasika ny fankatoavana i Joseph, izay nanampy azy nandritra ny andro sisa niainany!

Manome ohatra iray hafa ny mpaminany Mosesy. Rehefa nampakabady Etiopiana tamim-pankatoavana i Mosesy dia nanome tsiny azy i Miriama sy i Arona. Hoy anefa ny Tompo raha nibedy azy ireo: “Mifanatrika no itenenako [amin'i Mosesy].”<sup>16</sup> Nampiasa io zava-niseho mahatalanjona io ny Tompo mba hampianarana ny

mpikamban'ny Fiangonana amin'izao fotoampitantanana iainantsika izao. Nilaza ho nandray fanambarana ho an'ny Fiangonana i Hiram Page tamin'ny taona 1830. Nanitsy azy ny Tompo ary nampianatra ny Olomasina nanao hoe “Ho mpankatò tahaka an'i Aharôna ianao, amin'ny zavatra izay homeko [an'i Joseph],”<sup>17</sup> “fa mandray ireny tahaka an'i Mosesy izy.”<sup>18</sup>

Mitondra fitahiana ny fankatoavana “ary rehefa mahazo fitahiana avy amin'Andriamanitra isika, izany dia noho ny fankatoavana ny lalàna izay ifotorany.”<sup>19</sup>

Ampianarina amin'ny alalan'ny ohatra ny fankatoavana. Amin'ny fomba iainantsika no ampianarantsika ireo zanantsika hoe “Mianara fahendrena amin'ny fahatanoranao, eny mianara ny hitandrina ny didin'Andriamanitra amin'ny fahatanoranao.”<sup>20</sup>

Ny fankatoavana dia mahatonga antsika hatanjaka kokoa tsikelikely sy ho afaka hiaritra amim-pahatokiana ireo fitsapana sy fizahan-toetra amin'ny ho avy. Ny fankatoavana tao Getsemane no nanomana ny Mpamonjy mba hankatò sy haharitra

hatramin'ny farany teo Golgota.

Ry rahalahy sy anabaviko malala, milaza ny zavatra tsapako ato ampoko ny tenin'i Almà:

“Ary ankehitriny ry rahalahiko malala, efa nilaza taminareo ireo zavatra ireo aho mba hahazoako mamoha anareo ho amin'ny fahatsiarovana ny adidinareo amin'Andriamanitra, mba hahazoanareo mandeha tsisy tsiny eo anoloany. . . .

“Ary ankehitriny dia mba tiako ianareo hanetry tena sy hanoa ary ho malemy fanahy; . . . mazoto amin'ny fitandremana ny didin'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra.”<sup>21</sup>

Mizara ny fijoroako ho vavolombelona manokana aho fa velona ny Mpamonjy antsika. Noho ny fankatoavana, “ny lohalika tsirairay dia hitsaoka ary ny lela tsirairay hiaiky eo anoloany . . . fa Izy no [Mpamonjy antsika].”<sup>22</sup> Enga anie isika mba ho tia Azy tokoa sy hino Azy tanteraka mba hankatoavantsika koa, sy hitandremantsika ny didiny ary hiverina hiara-hiaina Aminy mandrakizay ao amin'ny fanjakan'ilay Andriamanitsika, izay no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Mosesy 4:2.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:22.
3. Hebreo 5:8.
4. Jereo ny Fanekem-pinoana 1:3.
5. Jaona 14:15.
6. Lioka 18:22.
7. Môsià 5:8.
8. Matio 26:39; jereo ihany koa ny andininy 42, 44.
9. Matio 3:17; jereo koa ny 3 Nefia 11:7.
10. Matio 25:21.
11. Jereo ny “Manaova ny Marina,” *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, p 68.
12. Mosesy 5:13.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:6.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 71:7–11.
15. Joseph Fielding Smith, *Essentials in Church History*, (1922) 65; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3.
16. Nomery 12:8.
17. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 28:3.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 28:2.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:21; jereo ihany koa ny andininy 20.
20. Almà 37:35.
21. Almà 7:22–23.
22. Môsià 27:31.





**Nataon'ny Loholona Claudio D. Zivic**  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Aoka Isika Tsy ho Diso Lalana

*Mivavaka aho mba tsy hiala amin'ilay lalana ny masontsika mba hahafahantsika hifandray mandrakariva amin'ny lanitra.*

**N**isy zazalahy iray teo am-pianarana pianô no tazan'ny mpivarotra iray avy teo am-baravarankely, ary nanontany ity farany hoe: “Ao ve mamananao?”

Novalian'ilay zaza izany nanao hoe: “Araka ny eritreritrao, . . . moa tsy ao ve izy?”

Mpitendry pianô daholo ireo zanakay dimy, noho ny faharisihan'ny vadiko! Rehefa tonga ao an-trano ilay mpampianatra dia mandositra i Adrián zanakay lahy ary miafina mba tsy hianarana. Saingy indray andro dia nisy zava-mahagaga nitranga! Nanomboka ho tia mozika tokoa izy ka nanohy nianatra samirery.

Raha tonga amin'izany dingana izany isika eo amin'ny fizotry ny fiovam-pontsika dia ho tena tsara dia tsara izany. Ho mahafinaritra indrindra izany hoe manana faniriana ao am-pontsika lalina ao hitandrina ny didy na dia tsy misy na iza na iza mampahatsiahy antsika tsy tapaka aza, sy manana faharesen-dahatra mafy orina fa raha manaraka ny lalana marina isika dia hahazo ireo fitahiana ampanantenaina ao amin'ny soratra masina.

Taona maro lasa izay dia nankany amin'ny valan-javaboahary Arches National Park izahay mivady sy i Evelin zanakay vavy ary ny namanay anankiray. Antsoina hoe Delicate Arch ny iray amin'ireo andohalambon-tany anisan'ny malaza indrindra. Nanapakevitra izahay ny hanao dia antongotra 2 kilaometatra hihanika ilay tendrombohitra mba hahatongavana

any amin'ilay andohalambon-tany.

Feno fientanentanana izahay raha nanomboka ny dianay, saingy rehefa nandeha kelikely dia nila naka aina ireo hafa. Noho ny faniriako ho tonga eny dia nanapa-kevitra aho ny hanohy ny dia samirery. Tsy dia nandinika loatra ny lalana izay tokony halehako aho fa nanaraka ny dian'ny lehilahy iray teo alohako izay toa nandroso tamim-pahatokian-tena be. Nanomboka ho nihasarotra hatrany ny lalana, ka voatery nitsambikina avy eo amin'ny vato iray nankeo amin'ny vato iray hafa aho. Noho ny hasarotan'ny dia dia nahazo antoka aho fa tsy ho vitan'ireo vehivavy iray dia aminay mihitsy izany. Tampoka teo dia tazako ny Delicate Arch, saingy tsy nampoiziko fa teny amin'ny toerana izay tsy nisy fomba nahafahako mandeha eny no nisy azy.

Feno fahasorenana aho ka nanapakevitra hiverin-dalana. Tsy andriko izay nihaonanay indray. Nanontany avy hatrany aho hoe: “Tonga teny amin'ny Delicate Arch ve ianareo?” Faly ery izy ireo nilaza tamiko hoe eny. Nazavain'izy ireo fa nanaraka ireo toromarika manondro ny lalana izy ireo, ary rehefa nitandrina sy niezaka dia tojo tany amin'ny toerana noka-sainy hahatongavana.

Nampalahelo fa diso lalana aho. Lesona lehibe no nianarako tamin'io andro io!





ny androm-piainantsika. Tamin'ny fotoana nanarian'i Martin Harris ireo pejy 116 voadika tamin'ny ampahany voalohany tamin'ny Bokin'i Mōrmōna no nitrangan'izany.

Rehefa avy nibebaka ny Mpaminany noho ny tsy fanarahana ny torohevitr'Andriamanitra, dia nandray ilay fanambarana izay hita ao amin'ny fizarana fahatelo ao amin'ny Foto-pampianarana sy Fanekempihavanana (jereo ny *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* [2007], 69–71). Avy amin'ny zavatra voasoratra ao amin'ny andininy 1 ka hatramin'ny faha-10, no haniriako hampisongadina fitsipika telo izay tokony hotsaroantsika mandrakariva:

1. Tsy azo sakanana ireo asa sy tanjon'Andriamanitra.
2. Tsy tokony hatahotra olona mihoatra noho ny fatahorantsika an'Andriamanitra isika.
3. Ilaina foana ny fibebahana tsy ankiato.

Ao amin'ny andininy faha-13 dia ampianarin'ny Tompo antsika ny fihe-tsika efatra izay tsy tokony hataontsika na oviana na oviana:

1. Manao tsinontsinona ny torohevitr'Andriamanitra.
2. Mandrava ny voady masina indrindra efa natao teo anoloan'Andriamanitra.
3. Miantehitra amin'ny fandanjalanjantsika samirery.
4. Mirehareha amin'ny fahendrentsika samirery.

Mivavaka aho mba tsy hiala amin'ilay lalana ny masontsika mba hahafahantsika hifandray mandrakariva amin'ny lanitra, mba tsy ho entin'ny onjan'izao tontolo izao isika.

Raha misy aminareo tonga amin'ny dingana hoe eo am-pialana amin'ny lalan'ny Tompo—na aiza na aiza eo amin'izany lalana izany—dia ao antin'ny nenina lalina no hahatsapanao ny ngidin'ny hoe nanao tsinontsinona ny torohevitr'Andriamanitra, na ny hoe nandrava ny voady masina indrindra efa natao teo anoloan'Andriamanitra,

Impiry moa isika no manao fahadisoana mikasika ny lalana marina, mamela ny tenantsika ho tarihin'ny fironana misy eo amin'izao tontolo izao? Mila manontany tena hatrany isika hoe moa ve isika mpankatò ny tenin'i Jesoa Kristy.

Ahitana fampianarana mahatalanjona ao amin'ny bokin'i Jaona:

“Tomoera amiko ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa hianareo, raha tsy miray amiko.

“Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona” (Jaona 15:4–5).

Raha mampiasa io fifanahafana io isika dia afaka mahita ilay fifandraisana tena akaiky sy tsy misy fetra ananantsika miaraka amin'i Jesoa Kristy ary ny maha-zava-dehibe antsika tsirairay eo imasony. Izy no faka sy taho izay mitondra ilay rano velona mankamintsika, ilay tsiranoka

mamelona izay hahafahantsika ho voafahana ka hahafahantsika hamoa be dia be. Nampianatra antsika tamin'ny fomba iray i Jesoa Kristy fa amin'ny maha-sampana antsika—na olombelona miankina Aminy—dia tsy hanao tsinontsinona velively ny lanjan'ny fampianarany isika.

Misy ireo hadisoana sasany izay tena goavana ary raha tsy ahitsintsika ara-potoana izy ireny dia afaka mitarika antsika mandritra ny fotoana maharitra hiala amin'ilay lalana marina. Raha mibebaka isika ka manaiky ahitsy, dia hahafahantsika manetry tena ireo zavatra niainantsika ireo, ka manova ny fanaontsika ary hiverina hanatona akaikikaiky kokoa indray ny Raintsika any an-danitra.

Te hanome ohatra momba izany aho amin'ny firesahana momba ny iray amin'ireo fotoana mahatsiravina indrindra niainan'ny Mpaminany Joseph Smith. Tamin'ny alalan'io toejavatra niseho io no nanomezan'ny Mpamonjy antsika fampianarana tsy voavidy vola mahakasika ny fitsipika izay tokony hotehirizintsika ao an-tsaina mandritra

na ny hoe niantehitra tamin'ny fandanjalanjan'ny tenanao samirery, na koa ny hoe nirehareha tamin'ny fahendrenao samirery.

Raha izany no izy dia manainga anao aho hibebaka ary hiverina han-kamin'ny lalana marina.

Indray mandeha nisy zafikely iray niantso ny raibeny mba hirary soa azy noho ny fitsingerenan'ny taona nahaterahany. Nanontaniany ilay raibeny hoe firy taona izy izao. Nilaza izy fa efa nahatratra 70 taona izy izao. Nieritritra kely ilay zafikeliny ary avy eo dia nanontany hoe, "Dadabe a, nanomboka tany amin'ny 1 ve ianao?"

Mandritra ny fahazazana sy ny fahatanorana dia mihevitra ny olona fa tsy hihaantitra mihitsy; tsy mba tonga ao an-tsaina mihitsy izany hoe fahafatesana izany—ho an'ny olona tena antitra be izany—ary ny fahatratratra izany dia mbola any amin'ny fotoana ela be any. Rehefa mandeha ny fotoana, mifandimby ny volana sy ny taona ka manomboka miseho ireo ketrona, manomboka mihena ny tanjaka, mihamila mankany amin'ny dokotera matetika kokoa, sy ny sisa sy ny sisa.

Ho avy ny andro izay hihaonan-tsika indray amin'i Jesoa Kristy Mpanavotra sy Mpamonjy antsika. Mitalaho aho mba ho afaka hamantatra Azy isika amin'io fotoana masina sy maha-talanjona io, noho ny fahalalana ananantsika mikasika Azy ary noho isika nanaraka ny fampianarany. Ho ase-hony antsika ireo marika eo amin'ny Tanany sy ny Tongony, ary hitambatra ao anatin'ny fifamihinana maharitra isika, sy ny ranomasom-pifaliana noho ny nanarahantsika ny Lalany.

Mijoro ho vavolombelona amin'ny vazan-tany efatra aho fa velona i Jesoa Kristy. Mitaona antsika Izy hoe "Mihainoa ianareo ry firenen' ny tany ary mandrenesa ny tenin' ilay Andriamanitra izay nanao anareo" (F&F 43:23). Enga anie isika hahavita handray sy hihaino sy hahatakatra ary handika tsara ny hevitra ny hafatr' "ilay Andriamanitra izay nanao [antsika]" mba tsy hiviliantsika amin'ny Lalany, izany no italahoako amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Lohona W. Craig Zwick**  
Ao amin'ny Fitopololahy

## Inona no Eritreritrao?

*Iangaviako [i]Janareo mba hizatra hametraka ity fanontaniana ity miaraka amin'ny fanajana feno ny zavatra iainan'ny hafa, dia ny hoe "Inona no eritreritrao?"*

**I**raika amby efapolo taona lasa izay dia nihanika teo amin'ny toeram-pamiliana ny fiara vaventy iray manana kodiarana miisa 18 aho niaraka tamin'i Jan, vady malalako sy i Scotty, ilay zanakay lahy mbola zazakely. Nitondra fitaovana fanorenana mavesatra namakivaky faritany maro izahay.

Tamin'izany andro izany dia tsy mbola nisy lalàna mifehy ny fampiasana fehikibo ao anaty fiara na ireo fipetrahana natokana ho an'ny zaza. Notrotroin'ny vadiko ilay zanakay lahy izay sarobidy tokoa. Tokony mba nahatakatra kely ny fahatsapany fahatahorana aho rehefa niteny izy hoe "Tena avo dia avo miala ny tany tokoa anie isika izany e!"

Rehefa nidina namakivaky an'i Donner Pass izay lalana manan-tantara izahay, izay ampahan-dalana mitsotso-rika be, dia heniky ny setroka matevina tampoka sy tsy nampoizina ny efitra aloha misy ny mpitondra sy ny mpandeha tao amin'ilay fiara vaventy. Nananosarotra ny fijerena sady zara raha afaka niaina izahay.

Tsy ampy hanenana haingana ny hafainganam-pandeha anefa ny fampiasana fotsiny ny hisatra rehefa mitondra enta-mavesatra ao aoriana. Niezaka mafy nijanona aho tamin'ny alalan'ny fampiasana ny

hisatry ny môtera sy ny fanenana ny hafainganam-pandeha.

Raha naka sisin-dalana iny aho, ary talohan'ny nahatafajana tanteraka ilay fiara dia nanokatra ny varavaran'ilay fiara ny vadiko ka nitsambikina tany ivelany niaraka tamin'ilay zazakelinay teny an-tsandriny. Nijery azy ireo nitrosina teny amin'ny vovoka aho, tsy afaka nanao na inona na inona.

Raha vantany vao nijanona ilay fiara vaventy dia nivoaka haingana ilay efitra feno setroka aho. Nihazakazaka tamim-pientanentanana namakivaky ny vato sy ny bozaka aho ary namihina azy ireo. Naratra sy nandeha rà ny tanana sy ny kihon'i Jan, soa ihany anefa fa samy mbola velonaina izy mianaka. Nofihiniko mafy teo izy mianaka raha iny mbola namovoka iny ny sisin'ilay lalambe.

Rehefa tony aho ka afaka niaina tsara dia niteny mafy tampoka nanao hoe: "Fa inona loatra no tao an-tsainao? Tsy fantatrao angaha fa tena mampidi-doza ny zava-nitranga teo? Mety ho afaka teo ny ainao!"

Nijery ahy izy, niaraka tamin'ny ranomaso nitsotsorika teo amin'ny takolany maintin'ny setroka, ka niteny zavatra izay nanohina ny foko ary mbola manakoako ato an-tsofiko



manao hoe “Niezaka nanavotra ny zanatsika fotsiny aho.”

Fantatro tamin’izay fotoana izay fa nieritreritra izy hoe nirehitra ny môtera, ka natahotra sao hipoaka ilay fiara dia ho faty izahay. Fantatro anefa fa olana herinaratra no nitranga—mety hampidi-doza fa tsy mahafaty. Nijery ilay vadiko sarobidy izay nanafosafosamora ny lohan’ily zanakay aho sady nanontany tena hoe karazana vehivavy toy ny ahoana loatra no hanao zavatra feno herimpo toy izany.

Mety ho nampidi-doza ara-pihetseham-po tahaka ilay fahasimbana ara-bakitenin’ny môteranay anefa izany toe-javatra nitranga izany. Soa ihany fa taorian’ny fizakana ny tsy fifampitenenana nandritra ny fotoana naharitra rehefa samy nihevitra ny tsirairay taminay fa ilay anankiray no diso, dia naneho ny zavatra tsapanay ihany izahay tamin’ny farany fa nahatonga ny fitroatran’ny fonay. Ny fitia nifamaly sy ny fahatahorana sao misy zavatra hanjo ny anankiray dia nana-kana izany toe-javatra hampidi-doza izany tsy hamotika ilay fanambadiana maminay.

Nampitandrina i Paoly nanao hoe: “Aoka tsy haloaky ny vavanareo izay teny maloto, fa izay tsara [ihany] [sy] ho famandrosoana, . . . mba hazaoan’ny mihaino fahasovana.”

(Efesiana 4:29). Maneho karazana fahadiovana ny teniny.

Midika inona aminareo ilay andianteny hoe “[tsy hisy] teny maloto”? Mazana isika rehetra no ianjadian’ny fahatezerana be—na fahatezeran’ny tenantsika na ny an’ny hafa’. Efa nahita fahatezerana tsy voafehy isika nabari-bary ampahibemaso. Efa niaina izany karazana fihetseham-po “mitroatra sy mandratra” izany isika tany amin’ireo hetsika ara-panatanjahan-tena, sy teo amin’ny sehatra ara-pôlitika, ary tao an-tokantranontsika mihitsy aza.

Indraindray ny zanaka manao teny maharary amin’ireo ray aman-dreny malala. Ireo mpivady izay nifampizara ny sasany amin’ireo traikefa tena tsara sy mamy indrindra teo amin’ny fiainana dia lasa tsy mahita ilay lalan-kaleha sy tsy manam-paharetana amin’ny anankiray ka mampiaka-peo. Isika rehetra, na dia zanak’Andriamanitra ao amin’ny fanekempihavanana aza dia efa nanenina tamin’ny fitsaratsarana atao maimaika ary efa samy naneho teny feno haratsiam-panahy isika mialohan’ny nahatakarantsika ny toe-javatra nitranga iray avy tamin’ny fomba fijery hafa. Efa samy nanana fahafahana nianatra isika rehetra fa ireo teny izay manimba dia afaka hama-dika ny toe-javatra iray mety hampidi-doza ho tena hitera-pahavoazana.

Nilaza mazava ny taratasy iray vao haingana avy amin’ny Fiadidiana Voalohany fa “Ny filazantsaran’i Jesoa Kristy dia mampianatra antsika hitia sy hitondra ny olona rehetra amin-katsaram-panahy sy amim-pahalalam-pomba—na dia tsy mitovy hevitra amin’izy ireo aza isika” (Taratasy avy amin’ny Fiadidiana Voalohany, 10 Jan. 2014). Tena fampahatsiahivana goavana tokoa izany fa afaka mandray anjara sy tokony handray anjara amin’ny fanohizana fifampiresahana feno fahalalam-pomba isika, indrindra rehefa mahita izao tontolo izao amin’ny fomba fijery tsy mitovy amin’ny an’ny hafa.

Manoro hevitra ilay mpanoratra ny Ohabolana manao hoe: “Ny famaliana mora dia mampianina ny fahatezerana mafy; Fa ny teny maharary mahatonga fahasosorana” (Ohabolana 15:1). Ny hoe “famaliana mora” dia mifono valinteny voalanjalanja—teny voafehy avy any amin’ny fo miety. Tsy midika izany hoe tsy hiresaka mivantana na oviana na oviana isika na hampandefitra ny fahamarinana ara-potopampianarana. Ireo teny izay mety hoe mivantana dia afaka ny ho malefaka ao amin’ny fanahy.

Ahitana ohatra miavaka amin’ny fiteny ifanaovana eo amin’ny sehatry ny tsy fifankahazoana ao anatin’ny fanambadiana ihany koa ao anatin’ny Bokin’i Môrmôna. Nirahina hiverina any Jerosalema mba haka ireo takelabarahina ireo zanakalahin’i Sarià sy Leahia ka tsy mbola tafaverina. Nino i Sarià fa mety ho niharan-doza izy ireo ary dia feno fahatezerana izy ka nila olona omena tsiny.

Henoy ny tantara araka ny fomba fijerin’i Nefia zanany lahy: “Satria noheverin[ny reniko] fa maty tany an-tany foana izahay; ary efa naniny an-draiko koa izy ka nilaza taminy fa izy dia olon’ny fahitana, nanao hoe: Indro efa nentinao nandao ny tany lovantsika izahay, ary ny zanako lahy dia tsy eo intsony, ary ho faty aty antany foana isika” (1 Nefia 5:2).

Ankehitriny, handeha hosaintsainintsika izay mety ho neritreritin’i Sarià. Feno tebiteby izy momba ny fiverenan’ireo zanany lahy izay tia mifamaly

any amin'ny toerana nifofoana ny ain'ny vadiny. Natakalony lay nitokamonina tany an-tany foana ilay tranony tsara tarehy raha mbola tamin'ny taona mbola afaka niteraka tsara iny izy. Tao anatin'ny fotoan'ny rarint-saina goavana nateraky ny tahotra dia toa nitsambikina, tamin-kerimpo na tamin'ny fomba tsy voasaina, niala tao anatin'ilay fiara vaventy nandeha mafy dia mafy i Sarià mba hiarovana ny fianakaviany. Naneho ahiahy ara-drarin'ny tamin'ny vadiny izy tamin'ny fiteny feno fahatezerana sy ahiahy ary fanomezantsiny—fiteny izay mahagaga fa toa tena ain'ny olombelona rehetra.

Nohainoin'ny mpaminany Lehia ny tahotra izay loharanon'ny fahatezeram-badiny. Avy eo izy dia nanome valinteny voalanjalanja tamin'ny fiteny feno fangorahana. Voalohany, nanaiky ny fisehon'ny zavatra araka ny fomba fijerin'i Sarià izy araka izao nolazainy izao: “Ary . . . niteny taminy ny raiko nanao hoe: Fantatro fa olon'ny fahitana aho; . . . fa [raha] ho nijanona kosa tao Jerosalema [aho], dia ho niara-maty tamin'ny rahalahiko [isika]” (1 Nefia 5:4).

Avy eo dia niresaka momba ny tahotra nananan'i Sarià izy mikasika ny ain'ireo zanany lahy araka izay azo antoka fa efa nijoroan'ny Fanahy Masina ho vavolombelona taminy, raha nilaza izy hoe:

“Nefa indro, efa nahazo fampantantenana aho ny hahazo ny tany nampanantenaina izay zavatra ifaliako tokoa; eny, ary fantatro fa hanafaka ny zanako lahy eo am-pelatananan'i Labàna ny Tompo. . . .


“Ary araka izany fomba fiteny izany no nampaherezan'i Lehia raiko an[ny] . . . reniko momba anay” (1 Nefia 5:5–6).

Ankehitriny dia tena ilain'ny lehilahy sy ny vehivavy ny mikolokolo fifanajana na dia tsy mitovy aza ny finoana sy ny fitondrantenan'izy ireo, ary na dia tsy mitovy aza ny tanjon'izy ireo. Tsy ho fantatsika na oviana na oviana ny zavatra rehetra tonga ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika ary tsy ho takatsika tanteraka ny votoatin'ireo fisedrana sy safidy atrehantsika tsirairay.



Na izany aza, inona no hitranga amin'ilay hoe “teny maloto” nore-sahan'i Paoly raha toa ka ahitana fitserana ny zavatra iainan'ny hafa aloha ny fihevitsika? Ao anatin'ny fahatakarana tanteraka ny fetran'ny tsy fahatanterahako manokana no iangaviako anareo mba hizatra hametraka ity fanontaniana ity miaraka amin'ny fanajana feno ny zavatra iainan'ny hafa, dia ny hoe “Inona no eritreritrao?”

Tadidio ilay fotoana nanampohan'ny Tompo an'i Samoela sy i Saoly tamin'ny alalan'ny fisafidianana an'i Davida avy ao Betlehema, izay zazalahy kely mpiandry ondry, ho mpanjakan'ny Isiraely? Hoy ny Tompo tamin'ny mpaminaniny hoe “Fa tsy mba toy ny fijerin'ny olona ny fijerin'i Jehovah; fa ny olona mijery ny miseho eo ivelany, fa Jehovah kosa mijery ny fo” (1 Samoela 16:7).



Rehefa heniky ny setroka ny lohan'ny fiaranay dia nanao izay fihevitsika feno herimpo indrindra azony neritreretina ny vadiko mba hiarovana ny zanakay lahy. Ho fiarovana ihany koa no nataoko raha nitsikera ny safidiny aho. Ny zavatra manaitra dia ny tsy maha-zava-dehibe ny hoe iza no manana rariny kokoa. Fa ny tena manan-danja dia ny fifampihainoana sy ny fahatakarana ny fomba fijerin'ilay anankiray.

Ny finjavana hahatakatra ny toejavatra mitranga avy amin'ny fomba fijerin'ny hafa dia hanova ny “teny maloto” ho tonga “[fitondrana] fahasoavana.” Nahatakatra izany ny Apôstôly Paoly, ary afaka ny hiaina ny sombintsombiny amin'izany ihany koa isika tsirairay. Mety tsy hanova na hamaha ilay olana izany, kanefa ny zava-dehibe kokoa mety hitranga dia hoe afaka hanova antsika ny fitondrana fahasoavana.

Mijoro ho vavolombelona amimpanetren-tena aho fa afaka “[hitondra] fahasoavana” amin'ny alalan'ny fiteny feno fangorahana isika rehefa afaka manaitra ny fonsika ilay fanomezana ny Fanahy Masina izay voakolokolo mba hihevitra ny fihetseham-po sy ny fijerin'ny hafa, ka hamela antsika hanova ireo toejavatra mitranga mety hampidi-doza hanjary ho toerana masina. Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ilay Mpamonjy be fitjavana izay “mijery ny fo” sy mihevitra ny zavatra eritreretintsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Faka sy Sampana

*Ny fanafainganana ny tantaram-pianakaviana sy ny asa atao any amin'ny tempoly amin'izao andro iainantsika izao dia tena ilaina amin'ny fanavotana sy ny fisandratana faratampon'ny fianakaviana.*

Fotoana fohy talohan'ny nahafatesany noho ny homamiadana tamin'ny taona 1981, dia nilaza tamin'ny mpanao gazety i William Saroyan izay mpanoratra niteraka ady hevitra maro, nanao hoe: “Tsy maintsy ho faty ny olona rehetra, kanefa aho dia nino hatrany fa mba haningana aho fa tsy hitovy amin'ny rehetra. Ahoana amin'izay ary ankehitriny?”<sup>1</sup>

Ilay hoe “Ahoana amin'izay ary ankehitriny” eo ambavahaon'ny fahafatesana amin'ity fiainana ity sy ny hoe “Ahoana amin'izay ary ankehitriny” eo am-pibanjinana ny fiainana aorian'ny fahafatesana no fanontaniana manandanja indrindra ho an'ny fanahy izay voavalian'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny amin'ny fomba tena kanto ao amin'ilay drafitry ny fahasambaran'ny Ray.

Mandritra ity fiainana ity isika dia mihomehy, mitomany, miasa, milalao, miaina ary avy eo isika dia maty. Nametraka ity fanontaniana fohy ity i Joba, “Raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy?”<sup>2</sup> Ny valin'izany dia “eny” manakoako, noho ilay sorompanavotana nataon'ny Mpamonjy. Mahaliana ny ampahany amin'ny teny nataon'i Joba mialohan'ilay fanontaniana: “Ny olona tera-behivavy dia

vitsy andro. . . Mitsimoka tahaka ny voninkazo izy ka jinjana. . . Fa azo antenaina ny hazo, satria na dia kapaina aza izy, dia mbola hitsimoka indray, ka tsy maintsy hisy ny solofony . . . ka handrahaka tahaka ny hazo tanora nambolena.”<sup>3</sup>

Ny drafitry ny Raintsika dia mahakasika ny fianakaviana. Maro amin'ireo soratra masina ananantsika izay tena mampihetsi-po indrindra no mampiasa ny hazo sy ny fakany ary ny sampany mba hanaovana fampitahana.



Ao amin'ny toko farany ao amin'ny Testamenta Taloha, dia mampiasa io fampitahana io amin'ny fomba mahery vaika i Malakia rehefa nilazalaza ny amin'ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany. Raha niresaka mikasika ny mpiavonavona sy ny ratsy fanahy izy dia nilaza fa hodorana toy ny vodi-vary izy ireo ary “tsy hasiany mian-gana, na ny fakany na ny sampany.”<sup>4</sup> Faranan'i Malakia io toko io amin'ny fampanantenan'ny Tompo manome toky manao hoe:

“Indro, Izaho haniraka an'i Elia mpaminany ho aminareo, dieny tsy mbola tonga ny andron'i Jehovah, ilay lehibe sady mahatahotra:

“ary [Izy] hampody ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny fon'ny zanaka ho amin'ny rainy, fandrao ho avy Aho hamely ny tany amin'ny fandranganana.”<sup>5</sup>

Tamin'ny fiandohan'ny Famerenana amin'ny Laoniny, dia nanantitrantitra io hafatra io i Môrônia tao amin'ny torolalana voalohany nomeny an'i Joseph Smith fony izy mbola tanora tamin'ny taona 1823.<sup>6</sup>

Eken'ny Kristiana sy ny Jiosy manerana izao tontolo izao ny tantaran'i Elia ao amin'ny Testamenta Taloha.<sup>7</sup> Izy no mpaminany farany nihazona ny fahefan'ny famehezana an'ny Fisoronana Melikizedeka talohan'ny andron'i Jesoa Kristy.<sup>8</sup>

## Mamerina amin'ny Laoniny ireo Fanalahidy i Elia

Ny fiverenan'i Elia dia nitranga tao amin'ny Tempolin'i Kirtland tamin'ny 3 Aprily 1836. Nanambara izy fa natanteraka ny fampanantenan'i Malakia. Nanolotra ireo fanalahidin'ny fisoronana entina hamehezana fianakaviana izy mandritra ity fotoampitantanana ity.<sup>9</sup> Manamora ny asa nanirahana an'i Elia ilay antsoina indraindray hoe fanahin'i Elia, izay araka ny nampianarin'ny Loholona Russell M. Nelson dia “ny fiasan'ny Fanahy Masina izay mijoro ho vavolombelona fa avy amin'Andriamanitra ny fianakaviana.”<sup>10</sup>

Hentitra ny Mpamonjy mikasika ny tsy maintsy hanaovana batisa. Nampianatra Izy hoe, “Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy

mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy.”<sup>11</sup> Ny Mpamonjy Izy tenany dia natao batisa mba hanome ny ohatra tokony harahina. Ahoana ny amin'ireo olona izay nodimandry kanefa tsy vita batisa?

### **Fotopampianaran'ny Tempoly sy ny Asa Fanaovana ny Tantaram-pianakaviana**

Tamin'ny 11 Ôktôbra 1840, tany Nauvoo, dia nanoratra taratasy i Vilate Kimball ho an'ny Loholona Heber C. Kimball vadiny, izay nanao asa fitoriana tany Grande Bretagne niaraka tamin'ny mpikambana hafa tao amin'ny Roambinifololahy. Andro vitsivitsy talohan'io no natao ny Fihao-namben'ny fiangonana maneran-tany volana Ôktôbra.

Vakiko aminareo ny ampahany amin'ny taratasy nosoratan'i Vilate: “Nanatrika ny fihaonambe be mpanatrika indrindra sy mahaliana indrindra hatrizay nananganana ny Fiangonana izahay. . . . Ny Filoha [Joseph] Smith dia niresaka momba ny lohahevitra iray vaovao sy feno voninahitra. . . . Dia ny hoe atao batisa ho an'ny maty izany. Niresaka momba izany i Paoly ao amin'ny Korintiana Voalohany toko faha-15 andininy faha-29. Nahazo fanazavana feno kokoa mikasika izany i Joseph tamin'ny alalan'ny fanambarana. Nilaza izy fa tombontsoa ho an'ny [mpikambana] ao amin'ity Fiangonana ity ny hatao batisa ho an'ireo havany rehetra izay maty talohan'ny nivoahan'ity filazantsara ity. . . . Rehefa manao izany isika dia lasa manao asa ho azy ireo, sy manome azy ireo ny tombontsoa handray anjara amin'ny Fitsanganana amin'ny maty Voalohany. Nilaza izy fa hotorina amin'izy ireo ny filazantsara ao amin'ny tranomaizina.”

Notohizan'i Vilate hoe: “Te hatao batisa ho an'ny reniko aho. . . . Moa ve tsy fotopampianarana feno voninahitra tokoa izany?”<sup>12</sup>

Ny fotopampianarana fototra amin'ny fianakambanana ny fianakaviana dia nambara andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra sy fitsipika anampy fitsipika. Ireo ôrdônansy isoloana tena ny hafa no ivon'ny fianakambanana ny fianakaviana ho



mandrakizay, izay manakambana ny faka amin'ny sampana.

Mazava tsara ny fotopampianarana momba ny fianakaviana izay mifandray amin'ny tantaram-pianakaviana sy ny asa atao any amin'ny tempoly. Tao anatin'ireo torolalana voalohany mifono fanambarana ny Tompo dia niresaka momba ny “batisa ho an'ny maty *eo aminareo*.”<sup>13</sup> Ny andraikitsika araka ny fotopampianarana dia ho an'ireo razambentsika ihany. Ny anton'izany dia satria ny lamina selestialy any an-danitra dia mifototra amin'ny fianakaviana.<sup>14</sup> Ny Fiadidiana

Voalohany dia namporisika ireo mpikamban'ny Fiangonana, indrindra fa ireo zatovo sy ireo tanora token-tena, mba hanome lanja manokana ny asa fanaovana ny tantaram-pianakaviana sy ireo ôrdônansy ho an'ireo anaran'ny fianakavian'izy ireo manokana na ho an'ny anaran'ireo razamben'ny mpikambana ao amin'ny paroasiny sy ny tsatòkany.<sup>15</sup> Mila sady mifandray amin'ny faka nipoirantsika isika no mifandray amin'ny sampana mipoitra avy amintsika. Tena feno voninahitra tokoa izany hoe ho tafaray ao amin'ny fanjakana mandrakizay.

## Tempoly

Nilaza i Wilford Woodruff fa ny Mpaminany Joseph Smith nandritra ny fiainany dia nahavita nametraka ny fototry ny asa atao any amin'ny tempoly. "Tamin'ny fotoana farany nihaonan'i Joseph Smith tamin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy dia nomeny ny fanafiana masina izy ireo.<sup>16</sup>

Taorian'ny nahafaty ho maritiora ny Mpaminany, dia namita ny fanorenana ny Tempolin'i Nauvoo ireo Olomasina, ary nampiasaina ny fahefan'ny famehezana mba hitahiana ireo mpikambana mahatoky an'arivony talohan'ilay fifindra-monina ho any amin'ny Tendrombohitra any Andrefana.

Telopolo taona taty aoriana, rehefa tafatsangana ny Tempolin'i St. George, dia nazavain'ny Filoha Brigham Young ny vokatra mandrakizain'ny fisian'ny ôrdônansin'ny famonjena izay sady ho an'ny velona no ho an'ny maty.<sup>17</sup>

Nambaran'ny Filoha Wilford Woodruff tamin'ny fomba tsotra izany manao hoe: "Vitsy ihany ny fitsipika nambaran'ny Tompo ka hoe nahafaly ahy mihoatra noho ny famonjena ireo maty eo amintsika; dia ny hoe hiaraka amintsika ireo raintsika, ireo renintsika, ireo vadintsika sy ireo zanatsika ao anatin'ny fianakaviana, amin'ilay marainan'ny fitsanganana amin'ny maty voalohany sy ao amin'ny Fanjakana Selestialy. Fitsipika manan-danja tokoa ireo. Ka mendrika ny hanaovana ny fahafoizan-tena rehetra azo atao."<sup>18</sup>

Fotoana mahafinaritra ny miaina amin'izao fotoana izao. Ity no fotoampitantanana farany, ary afaka mahatsapa ny fanafainganana ny asa famonjena isika amin'ny sehatra rehetra izay mahakasika ny ôrdônansin'ny famonjena.<sup>19</sup> Manana tempoly manerana ny ankamaroan'izao tontolo izao isika mba hanatanterahana ireny ôrdônansin'ny famonjena ireny. Fita-hiana lehibe ihany koa ny fanatrehana ny fivoriana any amin'ny tempoly mba hahazoana fanavaozana ara-panahy, sy fiadanana, sy fiarovana, ary fitarihana eo amin'ny fiainantsika.<sup>20</sup>

Tsy nisy herintaona taorian'ny niantsoana ny Filoha Thomas S. Monson ho Apôstôly dia nanokana ny Tranombokin'ny Tantara-pianakaviana ao



amin'ny Tempolin'i Los Angeles izy. Niresaka momba ireo razambe efa nodimandry izy "izay miandry ilay andro hanaovantsika sy ianao ny fikarohana izay ilaina mba hanokafana ny lalana, . . . [ary] handehanantsika toy izany koa ho any amin'ny tranon'Andriamanitra ka hanatanteraka izany asa izany . . . izay tsy azon'izy ireo tanterahana."<sup>21</sup>

Rehefa nilaza izany teny fanokanana izany izy tamin'ny 20 Jona 1964, fony izy mbola Loholona Monson, dia mbola 12 ny isan'ny tempoly am-perinasa. Nandritra ny fotoana nanompoan'ny Filoha Monson tao amin'ireo filankevitry ny zokiolon'ny Fiangonana, dia tempoly 130 ao anatin'ireo 142 efa miasa no vao notokanana voalohany. Fahagagana ny mahita ny fanafainganana ny asa famonjena amin'izao andro iainantsika izao. Valo amby roampolo ny tempoly fanampiny nambara ary efa eo andalam-pamitana. Dimy amby lopolo isan-jaton'ny mpikamban'ny Fiangonana izao no monina amin'ny toerana izay tsy mihoatra ny 320 km miala ny tempoly.

## Teknôlojia ampiasaina amin'ny Tantara-pianakaviana

Haingana izaitsizy koa ny fandrosoan'ny teknôlojia ampiasaina amin'ny tantaram-pianakaviana. Nanambara ny Filoha Howard W. Hunter tamin'ny volana Nôvambra 1994 hoe:

"Nanomboka nampiasa ny solosaina isika mba hanafainganana ilay asa masina amin'ny fanaovana ôrdônansy ho an'ireo efa nodimandry. Ny anjara asan'ny teknôlojia . . . dia nohafainganin'ny Tompo mihitsy. . . . Na izany aza, dia mbola vao manomboka fotsiny izao isika amin'ny fampiasana ireo fitaovana ireo."<sup>22</sup>

Tao anatin'ny 19 taona nanaovana an'io fanambarana mifono faminiana io, dia saika tsy mampino ny fihazakazahan'ny teknôlojia. Vao haingana no nilaza tamiko ny renimpianakaviana iray 36 taona hoe: "Eritretero fotsiny—niala tamin'ny microfilm tany amin'ny ivontoeran'ny tantaram-pianakaviana voatokana isika ka lasa mipetraka eo amin'ny latabatra ao an-dakozia manoloana ny solosaina dia manao ny tantaram-pianakaviana rehefa avy mampatory ireo ankizy." Ry rahalahy sy rahavavy, lasa ao an-tokantrano izao ny ivontoe-ran'ny tantaram-pianakaviansika.

Tsy mahakasika antsika fotsiny ihany ny tempoly sy ny asa fanaovana tantaram-pianakaviana. Eritretero ireo izay ao ambadiky ny voaly izay miandry ireo ôrdônansin'ny famonjena hanafaka azy ireo amin'ny fatotry ny tranomaizina ara-panahy. Ny famaritana ny *tranomaizina* dia "toetoe-tratra ao anatin'ny fanagadrana na ny fahababoana."<sup>23</sup> Ireo izay ao anatin'ny fahababoana dia mety hametraka ilay fanontanian'i William Saroyan manao hoe: "Ahoana amin'izay ary ankehitriny?"

Nisy rahavavy iray mahatoky izay nizara ny traikefa ara-panahy miavaka niainany tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake. Rehefa tao amin'ny efitrano fanomezana ny Fanahy Masina izy, rehefa vita ny fanaovana ôrdônansy iray fanomezana ny Fanahy Masina izay nisoloana tena, dia nandre izy hoe: "Fa handeha malalaka ilay voafonja!" Nahatsapa ny fahamehana izy ho an'ireo izay miandry ny fanaovana ny batisany sy ny fanomezana ny Fanahy Masina ho azy. Rehefa nody tany an-trano izy, dia nitady ilay fehezanteny reny tao amin'ny soratra masina. Hitany ilay fanambaran'i Joseph Smith ao amin'ny fizarana faha-128



ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekehampihanana: "Aoka hiravoravo ny fonareo ary ho faly fatratra tokoa. Aoka ny tany hamelona hoby. Aoka ny maty hiventy antsam-piderana mandrakizay ho an'i Imanoela Mpanjaka, izay efa nanokana talohan'ny nisian'izao tontolo izao ny fomba hahafahantsika manavotra azy ireo hiala avy ao amin'ny fonjan'izy ireo; fa handeha malalaka ny voafonja."<sup>24</sup>

Ny fanontaniana dia hoe: inona no tokony hataontsika? Ny torohevitra ny Mpaminany Joseph dia ny ho ao amin'ny tempoly masina hanolotra "ny boky mirakitra ny rakitsoratra ny maty eo amintsika, izay ho mendrika ny fankasitrahana rehetra."<sup>25</sup>

Ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia nandefa antso mazava tsara ho an'ny taranaka vao misondrotra mba hitarika ny dia amin'ny fampiasana ny teknôlôjia ahafahana miaina ny fanahin'i Elia, sy hikaoka ireo razambeny, ary hanatanteraka ireo ôrdônansy any amin'ny tempoly ho azy ireo.<sup>26</sup> Ny ankamaroan'ireo asa sarotra amin'ny fanafainganana ilay asa famonjena ho an'ny velona sy ny maty dia ianareo tanora no hanao azy.<sup>27</sup>

Raha toa ka tsy ny handeha ho any amin'ny tempoly sy hanao batisa ho an'ireo maty eo aminy fotsiny no ataon'ireo tanora any amin'ny paroasy tsirairay fa miara-miasa ihany koa amin'ireo fianakaviany sy ireo mpikambana hafa ao amin'ny paroasiny mba hahazoana manome ny anaran'ireo havany hanaovana ôrdônansy izay ho tanterahan'izy ireo, dia samy hahazo fitahiana lehibe na izy ireo na ny Fiangonana. Aza atao ambanin-javatra ny fanampiana omen'ireo efa nodimandry eo amin'ny ezaka ataonao sy ny fifaliana ho azonao any aoriana rehefa tafahaona amin'ireo izay anaovanao asa fanompoana. Mila tsy ho takatry ny saina ny fitahiana lehibe sy mandrakizay azo amin'ny fanakambanana ny fianakaviansika.<sup>28</sup>

Amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana maneran-tany dia 51 isan-jato amin'ny olon-dehibe no sady tsy nampiditra ireo ray aman-dreniny ao amin'ny fizarana hoe Family Tree ao amin'ilay tranonkala an'ny Fiangonana

antsoina hoe FamilySearch. Dimy amby enimpolo isan-jato amin'ireo olon-dehibe no tsy nampiditra ny raibe sy renibeny efatra.<sup>29</sup> Tsarovy fa tsy afaka ny hovanjena isika raha tsy misy ireo faka nipoirantsika sy ireo sampana mipoitra avy amintsika. Mila mahazo sy nampiditra ireo fampahafantarana manan-danja ireo ny mpikamban'ny Fiangonana.

Efa ananantsika amin'izay ny fotopampianarana sy ireo tempoly ary ny teknôlôjia mba hanatanterahan'ireo fianakaviana ity asa famonjena feno voninahitra ity. Manolotra fomba iray ahafahana manao izany aho. Afaka mampiasa ny "Fivoriana hampivoarana ny rafi-tetiaran'ny fianakaviana" ireo fianakaviana. Mitaky ezaka mitohy ny fanaovana izany. Ny tsirairay dia samy mitondra ny tantaram-pianakaviana ananany, sy tantara ary sary, anisan'izany koa ireo fananan'ny raibe sy renibe sy fananan'ireo ray aman-dreny izay sarobidy ho azy ireo. Liana ny hianatra momba ny fiainan'ireo havany ireo tanorantsika—avy aiza izy ireo ary ahoana ny fomba fiainany. Maro ny fon'izy ireo no efa nitodika any amin'ny rainy. Tian'izy ireo ireo tantara sy sary, ary ananany ny fahaizana ny teknôlôjia hampidirana ireo tantara sy ireo sary ao amin'ny Rafi-tetiaran'ny fianakaviana ary hampifandray ireo antontan-taratasy misy ireo razambe mba hitehirizana azy ireo rahatrizay. Mazava ho azy fa ny tanjona lehibe indrindra dia ny hamantatra hoe inona avy no ôrdônansy tokony

mbola hatao sy ny mizara ny andraikitra hanaovana ny asa manan-danja any amin'ny tempoly. Azo ampiasaina ilay bokikely hoe *Ma Famille* mba hanampiana amin'ny firaketana ny mombamomba ny fianakaviana, sy ny tantara ary ireo sary izay azo ampidirina ao amin'ny Rafi-tetiaran'ny fianakaviana.

Ny fanoloran-tenan'ny fianakaviana sy ny zavatra antenainy no tokony hataontsika lohalaharana indrindra mba hiarovana ny hoavintsika mandrakizay. Ho an'ireo izay mitady fomba mahomby kokoa hampiasan'ny fianakaviana ny andro Sabata, dia ny fanafainganana ity asa ity no fomba iray tena mamokatra. Mitantara ampifaliana ny renim-pianakaviana iray fa ny zanany lahy 17 taona dia mankeo amin'ny solosaina rehefa avy any am-piangonana ny Alahady mba hanao ny tantaram-pianakaviana ary tian'ny zanany lahy 10 taona ny mandre ny tantara sy mijery ny sarin'ireo razambeny. Izany no nahafahan'ny fianakavian'izy ireo manontolo hiaina ny fanahin'i Elia. Tokony hokolokoloina ireo faka sy sampana ananantsika.

Nanolotra ny Ainy i Jesoa Kristy mba ho sorompanavotana hamonjena ny hafa. Namaha ilay fanontaniana lehibe napetrak'i Joba Izy. Nandresy ny fahafatesana Izy ho an'ny olombelona rehetra, izay zavatra tsy vitan-tsika samirery. Azontsika atao anefa ny manatanteraka ireo ôrdônansy isoana tena ary afaka ny ho tonga mpamonjy tokoa isika ao amin'ny





Tendrombohitra Ziona<sup>30</sup> ho an'ireo fianakaviansika mba hahafahantsika hahazo ny fisandratana faratampony miaraka amin'izy ireo ka ho voavonjy.

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny sorompanavotan'ny Mpa-monjy sy ny maha azo antoka an'ilay drafitry ny Ray ho antsika sy ny fianakaviansika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. William Saroyan, ao amin'ny Henry Allen, "Raging against Aging," *Wall Street Journal*, Des. 31, 2011-Jan. 1, 2012, C9.
2. Joba 14:14.
3. Joba 14:1, 2, 7, 9.
4. Malakia 3:19. Tato ho ato dia nisy matoan-dahatsoratra maromaro nitatitra fa nitombo izay tsy izy ny isan'ny olona izay misafidy ny tsy hanan-janaka mba hanatsarana ny fari-piainan'izy ireo (jereo ny Abby Ellin, "The Childless Plan for Their Fading Days," *New York Times*, Feb. 15, 2014, B4). Firenena maro no mihavitsy ny isan'ny mponina ao aminy vokatr'izany safidin'ny olona tsirairay izany. Indraindray izany dia antsoina hoe "ririnina demôgrafika" (jereo ny *The New Economic Reality: Demographic Winter* [documentary], byutv.org/shows).
5. Malakia 4:5-6.
6. Jereo ny *History of the Church*, 1:12; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2.
7. Niandry ny fiverenan'i Elia ireo Jiosy nandritra ny 2.400 taona. Hatramin'izao fotoana izao, mandritra ny Sêder de Pessa'h na ny sakafo hariva fanaony isan-taona, dia manisa toerana ho azy izy ireo ary mankeo am-baravarana manantena azy ho tonga mba hialoha ny fiavian'ny Mesia.

8. Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Elia."
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:15; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:2.
10. Russell M. Nelson, "A New Harvest Time," *Ensign*, Mey 1998, 34.
11. Jaona 3:5.
12. Taratasy nosoratan'i Vilate M. Kimball ho an'i Heber C. Kimball, 11 Ôkt. 1840, taratasin'i Vilate M. Kimball, Church History Library; nampanarahana ny fenitra ny tsipelina sy ny renin-tsoratra.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 127:5; nampiana fanamafisana.
14. Jereo ny *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Fielding Smith* (2013), 68.
15. Jereo ny taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 8 Ôkt 2012.
16. Jereo ny *The Discourses of Wilford Woodruff*, sel. G. Homer Durham (1946), 147.
17. Nilaza i Brigham Young hoe, "Ny hany faniriako dia ny hahita ity vahoaka ity manolotra ny fananany sy ny faniriany mba hanorenana ny fanjakan'Andriamanitra, sy manangana tempoly, ary manatanteraka ao ny asa ho an'ny velona sy ny maty . . . mba hahazoany satroboninahitra amin'ny mahazanaka lahy sy zanaka vavin'ny Tsiroha azy ireo" (*Deseret News*, 6 Sept. 1876, 498). Ny batisa ho an'ny maty dia nanomboka tamin'ny 9 Janoary 1877, ary ny fanafiana masina ho an'ny maty dia natao roa andro taorian'izany. Nilaza ny hafaliany avy amin'izany i Lucy B. Young manao hoe "feno ny fony noho izy afaka ho raisin'ireo [havany nodimandry] eo an-tsandin'izy ireo, tahaka ireo rehetra izay tsy afaka manao ilay asa ho an'ny tenany samirery" (in Richard E. Bennett, "Which Is the Wisest Course?" *The Transformation in Mormon Temple Consciousness, 1870-1898*, *BYU Studies Quarterly*, vol. 52, no. 2 [2013], 22).
18. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Wilford Woodruff* (2004), 192-93.
19. Ny filoha Wilford Woodruff (izay nalaza ho anisan'ny misiônera tena nahomby indrindra tamin'ireo izay nisy rehetra hatrizay), raha niresaka momba ny asa ho an'ireo maty, dia nilaza hoe: "Ny fijeriko ity ampahany amin'ny asa fitoriana ataontsika ity dia asa nanirahana izay manan-danja mitovy amin'ny fitoriana amin'ny velona; handre ny feon'ireo mpanompon'Andriamanitra ny maty ao amin'ny tontolon'ny fanahy, ary tsy afaka ny hivoaka izy ireo amin'ilay marain'ny fitsanganana amin'ny maty [voalohany], raha tsy tanterahina ny ôrdônansy sasantsasany, ho [azy ireo]." Niteny ihany koa izy hoe: "Mitovy ny zavatra takiana hamonjena maty iray . . . sy hamonjena velona iray" (*Enseignements des Présidents de l'Eglise: Wilford Woodruff*, 188).
20. Ny Filoha Howard W. Hunter dia nanasa ireo mpikamban'ny Fiangonana mba hankany amin'ny tempoly matetika "noho ny fitahiana manokana azo amin'ny fanatrehana ny fivoriana ao amin'ny tempoly, noho ny fahamasinana sy ny fiarovana izay azo ao anatin'ireo rindrina nohamasinina sy notokanana ireo. . . . Masina amin'ny Tompo izany. Tokony ho masina amintsika izany." ("The Great Symbol of Our Membership," *Tambuli*, Nôv. 1994, 6).
21. "Hafatra nentanin-panahy avy amin'ny Filoha Thomas S. Monson," *Church News*, 29 Des. 2013, 2.
22. Howard W. Hunter, "We Have a Work to Do," *Ensign*, Mar. 1995, 65.
23. *Merriam-Webster's Collegiate Dictionary*, ed. faha 11. (2003), "prison."
24. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:22; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:42. "Talo-han'ny nahariana izao tontolo izao, dia nandamina izay hahafahan'ireo fanahy ao amin'ny [fonja] mba hahazo fanavotana ny Tompo" (index to the triple combination, "Prison").
25. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:24.
26. Jereo ny Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, Ôkt. 8, 2012; jereo ihany koa ny David A. Bednar, "Hitodika ny Fon'ny Zanaka," *Liahona*, Nôv. 2011, 24-27; R. Scott Lloyd, "Find Our Cousins': Apostle [Neil L. Andersen] Counsels LDS Youth at RootsTech Conference," *Church News*, 16 Feb. 2014, 8-9.
27. Misy fikarohana iray natao vao haingana izay maneho fa ny zava-dehibe ho an'ity taranaka ity dia ny manana fiainana manan-danja ahafahan'izy ireo "manome ho an'ny hafa sy mitodika amin'ny tanjona lehibe kokoa" (Emily Esfahani Smith sy Jennifer L. Aaker, "Millennial Searchers," *New York Times Sunday Review*, 1 Des 2013, 6).
28. Jereo ny Howard W. Hunter, "A Temple-Motivated People," *Liahona*, Mey 1995, 2-7.
29. Tatitra nomen'ny Departemantan'ny Tantaran-pianakaviana.
30. Jereo ny Obadia 1:21.



**Nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny Fanalahidy sy ny Fahefan'ny Fisoronana

*Mitarika ireo vehivavy tsy misy hafa amin'ny fitarihany ireo lehilahy ireo fanalahidin'ny fisoronana, ary ireo ôrdônansin'ny fisoronana sy ny fahefan'ny fisoronana dia miantefa amin'ireo vehivavy ary toy izany koa amin'ireo lehilahy.*

## I.

Nandritra ity fihaonambe ity isika dia nanatrika ny fisaorana an'ireo rahalahy mahatoky sasantsasany, ary nanohana ny fiantsoana rahalahy maromaro hafa. Ao anatin'izany fanovana izany—izay mahazatra tokoa ato amin'ny Fiangonana—dia tsy hoe “aetry” akory isika rehefa isaorana, ary tsy hoe “asondrotra” rehefa voantso. Tsy misy “ambony na ambany” eo amin'ny fanompoana ny Tompo. Fa ny “mankany aloha na mankany aoriana” ihany no misy, ary izany fahasamihafana izany dia miankina amin'ny fomba fanekentsika sy ny fihetsika asehontsika rehefa isaorana sy rehefa antsoina. Indray mandeha aho niahy ny fotoana nisaorana ny filohan'ny tsatôka iray vao herotreronny, izay avy nanolotra asa fanompoana tsara nandritra ny sivy taona ary faly izy tamin'ny nisaorana azy sy tamin'ny antso vaovao izay vao noraisin'izy mivady. Voantso ho mpitarika ny ao

amin'ny garderie izy ireo tao amin'ny parosiny. Ato amin'ity Fiangonana ity ihany no raisina hoe mitovy lenta ny voninahitra ao amin'izany!



## II.

Raha nandray fitenenana tamin'ny fihaonamben'ny vehivavy ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, Linda K. Burton, dia nilaza izy hoe: “Manantena izahay ny *handrotsaka* ao anatintsika tsirairay faniriana lehibe kokoa hahatakatra kokoa ny fisoronana.”<sup>1</sup> Izany filana izany dia mihatra amintsika rehetra, ary dia tohizako izany amin'ny firesahana mikasika ny fanalahidy sy ny fahefan'ny fisoronana. Koa satria manana lanja mitovy ireo lohahevitra ireo na ho an'ny lehilahy na ho an'ny vehivavy, dia faly aho fa ampitaina sy aely ho an'ny mpikambana rehetra ato amin'ny Fiangonana ireto lahateny ireto. Mitahy antsika rehetra ireo fitahiana entin'ny fisoronana. Mitarika ireo vehivavy tsy misy hafa amin'ny fitarihany ireo lehilahy ireo fanalahidin'ny fisoronana, ary ireo ôrdônansin'ny fisoronana sy ny fahefan'ny fisoronana dia miantefa amin'ireo vehivavy ary toy izany koa amin'ireo lehilahy.

## III.

Ny Filoha Joseph F. Smith dia namari-paritra ny fisoronana hoe: “ny herin'Andriamanitra ampandraiketiny ny olombelona izay ahafahan'ny olombelona manao asa eto an-tany ho an'ny fanavotana ny fianakavian'ny zanako olombelona.”<sup>2</sup> Nampianatra antsika ny mpitarika hafa fa ny fisoronana “no hery ambony indrindra eto ambonin'ity tany ity. Io no fahefana izay nentina nahariana ny tany.”<sup>3</sup> Mampianatra ny soratra masina fa “ity fisoronana ity ihany, izay efa tany am-piandohana no ho any am-piafaran'izao tontolo izao koa” (Mosesy 6:7). Noho izany, ny fisoronana no fahefana izay amin'ny alalany no hananganana antsika amin'ny maty sy hampandrosoana antsika mankao amin'ny fiainana mandrakizay.

Ny fahatakarana izay katsahantsika dia manomboka amin'ny fahatakarana ireo fanalahidin'ny fisoronana. Ny fanalahidin'ny fisoronana dia ilay fahefana izay nomen' Andriamanitra an' ireo [mpihazona] fisoronana hitarihana sy hifehezana ary hitantanana ny fampiasana ny Fisoronany eto ambony



tany.”<sup>4</sup> Ny asa sy ôrdônansy rehetra tanterahana ato anatin’ny Fiangonana dia tanterahana rehefa nahazo lalana mivantana na misy mpanelanelana avy amin’ny olona iray izay mihazona ny fanalahidy ho an’izany andraikitra izany. Araka ny nazavain’ny Loholona M. Russell Ballard hoe “Ireo izay miha-zona fanalahidin’ny fisoronana . . . dia manome fahafahana ara-bakiteny an’i-ireo izay manompo amim-pahatokiana eo ambany fitarihany mba hampiasa ny fahefan’ny fisoronana ka hahazo ny herin’ny fisoronana.”<sup>5</sup>

Ny andraikitra ny fanalahidin’ny fisoronana, amin’ny alalan’ny fifehezana ny fampiasana ny fahefan’ny fisoronana, dia sady manitatra no mametra. Manitatra izy satria manao izay hahazoan’ireo zanak’Andriamanitra rehetra ny fahefan’ny fisoronana sy ireo fitahiana entiny. Mametra izy satria mamaritra hoe iza no homena ny fahefan’ny fisoronana, iza no hihazona ireo anjara fanompoana ao, ary ahoana no fomba hanomezana ireo zo sy fahefan’ny fisoronana. Ohatra, ny olona iray izay mpihazona fisoronana dia tsy afaka manome ny anjara fanompoany na ny fahefany amin’ny olona iray hafa raha tsy efa nahazo lalana avy amin’ny olona iray izay

mihazona ireo fanalahidy. Raha tsy misy io fanomezan-dalana io dia tsy hanan-kery ilay fanendrena. Izany no manazava ny antony mahatonga ny mpihazona fisoronana iray—na inona na inona anjara fanompoany—tsy ho afaka hanendry ao amin’ny fisoronana ny olona iray ao amin’ny fianakaviany na hanatanteraka ny fanasan’ny Tompo ao an-tokantranony raha tsy efa nahazo lalana avy amin’ny olona iray izay mihazona ny fanalahidy mi-fandraika amin’izany.

Ankoatra ny asa masina izay tanterahin’ireo rahavavy ao amin’ny tempoly eo ambany fifehezan’ny fanalahidy hazonin’ny filohan’ny tempoly, izay hofariparitako rehefa avy eo, dia olona iray izay mihazona anjara fanompoana iray ao amin’ny fisoronana ihany no afaka manatanteraka ôrdônansy iray an’ny fisoronana. Ary ireo ôrdônansin’ny fisoronana rehetra izay nahazoana lalana dia raketina ao amin’ny firaketan’ny Fiangonana.

Amin’ny farany, dia Jesoa Kristy Tompo no mihazona ny fanalahidy rehetra an’ny fisoronana, fisoronana izay Azy. Izy no mamaritra hoe fanalahidy inona no zaraina amin’ny olombelona ary ahoana no fomba ampiasana azy. Mahazatra antsika ny mieritreritra fa

ireo fanalahidy rehetra an’ny fisoronana dia natolotra an’i Joseph Smith tao amin’ny Tempolin’i Kirtland, saingy ny soratra masina dia milaza fa ny zavatra rehetra natolotra tao dia ireo “fanalahidin’ity fotoampitantanana ity” (F&F 110:16). Tamin’ny fihaonamben’ny Fiangonana taona maro lasa izay dia nampahatsiahivin’ny Filoha Spencer W. Kimball antsika fa misy fanalahidy hafa an’ny fisoronana izay tsy natolotra tamin’ny olombelona tety an-tany, anisan’izany ireo fanalahidin’ny fahariana sy ny fananganana amin’ny maty.<sup>6</sup>

Ny maha avy amin’Andriamanitra an’ireo famerana napetraka eo amin’ny fampiasana ireo fanalahidin’ny fisoronana dia manazava ny fahasamihafana iray tena manandanja eo amin’ireo fanapaha-kevitra eo amin’ny zavatra mahakasika ny fitantanana ny Fiangonana sy ireo fanapahan-kevitra mahakasika ny fisoronana. Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin’ny Roambinifololahy, izay miahy ny Fiangonana manontolo, dia mahazo lalana handray fanapahan-kevitra maro mahakasika ny fitsipika mifehy sy ny fomba fiasa ato amin’ny Fiangonana—zavatra toy ny toerana hisian’ny trano fiangonana sy ny sokajin-taona afaka manao asa fitoriana. Na dia mihazona sy mampiasa ireo fanalahidy rehetra izay natolotra ho an’ny olombelona amin’izao fotoampitantanana izao aza ireo manampahefana miahy ireo, dia tsy afaka manova ilay lamina nambaran’Andriamanitra hoe ny lehilahy ihany no mihazona anjara fanompoana ao amin’ny fisoronana.

#### IV.

Izao aho dia hiresaka momba ny fahefan’ny fisoronana. Ireo fitsipika telo izay vao noresahina teo no hanombohako azy: (1) ny fisoronana dia ny herin’Andriamanitra ampandraiketiny ny olombelona mba hahafahany manao asa ho an’ny fanavotana ny fianakavian’ny zanak’olombelona, (2) ny fahefan’ny fisoronana dia tantanan’ireo mpihazona fisoronana izay miha-zona ireo fanalahidin’ny fisoronana,

ary (3) koa satria milaza ny soratra masina fa “ireo fahefana [. . . sy] anjara fanompoana [hafa rehetra] ao amin’ny fiangonana dia tovan’ io fisoronana [Melkizedeka] io (F&F 107:5), ny zavatra rehetra izay atao eo ambanin’ny fitarihan’ireo fanalahidin’ny fisoronana ireo izany dia atao amin’ny fahefan’ny fisoronana.


Ahoana no fihatan’izany eo amin’ireo vehivavy? Tamin’ny lahateny iray ho an’ny Fikambanana Ifanampiana dia nilaza izao ny Filoha Joseph Fielding Smith, izay Filohan’ ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo tamin’izany: “Na dia tsy nomena ny Fisoronana aza ireo rahavavy, ka tsy natolotra teo ambony lohan’izy ireo izany, dia tsy midika akory izany hoe tsy nomen’ny Tompo fahefana izy ireo. . . . Ny olona iray, na ny rahavavy iray, dia mety hoe notolorana fahefana hanao zavatra sasantsasany ato amin’ny Fiangonana izay mampitambatra ary tena ilaina tanteraka ho an’ny famonjena antsika, toy ny asa izay ataon’ireo rahavavy ao amin’ny Tranon’ny Tompo. Nomena fahefana izy ireo hanatanteraka zavatra lehibe sy mahatalanjona, izay masina eo imason’ny Tompo, ary mampitam-batra mafy tsy misy hafa amin’ireo tsodrano izay omen’ireo lehilahy izay mihazona ny Fisoronana.”<sup>7</sup>

Tao anatin’io lahateny manan-danja io ny Filoha Smith dia namerimberina hatrany fa ireo vehivavy dia nomena fahefana. Hoy izy tamin’ireo vehivavy hoe “Afaka miteny ombam-pahefana ianareo satria nametrahan’ny Tompo fahefana ianareo.” Nilaza ihany koa izy fa ny Fikambanana Ifanampiana “[dia] nomena hery sy fahefana hanao zavatra lehibe maro. Ny asa izay ataon’izy ireo dia atao amin’ny alalan’ny fahefan’Andriamanitra.” Ary mazava ho azy fa ny asam-piangonana izay ataon’ny vehivavy na ny lehilahy, na any amin’ny tempoly izany na any amin’ny paroasy na sampana dia atao eo ambany fitarihan’ireo izay mihazona ny fanalahidin’ny fisoronana. Noho izany, raha niresaka momba ny Fikambanana Ifanampiana ny Filoha Smith dia nanazava hoe “Nomen’ny [Tampo] azy ireo ity fikambanana lehibe ity ary ao izy ireo no manana fahefana hanompo

eo ambany fitarihan’ireo evekan’ny paroasy . . . , mikarakara ny tombontsoan’ny vahoakantsika na ara-batana izany na ara-panahy.”<sup>8</sup>

Araka izany dia marina ny filazana fa ny Fikambanana Ifanampiana dia tsy kilasy fotsiny ho an’ny vehivavy fa rafitra iray izay ikambanany—tovana iray napetrak’Andriamanitra ho an’ny fisoronana.<sup>9</sup>

Tsy mahazatra antsika ny fitenena mikasika ny fananan’ny vehivavy ny fahefan’ny fisoronana ao amin’ny antson’izy ireo ato am-piangonana, saingy fahefana hafa inona ary izany? Rehefa atokana ny vehivavy iray—na tanora na antitra—hitory ny filazan-tsara amin’ny fotoana feno, dia omena fahefan’ny fisoronana izy hanatanterahana andraikitra iray izay an’ny fisoronana. Marina koa izany rehefa atokana amin’ny andraikitra toy ny mpiandraikitra na mpampianatra ao amin’ny rafitra iray ao amin’ny Fiangonana ny vehivavy iray eo ambany fitarihan’ny olona iray izay mihazona ireo fanalahidin’ny fisoronana. Na iza na iza miasa eo amin’ny toerana na antso iray voaray avy tamin’olona iray izay mihazona fanalahidin’ny fisoronana dia mampiasa ny fahefan’ny fisoronana eo am-panatanterahana ireo andraikitra nanendrena azy.



Na iza na iza mampiasa fahefan’ny fisoronana dia tokony hanadino ireo zony fa hifantoka kosa amin’ireo andraikiny. Fitsipika iray ilaina eo amin’ny fiaraha-monina amin’ny ankapobeny izany. Ilay mpanoratra Rosianina malaza hoe Aleksandr Solzhenitsyn dia notaterina fa nilaza hoe “Iza no fotoana . . . tsy tokony hiarovana zon’olombelona be loatra noho ny adidin’olombelona.”<sup>10</sup> Ireo Olomasin’ny Andro Farany dia azo antoka fa manaiky fa ny fepetra hahazoana ny fisandratana dia tsy resaka fanambarana zo fa resaka fanatanterahana andraikitra.

## V.

Nanome torolalana ny Tompo hoe ny lehilahy ihany no tendrena ho amin’ireo anjara fanompoana ao amin’ny fisoronana. Saingy araka ny nantitranterin’ireo mpitarika samihafa ato amin’ny Fiangonana dia tsy ireo lehilahy akory no hoe “ny fisoronana.”<sup>11</sup> Mihazona ny fisorona ireo lehilahy, miaraka amin’ny adidy masina ny hampiasa izany ho fitahiana ireo zanak’Andriamanitra rehetra.

Ilay fahefana lehibe indrindra nomen’Andriamanitra ireo zananilahy dia tsy azo ampiasaina raha tsy miaraka amin’ny iray amin’ireo zananivavy, satria tamin’ireo zananivavy ihany no nanomezan’Andriamanitra ny fahefana hoe “ho mpamorona vatana . . . mba hahafahan’ny tanjon’Andriamanitra sy ilay Drafitra Lehibe ho tanteraka.”<sup>12</sup> Tenin’ny Filoha J. Reuben Clark izany.

Nanohy izy hoe: “Io no anjara asan’ny vadintsika sy ny an’ireo renintsika ao amin’ily Drafitra Mandrakizay. Tsy mpihazona ny Fisoronana izy ireo; tsy nomena andraikitra izy ireo hanatanteraka ireo adidy sy anjara

asan'ny Fisoronana; ary tsy vesaran'ny andraikitra ao amin'izany; mpanorina sy mpandamina izy ireo eo ambanin'ny fahefan'izany, ary mandray ireo fitahiana avy amin'izany, manana ny famenon'ny herin'ny Fisoronana ary manana andraikitra iray amin'ny maha-voantson'Andriamanitra azy, izay manan-danja mandrakizay eo amin'ny toerana misy azy tsy misy hafa amin'ny Fisoronana mihitsy.”<sup>13</sup>

Ao anatin'ireo teny feno fitaomam-panahy ireo dia momba ny fianakaviana no noresahan'ny Filoha Clark. Araka ny voalaza ao amin'ny fanambarana momba ny fianakaviana, dia ny ray no miahay ny fianakaviana, manana andraikitra miavaka tsara izy sy ny reny, saingy “tsy maintsy mifanampy amin'ny maha-mpiara-miasa mitovy lenta azy ireo.”<sup>14</sup> Taona maromaro talohan'ny fanambarana momba ny fianakaviana dia nanome izao fanazavana feno fitaomam-panahy izao ny Filoha Spencer W. Kimball: “Rehefa miresaka momba ny fanambadiana isika amin'ny maha-fiaraha-miasa azy, dia aoka isika hiresaka momba ny fanambadiana ho toy ny fiaraha-miombon'antoka feno. Tsy tiantsika ho mpiara-miasa mangina ireo vehivavy Olomasin'ny Andro Farany, na hoe mpiara-miasa voafetra ao amin'izany andraikitra mandrakizay izany! Meteza azafady ho mpiara-miombon'antoka tena mandray anjara sy feno.”<sup>15</sup>

Eo imason'Andriamanitra, na ato amin'ny Fiangonana izany na ao amin'ny fianakaviana dia mira lenta ny vehivavy sy ny lehilahy fa samy manana andraikitra samihafa.

Faranako amin'ny fahamarinana maromaro mikasika ireo fitahiana entin'ny fisoronana. Tsy mba toy ny fanalahidin'ny fisoronana sy ny fanendrena ao amin'ny fisoronana fa ireo fitahiana entin'ny fisoronana dia natao ho an'ny vehivavy sy ny lehilahy araka ny fepetra mitovy. Ny fanomezana ny Fanahy Masina sy ireo fitahiana entin'ny tempoly dia endrika mahazatra antsika maneho io fahamarinana io.

Tao anatin'ny lahateniny lehibe nandritra ny Herinandron'ny Fampianarana tao BYU ny fahavaratra lasa



teo dia nanome ireto fampianarana ireto ny Loholona M. Russell Ballard:

“Ny fotopampianaran'ny Fiangonantsika dia mametraka ny vehivavy hitovy lenta amin'ny lehilahy kanefa samihafa amin'ny lehilahy. Andriamanitra dia tsy mandray ny iray ho tsara kokoa na ho manan-danja kokoa noho ny iray hafa. . . .

“Rehefa mandeha any amin'ny tempoly ny lehilahy sy ny vehivavy, dia samy tafiana hery mitovy izy ireo, izay herin'ny fisoronana. . . . Samy afaka mahazo ny hery sy ny fitahiana entin'ny fisoronana avokoa ireo zanak'Andriamanitra rehetra.”<sup>16</sup>

Ijoroako ho vavolombelona ny hery sy ny fitahiana entin'ny fisoronana'Andriamanitra, fa samy afaka mahazo izany na ireo zananilahy na ireo zananivavy. Ijoroako ho vavolombelona ny fahefan'ny fisoronana, izay miasa ao amin'ireo andraikitra sy atrik'asa rehetra ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Ijoroako ho vavolombelona ny amin'ny anjara asan'ny fanalahidin'ny fisoronana izay efa notendren'Andriamanitra, izay hazonin'ny mpaminany sy filohantsika, Thomas S. Monson, ary ampiasainy amin'ny fahafenoany. Farany ary manan-danja indrindra, dia mijoro ho vavolombelona aho momba an'i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjy antsika, izay tompon' ity fisoronana ity ary mpanompony isika, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amen. ■

## FANAMARIHANA

- Linda K. Burton, “Priesthood: ‘A Sacred Trust to Be Used for the Benefit of Men, Women, and Children’” (Lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Vehivavy tao amin'ny Oniversite Brigham Young, 3 Mey 2013), 1; [ce.byu.edu/cw/womensconference/transcripts.php](http://ce.byu.edu/cw/womensconference/transcripts.php).
- Joseph F. Smith, *Gospel Doctrine*, ed. faha 5. (1939), 139.
- Boyd K. Packer, “Ny Fahefan'ny Fisoronana ao an-tokantrano,” (worldwide leadership training meeting, Feb. 2012); [lds.org/broadcasts](http://lds.org/broadcasts); jereo ihany koa ny James E. Faust, “Power in the Priesthood,” *Ensign*, Mey 1997, 41–43.
- Boky Tololalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 2.1.1.
- M. Russell Ballard, “Ny Lehilahy sy ny Vehivavy eo amin'ny Asan'ny Tompo,” *Liahona*, Apr. 2014, 48; jereo ihany koa ny *Filles dans mon royaume: L'histoire et l'oeuvre de la Société de Secours* (2011), 138.
- Jereo ny Spencer W. Kimball, “Our Great Potential,” *Ensign*, Mey 1977, 49.
- Joseph Fielding Smith, “Relief Society—an Aid to the Priesthood,” 4, 5; jereo koa ny *Relief Society Magazine*, Jan. 1959, 4.
- Joseph Fielding Smith, “Relief Society Magazine, an Aid to the Priesthood,” 4, 5; jereo ihany koa ny *Enseignement des Présidents de l'Eglise: Joseph Fielding Smith* (2013), 302.
- Jereo ny Boyd K. Packer, “The Relief Society,” *Ensign*, Mey 1998, 72; jereo ihany koa ny *Filles dans mon royaume*, 138.
- Aleksandr Solzhenitsyn, “A World Split Apart” (commencement address delivered at Harvard University, 8 Jona 1978); jereo ihany koa ny Patricia T. Holland, “A Woman's Perspective on the Priesthood,” *Ensign*, Jolay 1980, 25; *Tambuli*, Jona 1982, 23; Dallin H. Oaks, “Rights and Responsibilities,” *Mercer Law Review*, vol. 36, lah. 2, 427–42.
- Jereo ny James E. Faust, “You Are All Heaven Sent,” *Liahona*, Nôv. 2002, 113; M. Russell Ballard, “Izao no Asako sy Voninahitro,” *Liahona*, Mey 2013, 19; Dallin H. Oaks, “Ny Fahefan'ny Fisoronana ao an-tokantrano sy ao amin'ny Fiangonana,” *Liahona*, Nôv. 2005, 26. Milaza isika indraindray hoe ny Fikambanana Ifanampiana dia “mpiara-miombon'antoka amin'ny fisoronana.” Marina kokoa ny filazana fa ao amin'ny asan'ny Tompo ny Fikambanana Ifanampiana sy ny vehivavy ato amin'ny Fiangonana dia “mpiaramiombon'antoka amin'ireo mpihazona ny Fisoronana.”
- J. Reuben Clark, Jr., “Our Wives and Our Mothers in the Eternal Plan,” *Relief Society Magazine*, Des. 1946, 800.
- J. Reuben Clark, Jr., “Our Wives and Our Mothers,” 801.
- “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao,” *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
- Spencer W. Kimball, “Privileges and Responsibilities of Sisters,” *Ensign*, Nôv. 1978, 106.
- M. Russell Ballard, *Liahona*, Apr. 2014; jereo ihany koa ny Sheri L. Dew, *Women and the Priesthood* (2013), indrindra indrindra ny toko 6, mba habitana ny fanehoana tsara an'ireo fotopampianarana voalaza eto.



**Nataon'ny Loholona Donald L. Hallstrom**  
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# Karazana Olona Toa Inona?

*Inona no fiovana takiana amintsika mba ho lasa ilay karazana olona tokony hahatongavantsika?*

**R**ehefa mieritreritra ity fivoriana atao maneran-tany ity isika dia mahatsiahy fa tsy misy na inona na inona mitovy amin'ity fiaraha-mivory ity—na aiza na aiza. Ny tanjon'ny fivoriamben'ny fisoronana amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany dia ny hampianatra ireo mpihazona ny fisoronana hoe tokony ho karazana olona toa inona isika

(jereo ny 3 Nefia 27:27) sy hanentana antsika ho tonga tahaka izany.

Fony aho mpihazona ny fisoronana Aharôna tany Hawaii dimampolo taona lasa izay sy tamin'ny nahamisiônera ahy tany Angletera, dia niara-nivory tao amin'ireo trano Fiangonana izahay ka nihaino (tamin'ny ezaka mafy) ny fivoriamben'ny fisoronana tamin'ny fampiasana connexion

amin'ny telefaonina. Taona maro taty aoriana dia nanjary azo nampitaina tamin'ny alalan'ny zanabolana ao amin'ireo trano Fiangonana manana takela-by fandraisana avy amin'ny zanabolana ireo fampitana mivantana ka sady afaka maheno isika no mahita ireo fivoriana. Talanjona amin'izany teknôlojia izany isika! Ankavitsiana no mety nahazo an-tsaina ny tontolo ankehitriny, izay ahafahan'ny olona rehetra afaka mampiasa internet amin'ny smartphone, tablette, na solosaina mandray ireo hafatr'ity fivoriana ity.

Kanefa ity fahafahana mahare amin'ny fomba maro ny tenin'ny mpanompon'ny Tompo ity, izay mitovy amin'ny feon'ny Tompo ihany (jereo ny F&F 1:38), dia tsy tena manandanja raha tsy vonona ny hahazo ny teny isika (jereo ny F&F 11:21) ary avy eo dia manaraka izany. Raha lazaina amin'ny fomba tsotra, ny tanjon'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany sy ity fivoriamben'ny fisoronana ity dia ho tratra raha vonona ny hanao asa isika—raha vonona ny hiova isika.

Am-polo taonany maro lasa izay no naha-eveka ahy. Nihaona mate-tika nandritra ny fotoana maharitra tamin'ny lehilahy iray izay zokiko lavidavitra tao amin'ny paroasinay aho. Nanana olana ara-pifandraisana teo amin'ny vadiny ity rahalahy ity ary tsy nifandray tamin'ny zanany intsony. Niady mafy izy mba hitazonana ny asany, tsy nanana namana akaiky izy, ary nahita fa sarotra tokoa ny nifandray tamin'ny mpikambana tao amin'ny paroasy ka nahatonga azy tsy ho vonona ny hanompo tao amin'ny Fiangonana tamin'ny farany. Nandritra ny fifampiresahana lalina mikasika ireo zava-tsarotra teo amin'ny fiainany dia nitongilana nanakatra ahy izy—ho famaranana ny resaka maro be nataonay—ka niteny hoe: “Eveka a! Mora tezitra aho, ary efa izay mihitsy ny toetrako!”

Nanohina ahy tanteraka izany teny izany tamin'izay alina izay ary nibahana tao an-tsaiko hatramin'izay fotoana izay. Raha vao nilaza io lehilahy io—raha vao milaza na iza na iza amintsika—hoe “Efa izay mihitsy ny toetrako,” dia mampitsahatra ny fahafahantsika



miova isika. Mety manangana saina fotsy ihany koa isika, mametraka ny fitaovam-piadiana, mitsahatra amin'ny ady ary milavo lefona—very ny fanantenana rehetra mba handresy. Raha mieritreritra ny sasany amintsika fa tsy mamaritra ny tenantsika ny zavatra nolazaiko, isika rehetra angamba dia maneho ny hoe “Efa izay mihitsy ny toetrako” amin'ny alalan'ny fahazaran-dratsy iray na roa farafahakeliny.

Mihaona eto amin'ity fivoriamben'ny fisoronana ity isika satria ny maha-isika antsika amin'izao fotoana izao dia tsy mampiseho taratra an'ilay olona tokony hahatongavantsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy no ivoriantsika eto izao hariva izao. Mivory miaraka amin'ny fananana toky isika fa ny Sorompanavotany dia manome antsika rehetra—na inona na inona fahalementsika sy fiankinandohantsika—ny fahafahana hiova. Mivory miaraka amin'ny fanantenana isika fa ny hoavintsika dia afaka ny ho tsaratsara kokoa na inona na inona vitantsika taloha.

Rehefa mandray anjara amin'ity fivoriana ity “amin-kitsimpo” isika mba hiova (Môrônia 10:4), dia afaka miditra tanteraka ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika ny Fanahy. Tahaka izay nambaran'ny Tompo tamin'ny Mpaninany Joseph Smith hoe: “Ary izao no hitranga fa raha . . . mampihatra ny finoana Ahy [izy ireo]”—tadidio fa ny finoana dia fitsipika omban'ny hery sy ny asa—“dia halatsako aminy ny Fanahiko amin'ny andro izay hiarahany mivory” (F&F 44:2). Izany dia midika hoe izao hariva izao!

Raha heverinareo fa tsy ho azo re-sena ireo zava-tsarotra lalovanareo dia mamelà ahy hitantara aminareo mikasika ny lehilahy iray nihaona taminay tao amin'ny tanàna kely iray ivelan'i Hyderabad, Inde tamin'ny 2006. Ohatra mahavariana amin'ny olona iray vonona ny hiova ity lehilahy ity. Teraka tany ambanivohitr'i Inde i Appa Rao Nulu. Tamin'ny fahatelo taonany dia tratan'ny lefa-kozatra izy ary lasa kilemaina. Nampianatra azy ny fiaraha-monina nisy azy fa voafetra be ny hery anaty hoenti-manao zavatra ananany. Kanefa rehefa lasa tanora



tokan-tena izy dia nihaona tamin'ny misiônerantsika. Nampianatra azy mikasika ny hery anaty hoenti-manao zavatra lehibe kokoa izy ireo, eto amin'ity fiainana ity sy amin'ny fiainana mandrakizay ho avy. Natao batisa izy ary noraisina ho mpikamban'ny Fiangonana. Rehefa nanana fomba fijery tsara lavitra mikasika ny tenany sy ny hery anaty ananany izy dia nametraka tanjona mba handray ny fisoronana Melkizedeka sy hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno. Notendrena ho loholona izy tamin'ny 1986 ary voantso hanompo tao Inde. Tsy mora ho azy ny nandeha tongotra—nanao izay tsara indrindra vitany izy, nampiasa tehina roa, ary matetika izy no nianjara—saingy tsy nieritreritra ny hiala mihitsy izy. Nanao fanoloran-tena ny hanao asa fitoriana amim-boninahitra sy amim-panoloran-tena izy, ary dia nataony izany.

Rehefa nihaona tamin-drahalahy Nulu izahay, 20 taona teo ho eo taorian'ny asa fitoriana nataony, dia niarahaba anay tamim-pifaliana teo amin'ny fiakaran'ny arabe izy ary nitondra anay nidina tamin'ny lalana mikitoantoana ho any amin'ilay trano misy efitra roa niarahany nonina tamin'ny vadiny sy

ny zanany telo. Nafana be sady tsy nampahazo aina ny andro tamin'izay. Mbola manana fahasaratana lehibe hatrany izy rehefa mandeha saingy tsy ontsa noho ny amin'ny tenany izy. Tamin'ny alalan'ny ezaka mafy nataony dia lasa mpampianatra izy, izay nanome fanabeazana ho an'ireo ankizy teo amin'ilay tanàna kely. Rehefa niditra tao amin'ilay trano kely izahay dia nentiny avy hatrany teo amin'ny zoron-trano iray aho ary nisintona boaty iray izy, izay nisy ireo fananany manan-danja indrindra. Tiany hijery taratasy kely iray aho. Izao no voasoratra tao hoe “Mirary zavatra tsara sy fitahiana aho ho tonga amin'i Elder Nulu, izay misiônera mahery fo sy faly; [daty] 25 Jona 1987; [sonia] Boyd K. Packer.” Tamin'izay fotoana izay, rehefa nitsidika an'i Inde ny Loholona Packer tamin'izany fotoana izany ka niresaka tamin'ny andiana misiônera iray, dia nohamafisiny tamin'i Elder Nulu ny hery anaty nananany hoenti-manao zavatra. Raha fintinina, ny zavatra nolazain-drahalahy Nulu tamiko tamin'izay andro izay tamin'ny 2006 dia hoe nanova azy—tamin'ny fomba maharitra—ny filazantsara.

Tamin'ity fitsidihana ny tokantranon'i Nulu ity dia niaraka taminay ny filohan'ny misiona. Tonga tao izy mba hanao dinidinika amin-drahalahy Nulu sy ny vadiny ary ny zanany—mba hahazoan'ireo ray aman-dreny ny fanafiana masina sy ny famehezana ary mba hamehezana ireo ankizy amin'ireo ray aman-dreniny. Nampahafantarina an'ilay fianakaviana ihany koa ny fandaminana nataonay mba handehanan'izy ireo ho any amin'ny Tempolin'i Hong Kong Chine hanaovan'izy ireo ireo ôrdônansy ireo. Latsadranomasom-pifaliana izy ireo satria ho tanteraka ilay nofinofy nandrasany hatry ny ela.

Inona no andrasana amin'ny mpihazona ny fisoronan'Andriamanitra? Inona no fiovana takiana amintsika mba ho lasa ilay karazana olona tokony hahatongavantsika? Ireto misy sosokevitra telo atolotro:

1. Tokony ho lehilahin'ny fisoronana isika! Na zatovolahy mpihazona ny





Fisoronana Aharôna isika na lehilahy mitondra ny Fisoronana Melkizedeka dia tokony ho lehilahin'ny fisoronana, izay maneho fahamatorana ara-panahy satria nanao fanekempihavanana isika. Hoy i Paoly hoe: “Fony mbola zaza aho, dia niteny toy ny zaza, nihevitra toy ny zaza, nisaina toy ny zaza; fa nony efa lehibe aho, dia nariako ny fahazazana” (1 Korintiana 13:11). Tokony hiavaka isika satria mihazona ny fisoronana—tsy mianjonanjona na mirehareha na mieritreritra ho ambony—fa manetry tena sy azo ampianarina ary malemy fanahy. Tokony hisy dikany amintsika ny fandraisana ny fisoronana sy ireo anjara fanompoana ao anatin'izany. Tsy tokony ho “fombafomba mahazatra” fotsiny izany, izay mitranga ho azy amin'ny taona tokony hahazoana izany, fa ho fanaovana fanekempihavanana masina voahevitra tsara kosa. Tokony hahatsapa ho manana tombontsoa lehibe isika ary tokony ho feno fankasitrahana fa maneho izany ny asa rehetra ataontsika. Na mieritreritra kely fotsiny ny fisoronana aza isika dia tokony hiova.

2. Tokony hanompo isika! Ny ilàna ny fihazonana ny fisoronana dia ny “[hilofosana] amin'ny antso[ntsika]” (jereo ny F&F 84:33) amin'ny fanompoana ny hafa. Tsy tokony ho toy izao isika: tsy manao ny adidintsika manandanja indrindra mba hanompo ny

vadintsika sy ny zanatsika, mandà antso na tsy manao ny antso amin'ny fo ao amin'ny Fiangonana, na tsy miraharaha ny hafa raha tsy rehefa ilaina izany. Nannambara ny Mpamonjy hoe “Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra” (Matio 22:37) ary taty aoriana dia nampiany hoe “Raha tia Ahy ianao dia hanompo Ahy” (F&F 42:29). Mifanohitra amin'ny andraikitsika ao amin'ny fisoronana ny fitiavantena, ka raha anisan'ny singa ao amin'ny toetrantsika izany dia mila miova isika.

3. Tokony ho mendrika isika! Mety tsy hanana ny fahaizan'ny Loholona Jeffrey R.Holland aho, rehefa nanao lahateny nandritra ny fivoriamben'ny fisoronana izy taona vitsy lasa izay mba “ho henjankenjany kely aminareo . . . , ho hentitra dia hentitra, miaraka amin'ny feo mitondra fanairana ampy tsara . . . hampihetsika faingana anareo” (“Mpandray Anjara avokoa Isika,” *Liahona*, Nôv. 2011, 45); kanefa ry rahalahy malala, mila mahafantatra isika fa mametra ny herintsika ao amin'ny fisoronana ny fomba amam-panao sasany eken'izao tontolo izao ankehitriny. Raha toa isika ka mihevitra fa afaka manaiky na dia fakam-panahy kely avy amin'ny pôrnôgrafia aza, na ny fandikana

ny fahadiovam-pitondrantena na ny tsy fahamarinan-toetra amin'ny endriny rehetra, ary tsy hisy fiantraikany ratsy amintsika sy ny fianakaviansika izany, dia voafitaka isika. Hoy i Môrônia hoe “Ezaho kosa ny hanao ny zava-drehetra amim-pahamendrehana” (Môrônia 9:29). Nanome torolalana tamin-kery ny Tompo hoe “Ary omeko anareo ankehitriny ny didy mba hitandremanareo ny momba ny tenanareo, mba hitandremanareo fatratra ny tenin'ny fiainana mandrakizay” (F&F 84:43). Mila miova isika raha misy fahotana tsy mbola nibebahana ka manakana antsika tsy ho mendrika.

Ny hany valiny feno amin'ilay fanontaniana napetrak'i Jesoa Kristy hoe “Karazana olona toa inona moa ianareo?” dia ilay iray nomeny tamin'ny fomba fohy sy lalina hoe: “Ho toa Ahy” (3 Nefia 27:27). Ilay fanasana mba “[hanatona] an'i Kristy, ary aoka hatao tanteraka ao Aminy” (Môrônia 10:32) dia sady mitaky no manantena fiovana. Soa ihany fa tsy namela antsika ho irery Izy. “Ary raha manatona Ahy ny olona, dia hasehoko azy ny fahalemeny. . . . Amin'izany, ny zavatra malemy dia hataoko tonga matanjaka ho azy” (Etera 12:27). Afaka miova isika rehefa miantehitra amin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Azoko antoka ny amin'izany. Amin'ny anarana'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'i Randall L. Ridd**

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovalahy Maneran-tany

# Ilay Taranaka Nofinidy


*Voafidy ianao handray anjara amin'ny Asany amin'izao fotoana izao satria mahatoky anao Izy fa hanao ny safidy tsara ianao.*

Ry zatovalahy isany, mety efa re-nareo tany aloha hoe ianareo dia “taranaka voafidy,” izay midika fa Andriamanitra dia nifidy sy nanomana anareo mba ho tonga eto antany amin'izao fotoana izao ho an'ny tanjona iray lehibe. Fantatro fa marina izany. Fa anio hariva aho dia te hiantso anareo hoe “taranaka nofinidy” satria tsy mbola nisy teo amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona hoe olona nomena safidy marobe toa anareo. Ny safidy maromaro kokoa dia midika fahafahana maromaro kokoa hanao zavatra, ny fahafahana maromaro kokoa hanao zavatra dia midika hoe hery anaty misimisy kokoa hanaovana ny tsara, ary indrisy fa ny ratsy ihany koa. Mino aho fa nalefan'Andriamanitra tety ianareo, amin'izao fotoana izao, satria atokisany fa afaka hanavaka tsara ireo safidy maro dia maro mahatalanjona misy.

Tamin'ny 1974 dia nilaza ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: “Mino aho fa tsy andrin'Andriamanitra izay hametrahana eo an-tanantsika ireo teknôlôjia vaovao izay tsy azontsika olona tsy matihanina veroka akory” (“When the World Will Be Converted,” *Ensign*, Ôkt. 1974, 10).

Ary dia nataony tokoa izany! Ianareo dia mihalehibe miaraka amin'ny

iray amin'ireo fitaovana lehibe indrindra hanaovana ny tsara teo amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona, dia ny Internet. Noho izy io dia manana karazan-tsafidy marobe isika. Ny fahamaroan'ny safidy azo atao anefa dia mitaky ihany koa andraikitra betsaka mifanentana amin'izany. Izy io dia manamora ny fahafahanareo mahita na ny tsara indrindra na ny ratsy indrindra azon'izao tontolo izao atotra. Amin'ny alalan'io no ahafahanao manatanteraka zavatra lehibe maro ao anatin'ny fotoana fohy monja, na koa



ahafahanao ho voafandrika ao anatin'ny zavatra maro tsy misy fiafarana nefa tsy manan-danja izay handany ny fotoanao ka hampihena ny fahafahanao hanao ny tsara. Kitika iray monja amin'ny tozozin'ny solosaina dia azonao hidirana amin'izay rehetra irin'ny fonao. Izay ilay fitsipika—inona no irin'ny fonao? Inona no manintona anao? Mitondra mankaiza ireo fanirianao?

Tsarovy fa “tovin' [Andriamanitra] amin'ny olona araka ny fanirian'izy ireo” (Almà 29:4) ary Izy dia “hitsara ny olon-drehetra araka ny asany, araka ny fanirian' ny fony” (F&F 137:9; jereo ihany koa ny Almà 41:3).

Hoy ny Loholona Bruce R. McConkie hoe: “Amin'ny lafiny tena izy nefa miendrika fanehoana an-tsary, ny *bokin'ny fiainana* dia ny firaketana ireo zavatra nataon'ny olona izay voarakitra ao amin'ny vatan'izy ireo ihany. . . . Izany hoe ny eritreritra sy ny teny ary ny zavatra rehetra atao dia misy [fiantraikany] eo amin'ny vatan'olombelona; mamela marika daholo ireny rehetra ireny; marika izay azon' Ilay Mandrakizay vakina mora foana tahaka ny ahazoana mamaky ireo soratra anaty boky” (*Mormon Doctrine*, ed. faha 2 [1966], 97).

Ny Internet ihany koa dia mirakitra ireo fanirianao, miseho amin'ny endriky ny fikarohana natao sy ny kitika tamin'ny totozy. Loharano tsy hita isa no miandry fotsiny hanome fahafaham-po an'ireo faniriana ireo. Rehefa mandehandeha ao amin'ny Internet ianao dia mamela marika—inona no nolazainao, pejy inona avy no notsidihinao hafiriana no nijanona-nao tao ary ireo karazan-javatra izay mahaliana anao. Amin'izay fomba izay no hamoronan'ny Internet famintinana iray maneho ny mombamomba anao—amin'ny lafiny iray dia “boky iray ao amin'ny Internet mirakitra ny momba anao.” Tsy misy hafa amin'izay mitranga eo amin'ny tena fiainana, dia manolotra anao misimisy kokoa hatrany amin'izay zavatra katsahanana ny Internet. Raha madio ny fanirianao, dia afaka mampitombo ny fahadiovany ny Internet ka manamora kokoa hatrany ny firosahana amin'ny

fanaovana zavatra mendrika. Saingy marina ihany koa ny mifanohitra amin'izany.

Toy izao no fomba nanazavan'ny Loholona Neal A. Maxwell izany:

“Izay zavatra irintsika fatratra, rehefa mandeha ny fotoana, no hahatongavantsika any amin'ny farany ary ho azontsika any amin'ny mandrakizay. . . .

“. . . Amin'ny alalalan'ny fitaizana sy ny fampivoarana ireo fanirantsika ihany no hahafahan'izy ireo ho tonga namantsika fa tsy ho fahavalontsika!” (“According to the Desire of [Our] Hearts,” *Ensign*, Nôv. 1996, 21–22).

Ry rahalahiko kely isany, raha tsy mavitrika ianareo eo amin'ny fitaizana ireo fanirianareo, dia izao tontolo izao no hanao izany ho anareo. Isan'andro dia mikatsaka ny hitaona ny fanirianareo izao tontolo izao, mandrisika anareo hividy zavatra iray, hikitika bokotra iray, hilalao zavatra iray, hamaky na hijery zavatra iray. Ianareo amin'ny farany no tena tompon-tsafidy. Manana fahafahana misafidy ianareo. Izany dia fahefana, tsy hoe hanao zavatra araka ny fanirantsika ihany, fa ny hanatsara sy hanadio ary hampitombo ny hatsaran' ireo fanirantsika ihany koa. Ny fahafahana misafidy no hery anananareo mba hahatongavana any amin'izay tianareo hahatongavana. Ny safidy tsirairay dia mitondra anareo ho akaiky kokoa na hanalavitra kokoa an'izay tian'Andriamanitra hahatongavanareo; misy dikany daholo ny kitika bokotra tsirairay izay ataonareo. Manontania tena foana hoe: “Hitondra mankaiza ity safidy ity?” Mianara mamantatra izay mety ho vokatry ny zavatra ataonao.

Te hifehy ny safidy ataonao i Satana mba hahafahany mifehy izay hahatongavana. Fantany fa anisan'ny fomba tsara indrindra hanaovana izany ny mamandrika anao ao amin'ny zavatra mampihankin-doha. Ny safidinao no mamaritra hoe hanome hery anao ve ny teknôlôjia sa hanandevo anao

Te hanolotra fitsipika efatra aho mba hanampiana anareo, ilay taranaka nofinidy, hitaiza ny safidinareo ary hitarika ny fomba ampiasanareo ny teknôlôjia.

### **Voalohany: Ny Fahafantaranao hoe Iza Marina Moa Ianao dia Manamora kokoa ny Fanapahan-kevitra**

Manana namana iray aho izay nianatra io fahamarinana io tamin'ny fomba tena azy manokana. Notezaina tao amin'ny filazantsara ny zanany lahy, saingy toa nirenireny ara-panahy. Natetika izy no nandà ireo fahafahana hampiasa ny fisoronana. Diso fanantennana ireo ray aman-dreniny tamin'ny nilazany fa nanapa-kevitra izy ny tsy hanao asa fitoriana. Nivavaka mafy ho an'ny zananilahy ilay namako, nanantena fa hiaina fiovam-po mahery izy. Rava ireo fanantenana ireo rehefa nanambara ilay zanany lahy fa hiroso amin'ny fanambadiana izy. Nitalaho tamin-janany ilay rainy mba hakany ny tsodranon'ny patriarika. Nanaiky ilay zanaka lahy nony farany saingy nanantitrantitra fa handeha irery ho any amin'ny patriarika izy.

Rehefa niverina nody avy nandray ilay tsodrano izy dia tena nihetsi-po tokoa. Nentiny nivoaka ilay zazavavy namany mba hahafahany miresaka aminy manokana. Nitazana teo amin'ny varavarankely ilay rainy ary nahita an'izy roa nifamafa ranomaso.

Taty aoriana dia nozarain'ilay zanakalahy tamin-drainy ny zava-nitranga. Feno tokoa ny fony raha nanazava fa nandritra ilay tsodrano dia nahita topimaso izy ny amin'ny hoe iza izy tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana. Hitany ny herim-pony sy ny fitaomana nananany tamin'ny fandresena lahatra ny hafa hanaraka an'i Kristy. Rehefa fantany hoe iza marina moa izy dia ahoana moa no hahafahany tsy handeha hitory ny filazantsara?

Ry zatovolahy isany, tsarovy hoe iza marina moa ianareo. Tsarovy fa mpihazona ny fisoronana masina ianareo. Hitaona ny fanahinareo izany hanao safidy mety rehefa mampiasa ny Internet sy mandritra ny androm-piainanareo.

### **Faharoa: Mankanesa ao amin'ny Loharanon'ny Hery**

Afaka mahazo ny fahendrena avy amin'ny vanim-potoana rehetran'ny tantara ianao ao anatin'ny telefaonina

izay azonao tazonina eny an-tanana, ary manan-danja kokoa noho izany dia afaka mahazo ny tenin'ireo mpaminany nanomboka tamin'ny fotoan'ny Testamenta Taloha ka hatramin'ny andron'ny Filoha Thomas S. Monson. Fa raha tsy fahananao mate-tika ny vatoaratra ao amin'ny telefaoninao dia tsy misy ilàna azy izany, ary hahatsapa ho very sy tsy afaka mifanerasera amin'ny hafa ianao. Tsy hieritritra ny handeha tsy mamahana ny vatoaratrao mihitsy ianao na dia andro iray aza.

Na manan-danja tahaka ny inona aza ny fialanao ao an-trano isan'andro ary vonona miaraka amin'ny vatoaratra voky fahana ao amin'ny findainao, dia manan-danja lavitra noho izany ny fananana fahavononana feno ara-panahy. Isaky ny mamahana ny vatoaratra ny findainao ianao dia ampiasao izany ho toy ny fampahatsiahivana mba hanontanianao tena raha toa ka efa naka fotoana ianao nampiasana ilay loharano manan-danja indrindra hahazoana hery ara-panahy—ny vavaka sy ny fandalinana soratra masina, izay hamahana anao amin'ny fitaomana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina (jereo ny F&F 11:12–14). Izany dia hanampy anao hahalala ny sain'ny Tompo sy ny sitrapony mba hahafahanao manao ireo safidy kely kanefa manan-danja isan'andro izay mamaritry ny lalana alehanao. Maro amintsika no mitsahatra avy hatrany amin'ny zavatra ataontsika mba hamaky hafatra voaray amin'ny finday—tsy tokony ho ny hafatra avy amin'ny Tompo ve no omentsika lanja bebe kokoa? Tsy tokony hanao tsinontsinona velively ny fampiasana io hery masina io isika (jereo ny 2 Nefia 32:3).

### **Fahatelo: Tsy ny Fananana Finday Avo Lenta no maha Avo Lenta ny Fiainanao, fa ny Fampiasana Izany Amim-pahendrena no Mahatonga Izany**

Ry zatovolahy isany, aza manao zavatra tsy misy dikany amin'ny finday avo lenta anananao. Fantatreo rehetra ny tiako hambara (jereo ny Môsià 4:29). Tsy tambo ho isaina ny fomba ahafahan'ny teknôlôjia misarika anao tsy hifantoka amin'izay

manan-danja indrindra. Araho ilay ohabolana hoe: “Aoka ianao ho eo amin’ny toerana izay misy anao, rehefa eo ianao.” Rehefa mitondra fiarakodia ianao dia ny fiarakodia entina. Rehefa any am-pianarana ianao dia mifantoha amin’ny lesona. Rehefa miaraka amin’ny namanao ianao dia atolory azy ny fifantohanao. Tsy afaka mifantoka amin’ny zavatra roa amin’ny fotoana iray ihany ny ati-dohanao. Ny fiezahana hanao zavatra maro amin’ny fotoana iray dia midika fa mifindrafindra haingana avy amin’ny zavatra iray ny fifantohanao mankamin’ny zavatra iray hafa. Misy ohabolana fahiny iray milaza fa “Raha manenjika bitro roa ianao dia samy tsy ho azonao izy roa.”

**Fahaefatra: Manolotra ny Teknôlôjia ny Tompo mba Hanatanterahana ny Tanjony**

Ny tanjon’Andriamanitra amin’ny teknôlôjia dia ny hanafainganana ny asa famonjena. Amin’ny maha-anisan’ny taranaka nofinidy anareo dia mahatakatra kokoa ny teknôlôjia ianareo. Ampiasao izany hanafainganana ny fandrosoanao mankany amin’ny fahatanterahana. Koa satria ianao nomena be tokoa, dia tokony hanome koa izany ianao (jereo ny “Seigneur j’ai tant reçu,” *Cantiques*, no. 139). Manantena anao ny Tompo hampiasa ireny fitaovana mahagaga ireny hampanandroana ny asany, hizarana ny filazantsara amin’ny fomba izay mihoatra noho izay azon’ny sain’ny olona tahaka anay ho heverina. Raha toa ka afaka nitaona ny mpifanolo-bodirindrina taminy sy ny iray tanàna taminy ny olona taloha, ianareo kosa dia manana hery ahafahana mifandray amin’olona na aiza na aiza ary manana fitaomana amin’izao tontolo izao amin’ny alalan’ny Internet sy ireo seraseram-pifandraisana.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ity no Fiangonan’ny Tompo. Voafidy ianao handray anjara amin’ny Asany amin’izao fotoana izao satria mahatoky anao Izy fa hanao ny safidy tsara ianao. Ianareo no taranaka nofinidy. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon’ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**

Mpanolotsaina Faharoa ao amin’ny Fiadidiana Voalohany

# Sondrian-tory Ve Ianareo mandritra ny Famerenana amin’ny Laoniny?

*Zava-dehibe loatra izany ho antsika, amin’ny maha-olona tsirairay manokana, na amin’ny maha-fianakaviana, na amin’ny maha-Fiangonan’i Kristy antsika, ka tsy azo hanaovana hoe ezaka amin’ny ampahany fotsiny no atolotra ho an’ity asa masina ity.*

Saika ho 200 taona lasa izay dia lasa tantara malaza avy hatrany ilay tantara fohy Amerikana hoe “Rip Van Winkle.” Ny mpilalao fototra izay antsoina hoe Rip dia lehilahy tsy mba manana faniriana ary tena havanana amin’ny fanalavirana zavatra roa: dia ny asa sy ny vadiny.

Indray andro raha nandeha nireni-ireny teny an-tendrombohitra niaraka

tamin’ny alikany izy, dia nahita vondrona lehilahy hafahafa fiakanjo izay nisotrosotro sy nilalao. Rehefa avy nanaiky nisotro tamin’ny zava-pisotro tany amin’izy ireo i Rip dia te hatory ary nakimpiny fotoana fohy ny masony. Rehefa nosokafany indray ny masony dia gaga izy nahita fa tsy teo ny alikany, lasa harafesina ny basiny ary lasa lavabe ny volombavany.



Niverina tany an-tananany i Rip ary nahita fa niova ny zava-drehetra. Efa maty ny vadiny, lasa ireo namany, ary ny sarin'ny Mpanjaka George faha III tao amin'ny trano fisotroana dia efa nosoloina sarin'olon-kafa izay tsy fantany akory—dia ny Jeneraly George Washington.

Natory nandritra ny 20 taona i Rip Van Winkle! Ary nandritra izany fotoana izany dia tsy nahita ny iray tamin'ireo vanim-potoana nampiantanentana indrindra teo amin'ny tantaran'ny fireneny izy—natory izy nandritra ny Revôlisiona Amerikana.

Tamin'ny volana Mey 1966, dia nampiasa io tantara io ny Dr. Martin Luther King Zanany nandravahana ny lahateniny mitondra ny lohateny hoe: “Aza Matory Mandritra ny Revôlisiona.”<sup>1</sup>

Anio aho dia te handray an'io lohahevitra io ihany ary hanolotra fanontaniana ho antsika rehetra izay mihazona ny fisoronan'Andriamanitra manao hoe: moa ve ianareo sondriantory mandritra ny asa Famerenana amin'ny laoniny?

### **Miaina ao anatin'ny Fotoan'ny Famerenana amin'ny Laoniny Isika Izao**

Indraindray isika mihevitra ny Famerenana ny Filazantsara amin'ny laonin'ny ho toy ny efa vita, sy efa nitranga tany aloha—Nandika ny Bokin'i Môrmôna i Joseph Smith, nahazo ireo fanalahidin'ny fisoronana izy, najoro ny Fiangonana. Kanefa raha ny marina dia zavatra mitohy ny Famerenana amin'ny laoniny, ary miaina ao anatin'ny mihitsy isika amin'izao fotoana izao. Izany dia ahitana ny “zava-drehetra izay efa nambaran'Andriamanitra, izay hambarany ankehitriny,” ary ny “zavatra lehibe sy manan-danja maro” izay “mbola hambarany.”<sup>2</sup> Ry Rahalahy isany, ny fandrosoana mampiantanentana amin'izao andro izao dia tafiditra ao anatin'ilay fotoana fiomanana efa nambara fahiny elabe, izay hiafara amin'ilay Fiaviana Fanindroan'i Jesoa Kristy Mpamonjy amim-boninahitra lehibe.

Izao no anisan'ireo vanim-potoana miavaka indrindra eo amin'ny tantaran'izao tontolo izao! Naniry ny hahita



izao androntsika izao ireo Mpaminany fahiny.

Rehefa tapitra ny fotoana iainantsika eto an-tany, dia traikefa manao ahoana no azontsika hozaraina mikasika ny anjara biriky nentintsika tao anatin'ity vanim-potoana manan-danja teo amin'ny fiainantsika ity sy teo amin'ny fampandrosoana ny asan'Andriamanitra? Ho afaka hilaza ve isika fa namoritra tanan'akanjo isika ka niasa tamin'ny fo manontolo, tamin'ny hery sy ny saina ary ny tanjatsika manontolo? Sa ve isika ho voatery hibaboka fa ny anjara asantsika raha bangoina dia mpitazana fotsiny?

Mihevitra aho fa maro ny antony mahatonga ny hoe mora lasa somary matoritory eo am-pananganana ny fanjakan'Andriamanitra. Mamelà ahy hitanisa telo isan'ny lehibe indrindra amin'izy ireny. Eo am-panaovako izany dia manasa anareo aho mba hisaintsaina raha toa ka misy amin'izy ireo mpahazo anareo. Raha toa hitanareo fa ilaina ny fanaovana fiezahana, dia miangavy anareo aho mba hieritritra izay azonareo atao mba hiovana ho tsaratsara kokoa.

### **Ny fitiavan-tena**

Voalohany, ny fitiavan-tena.

Ireo izay tia tena dia mikatsaka ny tombontsoany manokana sy ny

fahafinaretany ambonin'ny zavatra hafa rehetra. Ny fanontaniana manandanja indrindra ho an'ny olona tia tena dia ny hoe “Inona no tombony azoko amin'io?”

Ry Rahalahy isany, azoko antoka hoe hitanareo fa io toetra io dia mifanipaka tanteraka amin'ny toe-panahy izay takiana amin'ny fananganana ny fanjakan'Andriamanitra.

Rehefa mikatsaka ny hanome fahafaham-po ny filantsika isika mihoatra noho ny asa fanompoana tsy misy tambiny dia lasa mifantoka amin'ny filana sitraka sy ny fahafaham-pontsika manokana ireo laharampahamehantsika.

Ireo taranaka teo aloha dia niady tamin'ny karazana endriky ny fitiavan-tena sy fanindrahindran-tena samihafa, saingy mieritritra aho fa ankehitriny isika dia manana karazana fitiavan-tena maro tsy misy hafa amin'izany na maro kokoa mihitsy aza. Moa ve kisendrasendra raha toa ny rakibolana Oxford Dictionary vao tsy ela akory izay no nanambara fa ny teny malaza indrindra ho an'iny taona iny dia ny hoe “selfie”?<sup>3</sup> [sarin'olona nalain'ny tenany ihany]

Mazava ho azy fa manana faniriana mba ho ankasitrahana avokoa isika rehetra, ary tsy misy maharatsy ny fakana aina sy ny fanomezana fifaliana

ho an'ny tenantsika. Kanefa raha ny fikatsahana ny “harena sy lazan'izao tontolo izao”<sup>4</sup> no fototry ny anton'ny fahavitrihantsika dia tsy ho azontsika ireo traikefa manavotra sy mampifaly izay tonga rehefa atolotsika amin-kahalalahan-tanana ny tenantsika mba hanao ny asan'ny Tompo.

Inona no vahaolana?

Ny valiny, toy ny mahazatra, dia hita ao amin'ny tenin'i Kristy:

“Raha misy ta hanaraka Ahy, dia aoka izy handa ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy.

“Fa na iza na iza no ta hamonjy ny ainy, dia hahavery azy, ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny Amiko sy ny filazantsara, dia hamonjy izany.”<sup>5</sup>

Ireo izay tena mahafovy ny ainy amin'ny fo manontolo ho an'ny Mpamonjy antsika ary manompo an'Andriamanitra sy ny mpiara-belona aminy dia hahita harena sy fahafe-noana eo amin'ny fiainana, izay tsy mba ho hitan'ireo izay tia tena sy tsy mijery afa-tsy ny tenany ihany velively. Ireo tsy tia tena dia manolotra ny tenany. Mety ho fihetsika kely feno fiantrana izany, izay misy fiantraikany lehibe ho amin'ny tsara: tsikitsiky, kopa-tanana, famihinana, fotoana natokana mba hihainoana, teny mamy mankahery, na fihetsika maneho fikarakarana. Ireo fihetsika feno hatsarampanahy rehetra ireo dia afaka manova fo sy manova fiainana. Raha toa isika ka manararaotra mampiasa ireo fotoana tsy voafetra hitiavana sy hanompoana ireo mpiara-belona amintsika, anisan'izany ny vadintsika sy ny ankehonantsika, dia hitombo be dia be ny fahafahantsika mitia an'Andriamanitra sy manompo ny hafa.

Ireo izay manompo ny hafa dia tsy ho sondrian-tory mandritra ny Fame-renana amin'ny laoniny.

### Ny fiankinan-doha

Ny zavatra iray hafa izay maha-tonga antsika ho sodrian-tory mandritra ity vanim-potoana manan-danja ity dia ny fiankinan-doha.

Matetika ny fiankinan-doha dia manomboka tsimoramora. Ny fiankinan-doha dia fihetsika kely miverimberina



toy ny kofehy kely madinika izay mifatotra ho azy ka lasa fahazarana izay mamatotra antsika amin'ny tady mahazaka. Ireo fahazaran-dratsy dia mety ho tonga fiankinan-doha tena manimba.

Ireo rojo mamatotry ny fiankinan-doha ireo dia manana endrika maro, toy ny pôrnôgrafia, ny toaka, ny filàna ara-nofo, ny zava-mahadomelina, ny paraky sy sigara, ny filokana, ny hanina, ny asa, ny Internet, na tontolo tsy tena misy. I Satana izay fahavalo iraisantsika dia manana fomba maro tena tiany izay ampiasainy handrobana amintsika ilay hery masina ananantsika mba hanatanterahana ny asa nanirahana antsika ao amin'ny fanjakan'ny Tompo.

Mampalahelo ny Raintsika any An-danitra ny mahita ny fanoloran'ireo zanany lahy sarobidy sasany an-tsitraro ny hatotanan'izy ireo mba hanaiky hofatorana amin'ireo rojon'ny fiankinan-doha izay mamotika.

Ry Rahalahy isany, mihazona ny

fisoronana mandrakizain'ilay Andriamanitra Tsitoha isika. Tena zanakalahin'ilay Avo Indrindra isika ary notafiana hery anaty tsy hay lazaina. Natao mba hizotra hiakatra amin-kalalahana mankany an-danitra isika. Tsy natao ho voafatotra hiraikitra amin'ny tany isika, voageja anatin'ny akanjo manery izay isika ihany no nanjaitra azy.

Inona no vahaolana?

Ny zavatra voalohany tokony ho takatsika dia ny hoe mora lavitra kokoa ny misoroka ny fiankinan-doha toy izay ny mitsabo azy. Araka ny tenin'ny Mpamonjy hoe, “Mba tsy hisy amin'ireo zavatra ireo avelanareo hiditra ao am-ponareo.”<sup>6</sup>

Taona maro lasa izay, Izaho sy ny Filoha Thomas S. Monson dia nanana fahafahana hitsidika ny tao anatin'ny Air Force One—ilay fiaramanidina raitra dia raitra izay mpitondra ny filoham-pirenenan'i Etazonia. Nisy fisavana henjana nataon'ireo tompo-n'andraikity ny fiarovana, nitsiky kely aho rehefa nosavain'ireo mpitandro filaminana ny mpaminany malalantsika mialohan'ny fiondranana.

Nasain'ny mpanamory hipetraka teo amin'ny sezan'ny kapiteny aho avy eo. Tena traikefa niavaka ny nipetraka indray teo amin'ny faritra fanamoriana an'ilay fiaramanidina mahatalanjona iray tahaka ireo izay efa nentiko nandritra ny taona maro tokoa. Nanenika ny foko sy ny saiko ny fahatsiarovana ny sidina namakivaky ireo ranomasimbe sy ireo kaontinanta. Nalaiko sary an-tsaina ny fiaingana sy ny fipe-trahana mampiantanentana tamin'ireo seranam-piaramanidina manerana izao tontolo izao.

Tsy tonga saina akory aho fa name-traka ny tanako teo amin'ireo manettes efatra an'ilay 747. Teo indrindra no nisy feo ankafiziko sy mazava avy tao aoriako—ny feon'i Thomas S. Monson.

“Dieter,” hoy izy, “aza mieritreritra ny hanao izany akory.”

Tsy mihevitra ny hanao na inona na inona akory aho, kanefa mety ho fantatry ny Filoha Monson tsotra izao ny tao an-tsaiko.

Rehefa alaim-panahy hanao zavatra tsy tokony hatao isika, dia aoka hihaino ny fampitandremana feno

fitiavana ataon'ny fianakaviana sy namana mahatoky, sy ny mpaminany malalantsika, ary indrindra indrindra ny Mpamonjy.

Ny fiarovana tsara indrindra hanoherana ny fiankinan-doha dia ny tsy fanombohana izany mihitsy.

Ary ahoana ny momba ireo izay efa voafatotry ny fiankinan-doha?

Fantaro aloha voalohany indrindra fa misy ny fanantenana. Mitadiava fanampiana avy amin'ireo olontantsika, sy ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana, ary ireo mpanolotsaina matihanina. Manolotra fanampiana amin'ny fialana amin'ny fiankinan-doha ny Fiangonana amin'ny alalan'ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana eo an-toerana, sy ny Internet,<sup>7</sup> ary any amin'ny faritra sasantsasany, ny LDS Family Services (sampan-draharahan'ny OAF misahana ny fianakaviana).

Tsarovy lalandava fa afaka mandsresy ny fiankinan-doha ianao miaraka amin'ny fanampian'ny Mpamonjy. Mety ho lalana lava sy sarotra izany kanefa tsy hilavo lefona aminao ny Tompo. Tia anao Izy. Niaritra ny Sorompanavotana i Jesoa Kristy mba hanampiana anao hiova, sy hanafahana anao amin'ny fanandevozan'ny fahotana.

Ny zavatra manan-danja indrindra dia ny manohy miezaka hatrany—indraindray dia mila fanandramana maromaro ny olona mialohan'ny hahitany fahombiazana. Noho izany, aza milavo lefona. Aza manary finoana. Tazonny hanakaiky ny Tompo ny fonao, ary Izy no hanome anao ny herin'ny fanafahana. Hanafaka anao Izy.

Ry rahalahiko malala, halaviro lalandava ireo fahazarana izay mety mitondra mankany amin'ny fiankinan-doha. Ireo izay manao izany dia ho afaka hanokana ny fony, ny heriny sy ny sainy ary ny tanjany ho amin'ny fanompoana an'Andriamanitra.

Tsy ho sondrian-tory izy ireo mandritra ny Famerenana amin'ny Laoniny.

### **Laharampahamehana Mifanotona**

Ny sakana fahatelo izay manakana antsika tsy hirotsaka tanteraka amin'ity

asa ity dia ireo laharampahamehana maro mifanotona izay atrehantsika. Ny sasantsasany amintsika dia be atao loatra ka mahatsiaro ho toy ny sarety tarihin'ny omby roa ambin'ny folo—ny tsirairay amin'izy ireo dia samy mitarika mankany amin'ny lalana samihafa. Betsaka ny hery lany, saingy tsy mandeha na mankaiza na mankaiza akory ilay sarety.

Matetika isika dia manolotra ny ezaka tsara indrindra avy amintsika amin'ny fialamboly iray, sy lalao arapanatanjahantena iray, sy ireo talenta mahaliana, ary ireo olana ara-pôlitika na ara-piaraha-monina. Mety ho tsara sy mendri-piderana avokoa ireo zavatra rehetra ireo, fa moa ve izy ireny mamela fotoana sy hery ho antsika hanaovana ireo izay tokony ho tena laharampahamehantsika ambony indrindra?

Inona no vahaolana?

Eto indray dia mbola hita ao amin'ny tenin'ny Mpamonjy ihany izany:

“Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra.

“Izany no didy lehibe sady voalohany.

“Ary ny faharoa izay tahaka azy ihany, dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao.”<sup>8</sup>

Ny zavatra hafa rehetra eo amin'ny fiainana dia tokony ho aorian'ireo laharampahamehana roa lehibe ireo.

Na dia eo amin'ny asa fanompoana ato am-piangonana aza dia mora ny mandany fotoana betsaka hanaovana zavatra tsy amin'ny fo na amin'ny toetra maha-mpianatry ny Tompo.

Ry rahalahy, amin'ny maha-mpihazona fisoronana antsika dia nanolo-tena isika ho vahoaka tia an'Andriamanitra sy ny namantsika ary vonona haneho izany fitiavana izany amin'ny alalan'ny teny sy ny asa atao. Izany no mampiavaka antsika amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy antsika.

Ireo izay miaina mifanaraka amin'ireo fitsipika ireo dia tsy ho sondrian-tory mandritra ny Famerenana amin'ny laoniny.

### **Antso mba Hifoha**

Nanoratra toy izao ny Apôstôly Paoly, “Mifohaza ianao izay matory, ary mitsangàna amin'ny maty, dia hampahazava anao Kristy.”<sup>9</sup>

Ry namana malalako isany, fantaro fa zanakalahin'ny fahazavana ianareo.

Aza manome vahana ny fitiavantena! Aza manome vahana ny fahazarana izay mitondra mankany amin'ny fiankinan-doha! Aoka ireo laharampahamehana mifanotona tsy hitarika anareo ho amin'ny tsy firaharahiana na ny fihatahana amin'ny maha-mpianatra voatahy sy amin'ny asa fanompoan'ny fisoronana izay mahatonga anareo ho olo-mendrika!

Zava-dehibe loatra izany ho antsika, amin'ny maha-olona tsirairay manokana, na amin'ny maha-fianakaviana, na amin'ny maha-Fiangonan'i Kristy antsika, ka tsy azo hanaovana hoe ezaka amin'ny ampahany fotsiny no atolotra ho an'ity asa masina ity.

Ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy dia tsy fiezahana indray mandeha isan-kerinandro, na indray mandeha isan'andro. Ezaka tokony hatao mandrakariva izany.



Tena lehibe loatra ka tsy hay takarina ny fampanantenan'ny Tompo ho an'ireo mpihazona fisoronana marina.

Fa na zovy na zovy no mahatoky amin'ny fisoronana Aharôna sy Melkizedeka sy milofo amin'ny antso ananany "dia hamasin'ny Fanahy ho fanaoazana ny vatany." Koa izay rehetra ananan'ny Raintsika dia homena azy.<sup>10</sup>

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny hery manadion'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny hery afaka manova ananan'ny Fanahy Masina dia afaka manasitrana sy mamonjy ny olombelona. Tombontsoa sy adidy masina, ary fifaliana ho antsika ny mihaino ny antson'ny Mpamonjy mba hanaraka Azy amin'ny fanahy mazoto sy ny finiavan'ny fo manontolo. Andeha "[hanifika] ny gadra izay ifatoran[tsika] [isika] ary [hivoaka] avy ao amin' ny haizina sy [hiarina] avy eo amin' ny vovoka."<sup>11</sup>

Aoka isika hifoha ary aza ketraka amin'ny fanaovan-tsoa, fa isika dia "mandatsaka ny fanorenan'ny asa lehibe [iray],"<sup>12</sup> dia ny fanomanana ny fiverenan'ny Mpamonjy. Ry rahalahy, raha ampiantsika amin'ny fahazavan'ny ohatra asehontsika amin'ny maha-vavolombelona antsika ny hatsaran'ny fahamarinana naverina tamin'ny laoniny sy ny heriny, dia tsy ho sondrian-tory isika mandritra ny Famerenana amin'ny laoniny. Izany no ijoroako ho vavolombelona ary avelako aminareo ny tsodranoko amin'ny anarana masin'ilay Tompontsika, dia i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Martin Luther King Jr., "Don't Sleep Through the Revolution" (1966 Ware Lecture, Unitarian Universalist Association General Assembly, Hollywood, Florida, 18 Mey 1966).
2. Fanekem-pinoana 1:9.
3. Jereo ny <http://blog.oxforddictionaries.com/press-releases/oxford-dictionaries-word-of-the-year-2013>.
4. 2 Nefia 26:29.
5. Marka 8:34-35.
6. 3 Nefia 12:29.
7. Jereo ohatra ny [lds.org/topics/addiction](http://lds.org/topics/addiction).
8. Matio 22:37-39.
9. Efesiana 5:14.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33, 38.
11. 2 Nefia 1:23.
12. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64: 33.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

## Ilay Lehilahy Manana ny Fisoronana

*Afaka ny ho ohatra tsara ianareo, na ohatra antonony, na ohatra ratsy. Mety hieritreritra ianareo hoe tsy maninona izany aminareo, saingy ho an'ny Tompo dia misy lanjany izany.*

Samy manana ireo olona mahery fo ankafizintsika isika, indrindra fa mandritra ny fahatanorantsika. Teraka sy lehibe tao Princeton, New Jersey, teto Etazonia aho. Tany New York City no nisy ny foiben'ireo ekipa mpilalao fanatanjahan-tena malaza indrindra manodidina ny fonenanay. Tany no nipetrahan'ny ekipa mpilalao baseball matihanina anankitelo tamin'izany andro efa ela be izany: ny Brooklyn Dodgers, ny New York Giants, ary ny New York Yankees. Mbola akaiky kokoa ny tranonay aza i Philadelphie izay nipetrahan'i Athletics

sy Phillies izay samy ekipa mpilalao baseball. Maro ireo azoko natao mahery fon'ny baseball ankafiziko tao amin'ireo ekipa ireo.

I Joe DiMaggio, izay nilalao tao amin'ny New York Yankees, no lasa mpilalao baseball ankafiziko. Rehefa nilalao baseball niaraka tamin'ireo rahalahiko sy ireo namako aho tao amin'ny tokontanim-pianarana akaikin'ny tranonay, dia niezaka ny nampisavily ilay fikapoham-baolina tamin'ny fomba izay noheveriko fa fanaovan'i Joe DiMaggio azy. Mbola tsy nalaza ny fahitalavitra tamin'izany





(tantara taloha izany), ka dia ireo sary tamin'ny gazety ihany no azoko nampiasaina hakana tahaka ny fomba fikapony.

Rehefa lehibebe kokoa aho dia nentin'ny raiko tany amin'ny kianja filalaovan'ny Yankee. Io no mba hany nahitako an'i Joe DiMaggio nilalao. Tsaroako, tahaka ny hoe mbola teo aho, ary mbola hitako ato an-tsaiko izy mampisavily ilay fikapoham-baolina ary hitako ilay baolina fotsy misidina mivantana mankany amin'ny fitoerana afovoany fipetrahan'ireo mpijery.

Amin'izao dia hita fa tsy nanakaiky mihitsy ny fahaizan'ilay mpilalao nankafiziko tamin'ny fahazazako ny fahaizako milalao baseball. Kanefa tamin'ireo fotoana vitsy nahavitako nikapoka tsara ny baolina baseball, dia naka tahaka ilay fampisaviliany ny fikapoham-baolina araka izay vitako aho.

Rehefa misafidy olona mahery fo ankafizina isika, dia manomboka maka tahaka izay zavatra tiantsika indrindra eny aminy, na ataontsika fanahy iniana izany na tsia.

Soa ihany fa nataon'ireo ray amandreniko feno fahendrena izay hahitako mahery fo tsara hafa fony aho mbola kely. Indray mandeha ihany ny raiko no nitondra ahy ho any amin'ny kianja filalaovan'ny Yankee mba hijery ilay mpilalao baseball mahery fo nankafiziko, saingy isak'Alahady aho dia nataony izay handinihako lehilahy iray manana ny fisoronana izay lasa mahery fo. Nanefy ny fiainako io mahery fo io. Filohan'ilay sampana kely izay mivory ao an-tranonay ny raiko. Izany hoe raha midina ao amin'ny ambany rihana ianao ny Alahady maraina dia efa tonga ao am-piangonana. Tsy nihoatra ny 30 mihitsy ny olona nana-trika ny fivorian'ny sampana nisy anay.

Nisy zatovolahy iray nanatitra ny reniny tamin'ny fiarakodia ho any an-tranonay mba hanatrika ny fivorian'ny sampana, fa tsy niditra tao amin'ilay trano mihitsy anefa izy. Tsy mpikamban'ny Fiangonana izy. Ny raiko no nahavita nivoaka nanatona azy teo amin'ny toerana fametrahany fiara ary nanasa azy hiditra tao an-tranonay. Natao batisa izy ary lasa mpitarika ahy voalohany sady tokana tao amin'ny



fisoronana Aharôna. Lasa mahery fon'ny fisoronana izy ho ahy. Mbola tsaroako ilay sariolona vita amin'ny hazo izay nomeny ahy ho valisoako tamin'ny nahavitany ny tetik'asa fikapàna kitay ho an'ny mpitondratena iray. Niezaka ny ho tahaka azy aho isaky ny midera ny ezaka tsara vitan'ny mpanompon'Andriamanitra iray.

Nisafidy mahery fo iray hafa aho tao amin'io sampana kely an'ny Fiangonana io. Miaramila tao amin'ny tafika an-dranomasina an'i Etazonia izy ary nanao ilay fanamiana maitso an'ny tafika an-dranomasina izy rehefa manatrika ny fivorianay. Fotoan'ny ady tamin'izay, ka na dia izany fotsiny aza dia efa nahatonga azy ho mahery fo ho ahy. Nalefan'ny tafika an-dranomasina ho any amin'ny Oniversiten'i Princeton izy mba hanohy ny fianarany. Kanefa mihoatra lavitra noho ny fankafizako ny fanamiana miaramilany ny fije-reko azy milalao baolina tao amin'ny kianja Palmer Stadium tamin'ny nahakapitenin'ny ekipa football amerikana an'ny Oniversiten'i Princeton azy. Nahita azy nilalao tao amin'ny ekipan'ny basketball an'ny oniversite aho ary nijery azy koa nilalao teo amin'ny toeran'ny mpisambotra baolina tsy voakapoka tao amin'ny ekipa mpilalao baseball an'izy ireo.

Mihoatra noho izany koa aza, dia nankany an-tranoko izy amin'ny andavanandro mba hampianatra ahy hamono baolina amin'ny basketball na amin'ny tanako havia na amin'ny tanako havanana. Nilaza tamiko izy fa mila izany fahaizana izany aho satria indray andro aho dia hilalao basketball ao anatin'ny ekipa mahay. Tsy

tsapako izany tamin'izany fotoana izany, fa nandritra ny taona maro dia izy no ohatry ny lehilahy manana ny fisoronana marina ho ahy.

Ianareo tsirairay dia ho lasa ohatry ny lehilahy manana ny fisoronana na tianareo na tsy tianareo. Lasa jiro mirehitra ianareo rehefa nanaiky ny fisoronana. Napetraky ny Tompo ho eo amin'ny fanaovan-jiro ianareo mba hanazava ny lalan'ireo rehetra manodidina anareo. Indrindra moa fa ho an'ny kôlejin'ny fisoronana misy anareo. Afaka ny ho ohatra tsara ianareo, na ohatra antonony, na ohatra ratsy. Mety hieritritra ianareo hoe tsy maninona izany aminareo, saingy ho an'ny Tompo dia misy lanjany izany. Toy izao no nilazany izany:

“Hianareo no fahazavan'izao ton-tolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra.

“Ary koa, tsy misy mandrehitra jiro ka mametraka azy ao ambanin'ny vata famarana, fa apetrany eo amin'ny fanaovan-jiro, ka dia mazava amin'izay rehetra ao an-trano izany.

“Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra.”<sup>1</sup>

Nitondra fitahiana ho ahy ny ohatra nasehon'ireo mpihazona fisoronana tsara tao amin'ireo kôlejy izay tom-bontsoa ho ahy ny nanompoako tao amin'izy ireny. Azonareo atao ny nataon'izy ireo ho ahy amin'ny fanehoana ohatra tsara mba harahan'ny hafa.

Toetra telo no hitako nitovizan'ireo mpihazona fisoronana izay mahery fo ho ahy. Ny voalohany dia ny fomba



fivavaka, ny faharoa dia ny fahazarana manompo, ary ny fahatelo dia ny fanapahan-kevitra tsy voahozongozona ny ho marin-toetra.

Samy mivavaka avokoa isika rehetra, fa ny mpihazona fisoronana tianareo hahatongavana dia mivavaka matetika sy amin'ny faniriana marina. Amin'ny hariva ianareo dia handohalika sy hisaotra an'Andriamanitra noho ireo fitahiana azo nandritra ny andro. Hisaotra Azy ianareo noho ny ray aman-dreny, sy ny mpampianatra, ary noho ireo ohatra tsara azonareo arahina. Holazainareo mazava tsara ao amin'ny vavakareo hoe iza avy no nitahy ny fiainanareo ary tamin'ny fomba ahoana nandritra io andro io. Haharitra elaela kokoa noho ny minitra vitsy izany ary mitaky mihoatra noho ny fieritreretana fohy. Hahatalanjona anareo izany ary hanova anareo.

Rehefa mivavaka mba hahazo famelan-keloka ianareo, dia ho hitanareo fa ho lasa mamela heloka ny hafa ianareo. Rehefa misaotra an'Andriamanitra noho ny Hatsaram-panahiny ianareo, dia hieritreritra ny hafa izay mila ny hatsaram-panahinareo, ary hieritreritra azy ireo tsirairay avy. Mbola hahatalanjona anareo isan'andro indray izany traikefa izany, ary hanova anareo any aoriana any.

Mampanantena anareo aho fa ny fomba iray hiovanareo amin'ny

alalan'ny vavaka amin-kafanam-po toy izany dia satria ho tsapanareo marina fa zanak'Andriamanitra ianareo. Rehefa fantatrareo fa zanak'Andriamanitra ianareo, dia ho fantatrareo ihany koa fa manantena zavatra maro avy aminareo Izy. Koa satria Zanany anareo, dia antenainy ianareo hanaraka ny fampianarany sy ny fampianaran'i Jesoa Kristy Zanaka malalany. Manantena anareo ho malala-tanana sy ho tsara fanahy amin'ny hafa Izy. Ho diso fanantenana Izy raha toa ianareo ka miavonavona sy tia tena. Hitahy anareo Izy mba hanananareo ilay faniriana hametraka ny tombontsoan'ny hafa ho ambonin'ny tombontsoan'ny tenanareo.

Ny sasany aminareo dia efa ohatra tsara maneho ny fanompoana feno fandavan-tena ao amin'ny fisoronana. Any amin'ireo tempoly manerana izao tontolo izao, dia tonga alohan'ny fiposahan'ny masoandro ireo mpihazona fisoronana. Ary misy amin'izy ireo no manompo hatramin'ny ora maro aorian'ny filentehan'ny masoandro. Tsy misy fanomezam-pankasitrahana na laza omena ampahibemaso eo amin'izao tontolo izao noho izany fahafoizam-potoana sy ezaka izany. Niaraka tamin'ny tanora aho nandritra ny fanompoan'izy ireo ny olona any amin'ny tontolon'ny fanahy, izay tsy afaka mahazo ny fitahian'ny tempoly samirery.

Rehefa hafaliana fa tsy harerahana no hitako teny amin'ny endrik'ireo izay manompo vao maraina sy amin'ny hariva be ao amin'ny tempoly, dia fantatro fa misy valisoa lehibe amin'ity fiainana ity ho an'izany karazana fanompoana feno fanoloran-tena ao amin'ny fisoronana izany, kanefa dia kely ihany izany raha oharina amin'ny fifaliana izay hifampizarany amin'ireo izay notompoiny any amin'ny tontolon'ny fanahy.

Nahita izany fifaliana izany aho teny amin'ny endrik'ireo izay milaza amin'ny hafa ny mikasika ireo fitahiana azo amin'ny maha ao anatin'ny fanjakan'Andriamanitra azy ireo. Mahafantatra filohan'ny sampana iray aho, izay saika isan'andro no mitondra olona mba ho ampianarin'ny misiõnera. Tsy mbola mpikamban'ny Fiangonana izy volana vitsivitsy lasa monja izay. Ankehitriny dia misy misiõnera mpampianatra ao ka mitombo ny isan'ny mpikambana ao amin'ny sampana ary mitombo hery ny sampana noho izy. Fa mihoatra noho izany aza, dia fahazavana izy ho an'ny hafa izay hanokatra ny vavany ka hanafaingana ny fanangonan'ny Tompo ireo zanaky ny Ray any an-danitra.

Rehefa mivavaka sy manompo ny hafa ianareo, dia hitombo ny fahafantarareo fa zanak'Andriamanitra ianareo ary hitombo ny fitiavanareo Azy. Ho fantatrareo bebe kokoa fa malahelo Izy raha tsy marin-toetra ianareo na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana. Ho vonona kokoa ianareo ny hitazona ny teny nomenareo tamin'Andriamanitra sy tamin'ny hafa. Hiahotra bebe kokoa ianareo haka ny zavatra izay tsy anareo. Ho marin-toetra kokoa amin'ny mpampiasa anareo ianareo. Ho vonona kokoa ianareo hanaja fotoana sy hamita izay asa nampanaovin'ny Tompo anareo ka efa nekenareo ho atao.

Tsy hanontany tena ireo ankizy any amin'ny fianakaviana asaina vangianareo hoe ho avy ve ireo mpampianatra isan-tokantranony sa tsia, fa tsy ho andrin'izy ireo kosa ny hamangianareo azy ireo. Nahazo izany fitahiana izany ireo zanako. Rehefa nihalehibe izy ireo, dia nanampy azy ireo handeha

samirery amin'ny fanompoana ny Tompo ireo mpihazona ny fisoronana izay mahery fo ho azy ireo. Mifindra amin'ny taranaka fahatelo izany ohatra tsara izany amin'izao.

Ny hafatro koa dia hafatra fisaorana.

Misaotra anareo aho noho ny vavakareo. Misaotra anareo aho noho ianareo mandohalika noho ny fiaikenareo fa tsy manana ny valinteny rehetra ianareo. Mivavaka amin'ilay Andriamanitry ny lanitra ianareo mba hanehoana ny fankasitrahana sy hangatahana ny hitahiany ny fiainanareo sy ny fianakavianareo. Misaotra anareo aho noho ny fanompoanareo ny hafa sy noho ireo fotoana nahatsapanareo fa tsy mila fankasitrahana ianareo noho ny fanompoana ataonareo.

Nanaiky ny fampitandreman'ny Tompo isika hoe raha mikatsaka ny fankasitrahana'izao tontolo izao isika noho ny fanompoana ataontsika, dia mety hahafoy fitahiana lehibe kokoa. Hotsarohanareo ireto teny ireto:

“Tandrema mba tsy hanao ny asan'ny fahamarinanareo eo imason'ny olona hahitany izany; fa raha tsy izany, dia tsy manana valim-pitia amin'ny Rainareo Izay any an-danitra hianareo.

“Koa amin'izany, raha manao fiantrana hianao, aza mba mitsoka trompetra eo anoloanao tahaka ny fanaon'ny mpihatsaravelatsihy eo amin'ny synagoga sy eny an-dalambe mba hakalazan'ny olona azy. Lazaiko aminareo marina tokoa fa efa azony ny valim-pitiany.

“Fa hianao kosa, raha manao fiantrana, dia aoka tsy ho fantatry ny tananao ankavia izay ataon'ny tananao ankavanana:

“mba hatao ao amin'ny mangingina ny fiantranao; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina, no hamaly anao.”<sup>2</sup>

Ireo izay ohatra tsara ho ahy amin'ny mpihazona fisoronana mendrika dia tsy manaiky mora foana hoe manana toetran'ny mahery fo izy ireo. Raha ny marina, dia toa sarotra ho azy ireo ny mahita ireo zavatra izay deraiko manokana eo amin'izy ireo. Nolazaiko teo fa filoha mahatoky an'ny sampana kelin'ny Fiangonana tany New Jersey ny raiko. Taty aoriana

izy dia lasa mpikambana tao amin'ny filankevi-pitantanan'ny Sekoly Alahady maneran-tany. Kanefa ankehitriny aho dia mitandrina tsara mba hilaza amim-panetren-tena ny momba ny asa fanompoan'ny fisoronana nataony, satria izy dia mpanetry tena.

Marina koa izany ho an'ilay miaramila tao amin'ny tafika andranomasina izay mahery fo nan-kafiziko nandritra ny fahazazako. Tsy mba noresahiny tamiko ny asa fanompoan'ny fisoronana nataony na ny zavatra tsara vitany. Nanompo fotsiny izy. Ny hafa no nahafantarako mikasika ny fahatokiany. Tsy afaka ny hilaza aho hoe hitany ve ireo toetran'ny izay nahatalanjona ahy.

Koa ny torohevitra ho anareo izay maniry ny hitahy ny hafa amin'ny fisoronanareo dia mikasika ny fiainanareo manokana izay tsy misy mahafantatra afa-tsy Andriamanitra.

Mivavaha Aminy. Misaora Azy noho ireo zavatra tsara rehetra eo amin'ny fiainanareo. Mangataha Aminy mba hahafantaranareo ny olona nataony hifanena aminareo mba ho tompoinareo. Mitalahoa mba hanampiany anareo hanao io asa fanompoana io. Mivavaha mba hahafahanareo mamela heloka sy mba ho voavela heloka. Ary avy eo tompoy sy tiavo izy ireo ary mamela ny helony.

Ambonin'izany rehetra izany dia tsarovy fa amin'ireo fanompoana rehetra ataonareo, dia tsy misy lehibe noho ny manampy ny olona hisafidy ny ho mendrika ny hahazo ny fiainana mandrakizay. Nomen'Andriamanitra antsika io fitarihana izay miantefa amin'ny zavatra hafa rehetra ataontsika io, izay mikasika ny fomba hampiasantsika ny fisoronana. Izy no ohatra tonga lafatra amin'izany. Izao no ohatra hitantsika amin'ny ampahany ao amin'ireo mpanompony tsara indrindra ety an-tany:

“Ary niteny tamin'i Mosesy ny Tompo Andriamanitra, nanao hoe: Ireo lanitra dia misy maro, ary tsy mety ho voaisa ireo ho an'ny olona; fa voaisa ireo ho Ahy, fa Ahy ireo.

“Ary toy ny hahalasan'ny tany iray sy ny lanitra eo aminy dia toy izany koa no hiavian'ny iray hafa;



ary tsy manam-pahataperana ny asako, na koa ny teniko.

“Fa indro izao no asako sy voninahitro—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona.”<sup>3</sup>

Natao hanampy amin'izany asa izany isika. Afaka manova zavatra ny tsirairay amintsika. Efa nomanina isika ho amin'ny vanim-potoana iainantsika sy ny toerana hisy antsika amin'izao andro farany amin'ity asa masina ity. Isika tsirairay dia efa nahita ny ohatra nasehon'ireo izay nanao izany asa izany ho tanjona ambony amin'ny fiainany ety an-tany.

Mivavaka aho mba hahafahantsika mifanampy mba ho mendrika izany tombontsoa izany.

Velona Andriamanitra Ray ary hovaliany ny vavaka izay ataonareo mba hahazoanareo ny fanampiana ilainareo hanompoana Azy tsara. I Jesoa Kristy no ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty. Fiangonany ity. Ny fisoronana izay hazoninareo dia ilay fahefana ahafahana manao ny Asany amin'ny Anarany mba hanompoana ireo zanak'Andriamanitra. Rehefa manolotra ny fonareo manontolo ho an'ity asa ity ianareo dia hampivoatra anareo Izy. Izany no fampanantenana ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Matio 5:14–16.
2. Matio 6:1–4.
3. Mosesy 1:37–39.



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Mahereza sy Matanjaha

*Aoka isika—isika rehetra mihitsy—hanana herimpo hanohitra ny hevitra ironan'ny olona sy hanana herimpo hiaro ny fitsipika ijoroantsika.*

Ry rahalahy malalako, tena mahafinaritra ny tafaraka aminareo indray. Mivavaka aho mba hahazo fanampiana avy any an-danitra amin'izao fahafahako miteny aminareo izao.

Ankoatra ny ato anatin'ity Ivontoe-ran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana ity dia mpihazona ny fisoronana an'arivorivony fanampiny no tafavory any amin'ireo trano fiangonana sy toerana

hafa saika manerana an'izao tontolo izao. Manana zavatra izay mampifamatotra antsika tsirairay isika satria nomena ilay andraikitra mba hihazona ilay fisoronan'Andriamanitra.

Tonga eto an-tany isika ao anatin'ny vanim-potoana iray miavaka eo amin'ny tantarany. Saika tsy misy fetra mihitsy ny zavatra mitondra soa azon-tsika atao, kanefa miatrika olana maro

koa isika ary ny sasany amin'izany aza dia tsy mbola nisy raha tsy amin'izao fotoana iainantsika izao.

Isika dia miaina ao anatin'ny tontolo iray izay ahitana ny fandavana mihoa-pampana ireo soatoavina arapitondrantena, sy ny fampibaribariana ny fahotana ary ahitana ny fihodidinan'ny fakam-panahy eo amintsika mba hiala amin'ilay lalana ety sy tery. Miatrika faneriterena tsy tapaka isika sy fitarihana mifono fitaka izay manimba izay zavatra mendrika ary mite-tika ny hanolo izany amin'ny filôzôfia sy ny fomba fanao tsy mari-pototra izay an'ny fiaraha-monina miaina ao anatin'ny zavatra ara-nofo.

Noho ireo olana ireo sy ny maro hafa dia miatrika fandraisana fanapahan-kevitra tsy tapaka isika izay hamaritry ny hoavintsika. Mba hahafahantsika mandray fanapahan-kevitra tsara dia ilaina ny herimpo—herimpo hiteny hoe tsia rehefa tokony hilaza izany, sy herimpo hiteny hoe eny rehefa mety ny ilazana izany, ary herimpo hanaovana izay zavatra tsara satria izay no tsara.

Noho ny fironan'ny fiaraha-monina ankehitriny haingana dia haingana any amin'ny fihatahana amin'ireo soatoavina sy fitsipika nomen'ny Tompo antsika dia saika azo antoka fa ho antsoina isika mba hiaro ny zavatra inoantsika. Moa ve isika hanana herimpo hanao izany?

Hoy ny Filoha J. Reuben Clark Jr., izay mpikambana tao amin'ny Fiadidiana Voalohany nandritra ny taona maro: “Efa nisy ny toe-javatra nahitana olona noheverina hoe nanana finoana . . . saingy nahatsapa izy ireo hoe noho izy ireo mety horabirabian'ireo tsy mpino mpiara-miasa amin'izy ireo raha toa ka manambara tanteraka ny finoany, dia voatery izy ireo na manovaova ny zavatra inoany na manome fanazavana tena manamaivana ny finoany na manarontsaronana ny tena marina ka tena hanimba izany, na koa aza mody mampiseho hoe tsy miraharaha ny momba izany. Mpihatsaravelatsihy ny olona tahaka izany.”<sup>1</sup> Tsy misy amintsika maniry ny ho antsoina hoe mpihatsaravelatsihy kanefa, moa ve isika misalalala ny hanambara ny finoantsika ao



anatin'ny toe-javatra sasantsasany?

Afaka manampy ny tenantsika isika ao anatin'ilay faniriana mba hanao ny tsara raha toa ka mametraka ny tenantsika sy manao zavatra any amin'ny toerana izay hahavoatarika ny saina hanao ny tsara ary hampahazo aina ny Fanahin'ny Tompo.

Tsaroako taona maro lasa izay ny famakiako ny torohevitra nomen'ny ray anankiray ny zanany lahy izay handeha hifindra toerana satria hianatra: "Raha toa ianao ka tafiditra ao anatin'ny toerana iray izay tsy tokony hisy anao dia tonga dia mialà tao!" Atolotro ho anareo tsirairay avy koa izany torohevitra izany: "Raha toa ianareo ka tafiditra ao anatin'ny toerana iray izay tsy tokony hisy anareo dia tonga dia mialà tao!"

Mila manana herimpo tsy tapaka isika tsirairay. Ilaina isan'andro eo amin'ny fiainantsika ny herimpo—tsy hoe ao anatin'ny toe-javatra lehibe mi-seho fotsiny akory fa matetika kokoa rehefa mandray fanapahan-kevitra isika na mandray andraikitra eo anatrehan'ny toe-javatra miseho manodidina antsika. Toy izao no nolazain'i Robert Louis Stevenson mpahaitononkalo sy mpanoratra tantara foronina iray hoe: "Vitsy ihany no mahita ireo fihetsika feno herimpo nataon'olona isan'andro. Saingy tena mendri-piderana koa ny herimpo asehonareo na dia tsy misy olona mamporisika anareo sy olona mandoka anareo aza."<sup>2</sup>

Miseho amin'ny endriny maro ny herimpo. Nanoratra izao ilay mpanoratra Kristianina, Charles Swindoll: "Tsy voafetra ho any amin'ny sahan'ny ady ihany akory no miseho ny herimpo, . . . na rehefa misambotra amim-pahasahiana mpangalatra iray ao an-tranonao. Misoko mangina kokoa lavitra ny fitsapana ny tena fisian'ny herimpo. Any anaty no isehoan'izany, toy ny fijanonana ho mahatoky rehefa tsy misy olona mijery anao, . . . toy ny fijoroana irery hatrany rehefa tsy mahatakatra ny hevitrao ny olona."<sup>3</sup> Ankoatra izany, io herimpo any anaty io dia ahitana koa ny fanaovana ny tokony hatao na dia mety mahatahotra aza isika, sy ny fiarovana ny finoantsika na dia



mety halaina baraka aza isika ary ny fitazonana ireo zavatra inoana ireo na dia mety hamoy ny namantsika sy ny toerantsika eo amin'ny fiaraha-monina aza isika. Izay mijoro ho mafy orina amin'ny zavatra marina dia tsy maintsy manaiky ny ho voakina ary ho halan'ny olona indraindray.

Rehefa nanompo tao amin'ny tafika an-dranomasin'i Etazonia aho tamin'ny Ady Lehibe Faharoa dia nahita izany hoe asa mendri-piderana, sy toe-javatra nisehoan'ny fahasahiana ary ohatra maneho herimpo izany. Ny iray tamin'izany izay tsy hohadinoiko velively dia ilay herimpo mangina nananan'ny tantsambo 18 taona iray—tsy mpikambana ato amin'ny Fiangonantsika—izay tsy mba menamenatra nivavaka. Tao anatin'ireo lehilahy miisa 250 tao anatin'ilay andian-tafika, dia izy irery ihany no nandohalika teo akaikin'ny fandriany isak'alina ary indraindray teo anivon'ny fandrabi-rabiana sy fananihaniana nataon'ireo tsy mpino. Nanondrika ny lohany izy ary nivavaka tamin'Andriamanitra. Tsy mba natahotra velively izy ary tsy niasalasa velively. Nanana herimpo izy.

Vao tsy ela akory izay aho no naheno ohatra nasehon'olona iray izay azo antoka fa toa tsy nanana io herimpo anaty io. Nisy vehivavy namana iray nitantara tamiko momba ny fivoriana fanasan'ny Tompo anankiray tena masina sy nampitombo finoana izay natrehan'izy sy ny vadiny

tao amin'ny paroasiny. Nanohina ny fon'ny mpiangona iray manontolo ny zatovolahy iray mpihazona ny anjara fanompoan'ny mpisorona ao amin'ny Fisoronana Aharôna raha niresaka momba ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara sy ny fifaliana avy amin'ny fitandremana ny didy izy. Nizara fijoroana ho vavolombelona avy tany am-pony tokoa izy ary tena nanohina ny fo rehefa nijoro teny amin'ny pol-pitra ary hita fa toa nadio sy tsara izy tao anatin'ilay lobaka fotsy sy karavato nanaovany.

Fotoana kely taty aoriana tamin'io andro io ihany, rehefa nitondra fiara nivoaka ny toerana nipetrahan'ny vehivavy io sy ny vadiny dia nahita ilay zatovolahy io ihany izay vao nanentana ny fanahin'izy ireo tokoa ora vitsy lasa teo alohan'io. Tamin'izay anefa dia tena niova ho hafa tanteraka mihi-tsy ny endriny raha nidina ny sisindalana ka nanao akanjo ratsiratsy—ary nifoka sigara. Tsy hoe tena diso fanantenana sy nalahelo fotsiny ilay namako sy ny vadiny fa sahiran-tsaina koa hoe ahoana no ahafahany ho tena maharesy lahatra hoe olona manao ahoana izy mandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo ary vetivety kely eo dia toa lasa olona iray hafa tanteraka.

Ry rahalahy, olona iray ihany ve ianareo na aiza na aiza misy anareo ary na inona na inona ataonareo—ilay olona izay tian'ny Rainareo any an-danitra hahatongavanareo ary ilay



olona izay fantatrearo fa tokony ho hahatongavanareo?

Tao anatin'ny resadresaka natao tamin'ny mpanao gazety izay navoaka tao amin'ny gazetibokim-pirenena iray, dia nangatahana i Jabari Parker mpilalao basket fanta-daza avy any amin'ny oniversite, izay mpikamban'ny Fiangonana, mba hizara ny torohevitra tsara indrindra azony avy tamin'ny rainy. Namaly i Jabari hoe, "Izao no nolazain'ny [raiko], Aoka ianao hijanona ho ilay olona iray iny ihany na ao anatin'ny haizina na ao anatin'ny mazava."<sup>4</sup> Torohevitra manan-danja ho antsika rehetra izany ry rahalahy isany.

Ny soratra masintsika dia feno ohatra maneho ilay karazana herimpo ilaintsika tsirairay ankehitriny.

Nampiseho herimpo tena lehibe i Daniela mpaminany tamin'ny niarovanany tamim-pahasahiana ny zavatra fantany fa marina ary tamin'ny nampisehoany herimpo hivavaka na dia norahonana fa hovooina aza raha toa manao izany.<sup>5</sup>

Nampivavaka ny fiainan'i Abinadia ny fananana herimpo izay hita tamin'ny fahavononany hanolotra ny ainy toy izay handa ny fahamarinana.<sup>6</sup>

Iza no tsy ho voakasiky ny Fanahy noho ny fiainan'ireo zatovo miaramila 2000 an'i Helamàna, izay nampianatra sy nampiseho ny filana ny herimpo mba hanarahana ny fampianarana nomen'ny ray aman-dreny mba hadio ara-pitondrantena?<sup>7</sup>

Ny ohatra nasehon'i Môrônia angamba no faratampony amin'ireo

tantara ara-tsoratra masina tsirairay ireo satria izy dia nanana herimpo haharitra amim-pahamarinana hatrany am-piafaran'ny fiainany mihitsy.<sup>8</sup>

Nampiseho ohatra tsy hay isaina nahitana herimpo ny Mpaminany Joseph Smith nanditra ny andrompiainany. Anisan'ny tena nampivarahontsana indrindra ny nitranga tamin' izy sy ireo rahalahy hafa nofatorana niaraka tamin'ny rojo vy—alaivo sary an-tsaina ange e, nofatorana niaraka—ary notazonina tao amin'ny trano kely tsy vita teo akaikin'ny lapan'ny fitsarana tany Richmond, Missouri. Nanoratra izao manaraka izao tao anatin'ny alina iray manokana i Parley P. Pratt, izay anisan'ireo nosamborina: "Nandry toa ireny hoe olona efa matory ireny izahay mandra-pahalasan'ny misasakalina ary narary ny sofina sy ny fonay noho ny fihainoanay nandritra ny ora maro fandrabirabiana feno teny vetaveta sy faniratsirana mafy sy fanambanimbiana mahatsiravina ary teny mirefarefa amin'ny tany nampiasain'ireo mpiambina anay."

Notohizan'ny Loholona Pratt izany hoe:

"Nihaino izany aho mandra-pahatonga ahy ho rikoriko sy tafintohina sy nihoron-koditra ary tena feno fahatsapana hatezerana ara-drariny ka zavatra kely fotsiny sisa no nitazona ahy tsy hitsangana ka hanameloka ireo mpiambina. Saingy tsy niteny na inona na inona tamin'i Joseph na tamin'ny hafa aho na dia nandry teo akaikiny aza ary nahafantatra fa tsy natory izy. Tampotampoka teo dia nitsangana izy ary niteny tamin'ny feo tena mafy dia mafy toy ny feon'ny liona mitrerona ary nilaza an'izao teny manaraka izao araka ny fitadidiako azy:

*"MANGINA. . . Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy no hitenenako anareo ary mandidy anareo aho mba hangina; tsy afaka hiaina minitra iray hafa aho ao anatin'ny fihainoana fiteny toy izany. Atsaharo ny firesahana toy izany raha tsy izany dia ho faty IZAO DIA IZAO na ianareo, na izaho."*

"Nijoro nahitsy tamin'ny fomba nihaminkamina izay nahavariana tokoa" i Joseph araka ny fitantaran'ny Loholona Pratt azy. Voafatotra tamin'ny

rojo vy izy ary tsy nanana fitaovam-piadiana saingy tony izy ary naneho fahambonian-toetra. Niondrika nijery ireo mpiambina matin'ny tahotra izy izay nitampify teny an-joron-trano na nitorovoka teo an-tongony. Niangavy azy ireto lehilahy izay toa tsy hay ahitsy ireto mba hamela azy ireo ary dia nangina.<sup>9</sup>

Tsy hoe mitondra vokany mahatalanjona sy eo noho eo toy izany daholo akory ny fihetsika rehetra maneho herimpo, saingy izy rehetra kosa dia tena mitondra filaminan-tsaina sy fahafantarana fa voaro ny rariny sy ny fahamarinana.

Tsy vita ny mitoetra ho mahatoky raha toa ny zavatra atao ka mifototra amin'ireo hevitra ny olona sy ny zavatra ekena izay miovaova foana. Ilaina ny fananana herimpo tahaka ny an'i Daniela, na Abinadia, na Môrônia, na ny an'i Joseph Smith mba hahafahantsika mifikitra mafy dia mafy amin'izay fantatsika fa marina. Nanana herimpo izy ireo hanao izay tsara fa tsy izay mora atao.

Hiatrika tahotra ary hiaina fanalam-baraka sy fanoherana avokoa isika. Aoka isika—isika rehetra mihitsy—hanana herimpo hanohitra ny hevitra ironan'ny olona sy hanana herimpo hiaro ny fitsipika ijoroantsika. Ny herimpo, fa tsy ny fanekena fahatany no ahazoantsika ilay fankasitrahana'Andriamanitra. Ny herimpo dia lasa toetra tsara mahery vaika sy manaitra rehefa tsy raisina ho toy ny fahavononana ho faty amim-pahamendrehana fotsiny ihany fa raisina ho fahavononana hiaina amim-pahamendrehana koa. Rehefa mandroso isika sady miezaka miaina araka ny fomba tokony hiainantsika dia azo antoka fa hahazo fanampiana avy amin'ny Tompo ary hahita fampaherezana ao anatin'ny teniny. Tiako ilay fampanantenany voarakitra ao amin'ny bokin'i Josoa:

“Tsy handao anao na hahafoy anao aho. . . .

“ . . . Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao.”<sup>10</sup>

Ry rahalahiko malala, aoka isika



hanambara miaraka amin'i Paoly Apôstôly ao anatin'ny fananana herimpo hijoro amin'ny finoantsika manao hoe, “Fa tsy menatra ny filazantsara[n'i Kristy] aho.”<sup>11</sup> Ary miaraka amin'izay herimpo izay ihany dia enga anie isika ka hanaraka ny torohevitr'i Paoly hoe: “Aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino hianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondrantena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana.”<sup>12</sup>

Mandalo ihany ireo ady miteraka fandravana saingy ilay ady atao mba hifehezana ny fanahin'ny olona dia mitohy tsy an-kijanona. Manambara mazava tsara izao teny izao amiko sy aminao ary aminareo mpihazona ny fisoronana rehetra ny Tompo manao hoe: “Koa ankehitriny, aoka ny olona tsirairay hianatra ny andraikiny ary



hiasa amin'ny zotom-po rehetra ao amin'ny anjara fanompoana izay anendrena azy.”<sup>13</sup> Amin'izay isika dia ho lasa araka ny filazan'i Petera Apôstôly azy hoe “fanjakàm-pisorona”<sup>14</sup> iray tanjona ary voatafy hery avy any amin'ny avo.<sup>15</sup>

Enga anie isika tsirairay ka hiala eto anio hariva miaraka amin'ny fahavononana sy ny herimpo hilaza hiaraka amin'i Joba fahiny hoe, “[Raha] mbola ato anatiko ihany ny aiko, . . . dia tsy hanaiky ny tenako ho manan-tsiny aho.”<sup>16</sup> Mivavaka amim-panetren-tena aho mba ho tanteraka izany, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompontsika, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. J. Reuben Clark, Jr., *The Charted Course of the Church in Education*, ed. nasiampanavaozana (1994), 7.
2. Robert Louis Stevenson, ao amin'ny Hal Urban, *Choices That Change Lives* (2006), 122.
3. Charles Swindoll, ao amin'ny Urban, *Choices That Change Lives*, 122.
4. Jabari Parker, tao amin'ny “10 Questions,” *Time*, 17 Mar. 2014, 76.
5. Jereo ny Daniela 6.
6. Jereo ny Môsià 11:20; 17:20.
7. Jereo ny Almà 53:20–21; 56.
8. Jereo ny Môrônia 1–10.
9. Jereo ny *Autobiography of Parley P. Pratt*, ed. Parley P. Pratt Jr. (1938), 210–11.
10. Josoa 1:5, 9.
11. Romana 1:16, fandikana ara-bakiteny ny Baibolin'i Mpanjaka Jakoba.
12. 1 Timoty 4:12.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:99.
14. 1 Petera 2:9.
15. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 105:11.
16. Joba 27:3, 5.



**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Mahay Mankasitraka na inona na inona Toe-javatra Misy

*Moa ve isika tsy manana antony tokony hahafeno fankasitrahana antsika na inona na inona toe-javatra iainantsika?*

Tao anatin'izay taona maro lasa izay dia nanana fahafahana miavaka aho nihaonana tamin'olona izay toa niaina fahoriana efa tena lalim-paka tokoa. Nihaino ireo rahalahy sy anabavy malalako ireo aho tao anatin'ireny fotoana ireny ary niara-ory tamin'izy ireo noho ny enta-mavesatra nolanjainy. Nisaintsaina ny zavatra tokony holazaina aho ary sahiran-tsaina nitady ny fomba hampaherezana sy hanohanana azy ireo ao anatin'ireo fitsapana mahazo azy.

Matetika ny alahelon'izy ireo dia vokatry ny fiheveran'izy ireo fa nitsahatra hatreo ny zavatra iray. Miatrika ny fitsaharan'ny fiarahana mamy anankiray ny sasany, toy ny fahafatesan'ny olon-tiana iray na fisarahana amin'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana. Ny hafa indray mahatsapa ny tenany ho eo anatrehan'ny tsy fisian'ny fanantenana intsony—fanantenana mba

hanambady na mba hanan-janaka na mba ho sitrana. Ny sasany mety miatrika ny fahalevonan'ny finoany noho ireo feo mampikorontan-tsaina sy mifanipaka eto amin'izao tontolo izao izay maka fanahy azy ireo hametrapanontanianana na hiala mihitsy amin'ny zavatra izay nisy fotoana efa fantatr'izy ireo fa marina.

Mino aho fa na ho ela na ho hain-gana, isika rehetra dia samy hiaina fotoana ahitana fa toa mikorontana ambony ambany ny fiainana, ka mahatsapa ho irery sy mikorontan-tsaina ary very isika.

Mety mitranga amin'ny olona rehetra izany. Tsy misy mihitsy olona hoe tsy mba ianjadian'izany velively.

## **Afaka Maneho Fankasitrahana Isika**

Tsy mitovy ny toe-javatra iainan'ny olona tsirairay sy ny antsipirian-javatra miseho eo amin'ny fiainan'ny tsirairay. Na dia izany aza dia nianatra

aho fa misy zavatra afaka manaisotra ilay mangidy izay mety ho tonga eo amin'ny fiainantsika. Misy zavatra iray azontsika atao mba hahatonga ny fiainana ho mahafinaritra sy mahafaly kokoa ary hahatalanjona mihitsy aza.

Afaka maneho fankasitrahana isika!

Mety hifanohitra amin'ny fomba fisainan'izao tontolo izao ny milaza hoe tokony haneho fisaorana an'Andriamanitra ny olona iray izay efa vesaran'ny fahoriana. Kanefa ireo izay manaisotra ilay fahatsapana alahelo ka manolo izany kosa amin'ny fanehoana fankasitrahana dia afaka mahazo fahasitranana sy fiadanana ary fahatakarana-tsaina.

Amin'ny maha-mpianatr'i Kristy antsika dia didiana isika "hisaoatra ny Tompo Andriamani[tsika] amin'ny zavatra rehetra,"<sup>1</sup> sy "hihira fiderana ho an'i Jehovah,"<sup>2</sup> ary "hamela ny fon[tsika] ho feno fisaorana an'Andriamanitra."<sup>3</sup>

Nahoana Andriamanitra no mandidy antsika mba hahay hankasitraka?

Ny didiny rehetra dia nomena mba hahafahantsika mahazo fitahiana. Tombontsoa ahafahana mampihatra ny fahafahantsika misafidy sy mahazo fitahiana ny fisian'ireo didy. Fantatr'ilay Raintsika any an-danitra be fitiavana fa ny fisafidianana ny hanana toetra mahay mankasitraka dia hitondra fifaliana marina sy fahasambarana lehibe ho antsika.







# Manampahafana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ato amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

## NY FIADIDIANA VOALOHANY



Henry B. Eyring  
Mpanolotsaina Voalohany



Thomas S. Monson  
Filoha



Dieter F. Uchtdorf  
Mpanolotsaina Faharaoa

## NY KÔLEJIN'NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO



Boyd K. Packer



L. Tom Perry



Russell M. Nelson



Dallin H. Oaks



M. Russell Ballard



Richard G. Scott



Robert D. Hales



Jeffrey R. Holland



David A. Bednar



Quentin L. Cook



D. Todd Christofferson



Neil L. Andersen

## NY FIADIDIAN'NY FITOPOLOLAHY



Ronald A. Rasband



L. Whitney Clayton



Donald L. Haldeman



Richard J. Maynes



Craig C. Christensen





















































































Ulisses Soares



Lynn G. Robbins

**NY KÔLEJY VOALOHANY AO AMIN'NY FITOPOLOLAHY**


(manaraka ny abidia)

 Marcos A. Adlakaris	 Jose L. Alonso	 Carlos H. Amado	 Ian S. Ardern	 Mervyn B. Arnold	 David S. Baxter	 Shayne M. Bowen	 Craig A. Cantlon	 Yoon Hwan Choi	 Don R. Clarke	 Carl B. Cook	 Lawrence E. Cochrane	 Wilfrid W. Andersen	 Kocichi Aoyagi	 Randall K. Bennett	 Bruce A. Carlson	
 Claudio R. M. Costa	 Leland R. Curtis, Jr.	 Benjamin De Hoyos	 Edward Dube	 Kevin R. Durcan	 Larry J. Echio Hawk	 Stanley G. Ellis	 David F. Evans	 Enrique R. Falabella	 Eduardo Gonzalez	 Robert C. Gay	 Carlos A. Gobby	 J. Dean Cornish	 Timothy J. Dwydes	 Bradley D. Foster	 Randy D. Funk	
 Chisettefa Golden	 Gerrit W. Gong	 Walter F. Gonzalez	 C. Scott Gow	 James J. Hamula	 Daniel L. Johnson	 Paul V. Johnson	 Patrick Kearon	 Jorg Klasinger	 Erich W. Kopschke	 Marcus B. Nash	 S. Gifford Nielsen	 O. Vincent Haleck	 Kevin S. Hamilton	 Larry S. Kacher	 Larry R. Lawrence	
 Brent H. Nelson	 Allan F. Packer	 Kevin W. Pearson	 Anthony D. Perkins	 Paul B. Pieper	 Rafael E. Piro	 Bruce D. Porter	 Dale G. Renlund	 Michael T. Ringwood	 Joseph W. Sironi	 Steven E. Snow	 Michael John U. Teh	 Per G. Mohm	 Hugo E. Martinez	 James B. Marino	 Jairo Mazzognati	
 Jose A. Ibañeta	 Juan A. Urdeto	 Amulio Ibañeta	 Francisco J. Vinas	 W. Christopher Wardak	 William R. Walker	 Scott D. Whiting	 Chi Hong (Sam) Wong	 Kazuhiko Yamashita	 Jorge F. Zeballos	 Claudio D. Zivic	 W. Cong Zurick	 Adnan Ochao	 Kent F. Richards	 Gregory A. Schweitzer	 Terence M. Tison	
 Gerard Coussé	 Larry Y. Wilson															



**NY EPISKÔPÀ MPIAHY**

 Dem A. Davies Mpanolotsana Faharao	 Gary E. Stevenson Eveska Mpiahy
--	---




**SEKOJY ALAHADY**

 John S. Tanner Mpanolotsana Voahibany	 Tad R. Callister Fihaha	 Devin G. Durrant Mpanolotsana Faharao
---	---	---

**ZATOVOVAVY**

 Carol F. McCauley Mpanolotsana Voahibany	 Bonnie L. O'Scannon Fihaha	 Neil F. Marrett Mpanolotsana Faharao
--	--	--

**FIKAMBANANANA IFANAMPIANA**

 Carole M. Stephens Mpanolotsana Voahibany	 Linda K. Burton Fihaha	 Linda S. Reyes Mpanolotsana Faharao
---	---	---

**MPIANDRAIKITRA AMBONY**

 Jean A. Stevarts Mpanolotsana Voahibany	 Rosemary M. Wixom Fihaha
---	--

**KILONGA**

 Cheryl L. Espino Mpanolotsana Faharao
---

**ZATOVOLIAHY**

 Larry M. Gibson Mpanolotsana Voahibany	 David L. Beck Fihaha	 Randall L. Ridd Mpanolotsana Faharao
--	--	--



**Miara-mivory ao anatin'ny Fihaonam-ben'ny Fiangonana Maneran-tany Fanao Isan-taona faha-184 ny Olomasin'ny Andro Farany manerana izao tontolo izao. Hita eo amin'ny sary manaraka ny sahasam-pamantaranandro avy eo amin'ny tampony havia ireo mpikamban'ny Fiangonana sy misiônera ao Vienne, Autriche; São Paulo, Brésil; Mexico, Mexique; Oulan-Bator, Mongolie; Highlands Ranch, Colorado, Etazonia; Sydney, Australie; Saint Pétersbourg, Russie; ary Norcross, Georgie, Etazonia.**



## Maneho Fankasitrahana noho ireo Zavatra Miseho Manokana

Mety hisy olona sasany anefa hilaza hoe: “Inona moa no *zavatra* tokony hanehoako fankasitrahana nefa hita izao fa miaina toe-javatra sarotra aho?”

Angamba tsy mety ilay fomba hoe mifantoka amin’ny *zavatra* tokony hanehoantsika fankasitrahana. Sarotra ny hanana toetra mahay mankasitraka raha toa ka tsy miankina afa-tsy amin’ny habetsaky ny fitahiana voaraintsika ny fatran’ny fisaorana atolotsika. Marina fa zava-dehibe ny “manisa matetika ny fitahiana azon-tsika”—ary izay rehetra efa nanandrana izany dia mahafantatra fa maro izy ireny—saingy tsy mino aho hoe efa antenain’ny Tompo isika fa ho latsa-danja kokoa ny fanehoantsika fankasitrahana ao anatin’ny fotoam-pisedrana raha oharina amin’ny fotoana mampiroborobo sy mampiadana. Raha ny marina, ny ankamaroan’ny soratra masina dia tsy miresaka momba ny fanehoana fankasitrana *noho ireo* zavatra miseho manokana fa manoro hevitra kosa ny mba hananana toe-panahy mahay mankasitraka lalandava.

Mora ny maneho fankasitrahana *noho ireo* zavatra miseho rehefa mandeha tsara araka ny fieritreretantsika azy ny fiainana. Fa ahoana kosa ary rehefa ao anatin’ny fotoana izay toa lavitra tsy mety ho azontsika izay iriantsika?

Manoro hevitra anareo aho mba handray ny fanehoana fankasitrahana ho toy ny fomba fanao izay mandeha ho azy ary ho toy ny fomba fiainana izay tsy miankina velively amin’izay toe-javatra iainantsika amin’izao fotoana izao. Amin’ny teny hafa dia manoro hevitra aho hoe raha ny fanehoana fisaorana *noho ireo* zavatra miseho manokana no fanao dia aleo mifantoka amin’ny fanehoana fisaorana *ao anatin’* izay toe-javatra rehetra iainantsika—na inona izany na inona.

Ity misy tantara iray mikasika ny mpandroso sakafo iray izay nanontany olona iray nisakafo raha toa ka tiany ny sakafo. Namaly ilay vahiny hoe tsara daholo ny zava-drehetra fa ho tsaratsara kokoa izany raha toa ka



mba manolotra mofa bebe kokoa izy ireo. Rehefa niverina ilay lehilahy ny ampitson’iny dia nampitomboan’ily mpandroso sakafo ny isan’ny mofa, ka nomeny didi-mofa efatra izy raha tokony ho anankiroa fotsiny, saingy mbola tsy faly ihany ilay lehilahy. Mbola nampitomboan’ily mpandroso sakafo ihany ny isan’ily mofa ny andro manaraka fa tsy nisy vokany.

Tena vonona ny hanao izay hafafaly ilay lehilahy ilay mpandroso sakafo tamin’ny andro fahaefatra. Noho izany dia naka mofa iray mirefy 3 metatra izy, dia nozarainy roa izany ary narosony tamim-pitsikiana an’ily olona hisakafo. Tsy handrin’ily mpandroso sakafo ny hahita izay ho fihetsik’ily lehilahy.

Rehefa avy nisakafo ilay lehilahy dia nitraka ary nilaza hoe: “Tsara toy ny mahazatra e! Saingy hitako fa niverina tamin’ny tsy fanomezana afa-tsy mofa roa ianao an!”

### Mahay mankasitraka ao anatin’ny Toe-javatra iainantsika

Ry rahalahy sy anabavy malalako isany, anareo ny safidy. Afaka misafidy ny hametra ny fanehoantsika fankasitrahana isika ka mifototra amin’ireo fitahiana tsapantsika hoe tsy ananantsika. Na afaka misafidy ny ho tahaka an’i Nefia izay feno fankasitrahana lalandava na inona na inona toe-javatra niainany. Rehefa nofatoran’ny rahalahiny izy teny ambony sambo—izay naoriny azy mba hitondrana azy ireo any amin’ily tany nampanantenaina—dia nanaintaina mafy azy tokoa ny hatotanany

sy ny kitrokeliny ka “nivonto fatratra izany,” ary nisy tafio-drivotra lehibe sy mahatahotra izay saika nitelina azy ireo tany an-dranomasina lalina. “Na dia teo aza izany,” dia hoy i Nefia hoe: “Nitodika tamin’Andriamanitra aho ary nidera Azy nandritra ny manontolo andro; ary tsy mba nimonomonona ny Tompo aho noho ny fahoriako.”<sup>4</sup>

Afaka misafidy ny ho tahaka an’i Joba isika izay toa nanana ny zavatra rehetra kanefa avy teo namoy an’izany rehetra izany. Kanefa dia izao no nolazain’i Joba teo anatrehan’izany, “Nitanjaka no nivoahako avy tany ankibon’ineny, ary mitanjaka no hiverenako any. . . : Jehovah no nanome, ary Jehovah no nanaisotra; isaorana anie ny anaran’i Jehovah.”<sup>5</sup>

Afaka misafidy ny ho tahaka an’ireo mpisava lalana Môrmôna isika, izay nanana hatrany toe-panahy mahay mankasitraka nandritra ilay dia miadana sy nampijaly nankany Salt Lake Lehibe, ka nihira sy nandihy ary nifaly mihitsy aza izy ireo noho ny hamoram-panahin’ Andriamanitra.<sup>6</sup> Maro amintsika no mety ho tonga dia nirona tany amin’ny fialana andaharana na tany amin’ny fimonomonana na tany amin’ny fieritreretana ny fijaliana noho ny hasarotan’ily dia.

Afaka misafidy ny ho tahaka ny Mpaminany Joseph Smith isika izay raha nigadra tao anatin’ny toe-javatra mampalahelo tao amin’ny Fonjan’i Liberty, dia nanoratra ireto teny tena miavaka ireto: “Ry rahalahy malala sy ankamamiana tokoa, aoka isika hazoto hanao ny zava-drehetra izay tratra ny herintsika; ary rehefa izany dia

enga anie ka hahajoro isika omban'ny fahatokian-tena lehibe indrindra fa hahita ny famonjen'Andriamanitra ary ny fampisehoana ny sandriny.<sup>7</sup>

Afaka misafidy ny haneho fankasitrahana isika na inona na inona mitranga.

Io karazana fanehoam-pankasitrahana io dia misy foana na inona na inona mitranga manodidina antsika. Lehibe kokoa noho ny fahadisoam-panantenana sy ny fahakiviana ary ny famoizampo izany. Mivelatra foana izany na ao anatin'ny fotoan-tsarotra na ao anatin'ny fotoana milamina.

Rehefa maneho fankasitrahana an'Andriamanitra isika *ao anatin'* izay toe-javatra iainantsika dia afaka mahatsapa fiadanana mamy eo anivon'ny fitsapana. Na dia ao anatin'ny alahelo aza isika dia mbola afaka manandratra ny fonsika hidera an'Andriamanitra. Na dia ao anatin'ny fijaliana aza isika dia afaka mifaly noho ny Sorompnavotan'i Kristy. Na dia ao anatin'ny ngidin'ny fahoriana aza isika dia afaka mahatsapa fitarihana masina izay mitondra fampaherezana sy fiadanana.

Mieritreritra isika indraindray fa ny fanehoana fankasitrahana dia zavatra atao *rehefa* voavaha ny olana nianjady tamintsika, saingy fomba fijery tena tsy mahay mijery lavitra izany.



**Raymond, Alberta, Kanada**

Tena ho betsaka ireo tombontsoa eo amin'ny fiainana handalo eo ambany masontsika fotsiny raha toa ka mian-dry ny fisehoan'ny avana eny amin'ny lanitra aloha isika izay vao hisaotra an'Andriamanitra noho ny orana.

Ny fanehoana fankasitrahana ao anatin'ny fotoam-pahoriana dia *tsy* midika hoe faly amin'ny toe-javatra iainantsika isika. Ny *tena* dikan'izany dia hoe mijery lavitra mihoatra ilay olana mianjady amintsika amin'izao fotoana izao isika amin'ny alalan'ny mason'ny finoana.

Tsy fanehoam-pankasitrahana ataon'ny vava fotsiny izany fa avy amin'ny fanahy. Fanehoam-pankasitrahana izay manasitrana ny fo sy mampivelatra ny saina izany.

### **Fihetsika Maneho Finoana ny Fanehoam-pankasitrahana**

Fihetsika maneho finoana an'Andriamanitra ny fanehoam-pankasitrahana *ao anatin'izay* toe-javatra iainantsika. Mitaky ny fahatokiansika an'Andriamanitra izany sy ny fanantenantsika zavatra izay mety tsy hitantsika kanefa marina.<sup>8</sup> Rehefa mahay mankasitraka isika dia manaraka ny ohatra nasehon'ilay Mpamonjy malalantsika izay nilaza hoe: “Aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao fa ny Anao.”<sup>9</sup>

Ny fankasitrahana marina dia fanehoana fanantenana sy fijoroana ho vavolombelona. Izany dia avy amin'ny fanekena fa tsy takatsika foana akory ireo fitsapana miseho eo amin'ny fiainantsika saingy matoky isika fa ho takatsika izany indray andro any.

Ao anatin'izay mety ho toe-javatra mitranga, ny fahaizantsika mankasitraka dia volavolain'ireo fahamari-nana maro sy masina efa *fantatsika*, toy ny hoe: nomen'ny Raintsika ho an'ny zanany ny drafitra lehiben'ny fahasambarana; afaka miaraka miaina mandrakizay amin'ireo olon-tiantsika isika amin'ny alalan'ny Sorompnavotan'i Jesoa Kristy; ary amin'ny farany dia hahazo vatana be voninahitra sy lavorary ary tsy mety maty isika izay tsy hianjadian'ny aretina na fahasembanana; ary ireo ranomason'alahelo narotsatsika sy ny fahoriana dia hosoloina fahasambarana sy fifaliana



miavosa, “fatra tsara sady ahintsana no afatratra ka mihoatra no homeny.”<sup>10</sup>

Tsy maintsy karazana fijoroana ho vavolombelona toy izany no nanova ireo Apôstôlin'ny Mpamonjy ho lasa solontenan'ny Mpampianatra sahisahy sy ravoravo raha lehilahy feno tahotra sy be ahiahy izy ireo teo aloha. Difotry ny famoizampo sy ny alahelo ary tsy afaka nahatakatra ny zava-nitranga izy ireo nandritra ny ora maro taorian'ny Fanomboana Azy. Saingy nisy zava-niseho iray nanova izany rehetra izany. Niseho tamin'izy ireo ilay Tompony ary nanambara hoe: “Izahao ny tanako sy ny tongotro fa Izaho no Izy”<sup>11</sup>

Rehefa nahafantatra ilay Kristy nitsangana tamin'ny maty ireo Apôstôly—rehefa niaina ilay Fitsanganan'ilay Mpamonjy malalany tamim-boninahitra lehibe izy ireo—dia lasa lehilahy hafa mihitsy. Tsy nisy zavatra afaka nanakana azy ireo tsy hanatanteraka ny iraka nampanaovina azy ireo. Neken'izy ireo tamin-kerimpo sy tamim-pahavononana ny fampijaliana sy ny fanalam-baraka ary ny fahafatesana mihitsy aza izay hianjady amin'izy ireo noho ny fijoroana ho vavolombelona nananany.<sup>12</sup> Tsy nisy nanakana azy ireo tsy hidera sy hanompo ny Tompo. Nanova ny

fiainan'ny olona na taiza na taiza izy ireo. Nanova izao tontolo izao izy ireo.

Tsy mila hoe mahita ny Mpamonjy tahaka ireo Apôstôly akory ianao vao hiaina fiovana toy izany. Ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba an'i Kristy izay avy amin'ny Fanahy Masina dia afaka manampy anao hi-jery any ankoatra ireo fiafaran-javatra mampalahelo eto an-tany ka hiban-jina ilay hoavy mamirapiratra izay efa nomanin'ilay Mpanavotra an'izao tontolo izao.

### Tsy Natao ho Rendrika ao anatin'ireo Fiafaran-javatra Isika

Rehefa mandinika ny zavatra fantatsika mikasika ilay anjara mandrakizay nosoritana ho antsika isika dia tsy mahagaga raha toa ka isaky ny miatrika ireo fiafaran-javatra mampalahelo eo amin'ny fiainana isika dia toa tsy eken'ny saintsika izany? Toa misy zavatra manohitra ireo fiafaran-javatra ireo izany ao anatintsika ao.

Fa nahoana moa? Satria nohariana avy amin'ny singan'ny mandrakizay isika. Olona maharitra mandrakizay isika, zanak'ilay Andriamanitra Tsihona izay Tsisy Fiafarana no anarany<sup>13</sup> ary Izy mampanantena fitahiana mandrakizay tsy hay isaina. Tsy ireo fiafaran-javatra ireo velively no anjara nomanina ho antsika.

Arakaraka ny hianarantsika bebe

kokoa momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy no hahatsapantsika bebe kokoa fa ireo fiafaran-javatra miseho eto an-tany dia tsy fiafarana mihitsy akory. Fiatoana kely fotsiny izy ireny—fiatoana mandalo izay indray andro any ho fohy tokoa raha oharina amin'ilay fifaliana mandrakizay izay miandry izay mahatoky.

Tena feno fankasitrahana an'ilay Raiko any an-danitra aho satria tsy misy fiafarana marina izany ao anatin'ny drafiny fa fiantombohana maharitra mandrakizay fotsiny ihany.

### Hatao lasa be Voninahitra Ireo Izay Mahay Mankasitrahana

Ry rahalahy sy anabavy, moa ve isika tsy manana antony tokony hahafeno fankasitrahana antsika na inona na inona toe-javatra iainantsika?

Moa ve isika mila antony lehibe kokoa vao hamela ny fontsika “ho feno fisaorana an'Andriamanitra”?<sup>14</sup>

“Moa va isika tsy manana antony lehibe hifaliana?”<sup>15</sup>

Tena ho voatahy isika raha toa ka mahatsapa ny fiasan'Andriamanitra eo amin'ity fiainantsika mahafinaritra ity. Mampivelatra ny fahitantsika sy manazava ny fomba fijerintsika ny fankasitrahana. Miteraka fanetren-tena sy mampisy fironam-po any amin'ny mpiara-belona amintsika sy ny zavatra rehetra noharian'Andriamanitra

izany. Ampahany iray tena ilaina ao anatin'ireo toetra rehetra tahaka ny an'i Kristy ny fankasitrahana! Ny fo mankasitrahana dia miara-dia amin'ny toetra tsara hafa rehetra.<sup>16</sup>

Nanome fampanantenana ho antsika ny Tompo fa ireo “izay [mandray] ny zava-drehetra amin'ny fankasitrahana dia hatao *be voninahitra*; ary ny zavatra ny tany dia hanampy ho azy [ireo], avo zato heny, eny, mihoatra aza.”<sup>17</sup>

Enga anie isika ka “hiaina ao anatin'ny fanati-tsaotra isan'andro”<sup>18</sup>—indrindra ao anatin'ireo fiafaran-javatra toa tsy hay hazavaina izay anisan'ny toe-javatra iainana eto an-tany. Enga anie isika ka hamela ny fanahintsika ho feno fisaorana amin'ilay Raintsika any an-danitra be famindram-po. Enga anie isika ka hanohy lalandava sy tsy tapaka ny fanehoantsika fisaorana ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy ilay Zanaka Malalany, amin'ny alalan'ny teny sy ny fihetsika. Ho an'izany no ivavahako ary apetrako aminareo ny fijoroako ho vavolombelona sy ny tsodranoko, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompontsika, amena. ■

### FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:7; jereo koa ny Efesiana 5:20; 1 Tesaloniana 5:18; Môsià 26:39; Almà 7:23; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:1.
2. Salamo 147:7
3. Almà 37:37.
4. Jereo ny 1 Nefia 18:10–16.
5. Joba 1:21.
6. Mba hahitana ohatra mikasika ireo mpi-sava lalana izay nanana toetra falifaly foana na dia teo aza ireo olana tena sarotra dia jereo ny Andrew D. Olsen, *The Price We Paid: The Extraordinary Story of the Willie and Martin Handcart Pioneers* (2006), 10, 366–67.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 123:17.
8. Jereo ny Almà 32:21.
9. Lioka 22:42.
10. Lioka 6:38.
11. Lioka 24:39.
12. Jereo ny Romana 5:3; 2 Korintiana 4:17; 12:10.
13. Jereo ny Mosesy 1:3.
14. Almà 37:37.
15. Almà 26:13.
16. Jereo ny Marcus Tullius Cicero, *Oratio Pro Cnaeo Plancio*, XXXIII, section 80; quoted in Joseph B. Wirthlin, “Live in Thanksgiving Daily,” *Ensign*, Sept. 2001, 8.
17. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:19; nampiana fanamafisana.
18. Almà 34:38.





**Nataon'ny Loholona M. Russell Ballard**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Manohy ny Fandraisana Andraikitra

*Afaka mandray anjara tsy tapaka bebe kokoa ao anatin'ny asa fitoriana isika rehetra amin'ny alalan'ny fanoloana ny tahotra ao amintsika ho lasa finoana marina.*

**H**o feno efatra amby enimpolo taona amin'ny volana Septambra izao ny niverenako avy nanao asa fitoriana tany Angleterre. Telo andro taorian'ny nahatongavako dia natrika lanonam-pandihizana niaraka tamin'ny namako anankiray aho izay fanao amin'ny fiandohan'ny fotoampianarana tany amin'ny oniversite mba hifankafantarana. Noresahany ahy ny mikasika ny tovovavy iray tsara tarehy nantsoina hoe Barbara Bowen izay tao anatin'ny taona faharoa nianarany teny amin'ny oniversite, ary nieritreritra izy fa tokony hihaona amin'io tovovavy io aho. Nentiny nanatona ahy izy ary nampifankafantariny izahay ka dia nanomboka niara-nandihy.

Indrisy anefa fa ny fiantsoanay an'io dihy io dia hoe “tag dance,” izay midika hoe tsy afaka mandihy miaraka amin'ilay tovovavy intsony ianao rehefa misy olona hafa mipaipaika ny sorokao ka maka ny toeranao. Olona sariadiaka sy be mpahafantatra i Barbara ka dia iray minitra latsaka

fotsiny no niarahako nandihy taminy dia nisy tovolahy iray hafa sahadry nanala ahy teo amin'ny toerako.

Tena tsy neken'ny saiko tsotra fotsiny izao izany. Noho izaho nianatra ny maha-zava-dehibe ny fanohizana ny fandraisana andraikitra nandritra ny fanaovako asa fitoriana, dia azoko ny laharan-tariby iantsoana azy ka dia niantso azy aho ny ampitson'iny

ihany mba hivoaka hiaraka amiko, saingy efa feno tamin'ny fianarana sy ny fiarahana tamin'ny namany ny fotoany. Soa ihany fa nampianatra ahy ny asa fitoriana nataoko mba hanana fikirizana na dia rehefa mitady ho kivy aza, ary dia afaka nampiaraka taminy ihany aho tamin'ny farany. Lasa nampiaraka matetika izahay taorian'io. Nandritra ireo fampiarahana ireo dia toa mba afaka nandresy lahatra azy ihany aho hoe izaho ihany no hany misiônera nahavita asa fitoriana mendrika ho azy—farafaharatsiny raha ny fahafantarako ny momba azy. Ankehitriny, 64 taona aty aoriana dia indreo ireo zanaka miisa fito ary zafikely sy zafiafy maro izay porofo maneho ilay fahamarinana lehibe hoe na tsara toy ny inona aza ny hafatra zarainao, dia mety tsy hanana fahafahana hizara izany ianao raha vao tsy misy ny fanohizana ny fandraisana andraikitra tsy tapaka ary amim-pikirizana.

Izany angamba no antony nahazoako fahatsapana anaty mazava mba hanohy hamelabelatra ny roa tamin'ireo hafatra nozaraiko nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana teo aloha.

Tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Ôktôbra 2011 aho dia namporisika antsika mba hahatsiaro ireto teny manan-danja nolazain'ny Tompo ireto: “Satria toy izany no hiantsoana ny fiangonako amin'ny andro farany, dia Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.”<sup>1</sup>

Ataon'ny Tompo mazava tsara ao anatin'ireo teny ireo fa tsy hoe





ananara ôfisialy fotsiny izany fa anarana tsy maintsy hiantsoana ny Fiangonany ihany koa. Noho izany fanambarana mazava nataony izany dia tsy tokony hiantso ny Fiangonana amin'ny anarana hafa isika toy ny hoe "Fiangonana Môrmôna" na "Fiangonnan'ny Olomasin'ny Andro Farany."

Ny teny hoe *Môrmôna* dia azo ampiasaina tsara ao anatin'ny toejavatra sasantsasany mba hiantsoana ireo mpikamban'ny Fiangonana toy ny hoe mpisava lalana Môrmôna, na mba hiantsoana rafitra iray toy ny hoe Amboarampeon'ny Tabernakely Môrmôna. Môrmôna no tena ahafantarana ireo mpikamban'ny Fiangonana ary rehefa mifanerasera amin'ireo izay avy amin'ny finoana hafa isika dia azontsika atao tsara ny miantso ny tenantsika hoe Môrmôna raha toa ka ampiarahantsika amin'ny filazana ny anarana fenon'ny Fiangonana izany.

Raha toa ka mianatra mampiasa ny anarana marin'ny Fiangonana ny mpikambana ka mampifandray izany amin'ilay teny hoe *Môrmôna*, dia hanamafy izany fa Kristianina isika ary mpikambana ao amin'ny Fiangonnan'ny Mpamonjy.

Ry rahalahy sy anabavy, ndeha isika hanohy handray andraikitra sy hampivoatra ny fahazarana manao izay hampazava foana fa mpikamban'ny Fiangonnan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany isika.

Ny hafatra faharoa izay tsapako fa tokony hotohizana ny famelabelarana azy dia ilay hafatra vao nozaraiko tamin'ny fihaonambe farany teo izay nanentanako ny mpikambana mba hivavaka mba ho voatarika handeha any amin'ny olona iray farafahakeliny izay azon'izy ireo asaina mba hianatra bebe kokoa momba ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny alohan'ny Krismasy. Mpikambana maro no nizara tamiko zavatra niainany manokana vokatry ny fangatahany ny mba hanomezan'ny Tompo azy ireo hafafahana hanao asa fitoriana.

Nisy misiônera iray efa nahavita ny asa fitoriany ohatra nivavaka manokana mba ho voatarika handeha any amin' "ilay olona iray" azony asaina. Tonga tao an-tsainy ny anaran'ny

mpiara-mianatra taminy taloha tany amin'ny oniversite. Nifandray taminy tamin'ny alalan'ny Facebook izy ary nahafantatra fa efa nivavaka foana izy io mba hahafantatra mikasika ny tanjona sy ny votoatin'ny fiainany. Tamin'ny fotoana nikarohan'ilay vehivavy namany ny fahamarinana io indrindra izy no nanohy nandray andraikitra ka dia natao batisa ilay tovovavy ny volana Desambra.

Fanasana maro mitovitovy amin'izany no notaterina tamiko, saingy olona vitsy ihany no nanohy nandray andraikitra toy ny nataon'ity rahalahy ity.

Izaho dia manam-pinoana tokoa an'ilay fitsipiky ny fanohizana ny fandraisana andraikitra. Toy izao no voalaza ao amin'ilay boky torolalana ho an'ny misiônera hoe *Torio ny Filazantsarako*: "ny fanolorana fanasana nefa tsy misy fanohizana ny fandraisana andraikitra dia toy ny manomboka dia iray nefa tsy tonga any amin'izay aleha akory na toy ny mividy tapakila iray hijerena fampisehoana nefa tsy mandeha any amin'ilay toerana hanaovana fampisehoana akory. Tsy misy dikany ilay fanoloran-tena natao raha toa ka tsy tanteraka akory ny asa tokony hatao."<sup>2</sup>

Ny *Torio ny Filazantsarako* dia mampianatra ny olona rehetra tsy hoe ny fomba hanasana fotsiny fa mampianatra ihany koa ny fomba hanohezana ny fandraisana andraikitra eo anatrehan'ireo fanasana nataontsika. Ny tanjon'ny asa fitoriana dia faritana ho toy ny fanasana "ny hafa hanatona an'i Kristy amin'ny alalan'ny fanampiana azy ireo handray ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany, amin'ny alalan'ny fibebahana, sy ny batisa, sy ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina ary ny faharetana hatramin'ny farany."<sup>3</sup>

Tena tafiditra ao anatin'ny dingana arahana ny fanasana. Saingy diniho fa misy zavatra bebe kokoa tokony hataon'ny mpikambana ao anatin'ny asa fitoriana fa tsy vitan'ny hoe manasa tsotra fotsiny ny olona mba hihaino ny misiônera. Hita ao anatin'izany koa ny fanohizana ny fandraisana andraikitra miaraka amin'ny misiônera

eo amin'ny fanampiana ny olona mba hampivelatra ny finoana, ho vonona hibebaka sy hiomana hanao fane-kempihavanana ary haharitra hatramin'ny farany.

Io fitsipiky ny fanohizana ny fandraisana andraikitra io dia aseho ao anatin'ny bokin'ny Asan'ny Apôstôly:

"Ary Petera sy Jaona niakatra ho eo an-kianjan'ny tempoly. . . .

"Ary nisy nitondra lehilahy nalemy tongotra hatrany an-kibon-dreniny, izay napetrany isan'andro teo anoloan'ny vavahadin'ny tempoly, ilay atao hoe Itsaraendrika, mba hangataka fiantrana amin'izay niditra ny kianjan'ny tempoly;

"Nony nahita an'i Petera sy Jaona efa hiditra eo an-kianjan'ny tempoly izy, dia nangataka mba homena fiantrana.

"Ary Petera sy Jaona nibanjina azy ka nanao hoe: Mijere anay.

"Dia nibanjina azy roalahy tsara izy, fa nanantena hahazo zavatra taminy.

"Fa hoy i Petera: Tsy manana volafotsy na volamena aho, fa izay ananako no omeko anao: Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy avy any Nazareta, mitsangantsangàna."

Izany ka fanasana mahery vaika avy amin'ny mpanompon'ny Tompo, sa tsy izany? Saingy tsy nionona tamin'ilay fanasana i Petera. Milaza amintsika ny tantara ao amin'ny soratra masina fa avy eo dia "*noraisiny tamin'ny tany ankavanana rahalahy ka natsangany*: dia nantanjaka niaraka tamin'izay ny tongony sy ny kitrokeliny.

"Ary niantambotra izy ka nijoro, dia nitsangantsangana ary *niaraniditra taminy ho eo an-kianjan'ny tempoly*, nitsangantsangana sy niantambotsambotra sady nidera an'Andriamanitra."<sup>4</sup>

Amin'ny teny hafa dia tsy hoe nampiasa ny fahefan'ny fisoronany sy nanasa ilay lehilahy hitsangana sy handeha fotsiny i Petera. Fa nanohy nandray andraikitra ihany koa izy teo anatrehan'ilay fanasana nataony tamin'ny alalan'ny fanampiana an'ilay lehilahy izay noraisiny tamin'ny tany ankavanana dia natsangany, ary avy eo izy dia niaraka nandeha taminy tany amin'ny tempoly.

Rehefa jerena ny ohatra nasehon'i Petera dia te hilaza aho hoe afaka mandray anjara tsy tapaka bebe kokoa ao anatin'ny asa fitoriana isika rehetra amin'ny alalan'ny fanoloana ny tahotra ao amintsika ho lasa finoana marina ka hanasa olona farafaharatsiny indray mandeha isaky ny telo volana—na inefatra isan-taona—mba hampianarin'ireo misiônera manompo amin'ny fotoana feno. Voaomana hampianatra amin'ny alalan'ny Fanahy izy ireo, miaraka amin'ny fitaomam-panahy marina avy amin'ny Tompo. Afaka miaraka manohy mandray andraikitra eo anatrehan'ny fanasana nataontsika isika ka mandray ny hafa amin'ny alalan'ny tanana sy mampitsangana azy ireo ary miaraka amin'izy ireo eo amin'ilay diany ara-panahy.

Mba hanampiana anareo ao anatin'izany dingana hotanterahina izany dia manasa ny mpikambana rehetra aho na inona na inona antsonareo amin'izao fotoana izao ary na manao ahoana na manao ahoana ny fahazotoanareo ao am-piangonana, mba hanao izay hananana ny boky *Torio ny Filazantsarako*. Hita ao amin'ny foibe fanapariahana any amin'ny toerana misy anareo izany ary hita ao amin'ny Internet ihany koa. Ilay ao amin'ny Internet dia azo vakiana na alaina maimaim-poana. Boky torolalana ho an'ny asa fitoriana izy io—izany hoe boky torolalana ho antsika rehetra. Vakio izany dia halalino ary ampiharo avy eo ny zavatra nianaranareo mba hanampiana anareo hahatakatra ny fomba hitondrana fanahy ho eo amin'i Kristy amin'ny alalan'ny fanasana sy ny



fanohizana ny fandraisana andraikitra. Hoy ny Filoha Thomas S. Monson hoe: “Izao no fotoana tokony hiarahan'ny mpikambana sy ny misiônera mifanome tanana, miara-miasa ao amin'ny tanimboaloboky ny Tompo mba hitondrana fanahy ho eo Aminy.”<sup>5</sup>

Izao no nampianarin'i Jesoa Kristy ireo mpianany:

“Be ny vokatra fa ny mpiasa no vitsy;

“Koa amin'izany mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra.”<sup>6</sup>

Novalian'ny Tompo izany vavaka izany amin'izao androntsika izao amin'ny alalan'ireo misiônera faran'izay maro indrindra nisy hatramin'izay tao anatin'ny tantaran'izao tontolo izao. Amin'izao fitomboana vaovaon'ireo mpiasa mahatoky izao dia nomen'ny Tompo fahafahana hafa indray isika hanampy Azy ao anatin'ity fijinjana fanahy lehibe ity.

Misy fomba mora ampiharina ahafahan'ireo mpikambana manampy sy manohana ireo misiônerantsika miavaka ireo. Ohatra, azonao lazaina amin'ny misiônera hoe ianao dia eo am-pandalinana ny *Torio ny Filazantsarako*, dia asaivo asehony anao ny zavatra ianarany eo amin'ny fandalinana ataon'izy ireo. Rehefa mifampizara ianareo dia azo antoka fa hitombo ny fifampahatokiana eo amin'ny mpikambana sy ny misiônera manompo amin'ny fotoana feno toy izao nandidian'ny Tompo azy izao mihitsy:

“Fa mba hahazoan'ny [lehilahy sy vehivavy] tsirairay miteny amin'ny anaran'ny Tompo Andriamanitra, dia ilay Mpamonjy izao tontolo izao.”<sup>7</sup>

Ary koa hoe “Indro, naniraka anareo Aho ho vavolombelona manambara sy hampitandrina ny olona, ary ilaina ny olona nampitandremana mba hampitandrina ny namany.”<sup>8</sup>

Ry rahalahy sy rahavavy, azonareo an-tsaina ve ny ho fiantraikany raha toa ny fianakaviana sy ny namana ka mampiditra ireo zavatra ianarany avy amin'ny fandalinana ny *Torio ny Filazantsarako* ao anatin'ny taratasy sy email alefa ho an'ireo misiônerany manompo amin'ny fotoana feno? Azonareo alaina sary an-tsaina ve ireo

fitahiana izay ho tonga eo amin'ny fianakaviana rehefa fantatr'izy ireo sy takatr'izy ireo kokoa ny zavatra hianaran'ny zanany lahy sy ny zanany vavy ary ny zavatra hampianaran'izy ireo mandritra ny fanaovany asa fitoriana? Azonareo eritreretina ve ireo fitahiana avy amin'ilay famindram-po mifono fanavotana izay ho azontsika tsirairay sy ho azon'ny rehetra araka ny fampanantenana nataon'ny Mpamonjy ho an'ireo rehetra izay mijoro ho vavolombelona ao anatin'ilay dingana fanasana fanahy hanatona Azy—ary avy eo manohy mandray andraikitra eo anatrehan'ireo fanasana natao ireo?

“Sambatra ianareo,” hoy ny Tompo tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith, “fa ny teninvavolombelona izay efa nambaranareo dia voasoratra any an-danitra mba hojeren'ireo anjely; ary mifaly aminareo ireo, ary voavela ny fahotananareo.”<sup>9</sup>

“Fa Izaho hamela anareo amin'ny fahotananareo miaraka amin'izao didy izao—dia ny hamaharanareo ao amin'ny faharetana . . . amin'ny fijoroana ho vavolombelona eran'izao tontolo izao ny amin'ireo zavatra izay ampitaina aminareo ireo.”<sup>10</sup>

Raha manohy mandray andraikitra isika dia hanampy antsika koa Andriamanitra. Efa hitako ny fifaliana tsy hay faritana azo avy amin'ny fanasana natosiky ny fijoroana ho vavolombelona ary ny fanohizana ny fandraisana andraikitra tamim-pahatokiana teo anivon'ireo mpikamban'ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao. Nandritra ny diako vao haingana tany Argentine dia namporisika ny mpikambana aho mba hanasa olona ho any am-piangonana alohan'ity fihaonamben'ny Fiangonana ity. Nihaino an'izany i Joshua izay valo taona ka nanasa ilay namany akaiky sy ny fianakaviany hanatrika varavaranana misokatra tao amin'ny paroasiny tao Buenos Aires. Mamelà ahy ianareo hamaky taratasy vao azoko izay manazava ny fanasana nataon'i Joshua sy ny fanohizana ny fandraisana andraikitra nataony tamim-pahatokiana:

“Nihazakazaka nankeny amin'ny vavahady matetitetika i [Joshua] mba hijery raha efa tamy any ry zareo.

Nilaza izy fa hoe fantany fa tsy maintsy [ho avy] izy ireo.

“Nandeha ny fotoana ary tsy tonga ilay naman’i Joshua, kanefa tsy nilavo lefona izy. Mbola nandeha nijery matetitetika tamim-pahatokiana teny am-bavahady izy. Raha efa tonga ny fotoana hanombohana ny fampiri-man’entana dia indro i Joshua nanomboka nitsambikimbikina sy nilaza hoe: ‘Ireny izy ireny! Ireny izy ireny!’ Nitraka aho ary nahita fianakaviana iray manontolo nanatona ny fiangonana. Nihazakazaka nivoaka i Joshua hiarahaba azy ireo ary hamihina ilay namany. Niditra daholo izy ireo ary toa tena nankafy ilay varavarana misokatra. Naka bokikely vitsivitsy izy ireo ary nandany fotoana betsaka nifankafantarana tamin’ny namana vaovao sasantsasany. Nahafinaritra ny nahita ny finoan’ity ankizilahy kely ity sy ny nahafantatra fa afaka ny ho misiônera koa ny ankizy ao amin’ny Kilonga.”<sup>11</sup>

Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa miara-miasa isika ka mitady ilay iray, sy manasa ary manohy mandray andraikitra amim-pahatokiana sy amim-pinoana, dia hitsiky amintsika ny Tompo ary zanak’Andriamanitra an’he-tsiny no hahita ny anton’ny fiainana sy fiadanana ao amin’ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany. Enga anie ny Tompo hitahy antsika rehetra ao amin’ny ezaka ataontsika mba hanafainganana ny asa famonjena. Izany no vavaka ataoko amim-panentren-tena amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:4.
2. *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an’ny Asa Fanompoan’ny Misiônera* (2004), 200.
3. *Torio ny Filazantsarako*, 1.
4. Asan’ny Apôstôly 3:1-8; nampiana fanamafisana.
5. Thomas S. Monson, “Tonga Soa eto amin’ny Fihaonambe,” *Liahona*, Nôv. 2013, 4.
6. Matio 9:37-38.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:20.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:81.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 62:3.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:61.
11. Taratasy ho an’ny tena manokana, 10 Martsa 2014.



**Nataon’i Jean A. Stevens**

Mpanolotsaina Voalohany ao amin’ny Fiadidian’ny Kilonga Maneran-tany

## “Aza Matahotra, fa Momba Anao Aho”

*Rehefa mampitombo ny finoantsika sy ny fitokiantsika ny Tompo isika dia afaka mahazo ny heriny mba hitahy sy hanafaka antsika.*

Vitsy ny fahatsapana azo ampi-tahaina amin’ny fahatsapana mamy amin’ny fahatongavana ho ray na reny. Tsy misy zavatra mamy kokoa noho ny fahazoana zazakely sarobidy nalefa mivantana avy any an-danitra. Niaina izany tamin’ny fiontanam-po lalina ny iray tamin’ireo anadahiko. Teraka tsy tonga volana ny zanany lahy kely voalohany ary tsy nilanja afa-tsy 1,3 kg. Tao amin’ny sampana mirakarakara zaza vao teraka mila fikarakarana mafy dia mafy tao amin’ny hopitaly no nisy an’i Hunter nandritra ny roa volana voalohany niainany. Fotoana nampisy fiontanam-po ho an’ny rehetra tao amin’ny fianakaviana ireo volana ireo satria nanantena sy nangataka fanampiana tamin’ny Tompo izahay.

Nila fanampiana lehibe i Hunter kely. Nitolona mafy izy mba hahazo ny hery ilaina mba ho velona. Matetika no nandray ny tanana kelin’ny zanany lahy ny tanana matanjak’ily ray be fitiavana mba hampahery ilay zanany kely osa dia osa.

Dia toy izany ny zava-miseho ho an’ny zanak’Andriamanitra rehetra. Manolo-tanana antsika tsirairay ny

Raintsika any an-danitra, amin’ny fitiavana tsy manam-petra. Manana fahefana amin’ny zavatra rehetra Izy ary maniry ny hanampy antsika hianatra, hivoatra ary hiverina any Aminy. Izany dia mamaritra ny tanjon’ny Raintsika dia ny “manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain’ny olona.”<sup>1</sup>

Rehefa mampitombo bebe kokoa ny finoantsika sy ny fitokiantsika ny Tompo isika dia afaka mahazo ny heriny mba hitahy sy hanafaka antsika.

Ny Bokin’i Môrmôna dia mandrafitra ny endrik’io foto-kevitra mahafinaritra momba ny herin’ny Tompo hanafahana ireo zanany io ao anatin’ireo pejy ao aminy. Nanome fampidirana mikasika izany i Nefia ao amin’ny toko voalohany amin’ily boky. Mivaky toy izao ny ao amin’ny andininy 20: “Izaho Nefia dia haneho aminareo fa ny halehiben’ ny famindram-pon’ ny Tompo dia amin’ ireo rehetra izay efa nofinidiny, noho ny finoany, ka mampahery azy na dia hatrany amin’ ny herin’ ny fanafahana aza.”<sup>2</sup>

Taona maro lasa izay dia nanjary tatkato avy tamin’ny traikefa manokana ireo fahamarinana voalaza ao amin’io

andininy io. Fantatro hoe hatraiza no maha tena akaiky ny Raintsika any an-danitra ary ohatry ny ahoana izany faniriany hanampy antsika izany.

Indray hariva izay rehefa nanaikaiky ny alina raha nandeha fiara iny izaho sy ireo zanako dia nahatsikaritra zazalahy kely iray aho izay nandeha an-tongotra irery teny amin'ny lalana iray mangingina. Rehefa avy nandalo nihoatra azy izahay dia nanana fahatsapana mazava tsara aho fa tokony hiverina ka hanampy azy. Saingy niahiahy aho sao dia hampatahotra azy ny fisian'ny olon-tsy fantatra iray mijanona amin'ny fiara eo akaikiny amin'ny alina, ka dia notohizako ny diako. Niverina indray ilay fahatsapana mahery vaika niaraka tamin'ny teny tao an-tsaiko nanao hoe: "Mandehana manampy an'iny zazalahy iny!"

Nampitodi-doha ny fiara hiverina teo aminy aho dia nanontany hoe "Mila fanampiana ve ianao? Nanana fahatsapana aho fa tokony hanampy anao."

Nitodika tany aminay izy ary nilaza taminay niaraka tamin'ny ranomaso nijohy teo amin'ny takolany hoe "Hanampy ahy ve ianao? Nivavaka foana aho mba hisy olona hanampy ahy."

Novaliana tamin'ilay fitaomampianahy tonga tao amiko ny vavaka nataony mba hahazo fanampiana. Nametraka marika tsy hay hadinoana izay mbola voarakitra ato am-poko izany traikefa izay nandraisako fitarihana mazava avy tamin'ny Fanahy izany.

Ankehitriny afaka 25 taona, ary tamin'ny alalan'ny famindram-po lehibe, dia izay indray aho vao nifandray tamin'io zazalahy io vao volana vitsivitsy izay. Fantatro tamin'izany fa tsy tantarako irery ilay zavatra niainana—fa tantarany ihany koa. Raimpianakaviana manana ny tokantranony i Deric Nance amin'izao fotoana izao. Izy ihany koa dia tsy nanadino mihitsy ity zavatra niainana ity. Nanampy anay izany hanorina fototra ara-pinoana hoe maheno sy mamaly vavaka Andriamanitra. Samy nampiasa izany izahay hampianarana ny zanakay hoe miahy antsika ny Tompo. Tsy irery isika.

Tamin'io alina io dia nijanona mba hanao atrik'asa iray taorian'ny firavana tany an-tsekoly i Deric ka tsy



nahatratra intsony ny fiara fitaterana farany. Noho izy mbola zatovolahy kely dia natoky tena izy fa afaka ny ho tody tany an-trano, ka noho izany dia nanomboka nandeha an-tongotra.

Adiny iray sy sasany no lasa rehefa nandeha teo amin'ilay lalana mangina izy. Noho izy mbola tany amin'ny ki-laometatra maro niala ny tranony sady tsy nahita trano na dia iray aza dia natahotra izy. Rehefa tao anatin'ny haki-viana izy dia nandeha tao ambadiky ny vangongom-batokely iray, nandohalika ary nangataka fanampiana tamin'ny Ray any an-danitra. Minitra vitsy taorian'ny niverenan'i Deric teo amin'ny arabe no nijanonako nanome azy ilay fanampiana izay efa nivavahany.

Ankehitriny taona maro taty aorian'izay dia mahatsiaro i Deric hoe: "Nahatsiaro ahy ny Tompo, izaho ilay zazalahy nahia kely sy tsy ampy fiomanana. Ary na dia eo aza ny zavatra hafa rehetra mitranga eto amin'izao tontolo izao dia fantany ny toe-javatra niainako ary tiany tokoa aho ka nandefasany fanampiana. Imbetsaka ny Tompo no namaly ny vavaka nataoko taorian'ny nandehanao tamin'io lalana mangina io. Tsy hoe eo no ho eo sy mazava foana tahaka ny tamin'iny ny valim-bavaka omeny saingy hita mazava tsy misy hafa tamin'ilay tamin'io alina mangina io ny fiahiany ahy ankehitriny. Isaky ny vesaran'ireo ahiahy maro eo amin'ny fiainana ny tontoloko dia

fantatro fa manana drafitra lalandava Izy hahatongavako soa aman-tsara indray any an-trano."

Araka ny voalazan'i Deric dia tsy mivaly haingana avokoa ny vavaka rehetra. Kanefa tena mahafantatra antsika tokoa ny Raintsika any an-danitra ary mahare ny fitalahoan'ny fontsika. Tanterahany tsirairay isaky ny vavaka sy isaky ny olona ny fahagagana avy Aminy.

Afaka matoky isika fa hanampy antsika Izy, tsy voatery hoe amin'ny fomba tiantsika fa amin'ny fomba izay hanampy indrindra antsika hivoatra. Mety ho sarotra ny mampifanaraka ny sitrapontsika amin'ny Azy, saingy ilaina ny ho tonga toa Azy sy ny mitady ilay fiadanana atolony antsika.

Mety hanana fahatsapana tahaka izay nofaritan'i C. S. Lewis isika hoe: "Mivavaka aho satria tsy tafavoaka samirery. . . . Mivavaka aho satria mahatsapa lalandava fa ilaiko izany, na mifoha na matory. Tsy manova an'Andriamanitra izany. Fa manova ahy."<sup>3</sup>

Maro ireo tantara ao amin'ny soratra masina mikasika ireo izay name-traka ny fitokiany tamin'ny Tompo ka dia nampiany na nafahany. Eritrereto i Davida tovolahy, izay avotra tamin'ny fahafatesana teo am-pelatanan'ilay Goliata matanjaka tamin'ny alalan'ny fianteherany tamin'ny Tompo. Eritrereto i Nefia, izay ny fitalahoany tamin'Andriamanitra tamim-pinoana no nitondra fanafahana ho azy teo anatrehan'ireo rahalahiny izay nikasa ny hanafaka ny ainy. Tadidio i Joseph Smith kely, izay nikatsaka ny fanampian'ny Tompo tamin'ny alalan'ny vavaka. Nafahana teo anatrehan'ny herin'ny haizina izy ary nandray valim-bavaka mahagaga. Ny tsirairay tamin'izy ireo dia niatrika olana azo tsapai-tanana sy sarotra. Samy naneho finoana izy tsirairay ary nametraka ny fitokisany tamin'ny Tompo. Samy nahazo fanampiany. Ary amin'izao androntsika izao dia mbola miseho eo amin'ny fiainan'ireo zanany ny herin'Andriamanitra sy ny fitiavany.

Hitako vao haingana izany teo amin'ny fiainan'ireo Olomasina vontom-pinoana any Zimbabwe sy Botswana. Nandritra ny fivoriana

ffadian-kanina sy fijoroana ho vavolombelona tao amin'ny sampana kely iray dia nampanetry tena ahy sy nanentana ny fanahiko ny fijoroana ho vavolombelona nozarain'ireo ankizy madinika sy zatovo maro, ary toy izany koa ny an'ny olon-dehibe. Samy nannambara tamin'ny fomba mahery vaika ny finoany an'i Jesoa Kristy Tompo izy ireo. Ao anatin'ireo olana sy toejava-tsarotra manodidina azy ireo dia miaina isan'andro amin'ny alalan'ny fametrahany ny fitokiany amin'Andriamanitra izy ireo. Manaiky ny fiasan'ny tanan'ny Tompo eo amin'ny fiainany izy ireo ary matetika maneho izany tamin'ilay andian-teny hoe "Tena feno fankasitrahana an'Andriamanitra aho."

Taona vitsy lasa izay dia nampiseho tamin'ny alalan'ny ohatra tamin'ireo mpikambana tao amin'ny paroasinay izany fahatokiana ny Tompo izany ny fianakaviana mahatoky iray. Niaina fiainana sambatra niaraka i Arn sy Venita Gatrell kanjo nahitana homamiadana mahery vaika tao amin'i Arn. Nampalahelo ny vinavina avy amin'ny mpitsabo—herinandro vitsy sisa no hiainany. Te hiaraka farany ilay fianakaviana. Noho izany dia nifamory ireo zanany, ny sasany dia avy lavitra. Tsy nanana afa-tsy 48 ora sisa izy ireo mba hiarahana, izay sarobidy tokoa. Nisafidy tsara ny zavatra tena nandanjanja ho azy ireo ny fianakaviana Gatrell—fakana sary ny fianakaviana, fiarahan'ny fianakaviana misakafo ary fotoam-bavaka tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake. Hoy i Venita hoe "Rehefa nivoaka ny varavaran'ny tempoly izahay dia izay no fotoana farany niarahanay teto amin'ity fiainana ity."

Saingy nony nivoaka avy tao izy ireo dia nahazo antoka fa mbola betsaka lavitra tokoa mihoatra noho ity fiainana ity ny zavatra natao ho azy ireo. Noho ireo fanekempihavanana masina tao amin'ny tempoly dia manam-panantenana amin'ny fampantenan'Andriamanitra izy ireo. Afaka ny hiaraka mandrakizay izy ireo.

Feno fitahiana maro tsy ho voatanisa ireo volana roa taorian'izay. Nitombo ny finoan'i Arn sy Venita sy ny fahatokiany an'ny Tompo, araka ny hita tao amin'ny tenin'i Venita manao



hoe: "Nampiana aho. Nianatra aho fa afaka mahatsapa fiadanana ianao ao anatin'ny fijaliana. Fantatro fa niahy anay ny Tompo. Rehefa mahatoky ny Tompo ianao dia afaka mandresy marina na inona na inona olana eo amin'ny fiainana."

Hoy ny iray tamin'ireo zanany vavy hoe: "Nandinika ireo ray amandreninay izahay dia nahita ny ohatra nasehony. Hitanay ny finoan'izy ireo sy ny fomba nikolokoloany izany. Tsy ho nangataka ity fitsapana ity mihitsy aho, saingy tsy hamoy izany velively ho an'olon-kafa. Feno ny fitiavan'Andriamanitra manodidina anay"

Mazava ho azy fa tsy ny fahafatesan'i Arn no vokatry nantenain'ny fianakaviana Gatrell. Kanefa tsy olana ara-pinoana no olan'izy ireo. Tsy hoe lisitra fanaraha-maso ny zavatra tokony hatao ny filazantsaran'i Jesoa Kristy fa mitoetra ao am-pontsika izany. "Tsy enta-mavesatra ny filazantsara fa manamaivana ny etamavesatra eo amintsika"<sup>4</sup>. Manampy antsika hahazaka ny fitsapana izany. Nanampy ny fianakaviana Gatrell izany. Nahatsapa fiadanana teo anivon'ny fitsapana izy ireo. Nifanohana mafy izy ireo ary nifikitra mafy tamin'ny fanekempihavanan'ny tempoly izay nataony sy notandremanay. Nitombo ny fahafahan'izy ireo nitoky tamin'ny Tompo ary nanamafy orina azy ireo ny finoany an'i Jesoa Kristy sy ny heriny manavotra.

Rehefa mby eo amin'ny lalan'ny maha-mpianatra isika, na inona na inona mety ho ahiahy sy olana

ananantsika, dia tsy irery isika. Tsy hadino ianao. Tahaka an'i Deric, sy ireo Olomasina any Afrika, ary ny fianakaviana Gatrell dia afaka misafidy ny hangataka ny fanampian'Andriamanitra amim-pinoana koa isika. Afaka miatrika ireo zava-tsarotra mianjady amintsika amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fahatokiana ny Tompo isika. Ary lasa tahaka Azy kokoa isika ao anatin'izany dingana izany.

Ny Tompo dia nilaza, raha niresaka tamintsika tsirairay, hoe: "Aza matahotra; . . . momba anao Aho; ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao; mampahery anao Aho sady mamonjy anao; . . . Mitantana anao amin'ny tanana ankavanan'ny fahamarinako Aho."<sup>5</sup>

Mizara ny fijoroana ho vavolombelona kely ananako nefa azoko antoka aho fa Andriamanitra Raintsika dia mahafantatra antsika tsirairay sy manolo-tanana hanampy antsika. Amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Zanany Lahy Malalany ihany no hahafahantsika mandresy ireo fanambin'izao tontolo izao sy hahazoantsika fanafahana mba ho tody soa aman-tsara any Aminy. Enga anie isika ka hino sy hatoky Azy, izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Mosesy 1:39.
2. 1 Nefia 1:20.
3. Teny nolazain'ilay hoe C. S. Lewis araka ny voatantara ao amin'ny William Nicholson, *Shadowlands* (1989), 103.
4. Harry Emerson Fosdick, *Twelve Tests of Character* (1923), 88.
5. Isaia 41:10.



**Nataon'ny Eveka Gary E. Stevenson**  
Eveka Mpiahy

# Ireo Efatra Minitranareo


*Afaka manova ireo tsy fahatanterahana eo amin'ny fanatanterahantsika ny hazakazaka ataontsika ny fahagagan'ny Sorompanavotana.*

**N**isarika an'izao tontolo izao ny Lalao Olimpikan'ny Ririnina farany teo raha nifaninana tamin'ny hetsika samihafa miisa 98 ireo atleta nisolo tena firenena 89. Mahavariana fa mpikamban' Ny Fiangonanan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ny 10 tamin'ireo atleta ireo, nahazo medaly ny 3 tamin'izy ireo, izay vao nasongadina tao amin'ny gazety *Church News* dia i Christopher Fogt sy i Noelle Pikus-Pace, ary i Torah Bright.<sup>1</sup> Miarahaba an' ireo atleta rehetra nifaninana izahay. Tena tsara!

Hiresaka momba ireo lalao ireo aho amin'ity maraina ity ary mampitodika ny saiko amin'ireo zatovolahy sy zatovovavy ary ireo tanora tokantena—ianareo izay ao anatin'ireo taona fandraisana fanapahan-kevitra izay mamaritra ny lalan'ny fiainanareo. Mahatsapa hamehana lehibe aho eto am-piresahana aminareo.

Mba hahatsapanareo izany hamehana izany dia hizara ny tantaran'i Noelle Pikus-Pace aloha aho, izay iray amin'ireo atleta Olomasin'ny Andro Farany ireo. Amin'ny lalao skeleton nataon'i Noelle dia maka bahana amin'ny alalan'ny fihazakazahana

mafy ireo atleta ary avy eo dia mitsoraka eo ambonin'ny takelaka kely fikorisana ka ny loha no mandeha mialoha. Mifaninana mikorisa midina amin'ny lalana tery miolankolana izay rakotra ranomandry izy ireo amin'ny hafainganam-pandeha mahatratra 145 km isan'ora ary efa hila hika-soka amin'ny tany ny tavan'izy ireo amin'izany.



Mahavariana fa ireo taona maro niomanana dia horaisina ho toy ny fahombiazana na fahadisoam-panantenana arakaraka ny zavatra mitranga ao anatin'ireo fifaninanana mahery vaika maharitra 60 segondra inefatra.

Rava ny nofinofin'i Noelle tamin'ny lalao Olimpika 2006 teo aloha rehefa tapa-tongotra izy tamin'ny loza iray nahatsiravina. Mbola tsy tateraka indray ny nofinofiny tamin'ny lalao Olimpika 2010 raha iray ampahafolon-tsegondra monja no tsy nahazoany medaly.<sup>2</sup>

Azonareo an-tsaina ve ny tebiteby tsapany teo am-piandrasany ny fanombohan'ny fifaninanana voalohany nandraisany anjara tamin'ny lalao Olimpika 2014? Ao anatin'ny fotoana fohy dia fohy monja no mety hampody ventiny ireo taona maro niomanana. Efatra minitra ny fitambarany. Nandany taona maro izy ho an'ireo efatra minitra ireo ary rehefa vita izany dia handany ny androm-piainany iray manontolo izy hieritretana azy ireo.

Saika tsy nisy kiana ny fifaninanana farany nataon'i Noelle. Tsy hohadinontsika mihitsy ny fitsambikinany ho eny amin'ny toeran'ny mpijery mba hanoroka ny fianakaviany rehefa avy nandalo ny tsipika manamarika ny fahatongavana sady niteny hoe "Tratrantsika ny tanjona!" Nahitam-pahombiazana ny taona maro niomanana. Hitantsika teny ambozonany ilay medalin'ny Zatovovavy efa azony rehefa nasalotra azy ilay medaly volafotsy.<sup>3</sup>

Mety ho toy ny tsy rariny ny hoe niankina tamin'ny zavatra nataony nandritra ireo efatra minitra fohy monja ireo ny nofin'i Noelle iray manontolo tamin'ny lalao Olimpika. Saingy fantany izany, ary izany no antony niomanany fatratra. Tsapany mialoha ny maha-zava-dehibe sy ny hamehana tao anatin'ireo efatra minitra ireo, ary ny ho lanjan'izany amin'ny androm-piainany sisa.

Tsaroantsika ihany koa i Christopher Fogt, izay mpikambana tao amin'ilay ekipa nahazo ny medaly alimo tamin'ny fifaninanana hazakazaka bobsled ho an'olona efatra. Raha mety ho tokony nilavo lefona izy

taorian'ily fianjerany tamin'ny lalao Olimpika 2010 dia nisafidy ny hikiry hatrany. Taorian'ny fifaninanana mahatalanjona sy nanavotra dia azony ilay loka izay nokatsahiny tamim-pahazotoana tokoa.<sup>4</sup>

Ankehitriny dia saintsaino ny mam-pitovy ny lalanao mankany amin'ny fiainana mandrakizay amin'ny "fifaninanana efatra minitra" nataon'ireo atleta ireo. Maharitra mandrakizay ianao. Talohan'ny nahaterahanao dia efa nisy tamin'ny endrika fanahy ianao. Teo anatrehan'ny Ray any an-danitra be fitiavana ianao dia niofana sy nio-mana ho ety an-tany mandritra ny fotoana fohy ary hanao asa. Ity fiainana ity no efatra minitranao. Mandritra ny fotoana maha-eto anao dia ireo zavatra ataonao no hamaritra ny fahazoanao na tsia ny lokan'ny fiainana mandrakizay. Nofariparitan'ny mpaminany Amioleka hoe: "Ity fiainana ity no fotoana . . . hiomanana hihaonana amin'Andriamanitra; eny, indro, ny andron'izao fiainana izao no andro . . . mba hanatontosa[nao] ny asa[nao]."<sup>5</sup>

Azo lazaina hoe efa nanomboka ny efatra minitranareo. Efa nanomboka nipaika ny famantaranandro. Toa tena mifanaraka tsara amin'izany ny tenin'ny Apôstôly Paoly hoe: Manao ny hazakazaka mba hahazoanareo ny loka.<sup>6</sup>

Raha ilaina mandritra ilay fifaninanana fohy dia fohy ataon'ny atleta amin'ny lalao Olimpika ireo asa vitsivitsy toy ny—fitsambikinana na fihetsika miaro tetika ampiasain'ireo mpanao skate amin'ny ranomandry sy snowboard, fitandremana rehefa hiditra amin'ireo fiviliana amin'ny hazakazaka amin'ny bobsled, na miko-risa haingana ao anatin'ireo vavahady amin'ny lalana hanaovana ny hazakazaka slalom hidinana tendrombohitra amin'ny kapan-dranomandry—dia torak'ozany koa eo amin'ny fiainantsika, izay ahitana zavatra vitsivitsy tena manan-danja—fotoana hanaovana fanaraha-maso izay mampan-droso antsika eo amin'ny hazakazaka ara-panahy ataontsika eto an-tany. Ireo marika ara-panahy ireo dia ireo ôrdônansin'ny Filazantsara nomen'Andriamanitra izay tena ilaina tokoa: ny

batisa, ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina, ireo fanokanana ao amin'ny fisoronana, ireo ôrdônansin'ny tempoly, ary ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro.

"Koa miharihary ao amin'[ireo] ôrdônansy [ireo] ny herin'ny toetra araka an'Andriamanitra."<sup>7</sup>

Ary mitovy amin'ny hoe manomana ny atleta iray hanao zavatra maromaro ao anatin'ny taranjampatananjahantena ataony amin'ny sokajy avo lenta indrindra ny fitsipipifehezana amin'ny fanazaran-tena, dia hahatonga anao ho mendrika ny handray ireo ôrdônansin'ny famonjena ireo koa ny fitandremana ny didy.

Tsapanareo ve ilay hamehana?

Ry namana zandriko, na aiza na aiza no misy anareo eo amin'ny "hazakazaka efatra minitra ataonareo" dia miangavy anareo aho hisaintsaina hoe: "Inona indray izao no tokony hataoko manaraka mba hahazoako antoka fa ho azoko ny medaliko?" Angamba mandritra ity fihaonambe ity dia efa nobitsihin'ny Fanahy Masina tamina-reo hoe inona no tokony hataonareo: ny hiomana am-piheverana kokoa ho amin'ny ôrdônansy iray amin'ny andronareo ho avy na handray ôrdônansy iray izay tokony efa noraisinareo fotoana maro lasa izay. Na inona izany na inona dia ataovy izao ankehitriny izao. Aza miandry. Handalo faingana ireo efatra minitranareo, ary ho mandrakizay no fotoana hieritretanareo ny zavatra nataonareo teto amin'ity fiainana ity.<sup>8</sup>

Ilaina ny fifehezan-tena. Tsy maintsy fototry ny fanazaran-tenanareo ny vavaka isan'andro sy ny fandalinana soratra masina ary ny fanatrehana fivoriam-piangonana. Takiana ny fanarahana tsy tapaka ny lamin'ny fankatoavana ny didy sy ny fitandremana ireo fanekempihavanana nataonareo ary ny fanarahana ny fitsipiky ny Tompo izay hita ao amin'ny *Ry Tanora, Mahereza*.

Angamba fantatrareo ireo zavatra eo amin'ny fiainanareo izay mitady hampihena na hampijanona ny fivoaranareo ara-panahy. Raha izany no izy dia araho ny torohevitra ao amin'ny soratra masina hoe: "Aoka isika



hanaisotra izay rehetra mitambesatra amintsika mbamin'ny ota izay malaky mahazo antsika, ary aoka isika hihazakazaka amin'ny faharetana amin'izao fihazakazahana filokana napetraka eo anoloantsika izao."<sup>9</sup>

Mbola tsy tara loatra izao raha hibebaka. Fa mety kely sisa dia ho tara loatra, satria tsy misy mahafantatra mihitsy hoe rahoviana no ho tapitra ny efatra minitranareo.

Mety hieritreritra ny amin'ny tenanareo ianareo izao hoe: "Efa nosimbaiko izany. Efa loza be ny efatra minitrako. Dia afaka milavo lefona aho noho izany." Raha izany no izy dia ajanony ny fieritretana izany, ary aza mieri-treritra izany intsony. Afaka manova ireo tsy fahatanterahana eo amin'ny fanatanterahantsika ny hazakazaka ataontsika ny fahagagan'ny Sorompanavotana. Araka ny nampianarin'ny Loholona Jeffrey R. Holland hoe:

"Ho anareo . . . izay mbola misalasalala, . . . mijoro ho vavolombelona aho mikasika ny herin' ny fitiavan' Andriamanitra izay manavao sy ny fahagagana avy amin' ny fahasoavany. . . .

". . . Tsy hisy *mihitsy* izany hoe tara loatra izany raha toa ka mbola miteny ny Tompo . . . hoe misy ny fotoana. . . . Aza ahemotra izany."<sup>10</sup>

Tsarovy fa tsy irery ianareo. Nampianantena ny Mpamonjy fa tsy hamela anareo ho kamboty Izy.<sup>11</sup> Manana fianakaviana sy namana ary mpitarika hanohana anareo ihany koa ianareo.

Na dia nivantana ho an'ny tanon'ny Fiangonana aza ny teny nataoko dia atolotro ho an'ireo ray aman-dreny sy ny ray aman-drenibe izao manaraka izao:

Vao haingana ny Loholona David A. Bednar no namariparitra fomba tsotra iray hanaovana tomban'ezaky ny fianakaviana mba hanamarihana ny fivoarana eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana amin'ny alalan'ireo ôrdônansy tena ilaina. Ny hany zavatra ilaina dia taratasy iray asiana tsanganana roa: “anarana” sy “drafitra amin'ny ôrdônansy manaraka na tena ilaina.” Nanao izany aho tsy ela akory izay, nitanisa ny anaran'ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviako. Nosoratako tao anatin'izy ireo ny zafikely lahy iray mbola mena vava, izay hotsofindrano tsy ho ela, ny zafikely lahy iray 6 taona, izay tena ilaina ny fiomanany ho amin'ny batisa; ary ny zanakalahy iray izay ho feno 18 taona, izay antomotra ny fiomanany ho amin'ny fisoronana sy ny fanafiana masina any amin'ny tempoly. Ary ny tsirairay tao amin'ilay lisitra dia samy nila ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo. Ity fampiharana tsotra ity dia nanampy ahy sy Lesa hanatanteraka ny anjara asanay mba hanampiana ny olona tsirairay ao amin'ny fianakavianay eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana, miaraka amin'ny drafitr'asa iray ho an'ny tsirairay amin'izy ireo. Angamba mety ho hevitra iray ho anareo izany, izay hitarika ny dinidiniky ny mpianakavy, ny lesona mandritra ny takarivan'ny mpianakavy, ny fiomanana na koa aza fanasana ho amin'ireo ôrdônansy tena ilaina ao amin'ny fianakavianareo.<sup>12</sup>

Amin'ny maha-mpilalao korisa an-dranomandry ny tenako dia tena nanaitra ahy tokoa ilay hazakazaka “efatra minitra” nahazoana medaly volafotsy vitan'i Torah Bright izay atleta Olomasin'ny Andro Farany Aostralianina mpanao snowboard, teo amin'ny fifaninanana lalao half-pipe. Nanaitra an'izao tontolo izao izy rehefa nahavita ilay fikorisana saika tonga lafatra ka nisidina avo nitsimbadika nankany aoriana nahavita nihodina hatrany amin'ny 720 degré. Kanefa, mbola nanaitra kokoa sy tsy nampoizin'izao



tontolo izao ny fomba nanampiany sy nampisehoany fitiavana tahaka ny an'i Kristy tamin'ireo mpifaninana taminy. Nahatsikaritra izy fa i Kelly Clark, ilay amerikana mpilalao snowboard, izay tsy nahomby tamin'ny fihodinana voalohany tamin'ny fifaninanany farany dia toa nitebiteby be talohan'ny fihodinana faharoa. “Nofihiny aho” hoy i Clark mitadidy izany. “Nofihiny fotsiny aho mandra-pitoniako tsara ka tsy nisefofo be intsony. Nahafinaritra izany misy namana mamihina izany.” Taty aoriana dia tafaraka tamin'i Torah Bright teny amin'ny lampihazony mpandresy i Kelly Clark tamin'ny nandrombahany ny medaly alimo.

Raha nanontaniana i Torah momba ity fihetsika tsy mahazatra feno hatsaram-panahy nataony tamin'ny mpifaninana taminy ity, izay mety ho nahatonga azy tsy nahazo ilay medaly volafotsiny, dia niteny fotsiny izy hoe: “Mpifaninana te hanao ny tsara indrindra vitako aho kanefa tiako hanao ny tsara indrindra vitany koa ireo mpifaninana namako.”<sup>13</sup>

Rehefa mahatsiaro izany ianareo dia moa ve misy olona mila ny famporisihanareo? Olona iray ao amin'ny fianakaviana? Namana iray? Mpiaramianatra na olona iray ao amin'ny kôlejy misy anao? Ahoana no fomba ahafahanao manampy azy ireo ao anatin'ny efatra minitran'izy ireo?

Ry namana malala isany, eo anivon'ny dia tena mahavelom-bolo ianareo. Azo lazaina hoe mikorisa

midina amin'ilay lavaka rakotra ranomandry ianareo na amin'ny lalana teritery, ary mety ho sarotra ny manatanteraka ny fihetsika tsirairay na ny fihodinana amin'ny fiolahana tsirairay eny amin'ilay lalana. Tsarovy anefa fa niomana ho amin'izany nandritra ny arivotaona maro ianareo. Izao no fotoana hanaovanareo ny hazakazaka. Izao no efatra minitranareo! Izao no fotoanareo!

Maneho ny fahatokiako tanteraka aho amin'ny fahafahanareo manao zavatra. Eo anilanareo ny Mpamonjin'izao tontolo izao. Raha toa ka mikatsaka ny fanampiany sy manaraka ny fitarihany ianareo dia amin'ny fomba ahoana no tsy hahombiazanareo?

Faranako izany amin'ny fijoroako ho vavolombelona ny amin'ny fihiana ananantsika ao amin'ny mpaminany velona, ny Filoha Thomas S. Monson; sy ny amin'i Jesoa Kristy; ary ny anjara asany amin'ny maha-Mpamonjy sy Mpanavotra antsika Azy, amin'ny anarany masina, dia Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Christine Rappleye, “Mormons in the Olympics: 3 Medals for LDS Athletes at the Winter Games,” deseretnews.com/article/865597546/Mormons-in-the-Olympics-3-medals-for-LDS-athletes-at-the-Winter-Games.html.
2. Jereo ny Christine Rappleye, “Mormons in the Olympics.”
3. Jereo ny Sarah Petersen, “Noelle Pikus-Pace Wears LDS Young Women Necklace throughout Olympics,” deseretnews.com/article/865596771/Noelle-Pikus-Pace-wears-LDS-Young-Women-necklace-throughout-Olympics.html.
4. Jereo ny Amy Donaldson, “Army, Faith Helped Push Mormon Bobsledder Chris Fogt to Olympic Success,” deseretnews.com/article/865597390/Army-faith-helped-push-Mormon-bobsledder-Chris-Fogt-to-Olympic-success.html.
5. Almà 34:32.
6. Jereo ny 1 Korintiana 9:24.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20.
8. Jereo ny Almà 34:31–33.
9. Hebreo 12:1.
10. Jeffrey R. Holland, “Ireo Mpiasa ao amin'ny Tanimboaloboka,” *Liahona*, Mey 2012, 33.
11. Jereo ny Jaona 14:18.
12. David A. Bednar, fifampiresahana tamin'ny mpanoratra.
13. Vidya Rao, “Snowboarder Kelly Clark: Hug from Competitor Helped Me Win Bronze,” today.com/sochi/snowboarder-kelly-clark-hug-competitor-helped-me-win-bronze-2D12108132.





**Nataon'ny Loholona David A. Bednar**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Mitondra Mora Foana ny Enta-mavesany

*Ireo enta-mavesatra miavaka eo amin'ny fiainantsika tsirairay dia manampy antsika hiantehitra amin'ny fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasovan'ny Mesia Masina.*

**M**anana namana akaiky iray aho izay resy lahatra, taona vitsivitsy taorian'ny nanambadiany, fa nila fiara tsy mataho-dalana izy sy ny fianakaviany. Azon'ilay vadiny antoka fa tsy nila ilay fiara vaovao izy fa te hanana izany fotsiny. Ny resaka miharo vazivazy nifanaovan'izy mivady no niantombohan'ny fieritreretany izy ireo ny tombontsoa sy ny fatiantoka amin'ny fividianana ilay fiara.

“Malala a! mila fiara tsy mataho-dalana isika.”

Nanontany ramatoa hoe: “Nahoana ianao no mieritreritra fa mila fiara vaovao isika?”

Nanome valinteny izay ninoany fa tena mahavaly tsara ilay fanontaniana ilay rangahy: “Ahoana moa raha mila mividy ronono ho an'ireo zanatsika isika ao anatin'ny oram-baratra iray mahery vaika, ka ny hany fomba ahafahako mandeha mankany amin'ny mpivarotra dia ny mandeha fiara tsy mataho-dalana?”

Namaly tamim-pitsikiana ilay vadiny hoe: “Raha mividy fiara tsy mataho-dalana vaovao isika dia tsy hanam-bola

hividianana ronono—ka inona ary no hiasana saina hoe handeha ho any amin'ny toeram-pivarotana rehefa misy zavatra maika ilaina!”

Rehefa nandeha ny fotoana dia mbola nifampidinika izy ireo ary nony farany dia nanapa-kevitra ny hividy ilay fiara. Fotoana fohy taorian'ny nahazoany ilay fitaovam-pitaterana vaovao, dia nanam-paniriana ilay namako mba hampiseho fa tena ilaina ilay fiara sady hanamarina ireo antony nahatonga azy haniry hividy izany. Noho izany dia nanapa-kevitra izy fa hanapaka sy hibata kitay ho entiny any an-trano. Fararano tamin'izay, ary efa nanomboka nirotsaka teny amin'ny tendrombohitra izay nokasainy hakanana ireo kitay ny ranomandry. Rehefa niakatra ilay tendrombohitra ny fiara nentiny, dia nihanatevina tsikelikely hatrany ny ranomandry. Nahatsapa ilay namako fa mampidi-doza ny mandeha amin'ilay lalana malama, kanefa nanohy ny diany izy noho ny fahatokisany ilay fiara vaovao.

Indrisy anefa, fa lasa lavitra loatra tao anaty lalana feno ranomandry

ilay namako. Rehefa namily ilay fiara hivoaka ilay lalana ho any amin'ilay toerana saika hakàny kitay izy, dia tsy afa-nihetsika ilay fiara. Nihodikondina tao anaty ranomandry ireo kodiarana efa tamin'ilay fiara. Niaiky avy hatrany izy fa tsy hainy izay tokony hatao mba hivoahana amin'ilay toejavatra mampidi-doza. Sadaikatra sy sahiran-tsaina izy.

Nanapa-kevitra ilay namako nanao hoe: “Eny ary, tsy hijanona fotsiny eto aho.” Nivoaka ilay fiara izy ary nanomboka nikapa kitay. Nofenoiny tamin'ireo entana mavesatra ny tao aorian'ilay fiara. Ary nanapa-kevitra ilay namako rehefa avy teo fa mbola hanandrana indray ny hamoaka ilay fiara avy ao amin'ilay ranomandry. Rehefa novelominy ilay fiara ka nampandehaniny dia nanomboka nandroso kely izany. Niala tsimoramora avy ao amin'ilay ranomandry ilay fiara ka niverina teo amin'ny lalana. Afaka nody izy nony farany, feno fifaliana sy fanetren-tena.

## **Ny Enta-mavesatra Entintsika Tsirairay**

Mivavaka aho mba hahazo ny fanampian'ny Fanahy Masina mandritra





ny fanantitranterako ireo lesona manan-danja izay azo tsoahina avy amin'ny tantaran'ilay namako sy ilay fiara ary ny kitay. Ilay entana mavesatra no nahatonga izany. Ny havesaran'ireo kitay teo ambonin'ilay fiara no nahazoana ny hery nilaina mba hanaisorany ilay fiara tao amin'ny ranomandry, ka hiverina eo amin'ny lalana, ary handroso. Ilay entana mavesatra no nahafahany niverina ho any amin'ny fianakaviany sy ny tokantranony.

Mitondra enta-mavesatra ihany koa ny tsirairay amintsika. Tafiditra ao anatin'ny enta-mavesatry ny tenantsika manokana ireo zavatra takiana amintsika sy ireo lalana mahaso misokatra ho antsika, ireo andraikitra sy ireo tombontsoa, ireo fahoriana sy ireo fitahiana, ary ireo safidy sy ireo faneriterena. Misy fanontaniana roa izay mety hanampy antsika rehefa mamerimberina manombantombana ny enta-mavesatsika amim-bavaka isika: “Moa ve ny enta-mavesatra izay entiko mitondra hery ara-panahy izay ahafahako mibosesika handroso amin'ny finoana an'i Kristy eo amin'ilay lalana ety sy tery ka hisoroka ny tsy fahafahana mihetsika? Moa ve ny enta-mavesatra entiko mampisy ny hery ara-panahy ampy mba hahafahako miverina any amin'ny Ray any an-danitra any aoriana any?”

Indraindray isika dia mety hanana eritreritra diso fa ny fahasambarana dia ny tsy fisian'ny enta-mavesatra. Ny fitondrana enta-mavesatra anefa dia ampahany tena ilaina sy manan-danja ao amin'ny drafitry ny fahasambarana.

Koa satria ny enta-mavesatry ny tenantsika manokana dia tokony hitondra hery ara-panahy, dia tokony hitandrina isika mba tsy hamela ireo zavatra izay kanto nefa tsy ilaina mba hibahana eo amin'ny fiainantsika ka hahatonga antsika ho variana dia tsy hifantoka amin'ireo zavatra izay tena manan-danja indrindra.

#### **Ny Hery Mampatanjaky ny Sorompanavotana**

Hoy ny Mpamonjy hoe:

“Mankanasa aty amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.”

“Ento ny ziogako, ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho: dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo hianareo.”

“Fa mora ny ziogako, ary maivana ny entako” (Matio 11:28–30).

Ny zioga dia vatan-kazo lehibe iray, izay atao eo anelanelan'ny omby na biby hafa anankiroa raha ny tokony ho izy mba hahafahan'izy ireo miaramitarika enta-mavesatra iray. Mampifanakaiky ny biby roa ny zioga iray ka afaka miara-mikisaka izy ireo mba hahavitana asa iray.

Eritrereto ilay fanasana manokana tena miavaka nataon'ny Tompo hoe “ento ny ziogako.” Ny fanaovana sy fitandremana ireo fanekempihavanana masina dia mampifandray antsika sy mahatonga antsika ho tafaray amin'i Jesoa Kristy Tompo. Ny zava-dehibe indrindra dia manasa antsika

hiantehitra Aminy sy hiara-mitondra ny enta-mavesatra Aminy ny Mpamonjy, na dia tsy mitovy sy tsy azo ampitahaina amin'ny Azy aza ny ezaka lehibe indrindra vitantsika. Rehefa matoky Azy isika sy mitondra ny enta-mavesatsika miaraka Aminy mandritra ny fiainana ety an-tany, dia marina tokoa fa mora ny ziogany, ary maivana ny entany.

Tsy irery isika ary tsy mila ny ho irery mihitsy. Afaka mibosesika mandroso isika amin'ny fiainantsika andavanandro noho ny fanampiana avy any an-danitra izay azontsika. Amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy dia afaka hahazo fahaizamanao sy hery “mihoatra noho izay ananantsika amin'izao” isika (“Seigneur Je Te Suivrai,” *Cantiques*, no. 141). Nanambara ny Tompo hoe: “Koa tohizo ny dianareo ary aoka hiravoravo ny fonareo; fa indro ka jereo, fa Izaho momba anareo hatramin'ny farany” (F&F 100:12).

Saintsaino ilay ohatra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna raha nanenjika an'i Almà sy ny vahoakany i Amiolôna. Tonga teo amin'ireo mpianatra ireo tao anatin'ny fahorian'izy ireo ny feon'ny Tompo nanao hoe: “Atrakao ny lohanareo ary manàna fahatokiana, satria fantatro ny fanekempihavanana izay efa nataonareo Tamiko: ary Izaho hanao fanekempihavanana amin'ny oloko sy hanafaka azy hiala amin'ny famatorana” (Môsià 24:13).

Jereo fa ny fanekempihavanana dia manana toerana lehibe ao amin'ilay fampanantenana hanome fanafahana. Ireo fanekempihavanana noraisina sy nohajaina tamim-pahamarinana tantetarako sy ireo ôrdônansy izay notanterahina tamin'ny fahefan'ny fisoronana marina dia ilaina mba handraisana ireo fitahiana izay afaka ny ho azo noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Fa amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'ny fisoronana, ny herin'ny toetra araka an'Andriamanitra dia miharihary amin'ny lehilahy sy ny vehivavy ao amin'ny nofo, anisan'izany ireo fitahian'ny Sorompanavotana (jereo ny F&F 84:20–21).

Tadidio ny teny nambaran'ny Mpamonjy hoe “Fa mora ny ziogako,

ary maivana ny entako” (Matio 11:30) eo am-pijerentsika ny andininy manaraka ao anatin’ily tantaran’i Almà sy ny vahoakany.

“Ary hohamaivaniko koa ny enta-mavesatra izay apetraka eo antorokareo, ka tsy hahatsapa izany ny lamosinareo” (Môsià 24:14).

Maro amintsika no mety hieritreritra fa io soratra masina io dia midika fa ny enta-mavesatra iray dia hoesorina tampoka ka tsy haverina intsony. Ilay andininy manaraka anefa, dia milaza ny fomba nanamaivanana ilay enta-mavesatra.

“Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nohamaivanina ny enta-mavesatra izay nampitondraina an’i Almà sy ny rahalahiny; eny, *nampahatanjaka azy ny Tompo* mba hahafahany mitondra mora foana ny enta-mavesany, ary izy dia nanaiky tamim-pifaliana sy tamim-paharetana ny sitrapon’ny Tompo rehetra” (Môsià 24:15; nampiana fanamafisana).

Ireo olana sy fahasahiranana dia tsy nesorina avy hatrany tamin’ireo vahoaka. Fa i Almà sy ireo mpanaradia azy dia nampahatanjahana, ary ny fahaiza-manaony izay nitombo dia nanamaivana ny enta-mavesany. Ireo olo-marina ireo dia nahazo hery tamin’ny alalan’ny Sorompanavotana mba *hanao zavatra* amin’ny fahafahany manao safidy ho an’ny tenany

(jereo ny F&F 58:26–29) sy hanova *zavatra* amin’izay toe-javatra misy azy ireo. Ary “tamin’ny herin’ny Tompo” (Tenin’i Môrmôna 1:14; Môsià 9:17; 10:10; Almà 20:4), dia nentina ho any amin’ny fiarovana any amin’ny tanin’i Zarahemlà i Almà sy ny vahoakany.

Tsy mandresy ireo vokatry ny Fahalavoan’i Adama sy mampisy ny famelana ny fahotantsika sy ny fandikan-dalantsika tsirairay fotsiny ihany ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy, fa ny Sorompanavotany koa dia mahatonga antsika ho afaka manao ny tsara sy ho lasa olona tsaratsara kokoa mihoatra lavitra noho izay vitantsika amin’ny maha-mety maty antsika. Maro amintsika no mahafantatra fa rehefa manao zavatra ratsy isika dia mila fanampiana mba handresena ny vokatry ny fahotana eo amin’ny fiainantsika, ny Mpamonjy dia nanao izay hahatonga antsika ho madio amin’ny alalan’ily heriny manavotra. Kanefa moa ve isika mahatakatra fa ny Sorompanavotana dia natao koa ho an’ireo lehilahy sy vehivavy mahatoky izay mankatò, mendrika sy tena mitandrina tokoa ireo didy ary miezaka ny ho lasa tsara kokoa sy hanompo amim-pahatokiana kokoa? Manontany tena aho raha toa isika ka tsy manaiky tanteraka io lafiny mampaherin’ny Sorompanavotana io eo amin’ny fiainantsika kanefa manana fihevitra diso



hoe tsy maintsy mitondra samirery ny enta-mavesatsika—amin’ny alalan’ny herintsaina sy herimpo ary fahasahiana sy fitsipi-pifehezantena miaraka amin’ily fahaiza-manaontsika izay mazava ho azy fa voafetra.

Zavatra iray tsara ho fantatra ny hoe i Jesoa Kristy dia tonga teto an-tany mba ho *faty* ho antsika. Saingy isika koa dia mila mankasitraka ilay hoe, ny Tompo dia maniry, amin’ny alalan’ny Sorompanavotany sy amin’ny alalan’ny herin’ny Fanahy Masina mba *hiaina* ao anatintsika—tsy hoe hitarika antsika fotsiny fa mba hanome hery sy hanasitrana antsika koa.

### Manampy ny vahoakany ny Mpamonjy

I Almà dia manazava hoe inona no antony hanampian’ny Mpamonjy antsika ary amin’ny fomba ahoana:

“Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany; ary izany dia ny mba hahatanteraka ny teny izay milaza fa hitondra eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin’ny olony Izy.

“Ary haka ny fahafatesana ho eo Aminy Izy, mba hahazoany mamaha ny famatoran’ny fahafatesana izay mamatotra ny olony; ary haka ny rofiny ho eo Aminy Izy mba hahatonga ny ao anatin’ny feno famindram-po araka ny nofo, mba hahafantarany araka ny nofo ny fomba hanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofiny” (Almà 7:11–12).

Araka izany dia tsy ho an’ny fahotantsika sy ny faharatsiantsika ihany no nijalian’ny Mpamonjy—fa ho



an'ireo aretintsika sy ny fangirifiriant-sika ara-batana ihany koa, ho an'ireo fahalementsika sy ireo tsy fahalavovariantsika, ireo tahotra sy fanakan-tsakanana mihatra amintsika, ireo fahadisoam-panantenantsika sy ireo fahakivantsika, ireo nenina sy alahelo lalina tsapantsika, ny famoizam-po sy ny fanarian-tokintsika, ny tsy fahamarinana sy ny tsy rariny izay iainantsika, ary ireo alahelo ara-pihetsehampo izay manahirana antsika.

Tsy misy fanaintainana ara-nofy, tsy misy ratra ara-panahy, tsy misy fangirifirian'ny fanahy na aretim-po, tsy misy kilema na fahalemena izay mety hatrehako sy hatrehanao ety antany ka tsy efa niainan'ny Mpamonjy aloha. Ao anatin'ny fotoana mampahalemy antsika dia mety hiantsoantso isika hoe: "Tsy misy mahafantatra hoe manao ahoana izany. Tsy misy afaka mahatakatra izany." Kanefa ny Zanakalahin'Andriamanitra dia mahafantatra tanteraka sy mahatakatra tsara, satria efa nahatsapa sy nitondra ny entamavesatsika tsirairay Izy. Ary noho ny sorona tsy manam-petra sy mandrakizay nataony (jereo ny Almà 34:14), dia manana fangorahana tanteraka Izy ary afaka manolotra amintsika ny sandrin'ny famindram-pony. Afaka manolo-tanana Izy, mikasika, manampy, manasitrana ary mampahatana antsika mba hahatonga antsika ho lehibe kokoa noho izay azontsika ahatongavana ary hanampy antsika hanao izay tsy ho vitantsika mihitsy raha ny herintsika manokana no ianteherantsika. Marina tokoa fa mora ny ziogany ary maivana ny entany.

**Fanasana sy Fampanantenana ary Fijoroana ho vavolombelona**

Manasa anareo aho handalina, hivavaka, hisaintsaina ary hiezaka ny hianatra bebe kokoa momba ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy rehefa manombantombana ny entamavesatry ny tenanareo manokana ianareo. Maro ireo zavatra mikasika ny Sorompanavotana izay tsy azontsika ho takarina amin'ny saina mahaolombelona. Kanefa maro ireo lafin'ny Sorompanavotana izay azontsika sy ilaintsika takarina.



Ho an'ilay namako dia nitondra hery nahavonjy ny havesaran'ireo kitay. Tsy afaka nihetsika tao anaty ranomandry ilay fiara izay tsy nisy na inona na inona, na dia fiara tsy mataho-dalana aza. Nilaina ny entamavesatra mba hampisy hery entina nitarika ilay fiara.

Ilay entana mavesatra no nahatonga izany. Ilay enta-mavesatra no nitondra hery enti-mitarika izay nahafahan'ilay namako ho afaka nihetsika, hiverina eny amin'ny lalana, hibosesika handroso, ary hiverina any amin'ny fianakaviany.

Ireo enta-mavesatra miavaka eo amin'ny fiainantsika tsirairay dia manampy antsika hiantehitra amin'ny fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan'ny Mesia Masina (jereo ny 2 Nefia 2:8). Mijoro ho vavolombelona aho ary mampanantena fa ny Mpamonjy dia hanampy antsika hitondra mora foana ireo entamavesatsika (jereo ny Môsià 24:15). Rehefa miara-mitondra zioga Aminy isika amin'ny alalan'ireo fanekepihanavana masina ary mandray ilay hery manampin'ny Sorompanavotany eo amin'ny fiainantsika, dia hikatsaka hatrany isika ny hahatakatra sy hiaina araka ny sitrapony. Hivavaka ihany koa isika mba hanana hery entina maka lesona sy manova ary manaiky ireo toe-javatra misy antsika fa tsy hivavaka tsy an-kiato

amin'Andriamanitra mba hanova ny toe-javatra misy antsika araka ny sitrapontsika. Ho tonga olona mihetsika isika fa tsy zavatra izay hetsehana (jereo ny 2 Nefia 2:14). Hahazo hery ara-panahy izay mitarika antsika isika.

Enga anie ny tsirairay amintsika hanao tsaratsara kokoa sy ho tonga olona tsaratsara kokoa amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. 6 Aprily androany. Fantatsika amin'ny alalan'ny fanambarana fa anio no daty marina nahaterahan'ny Mpamonjy. Ny 6 Aprily ihany koa no andro nanangana Ny Fianganon'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. (Jereo ny F&F 20:1; Harold B. Lee, "Strengthen the Stakes of Zion," *Ensign*, Jolay 1973, 2; Spencer W. Kimball, "Why Call Me Lord, Lord, and Do Not the Things Which I Say?" *Ensign*, Mey 1975, 4; Spencer W. Kimball, "Remarks and Dedication of the Fayette, New York, Buildings," *Ensign*, Mey 1980, 54; *Discourses of President Gordon B. Hinckley, Boky 1: 1995–1999* [2005], 409.) Amin'izao andro Sabata miavaka sy masina izao, dia manambara ny fijoroako ho vavolombelona aho fa i Jesoa Ilay Kristy no Mpanavotra antsika. Velona Izy ary hanadio, hanasitrana, hitarika, hiaro, sy hampahery antsika. Izany no ijoroako ho vavolombelona amim-pifaliana amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Ny Fitiavana—Fitsipika Fototry ny Filazantsara

*Tsy afaka mitia marina an'Andriamanitra isika raha tsy tia ireo mpiara-belona amintsika eto amin'ity fiainana ity.*

Ry rahalahy sy anabavy malalako, rehefa nanompo teo anivon'ny olona ny Mpamonjy antsika dia nanontany azy ny mpahay lalàna iray izay liana hoe: “Mpampianatra ô, ny didy manao ahoana moa no lehibe ao amin'ny lalàna?”

Nosoratan'i Matio fa toy izao no navalin'i Jesoa:

“Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra.

“Izany no didy lehibe sady voalohany.

“Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: “Tiava ny namananao tahaka ny tenanao.”<sup>1</sup>

Izao filazan'ny Mpamonjy izao no namananan'i Marka ilay tantara: “Tsy misy didy hafa lehibe noho ireo.”<sup>2</sup>

Tsy afaka mitia marina an'Andriamanitra isika raha tsy tia ireo mpiara-belona amintsika eto amin'ity fiainana ity. Tahaka izany ihany dia tsy afaka mitia tanteraka ireo mpiara-belona amintsika isika raha tsy tia an'Andriamanitra, ilay Raintsika rehetra. Hoy ny Apôstôly Jaona tamintsika hoe: “Ary izao no didy efa azontsika taminy: Izay tia an'Andriamanitra dia tsy maintsy tia ny rahalahiny koa.”<sup>3</sup>

Fanahy zanaky ny Raintsika any andanitra isika rehetra ary noho izany dia mpirahalaha sy mpirahavavy isika. Rehefa mahatsiaro io fahamarinana io isika dia ho lasa mora kokoa ny mitia ny zanak'Andriamanitra rehetra.

Raha ny marina dia ny fitiavana no ampahany manan-danja indrindra amin'ny filazantsara ary i Jesoa Kristy no ohatra ho antsika. Lovam-pitiavana ny fiainany. Nositrany ny marary, Nampahereziny ny ory, ary novonjenty ny mpanota. Tamin'ny farany dia nesorin'ireo andian'olona feno hatezerana ny ainy. Na izany aza anefa dia injao fa re teo an-tendrombohitri'i Golgota ireo teny manao hoe: “Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony”<sup>4</sup>—ohatra faratampon'ny fanehoana fangorahana sy fitiavana eto amin'ny fiainana an-tany.

Maro ireo toetra mampiseho fitiavana, toy ny halempanahy, ny faharetana, ny tsy fitiavan-tena, ny fahatakarana omban'ny lemimpanahy, ary ny famelan-keloka. Eo amin'ny fifandraisantsika rehetra amin'ny hafa dia ireo toetra ireo sy ny toetra hafa mitovy amin'izany no hanampy antsika haneho ny fitiavana ao am-pontsika.

Mazàna no miseho mandritra ireo fifaneraserantsika isan'andro ny fitiavantsika. Ny manan-danja indrindra dia ny fahafahantsika mamantatra ny zavatra ilain'ny olona ary avy eo dia manome izany. Nankamamiako hatramin'izay ny fihetseham-po voalaza ao amin'ilay tononkalo fohy hoe:

*Kotsan-dranomaso aho ny alina,  
Noho ny fahajambana lalina  
Tsy nahitako ny zavatra nilain'ny hafa;  
Kanefa tsy mbola nisy fotoana nahafahana nilaza  
Hoe nahatsapako nenina na dia kely akory aza  
Fa hoe somary tsara fanahy loatra tamin'ny hafa.*<sup>5</sup>

Vao haingana no nitantarana tamiko ny ohatra iray manohina fo mikasika ny hatsaram-panahy feno fitiavana—ohatra izay nahazoana voakatra tsy nampoizina. Tamin'ny taona 1933 no nisehoan'ny tantara rehefa sarotra tokoa ny fitadiavana asa noho ny Fitotonganana lehibe ara-toe-karena. Ary ny toerana dia tany amin'ny faritra atsinanan'i Etazonia. Vao nahavita fianarana tao amin'ny Lycée i Arlene Biesecker tamin'izay. Taorian'ny fikarohana asa naharitra dia afaka nahazo asa ihany izy ny farany tao amin'ny orinasa iray mpanao akanjo ary mpanajitra no asany. Ny akanjo vita tsara araka ny tokony ho izy voatambatr'ireo mpiasa isan'andro ihany no nandraisan'izy ireo karama. Arakaraky ny habetsahan'ny akanjo vitan'izy ireo no nanomezana karama azy ireo.

Indray andro, fotoana fohy taorian'ny ora fidirana tao amin'ny orinasa, dia niatrika fomba fanjairana izay nampikorontan-tsaina sy nahasorena azy i Arlene. Nipetraka teo amin'ny milina fanjairany izy ary niezaka namaha ireo zaitra tsy nety efa vitany raha nanandrana hamita ilay akanjo izay nozairiny. Toa tsy nisy na iza na iza afaka hanampy azy satria samy nanezakezaka avokoa ireo mpanajitra hafa rehetra mba hamitana akanjo betsaka araka izay tratra. Nahatsapa ho tsy afamanoatra sy very fanantenana i Arlene. Nanomboka nitomany mangina izy.



Nipetraka teo ampitan'i Arlene i Bernice Rock. Be taona kokoa izy ary nanana traikefa kokoa tamin'ny nahampanjaitra azy. Rehefa nahita ny fahorian'i Arlene i Bernice dia navelany ny asany ka nandeha teo anilan'i Arlene izy, nanome toromarika sy fanampiana azy tamin'ny halemem-panahy. Nijanona teo izy mandra-pahazoan'i Arlene fahatokian-tena ka nahafahany namita soa aman-tsara ilay akanjo. Avy eo dia niverina teny amin'ny milina fanjairany i Bernice, saingy tsy afaka nanana fahafahana hamita akanjo betsaka araka izay tokony ho azony natao raha toa ka tsy nanampy vehivavy iray hafa.

Lasa mpinamana nandritra ny androm-piainany i Bernice sy i Arlene noho io fanehoana fitiavana sy lemim-panahy io. Samy nanambady sy nanan-janaka izy ireo taty aoriana. Tany amin'ny taona 1950 tany ho any i Bernice, izay mpikamban'ny Fiangonana, dia nanome Bokin'i Môrmôna ho an'i Arlene sy ny fianakaviany. Natao batisa ary lasa mpikamban'ny Fiangonana i Arlene sy ny vady aman-janany tamin'ny taona 1960. Nofehezina tany amin'ny tempoly masin'Andriamanitra izy ireo taty aoriana.

Ho vokatry ny fangorahana nasehon'i Bernice rehefa nisahirana

nanampy olona iray tsy fantany izy kanefa nianjadian'ny fahoriana sy nila fanampiana dia olona tsy tambo ho isaina, na velona na maty, no mahazo tombony ankehitriny noho ny fandraisana ireo ôrdônansy manavotry ny filazantsara.

Omena fahafahana isika isan'andro eo amin'ny fiainantsika haneho fitiavana sy halemem-panahy amin'ireo manodidina antsika. Hoy ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: "Tokony hotadidiansika fa ireo olombelona izay mifanena amintsika eny amin'ny toeram-piantsonan'ny fiara, any amin'ny toeram-piasana, ao amin'ny ascenseur ary any amin'ny toerana hafa no ilay ampahany amin'ny zanak'olombelona izay nomen'Andriamanitra antsika mba hotiavintsika sy hotompintsika. Tsy hitondra soa ho antsika ny miresaka mikasika ny firahalahan'ny zanak'olombelona raha tsy haintsika ny mihevitra ireo olona rehetra manodidina antsika ho toy ny rahalahy sy rahavavintsika."<sup>6</sup>

Matetika no tonga amin'ny fotoana tsy ampoizina ireo fotoana ahafahantsika maneho fitiavana. Niseho tao amin'ny lahatsoratra an-gazety iray tamin'ny Ôktôbra 1981 ny ohatra iray mikasika ny fotoana toy izany. Nanaitra ahy tokoa ny fitiavana sy ny

fangorahana notantaraina tao ka dia notehiriziko tao amin'ireo antontan-taratasiko nandritra ny 30 taona mahery ilay lahatsoratra.

Nilaza ilay lahatsoratra fa navily lalana ny zotram-piaramanidina iray an'ny Alaska Airlines izay mampitohy mivantana an'i Anchorage, Alaska, sy Seattle, Washington—izay fiaramanidina nitondra mpandeha niisa 150—ho any amin'ny tanàna iray mitoka-monina any Alaska mba hahana ankizy iray naratra mafy. Tapaka ny lalan-dra lehibe iray tamin'ny sandrin'ilay zazalahy kely roa taona raha nianjera teo amin'ny vakimpitaratra iray izy teo am-pilalaovana teo akaikin'ny tranony. Tany amin'ny 725 km atsimon'i Anchorage no nisy ilay tanàna ary azo antoka fa tsy nandalo tamin'izany ny lalan'ilay zotram-piaramanidina. Kanefa tsy nahatombina mihitsy ireo mpitsabo nikarakara ilay zazalahy nandefa fangatahana fanampiana, ka noho izany dia navily lalana ilay fiaramanidina mba haka ilay zazalahy ka hitondra azy any Seattle mba hahafahana mitsabo azy any amin'ny hôpitaly.

Rehefa nipetraka teo akaikin'ilay tanàna mitoka-monina ilay fiaramanidina dia nampandre an'ilay mpamamory fiaramanidina ireo mpitsabo fa mandeha ra be loatra ilay zazalahy ka tsy hahatody any Seattle intsony. Tapaka ny hevitra fa handeha hanao sidina 320 km miala amin'ny lalan'ilay zotram-piaramanidina izy ireo ho any Juneau, Alaska, izay tanàn-dehibe akaiky indrindra nisy hôpitaly.

Rehefa avy nitondra ilay zazalahy nankany Juneau ilay fiaramanidina dia nitodi-doha nankany Seattle, ary efa diso ora maro taorian'ny tokony hahatongavany tamin'izay. Tsy nisy nitaraina ireo mpandeha na dia tsy hahatratra ny fotoana novonjeny sy ny fiaramanidina manaraka tokony ho noraisiny aza ny ankamaroan'izy ireo. Raha ny marina dia nahatafangona vola be dia be ho an'ilay zazalahy sy ny fianakaviany izy ireo rehefa nandeha ny minitra sy ny ora.

Rehefa akaiky hipetraka tao Seattle ilay fiaramanidina dia diboky ny hafaliana ireo mpandeha rehefa nilaza

tamin'izy ireo ilay mpanamory fiaramidina fa nahazo hafatra tamin'ny radiô izy hoe tsy misy ahiana intsony ny amin'ilay zazalahy.<sup>7</sup>

Tonga ato an-tsaiko ilay teny ao amin'ny soratra masina hoe: “Ny fiantrana kosa dia ny fitiavana madion' i Kristy . . . ; ary na zovy na zovy no hita ho manana izany amin' ny andro farany, dia soa ho azy izany.”<sup>8</sup>

Ry rahalahy sy rahavavy, ny sasany amin'ireo fotoana lehibe indrindra hahafahantsika mampiseho ny fitiavantsika dia ao anivon'ny tokantrantsika. Ny fitiavana no tokony ho ampahany manan-danja indrindra eo amin'ny fiainam-pianakaviana, kanefa indraindray dia tsy izany no zavamisy. Mety hisy tsy faharetana diso tafahoatra ao, ady hevitra be loatra, fifandirana be loatra ary ranomaso be loatra. Nametra-panontaniana tamin'alahelo ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: “Nahoana no [ireo izay] tiantsika [indrindra] no matetika tokoa no lasa hiantefan'ireo teny maherintsika? Nahoana [isika] indraindray no manao teny mandratra ka mandona mafy ny fihetseham-pon'ny hafa?”<sup>9</sup> Mety ho samy hafa ny valin'ireo fanontaniana ireo ho an'ny tsirairay amintsika, kanefa raha ny marina dia tsy zavadehibe ireo antony mahatonga izany. Raha te hitandrina ilay didy hoe mifankatiava isika dia tsy maintsy mifampitondra amin'ny halemem-panahy sy fanajana.

Mazava ho azy fa ho avy ny fotoana izay ilàna ny hampiharana ny fitsipifehezana. Aoka anefa hotadidian-tsika ilay torohevitra hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekepihanana—hoe rehefa ilaintsika ny manitsy olona iray dia maneho fitiavana sesehena isika aorian'izay.<sup>10</sup>

Manantena aho fa hiezaka mandrakariva isika ny hanaja sy ho antrafo amin'ny eritreritra sy ny fahatsapan'ireo manodidina antsika ary ny toe-javatra iainany. Aoka isika tsy hanevateva na hanao tsinontsinona. Ho solon'izay dia aoka isika mba hangoraka sy hampahery. Tokony hitandrina isika mba tsy hanimba ny fahatokian'ny olona iray antsika amin'ny alalan'ny teny na fihetsika tsy voahevitra.

Tokony hiaraka mandrakariva amin'ny fitiavana ny famelana heloka. Mety misy ny fihetseham-po voadona sy tsy fitovian-kevitra ao amin'ny fianakaviansika ary toy izany koa eo amintsika sy ny namantsika. Dia hiteny indray aho hoe tsy dia zavadehibe loatra izay hakelin'ny olona niseho. Tsy azo avela ary tsy tokony havela izany hanimba sy hanaratsy koa ary amin'ny farany handrava. Mamelana ny ratram-pontsika tsy ho sitrana ny fanomezan-tsiny ny hafa. Ny famelana heloka ihany no manasitrana.

Indray andro dia niresaka tamiko ny vehivavy iray maha-te ho tia, izay efa maty amin'izao fotoana izao, ary

tsy nampoiziko ny nitantarany nenina vitsivitsy tamiko. Niresaka mikasika ny zava-niseho iray izay nitranga taona maro talohan'izay izy, izay nahatafiditra ny tantsaha iray nipetraka teny amin'ny manodidina azy, izay namany akaiky teo aloha saingy nisy fotoana maro tsy nampifanaraka azy mivady tamin'io olona io. Indray andro ilay tantsaha dia nanontany raha toa ka afaka manivaka teo amin'ny tanin'ity vehivavy ity mba hankanesany eny amin'ny taniny. Tamin'izay fotoana izay dia niato kely tamin'ny fitantarany izy, ary avy teo dia nangovitra ny feony nanao hoe “Rahalahy Monson a! tsy navelako hanavatsava ny taninay izy na tamin'izay fotoana izay na taty aoriana fa dia notakiako taminy ny handehanany an-tongotra tamin'ilay lalana lava be manodidina rehefa ho eny amin'ny taniny. Diso aho, ary anenenako izany. Efa tsy eo intsony izy izao kanefa dia tena iriako tokoa raha mba afaka nilaza taminy aho hoe ‘mifona tokoa aho.’ Akory izany fani-riako hanana fahafahana fanindroany haneho hatsaram-panahy.”

Teo am-pihainoana azy aho dia nahatsiaro ilay teny mampalahelo nambaran'i John Greenleaf Whittier manao hoe: “Amin'ireo teny mampalahelo rehetra na nambara na voasoratra dia izao no mampalahelo indrindra: ‘Tokony ho toy izao ilay izy!’”<sup>11</sup> Ry rahalahy sy rahavavy, rehefa mandray ny hafa amim-pitiavana sy amin'ny halemem-panahy isika dia hisoroka ny nenina toy izany.

Haseho amin'ny fomba maro izay tsikaritra ny fitiavana: tsiky, kopa-tanana, fanamarihana feno hatsaram-panahy, ary fandokafana. Mety ho lalina kokoa anefa ny fanehoampitiavana sasany, toy ny fampisehoana fahalianana amin'ny zavatra ataon'ny olona hafa, fampianarana fitsipika amin-katsaram-panahy sy amimpaharetana, famangiana olona iray izay marary na tsy afaka mihetsika ao an-trano. Afaka mampita fitiavana ireny teny sy fihetsika ireny sy ny maro hafa.

I Dale Carnegie, izay mpanoratra sy mpanao famakafakana Amerikana fanta-daza dia nino fa ny olona



Vienne, Autriche

tsirairay dia samy manana ao anatin'ny hery ampitomboana ny fatran'ny fitambaramben'ny fifaliana manerana izao tontolo izao . . . amin'ny alalan'ny filazana teny fan-kasitrahana vitsivitsy amin-kitsimpo amin'ny olona izay manirery na kivy." Hoy izy hoe "Mety ho hadinonao angamba rahampitso ny teny feno hatsaram-panahy nolazainao androany fa mety hanome lanja izany mandritra ny androm-piainany kosa ilay olona mandray izany."<sup>12</sup>

Enga anie isika hanomboka dieny izao, izao androany izao, haneho fitiavana amin'ny zanak'Andriamanitra rehetra, na olona ao amin'ny fianakaviansika izy ireo, na naman-tsika, na olona zara raha fantatra, na olona tsy fantatra mihitsy. Rehefa mifoha isika isa-maraina dia aoka isika hanapa-kevitra ny haneho fitiavana sy halemem-panahy amin'izay zavatra rehetra mety hiseho.

Ry rahalahy sy rahavavy, tsy takatry ny saina ny fitiavan'Andriamanitra antsika. Noho io fitiavana io no nandefasany ny Zanany, izay tia antsika tokoa ka nanolotra ny ainy ho antsika mba hahazoantsika ny fiainana mandrakizay. Rehefa mihamahatakatra kokoa io fanomezana tsy manam-paharoa io isika dia ho feno fitiavana ny Raintsika any an-danitra sy ho an'ny Mpamonjy antsika ary ho an'ny olona rehetra ny fontsika. Mivavaka mafy aho mba ho toy izany tokoa, amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Matio 22:36–39.
2. Marka 12:31.
3. 1 Jaona 4:21.
4. Lioka 23:34.
5. Mpanoratra tsy fantatra, ao amin'ny Richard L. Evans, "The Quality of Kindness," *Improvement Era*, Mey 1960, 340.
6. *The Teachings of Spencer W. Kimball*, ed. Edward L. Kimball (1982), 483.
7. Jereo ny "Injured Boy Flown to Safety," *Daily Sitka Sentinel* (Alaska), 22 Ôkt. 1981.
8. Môrônia 7:47.
9. Gordon B. Hinckley, "Let Love Be the Lode-star of Your Life," *Ensign*, Mey 1989, 67.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:43.
11. "Maud Muller," ao amin'ny *The Complete Poetical Works of John Greenleaf Whittier* (1878), 206; nampiana fanamafisana.
12. Dale Carnegie, hita mba ho ohatra ao amin'ny Larry Chang, *Wisdom for the Soul*. (2006), 54



**Nataon'ny Filoha Boyd K. Packer**

Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

## Ilay Fijoroana ho Vavolombelona

*Maniry ny hizara aminareo ireo fahamarinana izay manan-danja indrindra ka tokony ho fantarina ireo aho.*

Ny fotoan'ny ady sy ny fisafotofotoan-tsaina dia mam-pitombo ny fifantohantsika amin'ireo zavatra izay tena manan-danja.

Fotoana nisehoan'ny fisafotofotoana lehibe ara-panahy ho ahy ny Ady Lehibe Faharoa. Nandao ny trano fonenako tao Brigham City, Utah aho, niaraka tamin'ny ampahana fijoroana ho vavolombelona kely fotsiny ary nahatsapa fa nila zavatra mihoatra noho izany. Tao anatin'ny herinandro vitsy fotsiny dia saika efa tany an-dalana ho any amin'ny sahan'ny ady daholo izahay rehetra tao amin'ny sokajy zokin'ny. Rehefa nitoby teo amin'ny nosy Ie Shima izahay, tao avaratr'i Okinawa any Japon, dia nitolona tamin'ny ahiahy sy ny tsy fahatokian-tena aho. Naniry hanana fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara an'ny tenako manokana aho. Te *hahafantatra* aho!

Nandritra ny alina iray tsy nahitakotoy dia nandao ny laiko aho ary niditra tao amin'ny toeram-piafenana iray, izay namboarina tamin'ny fandaharana barikan-dasantsy 190 litatra nofenoina fasika ary natao nifanaingina mba hanamboarana toerana iray mifefy.

Tsy nisy tafo ilay izy ka dia nandady nankao aho, nijery ilay lanitra rakotra kintana, ary nandohalika nivavaka.

Rehefa akaiky hisasaka ny vavaka nataoko dia nitranga ilay izy. Tsy afaka mamariparitra aminareo ny zavany nitranga aho raha te hitantara izany aminareo. Tsy haiko ny milaza azy araka ny tena izy saingy mazava kosa ilay izy androany tahaka ny tamin'io alina io, efa maherin'ny 65 taona lasa izay. Fantatro fa zava-niseho tena tsiambaratelo sy an'ny tena manokana izany. Nahafantatra avy amin'ny tenako manokana ihany aho tamin'ny farany. Azoko antoka fa *nahafantatra* aho satria nomena ahy izany. Rehefa afaka fotoana fohy dia nandady nivoaka ilay toeram-piafenana aho dia nandeha, na toy ny nanidintsidina niverina tany am-pandriako. Lany tamin'ny fahatsapakao fifaliana sy fitalanjonana ny sisa tamin'ilay alina.

Tsy nieritreritra ny tenako mihitsy aho hoe olona niavaka, fa nieritreritra kosa hoe raha tonga tamiko ny zavatra toy izany dia afaka ny ho tonga amin'ny olona rehetra ihany koa na iza io na iza. Mbola mino an'izany



aho. Nandritra ireo taona taorian'izany dia nahatakatra aho fa sady hazavana harahina ny zavatra iainana toy izany no enta-mavesatra holanjaina.

Maniry ny hizara aminareo ireo fahamarinana izay manan-danja indrindra ka tokony ho fantarina ireo aho, ireo zavatra nianarako sy niainako tao anatin'ny efa ho 90 taona teo amin'ny fiainako ary 50 taona mahery tamin'ny naha-Manampahefana Ambony ahy. Anisan'ireo sokajin-javatra tsy azo ampianarina kanefa azo ianarana ny ankamaroan'ny zavatra fantatro.

Tahaka ny ankamaroan'ireo zavatra sarobidy, ny fahalalana izay manana lanja mandrakizay dia tsy tonga raha tsy amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fisaintsainana ataon'ny tena manokana. Rehefa ampiarahana amin'ny fifadian-kanina sy ny fandalinana soratra masina ireo roa ireo dia hanasa ireo fahatsapana sy fanambarana ary ny bitsiky ny Fanahy Masina. Izany no manome antsika torolalana avy any an-danitra rehefa mianatra fitsipika anampy fitsipika isika.

Ireo fanambarana dia mampanantena fa “Na toy inona na toy inona ny faharanitan-tsaina tratrantsika eto amin' izao fiainana izao, dia hiarahitsangana amintsika izany amin' ny fitsanganana amin' ny maty” ary koa hoe “fahalalana sy faharanitan-tsaina [no azo] . . . amin'ny alalan'ny fahazotoa[na] sy ny fankatoava[na]” (F&F 130:18–19).

Fahamarinana mandrakizay iray izay nanjary fantatro ny hoe velona Andriamanitra. Raintsika Izy. Zanany isika. “Mino an'Andriamanitra, ilay Ray Mandrakizay isika, ary mino an'i Jesoa Kristy Zanany sy ny Fanahy Masina” (Fanekem-pinoana 1:1).

Nisafidy ny ho antsoina hoe “Ray” Izy tao anatin'ireo anarana rehetra azony nampiasaina. Ny Mpamonjy dia nandidy hoe “Koa amin'izany mivavaha toy izao hianareo: Rainay izay any an-danitra” (3 Nefia 13:9; jereo ihany koa ny Matio 6:9). Lesona ho an'ny rehetra ny nampiasany ny anarana hoe “Ray” ao anatin'ny fiezahantsika mba hahatakatra ny zavatra manan-danja indrindra eto amin'ity fiainana ity.



Tombontsoa masina ny maha-ray aman-dreny, ary miankina amin'ny fahatokiana ny hahatongavan'izany ho fitahiana mandrakizay. Ny tanjona tsara indrindra amin'ireo zavatra rehetra atao ao amin'ny Fiangonana dia ny hahasambatra ny lehilahy iray miaraka amin'ny vadiny sy ny zanak'izy ireo ao an-tokantrano.

Ireo izay tsy manambady na ireo izay tsy afaka mahazo zanaka dia tsy voahilika amin'ny fahazoana ireo fitahiana mandrakizay izay katsahan'izy ireo, fa mbola tsy afaka mahazo izany fotsiny izy ireo aloha amin'izao fotoana izao. Tsy fantatsika foana akory ny fomba sy ny fotoana hahatongavan'ireo fitahiana, fa ny fampanantenana ny fitomboana mandrakizay dia tsy ho lavina amin'ny olona iray mahatoky izay manao fanekempihavanana masina sy mitandrana izany.

Ny fanirianareo lalina miafina sy ny fitalahoanareo amin-dranomaso dia hahakasika ny fon'ny Ray sy ny Zanaka. Hahazo fanomezan-toky manokana avy amin'izy ireo ianareo fa ho feno ny fiainanareo ary tsy hisy ho very ny fitahiana tena ilaina.

Amin'ny maha-mpanompon'ny Tompo ahy, izay miasa ao amin'ny anjara fanompoana izay nanendrena ahy, dia mampanantena ireo olona izay ao anatin'ny toe-javatra toy izany aho fa tsy hisy zavatra tena ilaina amin'ny famonjena sy ny fisandranareo ka tsy homena anareo amin'ny fotoany. Hofenoina ireo sandry izay tsy mananamana hofihinina amin'izao fotoana izao, ary hositrana ireo fo maratra noho ny nofinofy tsy tanteraka sy ny faniriana lalina.

Fahamarinana iray hafa izay lasa fantatro ny hoe tena misy ny Fanahy Masina. Mpikambana fahatelo ao amin'ny hoe Andriamanitra Izy. Ny mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinana sy ny fahitsiana no asa nanirahana Azy. Miseho amin'ny fomba maro Izy, ao anatin'izany ny fahatsapana fiadanana sy fahatokiana. Afaka mitondra fampiononana sy fitarihana ary fanitsiana ihany koa Izy rehefa ilaina. Ny fananana ny Fanahy Masina ho namana dia voatazona mandritra ny androm-piainantsika amin'ny alalan'ny fiainana amim-pahamarinana.

Ny fanomezana ny Fanahy Masina dia omena amin'ny alalan'ny ôrdônansy iray an'ny Filazantsara. Mame-traka ny tanany eo ambony lohan'ny mpikambana vaovao iray ao amin'ny Fiangonana ny olona iray manana fahefana ary manonona teny toy izao: “Raiso ny Fanahy Masina.”

Raha ity ôrdônansy ity samirery dia tsy manova antsika amin'ny fomba miavaka, fa rehefa mihaino sy manaraka ireo bitsika isika dia handray ny fitahian'ny Fanahy Masina. Ny zanakalahy sy zanakavavy tsirairain'ny Raintsika any an-danitra dia afaka mahafantatra ny fahamarinan'ny fampanantenana nataon'i Môrônia manao hoe: “Ary amin'ny herin'ny Fanahy Masina dia azonareo fantarina ny *fahamarinan'ny zava-drehetra*” (Môrônia 10:5; nampiana fanamafisana).

Ny fahamarinana masina iray avy amin'Andriamanitra izay azoko teo amin'ny fiainako dia ny fijoroana ho vavolombelona nananako momba an'i Jesoa Kristy Tompo.

Ny tena manan-danja sady manohana antsika amin'izay ataontsika



**Mexico, Mexique**

rehetra, izay mifototra amin'ireo fanambarana, dia ny anaran'ny Tompo izay fahefana hanaovantsika asa ao amin'ny Fiangonana. Ny vavaka rehetra atao, na izay ataon'ny ankizy madinika aza, dia mifarana amin'ny anaran'i Jesoa Kristy. Ny fitahiana rehetra, ny ôrdônansy tsirairay, ny fanendrena tsirairay, ary ny asa ôfisialy tsirairay atao ao dia atao amin'ny anaran'i Jesoa Kristy. Fiangonany ity ary mitondra ny anarany izany—Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany (jereo ny F&F 115:4).

Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia misy ilay zava-nitranga lehibe izay nahitana fa “nivavaka tamin'ny Ray tamin'ny anaran' [ny Tompo]” ireo Nefita ka niseho tamin'izy ireo i Jesoa ka nanontany hoe:

“Inona no tianareo homeko anareo?

“Ary hoy ireo Taminy: Tompo ô, mba tianay ny hilazanao aminay ny anarana izay hiantsoanay ity fiangonana ity; fa misy fifanjahirana eo anivon'ny vahoaka momba izany zavatra izany.

“Ary hoy ny Tompo taminy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa,

nahoana ny vahoaka no mimomonona sy mifanjihitra noho izany zavatra izany?

“Tsy efa novakiany va ny soratra masina, izay milaza fa ianareo dia tsy maintsy mitondra eo aminareo ny anaran' i Kristy, dia ny anarako? Fa amin' izany anarana izany no hiantsoana anareo amin' ny andro farany;

“Ary na zovy na zovy no mitondra eo aminy ny anarako sy maharitra hatramin' ny farany dia izy no hovonjena. . .

“Koa, na inona na inona hataonareo, dia hataonareo amin' ny anarako izany; koa, hantsoinareo amin' ny anarako ny fiangonana; ary hantsoinareo amin' ny anarako ny Ray mba hitahiany ny fiangonana noho ny Amiko” (3 Nefia 27:2–7).

Ny anarany tokoa izany, dia i Jesoa Kristy, “fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena” (Asan'ny Apostoly 4:12).

Fantatsika ato amin'ny Fiangonana hoe iza Izy: i Jesoa Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra. Izy no Ilay Zanaka Lahitokan'ny Ray. Izy no ilay

novonoina ary Izy no ilay velona indray. Izy no mpisolovava antsika eo amin'ny Ray. “Tsarovy, tsarovy fa eo amin' ny vatolampin' ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, no tsy maintsy anorena[ntsika] ny fotoa[ntsika]” (Helamàna 5:12). Izy no ilay vatofantsika mihazona antsika sy miaro antsika sy ny fianakaviansika ao anatin'ireo zava-tsarotra eo amin'ny fiainana.

Isaky ny Alahady manerana izao tontolo izao, izay hivorian'ny mpikambana any amin'ny firenena rehetra na ny fiteny rehetra, dia tsofina rano amin'ny teny mitovy ny fanasan'ny Tompo. Mitondra eo amintsika ny anaran'i Kristy isika ary mahatsiaro Azy mandrakariva. Misoratra eny amintsika izany.

Nanambara ny mpaminany Nefia hoe: “Ary miresaka an' i Kristy isika, mifaly amin' i Kristy, mitovy an' i Kristy, maminany ny amin' i Kristy, ary manoratra araka ny faminavian-tsika mba hahafantaran' ny zanatsika ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany” (2 Nefia 25:26).

Tokony hahazo fijoroana ho vavolombelona an'ny tenantsika manokana momba an'i Jesoa Kristy Tompo ny tsirairay amintsika. Dia mizara izany fijoroana ho vavolombelona izany amin'ny fianakaviansika sy ny hafa isika avy eo.

Ao anatin'izany rehetra izany dia aoka isika tsy hanadino fa misy fahavalo izay mikatsaka manokana ny hanimba ny asan'ny Tompo. Tsy maintsy misafidy izay harahantsika isika. Ny fahazoantsika fiarovana dia tsotra ihany, tahaka ny fanapahankevitra ny tena manokana hanaraka ny Mpamonjy ary ny fanaovana izay hahazoana antoka fa hijanona amimpahatokiana eo akaikiny isika.

Noraketin'i Jaona ao amin'ny Testamenta vaovao fa misy ireo izay tsy afaka nanolo-tena ho an'ny Mpamonjy sy ny fampianarany, ka “hatramin'izany dia maro tamin'ny mpianany no nihemotra ka tsy niaranandeha taminy intsony.

“Dia hoy Jesosy tamin'ny roa ambin'ny folo lahy: Hianareo koa va mba hiala?

“Simona Petera namaly Azy hoe: Tompo ô, hankany amin’iza moa izahay? Hianao no manana ny tenin’ny fiainana mandrakizay.

“Ary izahay mino ka mahalala fa Hianao no Ilay Masin’Andriamanitra” (Jaona 6:66–69).

Nahazo ilay zavatra izay azon’ny mpanara-dia tsirairay ny Mpamonjy ianarana i Petera. Rehefa mahafofy tena amim-pahatokiana ho an’i Jesoa Kristy isika dia manaiky Azy ho toy ny Mpanavotra antsika ary manao izay rehetra azontsika atao mba hiaina ny fampianarany.

Taorian’ireo taona maro niainako sy nampianarako ary nanompoako, taorian’ireo dia an-tapitrisany kilao-metatra nitetezako izao tontolo izao, miaraka amin’ireo zavatra rehetra niainako dia misy fahamarinana lehibe iray mba tiako hozaraina. Ny fijoroako ho vavolombelona momba an’i Jesoa Kristy Mpamonjy izany.

Nanoratra izao manaraka izao i Joseph Smith sy i Sidney Rigdon taorian’ny zava-masina iray niainan’izy ireo:

“Ary ankehitriny, aorian’ireo teny vavolombelona maro izay efa natao momba Azy, dia inty ny tenivavolombelona, ny farany amin’ny rehetra, izay ataonay momba Azy: Fa velona Izy!

“Fa hitanay Izy” (F&F 76:22–23).

Ny tenin’izy ireo no teniko.

Mino aho ary azoko antoka fa i Jesoa no Kristy, Zanak’Andriamanitra ary velona Izy. Izy no Ilay Zanaka Lahitokan’ny Ray ary “tamin’ny alalany sy tao Aminy ary avy Aminy no ary sy nahariana ireo tontolo, ary ny mponina eo aminy dia ateraka ho zanakalahy sy zanakavavy ho an’Andriamanitra” (F&F 76:24).

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona ny Mpamonjy. *Fantatro* ny Tompo. Vavolombelony aho. Mahafantatra ny amin’ny sorona lehibe nataony aho sy ny fitiavana mandrakizay ananany ho an’ny zanaky ny Ray any an-danitra rehetra. Mizara ny fijoroako ho vavolombelona manokana amin’ny fanetren-tena feno aho kanefa amim-pahatokian-tena tantetraka, amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon’ny Loholona William R. Walker**  
Ao amin’ny Fitopololahy

## Aoka Ianao Hiaina ao anatin’ny Fifikirana amin’ny Finoana

*Hahazo fitahiana lehibe ny tsirairay amintsika raha mahafantatra ireo tantara mikasika ny finoana sy ny fahafoizan-tena izay nitarika ireo razambentsika hiditra ho mpikambana tato amin’ny Fiangonan’ny Tompo isika.*

**T**iako ny tantaran’ny Fiangonana. Toy ny maro aminareo ihany angamba, dia mihamatanjaka ny finoako rehefa mianatra mikasika ny fahafoizan-tena miavaka nataon’ireo razambenay aho, izay nanaiky ny filazantsara sy niaina tao anatin’ny fifikirana tamin’ny finoana.

Iray volana lasa izay no nankalazan’ny tanora mahavariana miisa 12.000 avy ao amin’ny Distrikan’ny Tempolin’i Gilbert Arizona ny fahavitan’ny tempolin’izy ireo vaovao tamin’ny alalan’ny fampisehoana an-tsehatra tena kanto izay nampiseho ny fanoloran-tenan’izy ireo hiaina amim-pahamarinana. Ny lohahevitra ny fankalazana nataony dia hoe: “Aoka Ianao Hiaina ao anatin’ny Fifikirana amin’ny Finoana.”

Tahaka izay nataon’ireo tanora mahatoky avy ao Arizona ireo dia tokony hanolo-tena ny “hiaina ao anatin’ny fifikirana amin’ny finoana” ihany koa ny Olomasin’ny Andro Farany tsirairay avy.

Ilay hira hoe “Vas-tu faiblir, ô jeunesse,” ao anatin’ny fihirana rehefa amin’ny teny anglisy dia ahitana tonony hoe “Mifikitra amin’ny finoana izay nolalain’ireo ray aman-drenintsika” (“Vas-tu faiblir, ô jeunesse,” *Cantiques*, no. 164).

Izany koa dia azontsika ampiana hoe “Mifikitra amin’ny finoana izay nolalain’ireo ray aman-drenibentsika.”

Manontany tena aho raha toa ka nahafantatra ny tantaran’ny Fiangonany ny tsirairay tamin’ireo tanora mafana fo avy ao Arizona ireo—raha toa ka nahafantatra ny tantara nahalasa mpikambana an’ireo fianakaviany tato amin’ity Fiangonana ity izy ireo. Ho mahafinaritra tokoa raha toa ny Olomasin’ny Andro Farany tsirairay avy ka nahafantatra ny tantaran’ny fiovam-pon’ireo razambeny.

Na taranak’ireo mpamaky lay ianareo na tsia dia lovanareo ny lovan’ny finoana sy ny fahafoizan-tenan’ny mpamaky lay Môrmôna. Izany no lova

sarobidin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Ny iray amin'ireo toko mahavariana indrindra ao amin'ny tantaran'ny Fiangonana dia nitranga tamin'ny fotoana nampianaran'i Wilford Woodruff, izay Apôstôlin'ny Tompo, mikasika ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny nanerana an'i Grande Bretagne tamin'ny 1840–10 taona monja taorian'ny nanorenana ny Fiangonana.

Tao Liverpool sy Preston izay tao amin'ny faritr'i Angletera no nampifantohan'i Wilford Woodruff sy ireo Apôstôly hafa ny ezaka nataony, ary dia nahita fahombiazana lehibe izy ireo. Ny Loholona Woodruff, izay lasa Filohan'ny Fiangonana taty aoriana, dia nivavaka mandrakariva tamin'Andriamanitra mba hitarihany azy tamin'io asa tena lehibe io. Ireo vavaka nataony dia nitarika azy mba hahazo fitaomam-panahy handeha any amin'ny toerana samihafa hampianatra ny filazantsara.

Nampianatra antsika ny Filoha Monson fa rehefa mahazo ny fitaomam-panahy avy any an-danitra isika mba hanao zavatra iray—dia ataontsika avy hatrany izany—tsy



manemotra fotoana isika. Izany mi-hitsy no nataon'i Wilford Woodruff. Rehefa naharay fitarihana mazava avy amin'ny Fanahy mba “hianatsimo” ny Loholona Woodruff dia nandeha avy hatrany izy ka nankany amin'ny faritra iray tao Angletera antsoina hoe Herefordshire—izay toerana ambanivohitra fambolena sy fiompiana ao atsimon'i Angletera. Tao no nihaonany tamin'ny tantsaha mpanankarena iray nantsoina hoe John Benbow, izay nandray azy “tamim-pifaliana sy fankasitrahana an'Andriamanitra” (Wilford Woodruff, ao amin'ny Matthias F. Cowley, *Wilford Woodruff: History of His Life and Labors as Recorded in His Daily Journals* [1909], 117).

Vondrona iray nahitana olona mihoatra ny 600 izay niantso ny tenany hoe Rahalahy Miray Hina no “nivavaka mba hahazo fahazavana sy fahamari-nana” (*Enseignements des Présidents de l'Église: Wilford Woodruff* [2004], 91). Nandefa an'i Wilford Woodruff ny Tompo mba ho valin'ny vavak'izy ireo.

Nahazoam-bokatra avy hatrany ny fampianaran'ny loholona Woodruff ary maro no natao batisa. Namonjy azy tany Herefordshire i Brigham Young sy Willard Richards, ary dia nahita fahombiazana mahagaga ireo Apôstôly telo ireo.

Tao anatin'ny volana vitsy monja dia nahatsangana sampana 33 izy ireo ho an'ireo olona 541 izay niditra ho mpikamban'ny Fiangonana. Nitohy ny asa mahagaga nataon'izy ireo ary tamin'ny farany dia vita batisa tao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany avokoa ny ankamaroan'ireo mpikambana tsirairay tao amin'ny Rahalahy Miray Hina.

I Hannah Maria Eagles Harris izay reniben'ny renibeko dia iray tamin'ireo olona voalohany nihaino an'i Wilford Woodruff. Nampahafantariny an'i Robert Harris Jr vadiny fa nandre ny tenin'Andriamanitra izy ary nikasa ny ho atao batisa. Tsy faly i Robert raha nahare ny zavatra nolazain'ny vadiny. Nilaza tamin'i Hannah izy fa hiaraka aminy rehefa manao lahateny manaraka ny misiônera Môrmôna ary dia hanitsy ilay misiônera izy.

Rehefa nipetraka teny akaikin'ny seza farany aloha indrindra nipetrahany ny mpanatrika i Robert, niaraka tamin'ny fahavononana tsy ho resy lahatra tamin'ilay lahateny, ary angamba mba hahafahany manakorontana ilay misiônera nandalo, dia nokasihiny ny Fanahy avy hatrany tahaka ny nitranga tamin'ny vadiny izy. Fantany fa marina ilay hafatra momba ny Famerenana amin'ny laoniny ka dia natao batisa izy sy ny vadiny.

Ny tantaran'ny finoana sy ny fanoloran-tenan'izy ireo dia mitovy amin'ny an'ireo anarivony hafa: raha vao nahare ny hafatry ny filazantsara izy ireo dia fantany fa marina izany!

Hoy ny Tompo hoe “Ny ondriko mi-haino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka Ahy” (Jaona 10:27).

Rehefa avy nahare ny feon'ny Mpiandry ondry izy ireo dia nanolotra tanteraka ny fiainany mba hiaina ny filazantsara sy hanaraka ny fitarihany ny mpaminanin'ny Tompo. Mba hamaliana ilay antso mba hivondrona any Ziona dia nandao ny fonenany tao Angletera izy ireo ka niampita ny ranomasimbe Atlantika ary niaranivondrona tamin'ireo Olomasina tao Nauvoo Illinois.

Nanaiky ny filazantsara tamin'ny fony manontolo izy ireo. Teo ampiezahan'izy ireo hanorim-ponenana tany amin'ny ilay taniny vaovao dia nanampy tamin'ny fananganana ny Tempolin'i Nauvoo tamin'ny alalan'ny fanolorana ny ampahafolon'ny fotoampiasany izy ireo—nandray anjara tamin'ny asa fananganana ny tempoly isaky ny andro faha-10.

Nalahelo mafy izy ireo rehefa nahare fa maty ny mpaminany malalany Joseph Smith, sy i Hyrum rahalahiny. Saingy nanohy ny diany tamim-pahatokiana izy ireo! Nifikitra tamin'ny finoany izy ireo.

Rehefa nenjehina sy noterena hiala tao Nauvoo ireo Olomasina dia nahatsiaro ho notahiana i Robert sy i Maria tamin'ny fandraisany ny fanafiana masin'izy ireo tao amin'ny tempoly, taloha kelin'ny niampitan'izy ireo ny Reniranon'i Mississippi ka nitodi-dohanankandrefana. Na dia tsy azon'izy ireo an-tsaina aza ny zavatra hiainan'izy ireo amin'ny ho avy dia azon'ny

antoka kosa ny amin'ny finoany sy ny fijoroany ho vavolombelona.

Nandeha tamim-pahasaratana lehibe tao anaty fotaka niaraka tamin'ireo zanany enina izy ireo rehefa nanavatsava an'i Iowa tao anatin'ilay dian'izy ireo niankandrefana. Nanangana trano fiolofana vonjy maika ho azy ireo teo amoron'ny reniranon'i Missouri izy ireo, izay toerana fantatra tamin'ny anarana hoe Winter Quarters taty aoriana.

Ireo mpamaky lay mahery fo ireo dia niandry ny fitarihana avy amin'ny apôstôly mikasika ny fomba sy ny fotoana handehanana lavidavitra kokoa any andrefana. Niova ny drafitra nataon'ny tsirairay rehefa niantso ireo lehilahy hanolo-tena hanompo tao amin'ny Tafik'i Etazonia i Brigham Young izay filohan'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy, ary nanjary fantatra tamin'ny hoe Andian-tafika Môrmôna izy ireo.

Iray tamin'ireo lehilahy mpamaky lay Môrmôna miisa 500 mahery namaly izany antso avy amin'i Brigham Young izany i Robert Harris Jr. Nirotsaka tao amin'ny tafika izy na dia nidika aza izany fa handao ny vadiny bevohoka sy ireo zanany kely enina izy.

Nahoana no nanao izany izy sy ireo lehilahy hafa?

Azo omena amin'ny alalan'ny tenin'ny raiben'ny renibeko ny valin'izany. Toy izao no nosoratany tao amin'ny taratasy iray nosoratany ho an'ny vadiny rehefa teny an-dalana ho any Santa Fe ilay andian-tafika: "Matanjaka tsy misy toy izany ny finoako [ary rehefa mieritreritra ny zavatra nolazain'i Brigham Young taminay aho] dia mino izany tahaka ny hoe Ilay Andriamanitra Lehibe mihitsy no nilaza izany tamiko."

Raha fintinina dia fantany fa nihaino ny mpaminanin'Andriamanitra izy, ary nanao toy izany koa ireo lehilahy hafa. Izay no antony nirotsahan'izy ireo ho miaramila! Fantatr'izy ireo fa mpaminanin'Andriamanitra no nitarika azy ireo.

Nambarany tao anatin'io taratasy io ny fitiavany ny vadiny sy ny zanany ary nitantara ny vavaka tsy tapaka nataony izy mba hitahiana ny vady aman-janany.

Nanoratra izao teny mafonja izao izy tany amin'ny faramparany tao anatin'ilay taratasy: "Tsy tokony



hohadinointsika mihitsy ireo zavatra rentsika sy ianao sy niainantsika sy ianao tao amin'ny tempolin'ny Tompo."

Rehefa mitambatra amin'ilay fijoroany ho vavolombelona teo aloha manao hoe "mpaminanin'Andriamanitra no mitarika anay" izany dia lasa toy ny soratra masina ireo torohevitra masina roa ireo ho ahy.

Valo ambin'ny folo volana taorian'ny niarahany nandeha tamin'ilay andian-tafika dia tafaraka soa amantsara indray tamin'i Maria malalany i Robert Harris. Nitoetra ho marina sy mahatoky tamin'ny filazantsara nave-rina tamin'ny laoniny izy ireo nandritra ny androm-piainany. Nanana zanaka 15 izy ireo ary ny 13 tamin'ireo no velona mandra-pahalehibe azy ireo. I Fannye Walker renibeko izay avy ao Raymond, Alberta ao Kanada dia iray amin'ireo zafikelin'izy ireo miisa 136.

I Bebe Walker dia nirehareha noho ny nanompoan'ny raibe *ny* tao amin'ny Andian-tafika Môrmôna, ary tiany ho fantatry ny zafikeliny rehetra izany. Amin'izao fotoana maha-raibe ahy izao dia takatro ny antony nahananan-danja tokoa izany taminy. Te hampitodika ny fon'ny zanaka ho

amin'ny rainy izy. Tiany ho fantatr'ireo zafikeliny ny lova mendrika nananan'izy ireo—satria fantany fa hitahy ny fiainan'izy ireo izany.

Arakaraky ny fahatsapantsika ho mifandray bebe kokoa amin'ireo razambentsika marin-toetra no hanaovantsika safidy marina bebe kokoa.

Marina izany. Hahazo fitahiana lehibe ny tsirairay amintsika raha mahafantatra ireo tantara mikasika ny finoana sy ny fahafoizan-tena izay nitarika ireo razambentsika hiditra ho mpikambana tato amin'ny Fianganan'ny Tompo isika.

Vao nahare an'i Wilford nampianatra sy nijoro ho vavolombelona momba ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara i Robert sy i Maria dia fantatr'izy ireo fa marina ny filazantsara.

Fantatr'izy ireo ihany koa fa na inona na inona fitsapana na zavatsarotra hianjady amin'izy ireo dia hotahiana izy ireo noho ny fifikiran'izy ireo amin'ny finoany. Toy ireny hoe nahare ny tenin'ny mpaminanintsika amin'izao fotoana izao mihitsy izy ireo, izay nilaza hoe "Tsy misy izany [hoe] fahafoizan-tena be loatra . . . mba handraisana ireo fitahiana [avy amin'ny

tempoly]” (Thomas S. Monson, “Ny Tempoly Masina—Fanilon’Izao Tontolo Izao,” *Liahona*, Mey 2011, 92).

Misoratra eo amin’ny riran’ny vola vy 2 livre an’ny Royaume-Uni ny hoe “Mahazo Tombony Lehibe avy amin’ny Ezaka Nataon’ny Teo Aloha.” Rehefa mieritreritra ireo mpamaky lay mahatalanjona izay razambenay aho dia mahatsapa fa mahazo tombony lehibe avy amin’ny ezaka sy ny finoan’ireo izay niaina talohantsika isika *rehetra*.

Na dia avy amin’ny taratasy nalefan’i Robert Harris aza ilay torohevitra dia mino aho fa razambe tsy tambo ho isaina no ho nandefa hafatra toy izany tamin’ireo zanany sy zafikeliny hoe:Voalohany, tsy tokony hohadinointsika mihitsy ny zavatra niainantsika tany amin’ny tempoly ary tsy tokony hohadinointsika ireo fampantantenana sy fitahiana izay tonga eo amintsika tsirairay noho ny tempoly. Faharoa, tsy tokony hohadinointsika mihitsy fa mpaminanin’Andriamanitra no mitarika antsika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa isika *dia* tarihin’ny mpaminanin’Andriamanitra. Namerina tamin’ny laoniny ny Fiangonany ny Tompo tamin’izao andro farany izao tamin’ny alalan’ny Mpaminany Joseph Smith, ary tsy tokony hohadinointsika mihitsy fa mpaminan’Andriamanitra maro an’isa no nifandimby tsy an-kiato nitarika antsika nanomboka tamin’i Joseph ka hatramin’i Brigham ary nitohy tamin’ireo filohan’ny Fiangonana tsirairay nifandimby hatramin’ny mpaminanintsika amin’izao fotoana izao—i Thomas S. Monson. Fantatro izy, manaja azy aho ary tia azy. Mijoro ho vavolombelona aho fa izy no mpaminanin’ny Tompo eto an-tany amin’izao fotoana izao.

Ny fanirian’ny foko dia ny hanajan’ireo zanako sy ireo zafikeliko ny lovan’ireo razambenay marin-toetra—ireo mpamaky lay Môrmôna mahatoky izay vonona ny hahafoy ny zavatra rehetra ho an’ny Andriamaniny sy ny finoany ary vonona ny hiaro ny Andriamaniny sy ny finoany. Mivavaka aho mba hianantsika tsirairay ao anatin’ny fifikirana amin’ily finoana izay nolalain’ireo ray aman-drenintsika. Amin’ny anarana masin’i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon’ny Loholona L. Tom Perry**

Ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo

## Fankatoavana amin’ny alalan’ny Fahatokiansika

*Ny fankatoavana . . . , dia maneho ny finoantsika ny fahendrena sy ny herin’ily fahefana ambony indrindra, dia Andriamanitra izany.*

Lasa be mpanatrika tampoka teo ireo takarivan’ny mpianakavy fanaonay sy Rahavavy Perry isaky ny Alatsinainy alina. Nifindra tao amin’ny faritra nisy ny tranonay ny zandriko lahy sy ny zanany vavy, ny anadahin’i Barbara, ary ny zanakavavin’ny zokiko vavy sy ny vadiny. Izay no hany fotoana nananako havana hoe nipetraka teo akaikiko hatramin’ny nahakely ahy. Tamin’izany izahay dia nonina nifanila tamin’ny olona maro havanay avy amin’ny reniko. Ny tranon’i Dadabe Sonne dia nifanila tamin’ny anay tao avaratra, ary ny tranon’i Nenitoa Emma dia nifanila tamin’ny anay tao atsimo. Tery amin’ny sisiny atsimo tamin’ily vondron-trano no nipetraka i Nenitoa Josephine ary tao amin’ny ilany atsianana no nipetrahan’i Dadatoa Alma.

Fony aho zazalahy kely dia nifanerasera isan’andro tamin’ny havanay izahay ary nifampizara fotoana niavaka niarahana niasa sy nilalao ary nifampitridika. Tsy dia nisy firy ny ditra nataonay ka hoe tsy voatatitra haingana tany

amin’ireo reninay. Niova ny tontolon-tsika ankehitriny—miparitaka ny olona ao amin’ny ankamaroan’ireo fianakavianana. Na dia azo lazaina hoe mifanakaiky aza ny toeram-ponenan’izy ireo dia matetika izy ireo no tsy mifanolo-bodirindrina intsony. Kanefa, izaho dia mino fa ny fahazazako sy ny fotoana iainako ankehitriny dia mitovitovy kely amin’ny lanitra, ahitana hava-tiana monina mifanakaiky. Izany dia toy ny fampahatsiahivana ahy lalandava ny maha-mandrakizay ny fianakavianana.

Rehefa nihalehibe aho dia nanana fifandraisana niavaka tamin’ny raibeko. Izaho no lahimateo ao amin’ny fianakaviako. Izaho no mpanala ranomandry teo amin’ny lalana tamin’ny ririnina ary nikarakara ny ahimaitso tamin’ny fahavaratra teo amin’ny tranonay sy ny tranon’ny Dadabeko ary ny tranon’ny nenitoako roa. Mazàna i Dadabe no nipetraka teo amin’ny lavarangana anoloan’ny tranony rehefa nanapaka ny bozaka teo an-tokontaniny aho. Rehefa nahavita izany aho dia nipetraka teo

amin'ny tohatra teo anoloany aho ary nifampitafa taminy teo. Fahatsiarovana sarobidy ho ahy ireo fotoana ireo.

Indray andro aho dia nanontany ny raibeko ny fomba hahafantarako raha toa aho ka nanao mandrakariva izay tsara eo anatrehan'ireo safidy maro be azo natao teo amin'ny fiainana. Araka ny fanaon'ny raibeko, dia novaliany tamin'ny alalan'ny tantaram-piainany amin'ny maha-tantsaha azy izany.

Nampianariny ahy ny famolahana soavaly roa mba hiarahan'izy ireo miasa. Nohazavainy fa ny ekipan-tsoavaly dia tsy maintsy mahalala mandrakariva hoe iza no miandraikitra azy ireo. Ampahany iray ilaina amin'ny fifehezana sy fitarihana soavaly iray ny lamboridy. Raha sendra mihevitra ny iray amin'ireo soavaly ao anaty ekipa fa tsy mila manaraka ny sitrapon'ilay mpi-tondra azy izy dia tsy hahavita hitarika sy hiara-hiasa mihitsy ilay ekipa hahafahany hanao izay asa tsara indrindra azon'izy ireo atao.

Andeha ary hofakafakaintsika ilay lesona nampianarin'ny raibeko ahy tamin'ny fampiasany io ohatra io. Iza ilay mpitondra ilay ekipan-tsoavaly? Nino ny raibeko fa ny Tompo izany. Ny Tompo no ilay manana tanjona sy drafitra. Izy ihany koa no mpanofana sy mpamolavola ilay ekipan-tsoavaly, sy ny soavaly tsirairay avy eo. Mahalala bebe kokoa ilay mpitondra, ary ny hany fomba hahafantaran'ny soavaly iray fa manao izay mety mandrakariva izy dia ny fankatoavana sy ny fanarahana ny fitarihan'ilay mpitondra.

Inona no nampitahain'ny raibeko tamin'ilay lamboridy? Ny zavatra ninoako tamin'izany fotoana izany, tahaka izay inoako amin'izao fotoana izao, dia nampianatra ahy ny raibeko hanaraka ny bitsiky ny Fanahy Masina. Ho azy dia manana hevitra ara-panahy ilay lamboridy. Ny soavaly mpankatò iray, izay ao anatin'ny ekipan-tsoavaly tsara ofana, dia tsy mila afa-tsy sinton-tady kely avy amin'ny mpitondra dia afaka manao araka ny tokony ho izy ny zavatra tian'ilay mpitondra ho ataony. Io sinton-tady kely io dia mitovy amin'ilay feo tony sy malefaka izay hiresahan'ny Tompo amintsika. Mba hanajana ny fahafahantsika misafidy dia tsy mba



hery mitaona mahery vaika na manery velively izany.

Ireo lehilahy sy vehivavy tsy miraharaha ny bitsika malefaky ny Fanahy dia matetika hianatra, tahaka izay nianaran'ilay zanaka adala, amin'ny alalan'ny voka-dratsy voajanaharin'ny tsy fankatoavana sy ny fiveloman-dratsy. Rehefa avy naetrin'ireo voka-dratsy voajanahary ilay zanaka adala vao “nody ny sainy” ka nahare ny bitsiky ny Fanahy, izay nilaza taminy mba hiverina ho any an-tranon'ny rainy (jereo ny Lioka 15:11–32).

Noho izany, ny lesona nampianarin'ny raibeko ahy dia ny mba ho vonona mandrakariva handray ilay fitaomana malefaka avy amin'ny Fanahy. Nampianariny ahy fa handray bitsika toy izany mandrakariva aho raha vao manomboka manao safidy ratsy. Dia tsy hahavita zavatra tena ratsy na oviana na oviana aho raha toa ka mamele ny Fanahy hitarika ahy amin'ny fanapahan-kevitra.

Araka ny voalaza ao amin'ny Jakoba 3:3 hoe: “Ary raha asiantsika lamboridy amin'ny vavan'ny soavaly mba hanarahany antsika, dia mitondra ny tenany rehetra isika.”

Tokony ho mora mahatsapa ny lamboridy ara-panahintsika isika. Na dia avy amin'ny fitaomana kely indrindra avy amin'ny Mpampianatra aza dia

tokony ho vonona ny hanova tantaraka ny lalantsika isika. Mba hahombiazana eo amin'ny fiainana dia tsy maintsy mampianatra ny fanahintsika sy ny vatantsika isika mba hiara-hiasa amin'ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra. Raha mihaino ny bitsika malefaky ny Fanahy Masina isika dia afaka mampiray tanjona ny fanahintsika sy ny vatantsika Izy ary mitarika antsika hiverina any amin'ny fonenantsika mandrakizay mba hiara-hiaina amin'ny Raintsika mandrakizay any an-danitra.

Mianatra ny maha-zava-dehibe ny fankatoavana isika ao amin'ny fanekem-pinoana fahatelo: “Mino isika fa noho ny Sorompanavotana nataon'i Kristy, dia azo vonjena ny olombelona rehetra, amin'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara.”

Ilay karazam-pankatoavana nofarian'ny raibeko tao amin'ny ohatra nomeny mikasika ilay ekipan-tsoavaly dia mitaky fitokisana manokana ihany koa—dia ny finoana tanteraka ilay mpitondra ilay ekipa. Noho izany, ilay lesona nampianarin'ny raibeko dia mifandray ihany koa amin'ny fitsipika voalohany ao amin'ny filazantsara—dia finoana an'i Jesoa Kristy.

Nampianatra ny Apôstôly Paoly hoe: “Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita” (Hebreo 11:1).



Avy eo i Paoly dia nampiasa ny ohatr'i Abela, sy Enôka, sy Noa, ary i Abrahamana mba hampianarana mi-kasika ny finoana. Nifantoka tamin'ny tantaran'i Abrahamana izy satria i Abrahamana no rain'ny mahatoky.

“Finoana no naneken'i Abrahamana, rehefa nantsoina, hiainga hankany amin'izay tany ho azony ho lova; ka dia niainga izy, nefa tsy fantany izay halehany.

“Finoana no nivahinianany tany amin'ny tany nolazain'ny teny fikasana, toy ny any an-tanin'olona. . . .

“Ary na Saraha aza, dia finoana koa no nandraisany hery hanan'anaka, rehefa nitsaha-jaza izy, satria nataony fa mahatoky Ilay efa nanome ny teny fikasana” (Hebreo 11:8–9, 11).

Fantatsika fa tamin'ny alalan'i Abrahamana sy Isaka zanakalahin'i Saraha no nanomezana fampanantenana an'i Abrahamana sy Saraha—ilay fampanantenana taranaka “maro toy ny kintana eny amin'ny lanitra sy toy ny fasika eny amoron-dranomasina, izay tsy hita isa” (jereo ny andininy 12; jereo ihany koa ny Genesisy 17:15–16). Ary taorian'izay dia notsapaina ny finoan'i Abrahamana tamin'ny fomba izay heverin'ny maro amintsika fa tsy takatry ny saina.

Maro ireo fotoana nandinihako ny tantaran'i Abrahamana sy Isaka ary

tsy mbola mino foana aho hoe efa takatro tanteraka ny fahatokian' i Abrahamana sy ny fankatoavany. Azoko alaina sary an-tsaina angamba izy ilay mampirina entana mba hanainga indray maraina vao mangiran-dratsy, saingy fomba ahoana no nahafahany niara-dia tamin'i Isaka zanany lahy tao anatin'ny dia naharitra telo andro mahery ho eny am-pototry ny Tendrombohitr'i Moria? Ahoana no nahafahany izy ireo nitondra ireo kitay handrehetana afo ho eny an-tampon-tendrombohitra? Fomba ahoana no nananganany ilay alitara? Talohan'ny namatorany an'i Isaka sy nampandriany azy teo amin'ny alitara, fomba ahoana no nanazavany tamin'Isaka fa izy no ho ilay atao sorona? Ary fomba ahoana no nananany hery handraisana ilay antsy mba hamonoana ny zanany? Nanome hery an'i Abrahamana ny finoany ka nahafahany nanaraka ny fitarihan'Andriamanitra tamim-pankatoavana tanteraka mandrapahatongan'ilay fotoana mahagaga niantsoan'ny anjely iray azy avy any an-danitra, ka nanambara tamin'i Abrahamana fa nahomby izy tamin'ilay fizahan-toetra tsy hay nozakaina izay nolalovany. Avy eo dia naverin'ilay anjely ireo fampanantenana ao amin'ny fanekempihavanana nataon'Andriamanitra tamin'i Abrahamana.

Manaiky aho fa misy ireo zava-tsarotra ateraky ny fananana finoana an'i Jesoa Kristy ary manaiky fa ny fankatoavana dia ho sarotra kokoa ho an'ny olona sasany raha mihoatra amin'ny hafa. Manana traikefa aman-taonany maro aho ahafahako mahafantatra fa na dia samy hafa be aza ny toetra ananan'ireo soavaly, ka mahatonga ny sasany ho mora folahina kokoa na ho sarotra folahina kokoa, dia mbola mihoatra lavitra kokoa noho izany ny fahasamihafan'ny olona. Zanakalahy na zanakavavin'Andriamanitra isika tsirairay, ary miavaka amin'ny an'ny rehetra ny tantarantsika tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana sy eto an-tany. Noho izany dia vitsy dia vitsy ny vahaolana iraisana ka ho mety amin'ny rehetra. Ka dia manaiky tanteraka aho fa ny fiainana dia ahitana fanandramana sy tsy fahombiazana im-betsaka, ary ny manan-danja indrindra dia ny filantsika mandrakariva ilay fitsipika faharoa ao amin'ny filazantsara, dia ny fibebahana.

Marina ihany koa fa ny fotoana niainan'ny raibeko dia fotoana tsototra kokoa, indrindra fa mikasika ny fisafidianana eo amin'ny tsara sy ny ratsy. Raha mety mihevitra ireo olona tena marani-tsaina sy mahira-tsaina sasantsasany fa mitaky vahaolana avo lenta kokoa ny fotoana iainantsika izay miha-sarotra kokoa dia tsy resy lahatra aho hoe marina ny azy ireo. Izaho kosa dia mino fa ny fahasarotana amin'izao fotoana izao dia mitaky zavatra tsotra kokoa, tahaka ilay valinteny nomen'ny raibeko tamin'ilay fanontaniako tamin-kitsimpo mikasika ny fomba hanavahana ny tsara sy ny ratsy. Fantatro fa torohevitra tsotra no tokony homeko anio, saingy afaka mijoro ho vavolombelona aho fa nandraitra tsara tamiko izany. Manoro hevitra anareo aho ny hampiasa izany ary manasa anareo mihitsy aza hanandrana ny teniko, ary raha manao izany ianareo dia mampanantena aho fa hitarika anareo ho amin'ireo safidy mazava izy ireo rehefa hodidinin'ireo safidy maro be ianareo, ary hitarika anareo ho amin'ny valinteny tsotra ho an'ireo fanontaniana izay tsy azon'ireo mahay sy mihevitra ny tenany ho hendry.



Matetika loatra isika no mientreritra fa ny fankatoavana dia ny fanarahana an-jambany tsy am-piheverana ny baiko na ny didy avy amin'ny olona manana fahefana ambony kokoa. Raha ny marina, ny fankatoavana, amin'ny endriny tsara indrindra, dia maneho ny finoantsika ny fahendrena sy ny herin'ilay fahefana ambony indrindra, dia Andriamanitra izany. Rehefa naneho fahatokiana sy fankatoavana tsy voahozongozona an'Andriamanitra i Abrahama, eny fa na dia rehefa nodidiana hanao sorona ny zanany lahy aza, dia namonjy azy Andriamanitra. Tahaka izany koa, rehefa maneho ny fahatokiantsika amin'ny alalan'ny fankatoavana isika dia hamonjy antsika Andriamanitra amin'ny farany.

Ireo izay tsy miantehitra afa-tsy amin'ny tenany ihany ary tsy manaraka afa-tsy ny fanirian'ny tenany manokana sy ny fironany dia voafetra tokoa raha ampitahaina amin'ireo izay manaraka an'Andriamanitra ka mampiasa ny fahendren'Andriamanitra, sy ny heriny, ary ny fanomezam-pahasoavana avy Aminy. Voalaza fa ny olona izay tsy mihevitra afa-tsy ny tenany dia olona tsy dia manana ny maha-izy azy. Tsy moramora na mandeha ho azy velively ny fankatoavana mahery vaika sy atao an-tsitrapo. Io no fomba hanambarantsika ny finoantsika an'Andriamanitra sy mahatonga ny tenantsika ho mendrika ny handray ny herin'ny lanitra. Safidy ny fankatoavana. Safidy eo amin'ny fahalalana ny hery voafetra ananantsika etsy andaniny sy ny fahendren'Andriamanitra tsy manam-pahataperana sy ny fahefany tsy misy fetra etsy ankilany. Araka ny lesona nomen'ny raibeko ho ahy dia safidy ny finiavana hamantatra ilay bitsika avy amin'ny Fanahy sy ny fanarahana ny fitarihan'ilay mpitondra.

Enga anie isika ka ho lasa mpan-dova ny fanekempihavanan'i Abrahama sy ho lasa taranak'i Abrahama amin'ny alalan'ny fahatokiantsika sy amin'ny alalan'ny fandraisana ireo ôrdônansin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Mampanantena anareo aho fa afaka mahazo ireo fitahian'ny fiainana mandrakizay ireo rehetra mahatoky sy mankatò. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona Lawrence E. Corbridge**  
Ao amin'ny Fitopololahy

## Ny Mpaminany Joseph Smith

*Ireo fanambarana narotsaka tamin'i Joseph Smith dia manamarina fa mpaminan'Andriamanitra izy.*

### Ny Fahitana Voalohany

Namaky ny Baiboly ny zatovolahy iray, ary nijanona teo amin'ny andinin-tsoratra masina iray niavaka ny masony. Fotoana iray hanova izao tontolo izao izany.

Naniry mafy izy ny hahafantatra izay fiangonana afaka mitarika azy ho any amin'ny fahamarinana sy ny famonjena. Efa saika nandramany avokoa ireo zavatra hafa rehetra, ka eto izy dia nitodika tany amin'ny Baiboly



ary namaky ireto teny ireto: “Raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany.”<sup>1</sup>

Nisaintsaina ireo teny ireo ombieny ombieny izy. Nanomboka nisy hazavana kely nitsilopilopy tao anatin'ny haizina. Io ve no valiny tadiaviny, dia ilay fomba hivoahana amin'ny fifangaroan-kevitra sy ny haizina? Dia ho mora foana tahaka izany ve ilay izy? Mangataka amin'Andriamanitra dia hamaly Izy? Farany dia tonga teo amin'ny fanapahan-kevitra izy, fa na izy mangataka amin'Andriamanitra, na tsy maintsy mijanona ao amin'ny haizina sy ny fifangaroan-kevitra.

Ary na dia sahiran-tsaina aza izy, dia tsy nihazakazaka ho eo amin'ny zoron-trano iray mangingina ka hanao vavaka maimaika. Vao 14 taona monja izy, kanefa na dia maika ny hahafantatra aza izy dia tsy nikoropaka. Tsy ho vavaka tahaka ny fanao mahazatra izany. Nanapa-kevitra momba izay toerana haleha sy izay fotoana hanandramana izany izy. Niomana ny hiresaka tamin'Andriamanitra izy.



Dia tonga ary ilay andro. Marainan'ny andro tsara sady mipoaka tamin'izay, tany amin'ny fiandohan'ny lohataonan'ny taona 1820.”<sup>2</sup> Nandeha irery tao anatin'ny fahatonian'ireo alakely teo amin'ny manodidina izy teo ambanin'ireo hazo izay nijoalajoala teo amboniny. Tonga teo amin'ilay toerana izay notendreny mialoha handehana izy. Nandohalika izy ary nanandratra ireo fanirian'ny fony.

Hoy izy nilaza ny zavatra nitranga rehefa avy eo:

“[Nahita] andrim-pahazavana teo ambonin'ny lohako indrindra [aho], mihoatra ny famirapiratan'ny masoandro, nidina tsikelikely teo amboniko.

“. . . Rehefa nijanona teo amboniko ilay hazavana, dia nahita Olona roa aho, izay mihoatra ny famaritana rehetra ny famirapiratan'ny sy ny voninahiny, nijoro nitsingevaheva teo amboniko. Niteny tamiko ny anankiray Taminy, niantso ahy tamin'ny anarako sady nanondro ilay anankiray no nanao hoe—[Joseph,] *Itỳ no Zanako Malalako. Henoy Izy!*”<sup>3</sup>

Vao 24 taona monja taty aoriana, dia namoy ny ainy noho ny zavatra nanomboka teto i Joseph Smith sy Hyrum rahalahiny.

### Fanoherana

Fony 17 taona i Joseph dia nilaza izy fa, nisy anjely niteny taminy fa “ho

tsara sy ho ratsy laza any anivon'ny firenena, . . . ny samy hafa fiteny rehetra ny anara[ny].”<sup>4</sup> Mitohy ny fahatantehanan'izany faminaniana mahatalanjona izany ankehitriny mandritra ny fiparitahan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany manerana izao tontolo izao.

Ny fanoherana sy ny fitsikerana ary ny fifampindanianana dia tsy afamisarakana amin'ny fahamarinana. Isaky ny ambara ny fahamarinana izay mikasika ny tanjona sy ny anjaran'ny olombelona, dia tsy maintsy misy foana ny hery manohitra izany. Nanomboka tamin'i Adama sy Eva tao amin'ny saha Edena, ka nitohy hatramin'ny asa fanompoana nataon'i Kristy, ary mbola mitohy ankehitriny, efa nisy hatramin'izay ary mbola hisy foana ny fiezahana hamitaka, sy hampivily lalana, sy hanohitra, ary hampijanona ny drafitry ny fiainana.

Jereo ilay fanosoram-potaka natao an'Ilay notoherina, nolavina, nahilikilika, nokapohina, navela ary nomboina, Ilay nidina ho ambanin'ny zava-drehetra, dia ho hitanao ilay fahamarinana, ilay Zanak'Andriamanitra, ilay Mpamonjy ny olombelona rehetra. Nahoana Izy no tsy namelan'izy ireo mihitsy?

Nahoana? Satria Izy no fahamarinana, ary ny fahamarinana dia hotoherina hatrany.

Ary avy eo indray jereo ilay nanambara testamanta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy sy soratra masina hafa, jereo ilay fitaovana namerenana tamin'ny laoniny ny fahafenoan'ny filazantsara sy ny Fiangonan'i Jesoa Kristy, jereo izy ary aza gaga raha misy olona manao ratsy aminy. Nahoana izy no tsy hame-lan'ny olona?

Nahoana? Satria nampianatra ny fahamarinana izy, ary ny fahamarinana dia hotoherina hatrany.

### Fanambarana Marobe

Ireo fanambarana narotsaka tamin'i Joseph Smith dia manamarina fa mpaminan'Andriamanitra izy. Ndeha hojerentsika ny sasantsasany amin'izy ireny, hojerentsika fotsiny ny sasany amin'ireo fahazavana sy fahamarinana nambara tamin'ny alalany izay tena miavaka tokoa mihoatra amin'ny finoana hafa tamin'ny vanin'androny sy amin'ny vanin'androntsika:

- Andriamanitra dia olona manana vatana sy nahazo ny fisandratana faratampony, Ray Mandrakizay. Izy no Raintsika.
- Andriamanitra Ray, sy Jesoa Kristy, ary ny Fanahy Masina dia anankitelo miavaka tsara.<sup>5</sup>
- Tsy olombelona fotsiny ianao. Zanak'Andriamanitra ilay Ray Mandrakizay ianao ary afaka ny ho tonga tahaka Azy<sup>6</sup> raha toa ianao ka manana finoana amin'ny Zananilahy, mibebaka, mandray ireo ôrdônansy, mandray ny Fanahy Masina, ary maharitra hatramin'ny farany.<sup>7</sup>
- Raha jerena amin'ny fototra niain-gany ny Fiangonan'i Jesoa Kristy amin'izao fotoana izao dia io ihany ilay Fiangonana izay naoriny nandritra ny asa fanompoana nataony tety an-tany izay ahitana mpaminany sy apôstôly, Fisoronana Melkizedeka sy Fisoronan'i Levy, loholona, mpisorona avo, diakona, mpampianatra, eveka ary fitopololahy araka izay voalaza ao amin'ny Baiboly.
- Nesorina tsy ho ety an-tany ny fahefan'ny Fisoronana taorian'ny nahafatesan'ny Mpamonjy sy ireo Apôstôliny ary naverina tamin'ny

laoniny indray amin'izao andron-tsika izao.


- Tsy nitsahatra ny fanambarana ary tsy mikatona ny lanitra. Miresaka amin'ny mpaminany Andriamanitra ankehitriny, ary hiresaka amiko sy aminao ihany koa Izy.<sup>8</sup>
- Tsy lanitra sy helo fotsiny ihany no misy aorian'ity fiainana ity. Misy ireo ambaratongam-boninahitra ary tena hanana fiantraikany amin'izany tokoa ny zavatra ataontsika mandritra ity fiainana ity.<sup>9</sup>
- Mihoatra noho ny finoana fotsiny an'i Kristy izay tsy arahana dia tokony “ [hibanjina Azy] amin'ny eritreritra rehetra [isika],”<sup>10</sup> “[hanao] amin'ny anaran'ny Zanaka izay rehetra atao[ntsika],”<sup>11</sup> “[hahatsiaro Azy mandrakariva ary . . . hitandrina ny didiny . . . mba hanana[ntsika] mandrakariva ny Fanahiny miaraka [amintsika].”<sup>12</sup>
- Tsy very ireo an-davitrisany izay niaina sy nodimandry kanefa tsy nanana ny filazantsara sy ireo ôrdônansy izay ilaina ho amin'ny famonjena. Amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy, izy ireo dia “azo vonjena . . . amin'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara,”<sup>13</sup> izay sady atao ho an'ny velona no atao ho an'ny maty.<sup>14</sup>
- Tsy tamin'ny fahaterahana no niantombohan'ny zavatra rehetra. Niaina niaraka tamin'Andriamanitra ianareo taloha amin'ny mahazanakalahiny sy zanakavaviny anareo ary ianareo dia niomana hiatrika ny fiainana ety an-tany.<sup>15</sup>
- Ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia tsy fombafomban'ny olombelona fotsiny izay hatao mandra-pahatongan'ny hoe faty no isarahana. Natao haharitra mandrakizay izy ireo amin'ny alalan'ireo fanekempihavanana izay ataontsika amin'Andriamanitra. Ny fianakaviana no lamina araky ny lanitra.<sup>16</sup>

Ary ampahany kely fotsiny amin'ireo fanambarana marobe izay narotsaka tamin'i Joseph Smith ihany izany. Avy aiza daholo izany rehetra izany, dia ireo fanambarana izay nanazava ny haizina, nampisava ny ahiahy, ary

nanome fitaomam-panahy sy nana-tsara olona an-tapitrisany? Inona no mety ho marina kokoa, ny hoe namorona izany samirery ve izy sa ny hoe nahazo fanampiana avy any an-danitra izy? Toy ny hoe tenin'olombelona ve ireo soratra masina navoakany sa toy ny tenin'Andriamanitra?

### Fehinkevitra

Tsy misy azo iadian-kevitra ny momba izay zavatra notanterahin'i Joseph Smith, fa ny hany azo iadian-kevitra dia ny fomba nanaovany ny zavatra nataony sy ny antony nanaovany izany. Ary tsy maro ny safidy azo atao. Na izy mpisoloky na izy mpaminany. Na izy nahavita samirery ny zavatra nataony, na izy nahazo fanampiana avy any an-danitra. Jereo ny porofo, kanefa jereo avokoa ireo porofo rehetra, ny fitambaran'ny fiainany manontolo, fa tsy ampahany kely fotsiny. Ary ny tena manan-danja indrindra dia manaova tahaka an'i Joseph ka “[mangataha] amin'Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena [anareo] izany.”<sup>17</sup> Tsy vitan'ny hoe fomba ahafahanao mahafantatra ny fahamarinana mikasika ny Bokin'i Môrmôna sy i Joseph Smith izany, fa izany koa no fomba arahina



mba hahafantarana ny fahamarinan'ny zavatra rehetra.<sup>18</sup>

Mpaminany Andriamanitra i Joseph Smith, tahaka an'i Thomas S. Monson izay mpaminany amin'izao fotoana izao. Tamin'ny alalan'i Joseph Smith, dia “ankinina amin'ny olona eto antany”, indray ireo fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra “ary . . . hikodiadia . . . ny filazantsara, toy ny vato izay nendahina hiala tamin'ny tendrombohitra nefa tsy nendahan-tanana . . . , ambarapamenoany ny tany manontolo.”<sup>19</sup>

Andriamanitra no Raintsika Mandrakizay, ary Jesoa no Kristy. Mitsaoka Azy ireo isika. Tsy manantsahala ireo Zavaboahariny, sy ny drafitry ny famonjena nataony ary ilay sorompanavotan'ny Zanak'ondrin'Andriamanitra. Amin'izao fotoampitantanana izao isika dia tsy afaka manatanteraka ny drafitry ny Ray sy migoka ny voka-tsoa entin'ny Sorompanavotana raha tsy amin'ny alalan'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith. Mijoro ho vavolombelona momba Azy ireo aho—dia Andriamanitra ilay Ray Mandrakizay, sy i Jesoa Kristy ilay Mpamonjy izao tontolo izao. Ataoko izany amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

### FANAMARIHANA

1. Jakoba 1:5.
2. Joseph Smith—Tantara 1:14.
3. Joseph Smith—Tantara 1:16–17.
4. Joseph Smith—Tantara 1:33.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:24.
7. Jereo ny 2 Nefia 31; 3 Nefia 27
8. Jereo ny Môrônia 10:3–5.
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36.
11. Mosesy 5:8.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
13. Fanekem-pinoana 1:3.
14. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76; 128; 138.
15. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49:17; 138; Mosesy 3:5; 6:36.
16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1–2; 132:5–33.
17. Jakoba 1:5.
18. Jereo ny Môrônia 10:3–5.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65:2.



**Nataon' ny Loholona Michael John U. Teh**  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Izay Itoeran'ny Harenao

*Raha tsy mitandrina isika dia hanomboka haniry ny hahazo zavatra ara-nofa bebe kokoa mihoatra noho ny zavatra ara-panahy.*

Fotoana fohy taorian'ny nitenenako nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Oktôbra 2007 dia niteny tamiko ny iray tamin'ireo rahalahy hoe afaka fito taona indray aho vao hiatrika toe-javatra sarotra toy izao. Maivamaivana aho ary nilaza taminy hoe horaisiko ho toy ny “fito taona zinako” izany. Eny tokoa, inty aho ary tonga ny fiafaran'ny fito taona zinako.

Tamin'ny volana Janoary lasa teo dia nomena andraikitra izaho sy i Grace malalako mba hitsidika ireo mpikambana any Philippines izay sahirana mafy noho ny horohoron-tany lehibe iray sy rivo-mahery goavana iray. Faly izahay satria io asa nasaina nataonay io dia valin'ny vavaka nataonay ary vavolombelon'ny famindram-po sy ny hatsaram-panahin'ny Ray any an-danitra be fitiavana. Nanome fahafahana mba hahatanterahan'ily faniarianay haneho manokana ny fitiavanay sy ny fiahianay azy ireo izany.

Ny ankamaroan'ireo mpikambana izay nihaona taminay dia mbola nipetraka tao amin'ny toeram-ponenana vonjimaika toy ny lay, tranom-pokonolona ary trano fivorian'ny Fiangonana. Ireo trano

notsidihinay dia na nisy tafo ny ampahany na tsy nisy tafo mihitsy. Tsy dia nanan-javatra firy akory ireo olona ireo talohan'ny nahatongavan'ily loza ary ny kely mba nananany dia fongana teo. Fotaka sy potipoti-javatra no hita teny rehetra teny. Kanefa feno fankasitrahana izy ireo noho ily fanampiana kely azony ary faly sy ravoravo izy ireo na dia tao anatin'ny toe-javatra tena sarotra aza. Rehefa nanontany izahay hoe manao ahoana tokoa izy ireo ao anatin'izao toe-javatra izao dia namaly



tamin'ny fomba mazava izy rehetra hoe: “tsy maninona izahay.” Mazava ho azy fa ny finoan'izy ireo an'i Jesoa Kristy dia nanome azy ireo fanantenana fa hilamina ny zava-drehetra amin'ny farany. Nahazo fampianarana avy amin'ireo Olomasina mahatoky ireo izaho sy Rahavavy Teh isaky ny tokantrano tsirairay sy ny lay tsirairay novangianay.

Manana fomba ny Tompo mba handaminana indray ny saintsika sy handrindrana indray ireo laharampa-hamehantsika mandritra ireo fotoana hitrangan'ny loza. Lasa tsy manan-danja tampotampoka eo ireo zavatra ara-nofa izay tsy azo raha tsy nifoforantsika mafy. Ny hany manan-danja dia ny fianakaviansika sy ny fifandraisantsika amin'ny hafa. Toy izao ny filazan'ny rahavavy mahafinaritra iray an'izany: “Rehefa nisintona ny rano ary tonga ny fotoana hanadiovana dia nijery ny tao antranoko aho ka nieritritra hoe: “Oay! Hay ve aho nanangona fako be dia be tao anatin'izay taona maro izay e!”

Toy ny azoko an-tsaina hoe lasa nanana tanjona tsara kokoa io rahavavy io ka nanomboka tamin'izay dia tena hitandrina tokoa eo amin'ny fanapahan-kevitra ny amin'ny hoe inona avy ireo zavatra ilaina ary inona avy ireo zavatra izay tena tsy mampainona na tsy ananana aza.

Rehefa niara-niasa tamin'ny mpikambana maro nandritra ny taona maro izahay dia faly raha nahita hery ara-panahy niavosa. Izahay koa dia sady nahita ny fananana zavatra ara-nofa be dia be no nahita ny tsy fananany izany koa teo anivon'ireo mpikambana mahatoky ireo.

Noho ny tsy fananana dia mirotsaka amin'ny fitadiavana vola sy ny fahazoana ireo karazan-javatra eto amin'izao tontolo izao mba hahafahana mamelona ny fianakaviansika ny ankamaroantsika. Mitaky ampahany lehibe amin'ny fotoantsika sy amin'ny zavatra ifantohan'ny saintsika izany. Tsy misy fiafarany ny zavatra azon'izao tontolo izao atolotra ka noho izany dia tena zava-dehibe ny mianatra manaiky hoe efa ampy ny eo am-pelatanantsika. Raha tsy mitandrina isika dia hanomboka haniry ny hahazo zavatra ara-nofa bebe kokoa mihoatra noho ny zavatra

ara-panahy. Lasa any amin'ny vodilaha-  
harana ny fikatsahantsika ny zavatra  
ara-panahy sy mandrakizay raha toa  
ka tokony ho izy ireo no lohalaharana.  
Mampalahelo fa hita hoe lasa misy ny  
fironana be any amin'ny fanangonan-  
javatra maro sy fanaovana izay hana-  
nana ny zavatra vao nivoaka farany sy  
tena raitra.

Inona no atao mba tsy hahavo-  
sarika antsika handeha amin'izany  
lalana izany? Nanome ity torohevitra  
ity i Jakôba: “Koa aza mandany vola  
amin'izay tsy misy vidiny na miasa  
amin'izay tsy mety mahafa-po. Henoy  
amim-pahazotoana tokoa aho ary  
tsarovy ny teny izay efa nolazaiko; ary  
manatôna ny Iray Masin'ny Israely ka  
mivokisa amin'izay tsy mety simba  
sady tsy mety lô ary aoka hiravoravo  
amin'ny matavy ny fanahinareo.”<sup>1</sup>

Manantena aho fa tsy misy amin-  
tsika no mandany vola amin'izay tsy  
misy vidiny na miasa amin'izay tsy  
mety mahafa-po.

Nampianatra izao manaraka izao  
tamin'ireo Jiosy sy ireo Nefita ny  
Mpamonyj:

“Aza mihary harena ho anareo ety  
an-tany, izay misy kalalao sy harafesina  
manimba ary mpangalatra mamaky  
trano sy mangalatra;

“Fa miharia kosa harena ho anareo  
any an-danitra, izay tsy misy kala-  
lao na harafesina manimba, izay tsy  
misy mpangalatra mamaky trano na  
mangalatra.

“Fa izay misy ny harenao dia ho  
any koa ny fonao.”<sup>2</sup>

Nanome ity fanoharana ity ny  
Mpamonyj tao anatin'ny toe-javatra  
iray hafa:

“Ny tanin'ny lehilahy manan-karena  
iray nahavokatra be.

“Ary izy nihevitra tao am-pony hoe:  
Ahoana no hataoko, fa tsy manana  
fitoerana hamoriako ny vokatro aho?

“Ary hoy izy: Izao no hataoko: han-  
drava ny trano fitehirizako aho ka hanao  
izay lehibebe kokoa, ary ao no hamo-  
riako ny variko rehetra sy ny fananako.

“Dia hilaza amin'ny fanahiko hoe  
aho: Ry fanahy ô, manana fananana  
be voatahiry ho amin'ny taona maro  
hianao; mitsahara, mihinàna, misotroa,  
mifalia.



“Fa Andriamanitra kosa nanao  
taminy hoe: Ry adala, anio alina no  
halaina aminao ny fanahinao, ka ho  
an'iza izay zavatra noharinao?

“Toy izany izay mihary harena  
ho an'ny tenany ihany, nefa tsy mba  
manan-karena ny amin'Andriamanitra.”<sup>3</sup>

Vao haingana ny Filoha Dieter F.  
Uchtdorf no nanome izao torohevitra  
manaraka izao:

“Hitan'ny Raintsika any An-danitra  
ny tena hery ao anatintsika. Mahafan-  
tatra zavatra mikasika antsika, izay tsy  
fantatsika akory Izy. Mitarika antsika  
Izy mandritra ny androm-piainantsika  
mba hahatratrarantsika ny tanjon'ny  
nahariana antsika, mba hananantsika  
fiainana tsara, ary mba hiverenantsika  
eo anatrehany.

“Koa nahoana izany isika no ma-  
nokana ampahany betsaka toy izany  
amin'ny fotoantsika sy ny herintsika ho  
an'ireo zavatra izay mandalo sy tsy misy  
dikany firy ary izay endrika ivelany  
fotsiny toy izany? Moa ve isika minia  
tsy mahita ny fahadalana ao amin'ny  
fikatsahana hanatanteraka na hahazo  
zavatra izay maivan-danja sy mandalo?”<sup>4</sup>

Fantatsika rehetra fa ilay lisitra  
ananantsika misy ny zava-tsarobidy ho  
an'izao tontolo izao dia ahitana ny fie-  
boeboana, ny harena, ny fananana ara-  
nofo, ny fahefana sy ny voninahitry ny  
olona. Tsy ilaina intsony ny mandany  
fotoana sy mifantoka amin'izy ireo ka  
noho izany dia hifantoka amin'ireo  
zavatra izay ho lasa harentsika any an-  
danitra aho.

Inona avy ireo harena sasantsasany  
izay azontsika hiariana? Hanombohana  
azy dia tsara ho antsika ny manao izay  
hananana ireo toetra tahaka ny an'i  
Kristy toy ny finoana, fanantenana,  
fanetren-tena ary fiantrana. Notoroana  
hevitra foana isika mba “[hanaisotra]  
ny maha-olona araka ny nofo . . . [mba  
ho] tonga tahaka ny ankizy.”<sup>5</sup> Ny anatra  
nomen'ny Mpamonyj antsika dia ny  
fiezahantsika mba ho tanteraka tahaka  
Azy sy ny Raintsika any an-danitra.<sup>6</sup>

Faharoa, ilaintsika ny manokana  
bebe kokoa fotoana ampiasaina araka  
ny tokony ho izy sy manao ezaka  
bebe kokoa eo amin'ny fanamafisana  
orina ny fianakaviana. Raha ny marina  
mantsy, “ny fianakaviana dia tendri-  
n'Andriamanitra. Io no rafitra manan-  
danja indrindra amin'izao fotoana izao  
sy ho mandrakizay.”<sup>7</sup>

Fahatelo, ny fanompoana ny hafa  
dia toetra miavaka ananan'ny mpanara-  
dia marina an'i Kristy. Hoy izy hoe:  
“Araka izay efa nataonareo tamin'ny  
anankiray amin'ireto rahalahiko kely  
indrindra ireto no nataonareo tamiko.”<sup>8</sup>

Fahaefatra ny fanakarana ny fo-  
topampianaran'i Kristy sy ny fam-  
pahatanjahana ny fijoroantsika ho  
vavolombelona dia asa izay hitondra  
fifaliana sy fahafaham-po marina ho  
antsika. Mila mandalina tsy tapaka ny  
tenin'i Kristy isika izay hita ao amin'ny  
soratra masina sy ao anatin'ireo ten-  
in'ireo mpaminany velona. “Hilaza  
aminareo ny zava-drehetra tokony  
hataonareo ny tenin'i Kristy.”<sup>9</sup>

Tiako ny hamarana ny teniko amin'ny alalan'ny tantaran'ny vehivavy mananotena iray 73 taona, izay nihaona taminay nandritra ilay dianay tany Philippines:

Rehefa namely ny nosy Bohol ilay horohoron-tany dia nirodana ilay trano nitsembohan'izy sy ilay vadiny efa nodimandry, ka maty tamin'izany ny zanany vavy sy ny zafikeliny lahy. Ankehitriny amin'izao izy irey izao dia mila mamelona ny tenany. Nanomboka nanasa lamba izy (izay ataony amin'ny tanana) ary tsy maintsy miakatra sy midina imbetsaka amin'ny havoana iray mba hantsaka rano. Tamin'ny fotoana namangianay azy dia mbola nipetraka tao anaty lay izy.

Izao no teniny: "Ry Loholona! Manaiky ny zava-drehetra nasain'ny Tompo holalovako aho. Tsy manana lolom-po aho. Raisiko ho toy ny zava-tsarobidy ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly nomena ahy ary ataoko ao ambanin'ny ondako izany. Aoka ho fantatrao fa mandoa fahafolonkarena feno avy amin'ilay karama vary masaka raisiko avy amin'ny fanasana lamba aho. Handoa foana ny fahafo-lonkarenako aho na inona na inona mitranga."

Mijoro ho vavolombelona aho fa hisy fiantraikany mivantana amin'ny toetrantsika faharoa ireo zavatra ataontsika lohalaharana, ireo zavatra mampirona ny saintsika, ireo fahazarantsika, ireo fanirantsika ary ireo zava-mahaliana antsika sy ireo zavatra mampirehi-po antsika. Aoka isika hahatsiaro mandrakariva ilay tenin'ny Mpa-monjy hoe: "Fa izay itoeran'ny harenao, dia ho any koa ny fonao." Mivavaka aho mba ho hita any amin'ny toerana tokony hisy azy ny fontsika, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. 2 Nefia 9:51.
2. Matio 6:19–21; jereo koa ny 3 Nefia 13:19–21.
3. Lioka 12:16–21.
4. Dieter F. Uchtdorf, "Mikasika ny Nenina sy ny Fanapahan-kevitra," *Liahona*, Nôv. 2012, 22–23.
5. Môsià 3:19.
6. Jereo ny 3 Nefia 12:48.
7. *Boky Torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 1.1.1.
8. Matio 25:40.
9. 2 Nefia 32:3.



**Nataon'ny Loholona Marcos A. Aidukaitis**  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Raha Tsy Manam-pahendrena Hianareo

*Hanambara ny fahamarinana amin'ireo izay mikatsaka izany Andriamanitra araka ny voalaza ao amin'ny soratra masina.*

Indray andro ny zanako lahy izay 10 taona dia nandalina mikasika ny atidohan'olombelona tao amin'ny Internet. Maniry ny ho lasa mpandidy izy any aoriana any. Tsy sarotra ny milaza fa mahay lavitra noho ny tenako izy.

Tia Internet izahay. Mifandray amin'ny fianakaviana sy namana amin'ny alalan'ny seraseram-pifandraisana amin'ny mailaka ary ny fomba maro hafa izahay ao an-trano. Ny ankamaroan'ny entimodin'ireo zanako dia ataon'izy ireo amin'ny alalan'ny Internet.

Na inona na inona fanontaniana mipetraka, raha mila fanampim-pahalalana isika, dia mikaroka izany ao amin'ny Internet. Ao anaty segondra vitsy monja isika dia mahazo fitaovana maro. Mahatalanjona izany.

Manome fahafahana maro mba hianaran-javatra ny Internet. Na eo aza izany, dia te hampahory antsika i Satana, ka ovainy ny tena tanjona marin'ny zava-misy. Ampiasainy io fitaovana tsara io mba hoentiny mivoy

ahiahy sy tahotra, ary entiny hanimbana ny finoana sy ny fanantenana.

Noho ny habetsahan'ireo zavatra hita ao amin'ny Internet, dia tokony handinika am-pitandremana isika hoe aiza no hampiasana ny herintsika. I Satana dia afaka manao izay hahalanany ny fotoantsika sy hanariana dia antsika, ary handotoana ny saintsika amin'ny alalan'ny fanomezana fampahalalana, izay mety ho fako fotsiny ny ankamaroany.

Tsy tokony hisy olona hirenireny eny anivon'ny fako.

Henoy ity fitarihana izay omen'ny soratra masina ity: "Omena ny olona tsirairay ny Fanahin'i Kristy mba hahazoany manavaka ny tsara amin'ny ratsy; koa asehoko anareo ny fomba hitsarana; fa ny zavatra tsirairay izay manainga hanao ny tsara sy handresy lahatra mba hino an'i Kristy dia alefan'ny hery sy ny fanomezam-pahasoavan'i Kristy; koa dia azonareo fantarina . . . fa avy amin'Andriamani-tratra izany."<sup>1</sup>

Raha ny tena marina, dia miatrika safidy mampisalalasa mitovy amin'ny natrehan'i Joseph Smith tamin'ny fahatanorany isika. Matetika ihany koa isika no tsy ampy fahendrena.

Ao amin'ny fanjakan'Andriamaniatra dia ankasitrahana sy amporisihina ny fikarohana ny fahamarinana ary tsy mba sakantsakanana na atahorana velively. Ny Tompo mihitsy no mamporisika ireo mpikamban'ny Fiangonana mba hikatsaka fahalalana.<sup>2</sup> Hoy Izy, "Mikatsaha fatratra . . . ; eny, katsahonareo ao amin'ny boky tsara indrindra ny tena fahendrena; katsahonareo ny fianarana, amin'ny alalan'ny fandinihana ary koa amin'ny alalan'ny finoana."<sup>3</sup> Na izany aza, ahoana no ahafahantsika mahafantatra ny fahamarinana eo amin'ity izao tontolo izao ity izay manafika ireo zavatra mikasika an'Andriamanitra amin'ny fomba mivantana kokoa hatrany?

Ny soratra masina no mampianatra antsika ny fomba hanaovana izany:

Voalohany, afaka mahafantatra ny fahamarinana isika amin'ny fandinihana ny voany.

Hoy ny Tompo nandritra ilay Toriteny lehibe nataony teo an-tendrombohitra:

"Dia toy izany, ny hazo tsara reheotra dia mamoa voa tsara; fa ny hazo ratsy reheotra dia mamoa voa ratsy. . . .

"Ka dia ny voany no hahafantarareo azy."<sup>4</sup>

Mampianatra io fitsipika io ihany koa ny mpaminany Mômônâ raha nilaza izy hoe: "Amin'ny asany no hahafantarareo azy; fa raha tsara ny asany, amin'izany dia tsara koa izy."<sup>5</sup>

Manasa ny reheotra izahay mba handalina ireo voan'ity Fiangonana ity sy ny asany.

Ireo izay liana amin'ny fahamarinana dia afaka hamantatra ny fanovana izay entin'ny Fiangonana sy ireo mpikambana ao aminy eo amin'ny fiaraha-monina misy azy ireo. Ho hitan'izy ireo koa ny fihatsarana eo amin'ny fiainan'ireo izay miaina sy manaraka ny fampianaran'ny Fiangonana. Ireo izay mandinika ireo voa ireo dia hahita fa ny voa izay azo ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia fy sy mampilendalenda.

Faharoa, afaka mahita ny fahamarinana isika amin'ny alalan'ny fampiharana eo amin'ny fiainantsika ny tenin'Andriamanitra.

Nampianatra ny mpaminany Almà hoe:

"Hampitahaintsika amin'ny voa iray ny teny. . . . Raha manisa toerana ianareo mba hahazoana mamboly voa iray ao am-ponareo, indro, raha tena voa marina izany na voa tsara, [ary] . . . raha tsy mandroaka izany hivoaka ianareo noho ny tsy finoanareo, . . . indro, hanomboka handrobona ao an-tratranareo izy; ary . . . hanomboka hiteny anakampo ianareo hoe—Tsy azo ihodivirana . . . ny maha tsy maintsy voa tsara azy, . . . satria manomboka mampivelatra ny fanahiko izy; eny, manomboka manazava ny fahazavan-tsaiko izy, eny, manomboka ho fy amiko izy. . . .

". . . Ary ankehitriny, . . . moa va izany tsy hanatanjaka ny finoanareo? Eny, hohatanjahiny ny finoanareo. . . .

". . . Satria ny voa tsirairay dia mamoa ny karazany ihany."<sup>6</sup>

Fanasana tena mahafinaritra tokoa nataon'ny mpaminanin'ny Tompo izany! Azo ampitahaina amin'ny fanandramana ara-tsiantifika izany. Asaina isika mba hitsapa ny tenin'Andriamaniatra, omena antsika ireo andinindininy, ary ambara amintsika ny vokatr'ilay fitsapana raha toa isika ka manaraka ireo torolalana.

Araka izany dia mampianatra antsika ny soratra masina fa afaka mahafantatra ny fahamarinana isika amin'ny fandinihana ny voa aterany

na koa amin'ny fanandramana ilay izy mivantana, ka manome toerana ho an'ilay teny ao am-pontsika ary mikolokolo izany toy ny voa iray.

Kanefa mbola misy fomba fahatelo hahafantarana ny fahamarinana, ary izany dia amin'ny alalan'ny fanambarana ho an'ny tena manokana.

Ny Fotopampianarana sy Fane-kempihavanana fizarana faha-8 dia mampianatra fa ny fanambarana dia fahalalana—"fahalalana ny amin'izay zavatra reheotra hangatahin[tsika] amin'ny finoana, amin-kitsim-po, rehefa mino fa horaisin[tsika]."<sup>7</sup>

Ary ny Tompo dia milaza amintsika ny fomba handraisantsika io fanambarana io. Hoy Izy, "Hiteny anao ao antainao sy ao am-ponao Aho, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izay ho tonga ao aminao sy hitoetra ao am-ponao."<sup>8</sup>

Araka izany dia ampianarina isika fa ny fanambarana dia mety azo amin'ny alalan'ny fangatahana amim-pinoana, sy amin-kitsim-po, ary amin'ny finoana fa hahazo isika.

Kanefa jereo fa nilaza mazava tsara ny Tompo raha nampitandrina hoe: "Tsarovy fa raha tsy misy ny finoana, dia tsy mahavita na inona na inona ianao; koa mangataha amin'ny finoana."<sup>9</sup> Mitaky asa ny finoana, toy ny fandalinana izany ao antainao, ary manontany amin'ny alalan'ny vavaka avy eo raha marina izany.

Hoy ny Tompo:

"Raha marina izany, dia hahamay ny ao anatin'ny tratranao Aho; koa, ho tsapanao fa marina izany.





**Pleasant Grove, Utah, Etazonia**

“Fa raha tsy marina izany, dia tsy hanana fahatsapana toy izany ianao fa hanana kosa fahadontoan’ny saina, izay hahatonga anao hanadino ny zavatra izay diso.”<sup>10</sup>

Ny finoana tsy arahana asa dia maty.<sup>11</sup> Araka izany, “mangata[ha] amin’ny finoana [ . . . ], ka [aza] [m]jiahahana akory.”<sup>12</sup>

Misy namako iray tsy mitovy finoana amintsika, izay nilaza tamiko fa tsy olona liana amin’ny zavatra ara-panahy izy. Tsy mba handalina ny soratra masina izany izy na hivavaka satria nolazainy fa tsy mahatakatra ny tenin’Andriamanitra izy, sady tsy azony antoka hoe tena misy Andriamanitra. Izany fihetsika izany dia manazava ny fahosan’ny fiainampanahiny, ary hitarika ho amin’izay mifanohitra amin’ny fanambarana, araka ny nazavain’i Almà. Hoy izy: “Ary noho izany, izay manamafy ny fony dia izy no mandray ny ampahany kely indrindra amin’ny teny.”

Saingy nanampy i Almà hoe: “izay tsy manamafy ny fony dia izy no omena ny ampahany betsaka indrindra amin’ny teny, mandra-panomezana azy ny fahafantarana ny misterin’Andriamanitra mandra-pahafantarany izany tanteraka.”<sup>13</sup>

I Almà sy ireo zanakalahin’i Môsià dia ohatra maneho ilay fitsipika hoe mitaky asa ny finoana. Hitantsika ao amin’ny Bokin’i Môrmôna ny hoe:

“Nodinihiny tamim-pahazotoana tokoa ny soratra masina hahazoany

mahalala ny tenin’Andriamanitra.

“Nefa tsy izay ihany; efa nanokantena ho amin’ny fivavahana fatratra sy ny fifadian-kanina izy ireo; noho izany dia nananany ny fanahin’ny faminiana sy ny fanahin’ny fanambarana.”<sup>14</sup>

Ny fangatahana amin’kitsimpo dia manan-danja tahaka izany koa mandritra ireo dingana atao. Raha mikatsaka amin’kitsimpo ny fahamarinana isika, dia hanao izay rehetra azontsika atao mba hahitana izany, ka mety ho tafiditra ao anatin’izany ny famakiana soratra masina, ny fandehanana miangona ary ny fanaovana izay rehetra vitantsika mba hitandremana ireo didin’Andriamanitra. Midika koa izany fa rehefa mahafantatra ny sitrapon’Andriamanitra isika dia vonona ny hanao izany.

Ireo zavatra nataon’i Joseph Smith rehefa nikatsaka fahendrena dia ohatra tena tsara izay maneho ny dikan’ny hoe manana fo madio. Nilaza izy fa naniry ny hahafantatra hoe iza tamin’ireo antokom-pivavahana nisy no marina “mba hahafantara[ny] izay hilatsaha[ny] ho mpikambana.”<sup>15</sup> Na talohan’ny nivavahany aza, dia efa vonona izy handray andraikitra mifanaraka amin’izay valiny mety ho azony.

Tokony hangataka amin’ny finoana sy amin’kitsim-po isika. Tsy ampy anefa izany. Mila mino ihany koa isika fa handray ilay fanambarana. Tokony hatoky ny Tompo isika sy hanana fanantenana amin’ny teny nomeny. Tsarovy fa voasoratra hoe: “Raha misy

hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin’Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an’ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany.”<sup>16</sup> Tena tsara izany raha fampanantenana!

Manasa ny rehetra aho mba hikatsaka ny fahamarinana amin’ny alalan’ny iray amin’ireo fomba ireo ary indrindra indrindra avy amin’Andriamanitra amin’ny alalan’ny fanambarana ho an’ny tena manokana. Hanambara ny fahamarinana amin’ireo izay mikatsaka izany Andriamanitra araka ny voalaza ao amin’ny soratra masina. Mitaky ezaka bebe kokoa noho ny fikarohana ao amin’ny Internet izany, kanefa mahaleo ny sarany.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ity no Fiangonana marin’i Jesoa Kristy. Efa nahita ny voa nentiny teo amin’ny fiarahamonina sy teo amin’ny fiainan’olona an’arivony maro aho, anisan’izany ireo fianakaviako. Izany no nahafantarako fa marina ity Fiangonana ity. Nanandrana ny tenin’Andriamanitra teo amin’ny fiainako koa aho nandritra ny taona maro ary tsapako ny fiantraikany teo amin’ny fanahiko. Izany no nahafantarako fa marina izy ity. Fa ny tena manan-danja indrindra dia ny nahafantarako ny fahamarinan’ity Fiangonana ity ho an’ny tenako manokana tamin’ny alalan’ny fanambarana tamin’ny alalan’ny herin’ny Fanahy Masina. Izany no nahafantarako fa marina ity Fiangonana ity. Manasa anareo rehetra aho hanao toy izany. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### **FANAMARIHANA**

1. Môrônia 7:16.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 88:78.
3. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 88:118.
4. Matio 7:17, 20.
5. Môrônia 7:5.
6. Almà 32:28, 30–31.
7. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 8:1.
8. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 8:2.
9. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 8:10.
10. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 9:8–9.
11. Jereo ny Jakoba 2:17.
12. Jakoba 1:6.
13. Almà 12:10.
14. Almà 17:2–3.
15. Joseph Smith—Tantara 1:18.
16. Jakoba 1:5.





**Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty

*I Jesoa avy any Nazareta no ilay Mpanavotra nitsangana tamin'ny maty, ary ambarako fa marina ny zavatra rehetra izay vokatry ny fisian' ny Fitsanganany tamin'ny Maty.*

Fahatsapana faharesena sy fahakiviana tanteraka no nahazo ny mpianany rehefa nijaly ka maty teo amin'ny hazofijaliana i Jesoa ka napetraka tao am-pasana ny vata-mangatsiakany. Na dia teo aza izay nambaran'ny Mpamonjy ombieny ombieny mikasika ny Fahafatesany sy ny fitsanganany indray aorian'izany, dia tsy nahatakatra izy ireo. Ilay takariva maizin-kitroka tamin'ny Fanomboana Azy anefa, vetivety foana teo dia narahany ilay maraim-pifalian'ny Fitsanganany tamin'ny maty. Saingy tsy tonga izany fifaliana izany raha tsy nony lasa vavolombelona nanatri-maso ny Fitsanganany ireo mpianany, ka na dia tsy hay notakarina aza tamin'ny voalohany ny fanambaran'ireo anjely hoe efa nitsangana Izy dia—zavatra tsy nampoizina tokoa izany.

Tonga vao maraina teny amin'ny fasan'ny Mpamonjy i Maria Magdalena sy vehivavy mahatoky vitsivitsy hafa io Alahady maraina io, nitondra zavamanitra sy emboka mba hamitana ny fanosora-menaka izay natomboka tamin'ny fotoana nametrahana maimaika tao am-pasana ny vata-mangatsiakan'ny Tompo mialohan'ny hahatongavan'ny

Sabata. Tamin'io maraina lehibe io, dia fasana nivoha no nitsena azy ireo, fa efa voakodia ny vato nanarona, ary anjely roa no nanambara hoe:

“Nahoana no ato amin'ny maty no itadiavanareo ny velona?”

“Tsy ato Izy, fa efa nitsangana; tsarovy ny teny izay nataony taminareo, fony Izy mbola tany Galilia hoe:

“Ny zanak'olona tsy maintsy atolotra eo an-tanan'ny mpanota, ka hohomboana amin'ny hazofijaliana ary hitsangana amin'ny andro fahatelo.”<sup>1</sup>

“Avia ka jereo fa tao no nandrian'ny Tompo.

“Ary mandehana faingana, ka lazao amin'ny mpianany fa efa nitsangana tamin'ny maty Izy.”<sup>2</sup>

Araka ny nandidian'ireo anjely dia nijery tao am-pasana i Maria Magdalena, saingy ny hany tsikariny dia ny hoe tsy ao ny vatan'ny Tompo. Nandeha faingana izy hitatitra tamin'ireo Apôstôly, ary rehefa nahita an'i Petera sy Jaona izy dia nilaza tamin'izy ireo hoe “Nalain'olona tao am-pasana ny Tompo, ka tsy fantatray izay nametrahany Azy.”<sup>3</sup> Nihazakazaka teny an-toerana i Petera sy Jaona ary nana-marina fa tena foana tokoa ny fasana, ary nahita “ny lamba-paty nipetraka teo . . . ary ny mosara izay nafehy ny lohany, . . . [dia] voavalona mitokana.”<sup>4</sup> Toa i Jaona no voalohany nahatakatra ny hafatra mahatalanjon'ny fitsanganana amin'ny maty. Nanoratra izy fa “nahita ka nino,” raha ny hafa kosa hatreo dia “tsy mbola [nahafantatra] ny soratra masina fa tsy maintsy hitsangana amin'ny maty Jesosy.”<sup>5</sup>

Lasa i Petera sy i Jaona, fa i Maria kosa mbola nijanona teo ivelany sady mbola nalahelo. Tamin'izay fotoana izay dia niverina ireo anjely ka nanontany



azy moramora hoe: “Ravehivavy, nahoana ianao no mitomany? Ary hoy izy tamin’izy ireo, Satria nalain’olona ny Tompoko ka tsy fantatro izay name-trahany Azy.”<sup>6</sup> Tamin’izay fotoana izay indrindra no niteny ny Mpamonjy izay efa tafatsangana ary nijoro tao aoriany nanao hoe: “Ravehivavy, nahoana ianao no mitomany? Iza no tadiavinao? Nataony fa mpiandry saha Izy ka hoy izy taminy, Tompoko, raha ianao no naka Azy teto, lazao amiko izay nametraha-nao Azy, ary izaho dia haka Azy.”<sup>7</sup>

Nanoratra toy izao ny Loholona James E. Talmage hoe: “I Jesoa Kristy, ilay Tompo malalany, no nifampire-saka taminy, kanefa tsy fantany izany. Teny iray monja avy teo imolotr’Ilay efa nitsangana no nanova ny alahelo nampahory azy ho lasa fifaliana tsy misy ohatr’izany. ‘Hoy Jesoa taminy, Ry Maria!’ Ilay feo sy ny filantony malefaka izay henony sy nankamamiany tamin’ireo andro fahiny no nampitraka azy avy tao amin’ny fahadisoam-panantenana lalina izay nilentehany. Nitodika izy ary nahita ny Tompo. Nentin’ny hafaliana mitafotafo izy ka nanolotra ny tanany mba hamihina Azy, tsy nahateny afa-tsy ilay teny mamy sy feno fanajana hoe: ‘Rabôny,’ izay midika hoe Ry Mpampianatra Malalako.”<sup>8</sup>

Ary arak’izany, ity vehivavy voatahy ity no tonga olona voalohany izay nahita sy niresaka tamin’ily Kristy nitsangan-ko velona. Taty aoriana kely tamin’io andro io ihany dia niseho tamin’i Petera Izy tao Jerosalema na tsy lavitra teo;<sup>9</sup> tamin’ny mpianatra roalahy teny an-dalana ho any Emaosy;<sup>10</sup> ary ny alin’iny tamin’ny 10 tamin’ireo Apôstôly sy ireo hafa, niseho tampoka teo anivony ka niteny hoe: “Izahao ny tanako sy ny tongotro fa Izaho no Izy; tsapao Aho, ka jereo, fa ny matoatoa tsy mba manana nofo sy taolana, tahaka izao ahitanareo Ahy izao.”<sup>11</sup> Ary mba handresena lahatra azy ireo bebe kokoa “raha mbola tsy nino ihany izy ireo noho ny hafaliana, sady mbola talanjona,”<sup>12</sup> dia nihinana hazandrano voatono sy tantely teo anatrehan’izy ireo Izy.<sup>13</sup> Taty aoriana kely Izy dia nanome torolalana azy ireo nanao hoe: “Ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran’i Jodia sy Samaria ary hatrany



amin’ny faran’ny tany [ianareo].”<sup>14</sup>

Ankoatran’ireo vavolombelona izay voamarina tao Jerosalema ireo, dia ananantsika ny asa fanompoana tsy manam-paharoa nataon’ny Tompo izay efa nitsangana tamin’ny maty teo anivon’ireo mponina fahiny tany amin’ny Ilam-bolantany Andrefana. Tao antanin’i Soafeno Izy no nidina avy tany an-danitra ary nanasa ny valalabe-mandry izay tafavory, sahabo ho 2.500 teo, mba hanatona tsirairay, ambarapandrosan’izy rehetra, nampitehaka ny tanan’izy ireo teo amin’ny lanivoany, sy nitsapa ny diam-pantsika tamin’ny tanany sy ny tongony.<sup>15</sup>

“Ary nony efa nandroso izy rehetra ary efa nijoro ho vavolombelona ho an’ny tenany, dia niantso tamin’ny feo tokana izy ireo nanao hoe:

“Hosana! Hotahiana anie ny anaran’Andriamanitra Avo Indrindra! Ary lavo teo an-tongotr’i Jesoa izy ireo sy nitsaoka Azy.”<sup>16</sup>

Ny Fitsanganan’i Jesoa Kristy tamin’ny maty dia maneho fa tsy miankina na amin’inona na amin’inona ny Fiainany sady maharitra mandrakizay. “Fa tahaka ny Ray manana fiainana ho Azy dia tahaka izany koa ny Zanaka nomeny hanana fiainana ho Azy.”<sup>17</sup> Hoy Jesoa hoe:

“Ary izany no hitiavan’ny Raiko Ahy, satria Izaho manolotra ny aiko mba handraisako azy indray.

“Tsy misy manaisotra ny aiko Amiko, fa ny tenako ihany no manaisotra azy. Manana fahefana hanolotra azy Aho, ary manana fahefana haka azy indray.”<sup>18</sup>

Tsy miankina amin’ny sakafo na ny rano na ny oksizena ny Mpamonjy, na amin’ny akora na hery na ny olona hafa ho an’ny fiainany. Amin’ny maha

sady Mesia no Jehovah Azy, dia Izy no ilay Izaho Lehibe sy ilay hany Andriamanitra misy.<sup>19</sup> Misy tsotra izao Izy, ary hisy mandrakizay.

Tamin’ny alalan’ny Sorompanavotany sy ny Fitsanganany tamin’ny maty no nandresen’i Jesoa Kristy ny lafiny rehetra amin’ny Fahalavoana. Ho fotoana fohy ihany ny fahafatesan’ny vatana, ary na dia ny fahafatesam-panahy aza dia hanam-petra satria ny rehetra dia hiverina ho eo anatrehan’Andriamanitra, farafahakeliny mandritra ny fotoana fohy, mba ho tsaraina. Afaka manana fahatokiana lalina isika ny amin’ny Heriny izay mahatohitra ny zava-drehetra ary afaka manolotra fiainana tsy manam-petra ho antsika.

“Ary satria ny olona iray no nisehoan’ny fahafatesana, dia ny Olona iray kosa no nisehoan’ny Fitsanganana amin’ny maty.

“Fa tahaka ny ahafatesan’ny olona rehetra ao amin’i Adama no ahaveloman’ny olona rehetra kosa ao amin’i Kristy.”<sup>20</sup>

Araka ny tenin’ny Loholona Neal A. Maxwell hoe: “Ny fandresen’i Kristy ny fahafatesana dia namarana ny toe-javatra mahatsiravina izay niainan’ny olombelona. Ankehitriny dia tsy misy afa-tsy ny toe-javatra mahatsiravina izay iainan’ny olona manokana, ary afaka ny ho voavonjy amin’izany koa isika amin’ny alalan’ny fanarahana ny fampianaran’ily namonjy antsika mba tsy hiharan’ny faharinganana faobe.”<sup>21</sup>

Rehefa nanome fahafaham-po ny fitakian’ny fahamarinana i Kristy, dia mandroso ho ao amin’ny toeran’ny fahamarinana Izy ankehitriny, na azontsika lazaina hoe Izy no Fahamarinana, tsy misy hafa amin’ny hoe Izy dia fitiavana.<sup>22</sup> Tahaka izany ihany koa, ankoatra ny maha “Andriamanitra marina sy lafatra” Azy, dia Andriamanitra mpamindra fo tanteraka ihany koa Izy.<sup>23</sup> Noho izany, ny Mpamonjy no manao izay hahalasa marina ny zava-drehetra. Tsy misy tsy fahamarinana eto amin’ity tany ity ka haharitra, eny fa na dia ny fahafatesana aza satria namerina ny fiainana indray Izy. Tsy misy ratra na kilema na fitaka na fanararaotana izay tsy ho voahonitra any amin’ny farany noho ny

famindram-pony sy ny fahamarinany faratampony.

Torak'izany koa, isika rehetra dia tompon'andraikitra eo anatrehany noho ny fiainantsika sy ny safidintsika ary ny zavatra ataontsika, eny fa na dia ny eritreritsika aza. Satria nanavotra antsika tamin'ny Fahalavoana Izy, dia Azy ny fiainantsika raha ny marina. Nanambara Izy hoe:

“Indro, efa nomeko anareo ny filazantsarako, ary izao no filazantsara izay efa nomeko anareo—fa tonga teo amin'izao tontolo izao Aho mba hanao ny sitrapon'ny Raiko, satria ny Raiko no naniraka Ahy.

“Ary naniraka Ahy ny Raiko mba hahazoana manandratra Ahy eo amin'ny hazofijaliana, ary taorian'ny efa nanandratana Ahy teo amin'ny hazofijaliana; dia ny mba hahazoako misintona ny olon-drehetra aty Amiko, ka toy ny efa nanandratana'ny olona Ahy, dia toy izany koa no hanandratana'ny Ray ny olona hijoro eo anoloako, mba ho tsaraina amin'ny asany, na tsara izany na ratsy.”<sup>24</sup>

Eritrereto vetivety ny maha-zava-dehibe ny Fitsanganana amin'ny maty eo amin'ny famahana tanteraka amin'izay, ny mahakasika ny hoe iza marina moa i Jesoa avy any Nazareta sy ny momba ireo adihevitra lehibe ara-pilôzôfia sy ireo fanontaniana lehibe eo amin'ny fiainana. Raha tena nitsangana tamin'ny maty arabakiteny tokoa i Jesoa, dia tsy maintsy mandeha ho azy avy amin'izany ny hoe olona iray izay andriamanitra Izy. Tsy misy olona tsotra mety maty ka hanana fahefana avy amin'ny tenany hiverina ho amin'ny fiainana indray rehefa avy maty. Koa satria Izy nitsangana tamin'ny maty, dia tsy afaka ny ho mpandrafitra fotsiny ihany i Jesoa na ho mpampianatra fotsiny, na ho raby fotsiny na ho mpaminany fotsiny. Noho Izy nitsangana tamin'ny maty, dia tsy maintsy hoe Andriamanitra i Jesoa Kristy, dia ilay Zanaka Lahitokan'ny Ray.

Noho izany, dia marina ireo zavatra izay nampianariny; tsy afaka mandainga Andriamanitra.<sup>25</sup>

Noho izany, dia Izy no Mpahary ny tany araka izay nolazainy.<sup>26</sup>

Noho izany, dia tena misy ny lanitra sy ny helo, araka izay nampianariny.<sup>27</sup>

Noho izany, dia misy ny tontolon'ny fanahy izay novangiany taorian'ny nahafatesany.<sup>28</sup>

Noho izany, dia Ho avy indray Izy araka ny nambaran'ilay anjely,<sup>29</sup> ary “hanjaka eto an-tany mihitsy.”<sup>30</sup>

Noho izany, dia misy ny Fitsanganana amin'ny maty sy ny Fitsarana farany ho an'ny olon-drehetra.<sup>31</sup>

Noho ny fisian'ny Fitsanganan'i Kristy amin'ny maty dia tsy mitombina ireo ahiahy momba ny fahatanterahan'ny hery sy ny fahalalana ary ny hatsaram-pon'Andriamanitra Ray—izay nanolotra ny Zanany Lahitokana mba ho fanavotana an'izao tontolo izao. Tsy marim-pototra ireo ahiahy mahakasika ny dikan'ny fiainana sy ny tanjony. Jesoa Kristy raha ny marina no hany anarana na fomba izay ahafahan'ny famonjena ho tonga amin'ny zanak'olombelona. Teny marina ny fahasovan'i Kristy, izay manolotra ny famelan-keloka sy ny fanadiovana ho an'ny mpanota mibebaka. Ny finoana dia tena mihoatra noho ny

zavatra heverin'ny saina na ny zavatra foronin'ny saina. Misy ny fahamarinana faratampony sy ho an'ny rehetra, ary misy ny fenitra ara-pitondrantena tsy mitongilana ary tsy miovaova araka izay nampianariny.

Noho ny maha-tena nisy ny Fitsanganan'i Kristy tamin'ny Maty dia sady azo tanterahina no tena maika ny fibebahana amin'izay mety ho fandikana ny Lalàny sy ny Didiny. Tena misy ireo fahagagana nataon'ny Mpamonjy, toy izany koa ny fampanantenany tamin'ireo mpianany fa hoe afaka manao izany koa izy ireo ary asa lehibe kokoa noho izany mihitsy aza.<sup>32</sup> Tsy maintsy hery tena misy ny Fisoronany, izay “mitantana ny filazantsara sy mihazona ny fanalahidin'ny misterin'ny fanjakana, dia ny fanalahidin'ny fahalalana an'Andriamanitra. Koa miharihary ao amin'ny ôrdônansiny ny herin'ny toetra araka an'Andriamanitra.”<sup>33</sup> Noho ny maha-tena nisy ny Fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty, dia tsy ny fahafatesana no hiafarantsika, ary na dia “rehefa levona ny hodi[tsika], izao simba izao,





sady afaka amin'ny nofo[ntsika] [isika], dia hahita an'Andriamanitra.”<sup>34</sup>

Noresahan'ny Filoha Thomas S. Monson ny momba ny lehilahy iray nantsoina hoe Robert Blatchford, izay nanenjika tamin'ny fomba nahery vaika, 100 taona lasa izay, “tao anatin'ily boky nosoratany hoe *Andriamanitra sy ny namako*, ireo zavatra izay mazàna inoan'ny Kristianina, toy ny hoe Andriamanitra, Kristy, ny vavaka ary ny tsy fahafatesana. Nilaza tamim-pahasahiana izy hoe: ‘Ambarako fa noporofoiko tamin'ny fomba feno sy mazava tokoa ny zavatra rehetra nokasaiko hoporofoina ka dia tsy misy Kristianina, na lehibe sy mahavita azy tahaka ny inona aza, ka afaka mahatohitra na manozongozona ny zavatra hitako.’ Nanangana rindrin'ny tsy finoana manodidina azy izy. Kanjo nitranga ny tsy nampoizina. Nirodana tampoka ilay rindrina natsangany. . . . Nanomboka nahatsapa tsikelikely izy fa nitombo tao aminy ilay finoana izay nolaviny sy norabirabiany teo aloha. Inona ary no nahatonga izany fiovana lalina izany teo amin'ny fomba fijeriny? *Maty ny vadiny*. Tamin'ny fo feno ratra no nidirany tao amin'ily efitrano izay nandrian'ny vata-mangatsiakany. Niverina nijery ilay endrika izay notiaviny tokoa izy. Nony nivoaka avy tao izy dia hoy izy tamin'ny namana iray hoe: ‘Izy io kanefa toa tsy izy. Niova daholo ny zava-drehetra. Nisy zavatra izay teo taloha kanefa niala tao. Tsy mitovy amin'ny taloha izy. Inona no mety ho lasa raha tsy ny fanahiny?’”<sup>35</sup>

Moa ve tena maty ny Tompo ary nitsangana indray? Eny. “Ireo fitsipika fototry ny fivavahantsika dia ny

fijoroan'ireo Apôstôly sy Mpaminany ho vavolombelona mahakasika an'i Jesoa Kristy fa maty Izy ka nalevina ary nitsangana indray tamin'ny andro fahatelo, ary niakatra ho any an-danitra; ary ny zavatra hafa rehetra mahakasika ny fivavahantsika dia tovana napetaka amin'izany.”<sup>36</sup>

Rehefa nanakaiky ilay fahaterahan'i Jesoa izay nambaran'ireo mpaminany dia nisy teo anivon'ireo vahoaka Nefita sy Lamanita fahiny no nino, saingy tsy nino ny ankamaroany. Tonga tamin'ny fotoany ary ilay famantarana ny fahaterahany—andro iray sy alina iray ary andro iray tsy misy haizina—ary dia nahafantatra ny rehetra.<sup>37</sup> Tahaka izany ihany ankehitriny, misy ny mino ny Fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty arabakiteny, ary misy ny miahiahy na tsy mino. Saingy misy ny mahafantatra. Ary amin'ny farany dia samy hahita daholo ary samy hahafantatra; eny tokoa, “ny lohalika tsirairay dia hitsaoka ary ny lela tsirairay hiaiky eo anoloany.”<sup>38</sup>

Mandra-pahatonga an'izany, izaho dia mino ireo vavolombelon'ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty, izay hita ao amin'ny Testamenta Vao-vao ny zavatra niainan'izy ireo sy ny fijoroany ho vavolombelona—i Petera sy ireo namany tao amin'ny Roambini-fololahy, ary i Maria Magdalena malala sy madio, ankoatra ny hafa. Mino ireo fijoroana ho vavolombelona hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna aho—ny an'i Nefia ilay Apôstôly niaraka tamin'ny valalabemandry tsy voalaza anarana tao amin'ny tanin'i Soafeno, ankoatra ny hafa. Ary mino ny fijoroan'i Joseph Smith sy i Sidney Rigdon ho vavolombelona aho, izay taorian'ireo

tenivavolombelona maro, nanambara ilay fijoroana ho vavolombelona lehibe an'izao fotoampitantanana izao manao hoe “Fa velona Izy! Fa hitanay Izy.”<sup>39</sup> Eo ambany fijerin'ny maso matsilony, dia mijoro ho vavolombelona koa aho fa Jesoa avy any Nazareta no ilay Mpanavotra nitsangana tamin'ny maty, ary ambarako fa marina ny zavatra rehetra izay vokatry ny *fisian*'ny Fitsanganany tamin'ny Maty. Enga anie ianareo hahazo faharesen-dahatra matanjaka sy mitombina noho ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona toy izany, izany no vavaka ataoko amin'ny anarana'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Lioka 24:5–7.
2. Matio 28:6–7.
3. Jaona 20:2.
4. Jaona 20:5, 7.
5. Jaona 20:8–9.
6. Jaona 20:13.
7. Jaona 20:15.
8. James E. Talmage, *Jésus le Christ*, 3<sup>e</sup> ed. (1916), 681.
9. Jereo ny Lioka 24:34; 1 Korintiana 15:5.
10. Jereo ny Marka 16:12; Lioka 24:13–35.
11. Lioka 24:39.
12. Lioka 24:41.
13. Jereo ny Lioka 24:42–43.
14. Asan'ny Apostoly 1:8.
15. Jereo ny 3 Nefia 11:14–15.
16. 3 Nefia 11:16–17.
17. Jaona 5:26.
18. Jaona 10:17–18.
19. Jereo ny Eksodosy 3:14.
20. 1 Korintiana 15:21–22.
21. *The Neal A. Maxwell Quote Book*, ed. Cory H. Maxwell (1997), 287.
22. Jereo ny 1 Jaona 4:8.
23. Almà 42:15; jereo ihany koa ny Môsià 15:8–9.
24. 3 Nefia 27:13–14.
25. Jereo ny Enôsa 1:6.
26. Jereo ohatra ny 3 Nefia 9:15.
27. Jereo ohatra ny Fotopampianarana sy Fanekepihanana 76.
28. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepihanana 138.
29. Jereo ny Asan'ny Apostoly 1:10–11.
30. Fanekepim-pinoana 1:10; jereo ihany koa ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, “Jesoa Kristy, Fanjakan'i Kristy amin'ny Arivotaona.”
31. Jereo ohatra ny 2 Nefia 9:15.
32. Jereo ny Jaona 14:12.
33. Fotopampianarana sy Fanekepihanana 84:19–20.
34. Joba 19:26.
35. Thomas S. Monson, “Fantatro fa Velona Ilay Mpanavotra Ahy!” *Liahona*, Mey 2007, 23.
36. *Enseignements des Présidents de L'Eglise: Joseph Smith* (2007), 49.
37. Jereo ny 3 Nefia 1:15–20.
38. Môsià 27:31.
39. Fotopampianarana sy Fanekepihanana 76:22–23.



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Mandra-pihaonantsika indray

*Enga anie ny Fanahy tsapantsika nandritra izay roa andro lasa izay hiaraka sy hitoetra lalandava ao amintsika rehefa handeha hiatrika ireo zavatra sahanintsika isan'andro isika.*

Ry rahalahy sy ranabavy, tena nahafinaritra ity fihaonambe ity. Voky sakafa ara-panahy isika rehefa nihaino ireo teny manentana ny fanahy nataon'ireo lehilahy sy vehivavy niteny tamintsika. Tena tsara dia tsara ny hira ary ireo hafatra dia nomanina sy nozaraina tamin'ny alalan'ny fitarihan'ny Fanahy Masina ary nampanakaiky antsika tamin'ny lanitra ireo vavaka natao. Nahazo fahazavan-tsaina amampanahy tamin'ny fomba maro isika rehefa niara-nandray anjara.

Manantena aho fa hanokana fotoana hamakina ireo hafatra nandritra ny fihaonambe isika rehefa hita ao amin'ny LDS.org izany afaka andro vitsivitsy aorian'izany sy hivoaka ao amin'ny laharan'ny gazetiboky *Ensign* sy *Liahona* manaraka izany, satria mendrika ny hovakina sy hohalalinina tsara izy ireo.

Fantatro fa ianareo koa dia te hiaraka amiko haneho fankasitrahana lalina an'ireo rahalahy sy rahavavy izay nisaorana nandritra ity fihaonambe ity. Nanompo tsara izy ireo ary nitondra anjara biriky lehibe tao anatin'ny asan'ny Tompo. Nanompo tamim-panoloran-tena tanteraka tokoa izy ireo.

Nanohana tamin'ny alalan'ny fananganana tanana an'ireo rahalahy izay nantsoina hiantoroka andraikitra vaovao koa isika. Miarahaba azy ireo isika ary tianay ho fantatr'izy ireo fa tsindrindaona ny hiaraka hanompo amin'izy ireo ao anatin'ity asan'ny Tompo ity izahay.

Enga anie isika ka hanapa-kevitra ny hanao zavatra tsara kokoa noho izay nataontsika teo aloha rehefa misaintsaina ireto hafatra henon-tsika ireto. Aoka isika mba haneho



hatsaram-panahy sy fitiavana an'ireo izay tsy mitovy finoana sy fitsipika amintsika. Nitondra hafatra mifono fitiavana ho an'ny lehilahy sy vehivavy rehetra eto an-tany ny Mpamonjy. Aoka isika hanaraka lalandava ny ohatra nasehony.

Miatrika olana goavana maro isika eto amin'izao tontolo izao ankehitriny, kanefa te hanome toky anareo aho fa mieritreritra antsika ny Raintsika any an-danitra. Hitarika sy hitahy antsika Izy rehefa mametraka ny finoantsika sy ny fitokisantsika eo Aminy isika ary hanampy antsika ao anatin'izay mety ho olana atrehantsika Izy.

Enga anie hirotsaka aminareo ireo fitahian'ny lanitra. Enga anie ny tokantranantsika ka ho feno fitiavana sy fifanajana ary ho feno ny Fanahin'ny Tompo. Enga anie isika hikolokolo tsy tapaka ny fijo-roana ho vavolombelona ananantsika momba ny filazantsara ka mba ho fiarovana antsika amin'ireo fampijalian'ny fahavalo izany. Enga anie ny Fanahy tsapantsika nandritra izay roa andro lasa izay hiaraka sy hitoetra lalandava ao amintsika rehefa handeha hiatrika ireo zavatra sahanintsika isan'andro isika, ary enga anie isika ka ho hita lalandava ao anatin'ny fanaovana ny asan'ny Tompo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa marina ity asa ity ary velona ny Mpamonjy antsika. Mitarika sy mitantana ny Fianganany eto ambonin'ny tany Izy. Apetrako aminareo ny fijo-roana ho vavolombelona ananako fa velona sy tia antsika Andriamanitra ilay Raintsika Mandrakizay. Tena Raintsika tokoa Izy. Manana toetra mampiavaka Azy manokana Izy ary tena misy. Enga anie isika hahatsapa ny fahavononany hanakaiky antsika sy hanampy antsika ary hahatsapa ny halehiben'ny fitiavany antsika.

Andriamanitra anie hitahy anareo ry rahalahy sy ranabavy. Enga anie ilay fiadanana nampanantenainy hiaraka aminareo lalandava.

Mametraka ny veloma aminareo aho mandra-pihaonantsika indray afaka enim-bolana, ary izany dia ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy ilay Tompontsika sy Mpamonjy antsika, amena. ■



**Nataon'i Rosemary M. Wixom**  
Filohan'ny Kilonga Maneran-tany

# Miaro sy Manomana ary Manome Hery antsika ny Fitandremana ireo Fanekepiahavanana

*Vehivavy ao anatin'ny sokajin-taona rehetra izay manao fanekepiahavanana isika ary mandeha amin'ny lalàn'ny fiainana an-tany mba hiverina ho eo anatrehan'ny.*

**R**y rahavavy isany, tianay ianareo. Raha nitsidika an'i Mexico aho vao haingana dia afaka nahatsapa ny maha-mpirahavavy izay tsapantsika amin'izao takariva izao. Alaivo sary antsaina ange ity zava-nitranga ity e: Vao nirava avy ao amin'ny Kilonga izahay ny Alahady maraina dia nibosesika teo amin'ilay lalantsara feno olona ny ankizy sy ny mpampianatra ary ny tenako. Tamin'izay fotoana izay dia nisokatra ny varavaran'ny kilasin'ny Zatovovavy ka hitako ireo zatovovavy sy ny mpitarika azy ireo. Samy nifanatonana hifamihina izahay rehetra. Niaraka tamin'ireo ankizy nitazona ny zipoko sy ireo zatovovavy nanodidina ahy dia te hilaza ny fahatsapana tsapako

tamin'izay fotoana izay indrindra aho. Tsy miteny Espaniôla aho, koa teny Anglisy ihany no tonga tao an-tsaiko.



**Mexico, Mexique**

Nojereko avokoa ny endrik'izy ireo ka niteny aho hoe: "Zanakavavin'ny Raintsika any an-danitra isika, izay tia antsika ary isika koa dia tia Azy." Teo no ho eo dia niara-niredona izany niaraka tamiko tamin'ny teny Espaniôla ny rehetra. Dia indreo izahay nitanisa ny teny filamatry ny zatovovavy teo amin'ny lalantsara feno olona nanao hoe: "Hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra isika amin'ny fotoana rehetra, sy amin'ny zavatra rehetra, ary amin'ny toerana rehetra."

Anio hariva isika dia miara-mivory manerana izao tontolo izao, amin'ny mpianany antsika, miaraka amin'ny faniriana hiaro sy hanohana ny fanjakan'Andriamanitra. Zanakavavin'ny Raintsika any an-danitra isika. Vehivavy ao anatin'ny sokajin-taona rehetra izay manao fanekepiahavanana isika ary mandeha amin'ny lalàn'ny fiainana an-tany mba hiverina ho eo anatrehan'ny. Miaro antsika sy manomana antsika ary manome hery antsika ny fitandremana ireo fanekepiahavanana.

Misy ankizivavy avy amin'ny Kilonga miaraka amintsika eto anio hariva. Vao haingana ny sasany aminareo no nanao ilay dingana voalohany eo amin'izany lalana izany tamin'ny ôrdônansin'ny batisa.

Jereo ny manodidina anareo. Feno fanantenana ny hoavy rehefa hitanareo ireo vehivavy izay efa nanao fanekepiahavanana ihany koa ka vonona ny hanoro anareo ny zavatra tokony hatao amin'ny hoavy.

Raha toa ianareo ka 8, 9, 10, na 11 taona, na ato anatin'ity ivontoe-ran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana ity, na any an-tranonareo, na any amin'ny trano fivoriana manerana izao tontolo izao, dia afaka mitsangana ve ianareo azafady? Tonga soa eto amin'ny fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany. Mbola mitsangana eo ihany aloha izao azafady satria te hanasa anareo izahay anio hariva mba handray anjara. Hohiraiko ny feon'ny hiran'ny Kilonga iray. Ary raha vantany vao hainareo ny feon'ilay hira dia afaka hanomboka hiara-hihira amiko ve ianareo? Izao dia mila mihira mafy ianareo mba hahafahan'ny rehetra mandre izany.

*Toroy handeha amin'ny mazava aho.  
Toroy aho hivavaka amin'ny Ray.  
Toroy aho ahafantatra indray;  
Fitia, marin'ny fahazavana.*

Mitsangàna ihany rankizy eo am-pihiran'ny 12 taona no ho miakatra rehetra ny andininy faharoa ankehitriny.

*Anaka, manatona hianatra,  
Ny didy hiverenantsika indray,  
Eo anatrehany mandrakizay—  
Handeha amin'ny fahazavana.<sup>1</sup>*

Nahafinaritra be izy teo. Afaka mipetraka ianareo. Misaotra betsaka.

Mandeha amin'ny fahazavany isika amin'ny maha-vehivavy ahitana ny sokajin-taona rehetra antsika. Ny diantsika eo amin'ilay lalana dia an'ny tenantsika manokana ary mazava tsara izany noho ny fitiavan'ny Mpamonjy.

Miditra ny vavahadin'ny lalan'ny fiainana mandrakizay isika miaraka amin'ny ôrdônansy sy ny fanekempihavanan'ny batista, ary mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina isika avy eo. Nanontany antsika ny Loholona Robert D. Hales nanao hoe: “Taka[tsika] sy takatry ny zana[tsika] ve fa rehefa atao batista [isika] dia ovaina mandrakizay?”

Nanazava ihany koa izy fa “rehefa takatsika ny fanekempihavanan'ny batisantsika sy ny fanomezana ny Fanahy Masina dia hanova ny fiainantsika sy hanorina ny fanoloran-tenantsika tanteraka ho an'ny fanjakan'Andriamanitra izany. Rehefa tonga amintsika ireo fakampahanahy dia hampahatsiahy antsika ny Fanahy Masina, raha toa ka hihaino isika, fa nampanantena ny hahatsiaro ny Mpamonjintsika sy hankato ny didin'Andriamanitra isika.”<sup>2</sup>

Manavao ny fanekempihavanan'ny batisantsika isika isan-kerinandro rehefa mandray ny tandindon'ny fanasan'ny Tompo. Hoy ny Loholona David A. Bednar hoe: “Rehefa mijoro eo amin'ny ranon'ny batista isika dia manomboka ny diantsika ho any amin'ny tempoly. Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika dia miandrindra ny tempoly. Maneho fahavononana isika fa hahatsiaro ny Mpamonjy mandrakariva ary hitandrina ny didiny eo am-piomanana



handraisana ny ôrdônansy masin'ny tempoly.”<sup>3</sup>

Mitondra amin'ireo fitahiana lehibe indrindra azo avy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ireo ôrdônansin'ny tempoly. Izany dia ireo ôrdônansy ilaina ho amin'ny fisandrantantsika any amin'ny fanjakana selestialy. Rehefa miezaka mitandrina ireo fanekempihavanantsika isika dia hanomboka hanjavona ny fahatsapana tsy fahatomombanana sy tsy fahalavorariana ananantsika, ary lasa mihamanan-danja ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny tempoly. Ny rehetra dia afaka mandeha amin'izany lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay izany.

Talanjona aho amin'ny tanjak'ireo ankizivavy sy zatovovavy ary vehivavy nihaona tamiko nanerana izao tontolo izao izay miaina mifanaraka amin'ny fanekempihavanana nataony. Mamelà ahy hizara ohatra maromaro amin'ireo ankizivavy sy vehivavin'ny fanekempihavanana nihaona tamiko.

11 taona i Luana tamin'ny fotoana nitsidihako ny fianakaviany tany Buenos Aires, Argentine. Tsy afaka niteny i Luana noho ny zava-niseho nandratra fo nitranga tamin'ny

fahazavany. Tsy niteny nandritra ny taona maro izy. Nipetraka nangina izy raha nifampiresaka izahay rehetra. Nanantena hatrany aho na dia hahazo bitsika iray monja avy aminy aza. Nibanjina ahy tsara izy toy ny hoe tsy ilaiko akory ny hitenenany dia ho fantatro ny zavatra tsapany. Taorian'ny vavaka dia nitsangana mba handeha izahay ary nanolotra sary ho ahy i Luana. Nanao sarin'i Jesoa Kristy tao amin'ny Sahan'i Getsemane izy. Dia fantatro tamin'izay ny fijoroana ho vavolombelona nananany na dia tsy niteny aza izy. Nanao fanekempihavanana hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra “amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zavatra rehetra ary amin'ny toerana rehetra”<sup>4</sup> i Luana tamin'ny batisany. Takany ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy araka ny nasehony tamin'ny alalan'ny sary nataony. Moa ve fantany fa afaka ny ho sitrana izy ka hiteny indray amin'ny alalan'ny hery mampatanjaka sy manafaka avy amin'ny Sorompanavotana? Hatramin'izay andro izay, efa telo taona lasa izay, dia nivoatra tamin'ny ezaka nataony mba hiteny i Luana. Mandray anjara ao amin'ny Zatovovavy miaraka amin'ny namany izy ankehitriny.

Manohy mizara ny fijoroana ho vavolombelony momba ny Mpamonjy izy sady manaja ny fanekempihavanana nataony tamin'ny batisa.

Liana amin'ny tempoly ny zatovo manerana izao tontolo izao. Tany Lima, Pérou dia nihaona tamin'ny raim-pianakaviana iray sy ny telo amin'ireo zanany vavy teo ivelan'ny fidirana ao amin'ny tempoly aho. Hitako teny amin'ny endrik'izy ireo ny fahazavana. Manan-kilema lehibe ny roa tamin'ireo zanany vavy ka nipetraka tamin'ny seza misy kodiarana. Nanazava ilay zanany vavy fahatelo, raha nanampy ireo rahavaviny fa mbola manana rahavavy anankiroa izy any an-trano. Samy mampiasa seza misy kodiarana avokoa izy ireo. Tsy afaka hanao ny dia maharitra 14 ora mankany amin'ny tempoly izy ireo. Zava-dehibe ho an'ity ray ity sy ho an'ny zanany vavy ny tempoly ka tonga tany amin'ny tempoly ny efatra tamin'izy ireo—ny roa amin'izy ireo dia hitazana fotsiny ilay anankiray afaka ny ho atao batisa isolao-tena ny maty sy manatanteraka izany ôrdônansy masina izany. Toa an'i

Nefia dia “finaritra amin'ny fanekempihavanana'ny Tompo”<sup>5</sup> izy ireo.

Ny vehivavy tokan-tena iray izay fantatro dia manome lanja ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro sy ny fampanantenana masin'izany “mba hananany mandrakariva ny Fanahy miaraka aminy”<sup>6</sup> Izany finamanana lalandava izany dia fampanantenana iray izay manalefaka ireo onjan'ny fahatsapana ho irery. Manome azy tanjaka mba hampifantoka ny tenany ao anatin'ny fikolokoloana ny talentany sy ny faniriana hanompo ny Tompo izany. Nahita fifaliana lehibe tamin'ny fanehoampitiavana ho an'ireo ankizy rehetra teo amin'ny fiainany izy, ary rehefa mikatsaka fiadanana tony izy dia any amin'ny tempoly no hahitanao azy.

Farany, nijery ny fitomboan'ny zanany sy ny zafikeliny ary ny fahaterahan'ireo zafiafiny ny vehivavy lehibe iray ao anatin'ny faha-90 taonany. Tahaka ny ankamaroantsika dia nanana fiainana feno alahelo sy fahoriana ary fifaliana tsy takatry ny saina izy. Niaiky izy fa raha azony natao ny nanaisotra

ny sasany amin'ireo zavatra niainany dia ho nataony izany. Kanefa mbola nolazainy tamim-pitsikiana hoe: “Mila miaina elaela kokoa fotsiny aho ka hijery izay hiafarany!” Manohy mifikitra mafy amin'ny fanekempihavanana izy eo amin'ilay lalana.

Nampianatra i Nefia hoe:

“Rehefa nihazo ny lalana ety sy tery ianareo dia mba te hanontany anareo aho raha toa ka efa vita ny zavadrehetra. Indro lazaiko anareo, Tsia. . .

“Noho izany dia tsy maintsy mibosesika amin'ny fiorenana ao amin'ny Kristy ianareo, amin'ny fanananareo fanantenana mamirapiratra sy lavorary omban'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny olon-drehetra. Koa raha mibosesika handroso ianareo ka mivoky amin'ny tenin'i Kristy ary maharitra hatramin'ny farany, dia indro, izao no lazain'ny Ray: Hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo.”<sup>7</sup>

Eo amin'izany lalana izany ny tsirairay amintsika. Nihira momba ny fandehanana eo amin'ny lalana ao amin'ny fahazavana isika androany hariva. Matanjaka ny tenantsika tsirairay avy. Ary rehefa miaraka amin'Andriamanitra isika dia tsy azo sakanana.

Niteny tamin'i Emma Smith ny Tompo hoe: “Koa asandrato ny fonao ary mifalia sy mifikira amin'ny fanekempihavanana izay efa nataonao.”<sup>8</sup>

Mifaly isika fa amin'ny alalan'ny fitandremana ny fanekempihavanantsika dia afaka hahatsapa ny fitiavan'ny Raintsika any an-danitra sy ny fitiavan'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika. Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Izy Ireo. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. “Toroy aho handeha amin'ny mazava,” *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, no. 129 na *Chants pour les Enfants*, 70.
2. Robert D. Hales, “The Covenant of Baptism: To Be in the Kingdom and of the Kingdom,” *Liahona*, Jan. 2001, 8, 7.
3. David A. Bednar, “Hitondra Anarana iray Amim-pahamendrehana ary Mitoetra,” *Liahona*, Mey 2009, 98.
4. Môsîà 18:9.
5. 2 Nefia 11:5.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
7. 2 Nefia 31:19–20.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:13.







**Nataon'i Bonnie L. Oscarson**  
Filohan'ny Zatovovavy Maneran-tany

# Vondron'ny Mpirahavavy: Tena Mila ny Tsirairay Isika

*Tokony hatsahatra ny fifantohantsika amin'ny fahasamihafantsika fa tokony hitady izay itovizantsika isika.*

Tao anatin'io horonan-tsary io isika dia nahita firenena valo ary nandre fiteny sivy samihafa. Alaivo sary an-tsaina hoe fiteny maro firy fanampiny no nampidirina tao anatin'ilay andininy farany. Tena mahafaly tokoa ny mahafantatra fa amin'ny maha-mpirahavavy maneran-tany antsika dia afaka nanandratra ny feontsika tao anatin'ny fijoroana ho vavolombelona mikasika ilay fahamarinana mandrakizay isika fa zanakavin'ny Ray any an-danitra be fitiavana iray.

Voninahitra lehibe ho ahy tokoa ny tonga eto amin'ity fotoana manantantara ity ka hiresaka amin'ny vehivavin'ny Fiangonana rehetra valo taona no ho miakatra. Misy hery goavana ao anatin'ny firaisan-kinantsika amin'ity takariva ity. Raha mijery antsika rehetra tafavory ato amin'ny Ivontoe-ran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana aho sy mieritreritra ireo an'arivony maro hafa izay mijery ity fampitana ity any amin'ny toerana maro manerana izao tontolo izao dia azo antoka fa ny fitambaran'ny herin'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika sy

ny finoantsika an'i Jesoa Kristy dia mandrafitra fivoriam-behivavy iray tena heniky ny finoana sy matanjaka indrindra eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana, ary mety ho eo amin'ny tantaran'izao tontolo izao.

Anio hariva isika dia mifaly ao amin'ny anjara asantsika samihafa amin'ny maha-vehivavin'ny Fiangonana antsika. Na dia samy hafa sy miavaka amin'ny fomba maro aza isika dia miaiky koa fa zanakavavin'ilay



**Sydney, Australie**

Ray any an-danitra isika rehetra izay mahatonga antsika ho mpirahavavy. Isika dia tafaray ao anatin'ny fanangana ny fanjakan'Andriamanitra ary ao anatin'ireo fanekempihavanana izay nataontsika, na inona na inona toe-javatra iainantsika. Tsy isalasalana tokoa fa ity fivorian'ny vehivavy sy ny ankizivavy ity no vondron'ny mpirahavavy tena miavaka indrindra eto ambonin'ny tany!<sup>1</sup>

Ny maha-mpirahavavy antsika dia midika fa misy fatotra tsy mety tapaka eo amintsika. Mifampikarakara ny mpirahavavy, mifampitsinjo, mifankahery, ary miaraka eo foana na ao anatin'ny fotoam-pifaliana na ao anatin'ny fotoantsarotra. Hoy ny Tompo hoe: "Lazaiko aminareo, aoka ho iray ianareo; ary raha tsy iray ianareo dia tsy ahy"<sup>2</sup>

Tian'ny fahavalo hifampitsikera sy hifampitsara isika. Tiany hifantoka amin'ny fahasamihafantsika sy hampitaha ny tenantsika amin'ny hafa isika. Mety ho tianao ny manao fanatanjahan-tena amim-pahavitrihana mandritra ny adiny iray satria mahasalama anao izany raha toa ka heveriko ho toy ny fanatanjahan-tena goavana ny fiakarako tohatra mankany amin'ny rihana iray fa tsy mandeha ascenseur. Mbola afaka ny ho mpinamana ihany isika na dia tsy mitovy aza, sa tsy izany?

Isika amin'ny maha-vehivavy antsika dia misy fotoana mitsikera loatra ny tenantsika. Rehefa mampitaha ny tenantsika amin'ny hafa isika dia hahatsapa ho tsy mahavita azy foana na ho tezitra foana amin'ny hafa. Hoy ny Rahavavy Patricia T. Holland indray mandeha hoe: "Ny marina dia tsy afaka hiantso fotsiny ny tenantsika ho Kristianina isika raha hanohy hifampitsara—hitsara ny tenantsika—amin'ny fomba henjana tokoa."<sup>3</sup> Notohizany izany ary niteny izy fa tsy misy antony tsara hafa tokony hanariantsika ny fanehoantsika fangorahana sy ny maha-mpirahavavy. Mila miala sasatra sy mifaly amin'ireo fahasamihafantsika fotsiny isika. Mila fantatsika fa maniry ny hanompo ao amin'ny fanjakana avokoa isika ka ampiasantsika ireo talenta sy fanomezam-pahasoavana ananantsika amin'ny fombantsika manokana. Dia afaka mankafy ny

maha-mpirahavavy antsika sy ny fikambanantsika isika amin'izay ary manomboka manompo.

Ny marina dia tena mila ny tsirairay isika. Mikatsaka finamanana sy fanohanana ary fiarahana ho azy ny vehivavy. Tena betsaka ireo azontsika ianarana avy amin'ny tsirairay, ary matetika isika no mamela ireo sakana izay foronintsika manokana hanakana antsika tsy hankafy ireo fifandraisana izay tokony ho anisan'ireo fitahiana lehibe indrindra eo amin'ny fiainantsika. Ohatra hoe, izahay vehivavy efa zokinjokiny dia mila ny zavatra azonareo anki-zivavy ao amin'ny Kilonga atolotra anay. Afaka mianatra zavatra maro avy aminareo momba ny fanompoana sy ny fitiavana araka an'i Kristy izahay.

Vao tsy ela akory izay no nahe-noako tantara mahafinaritra momba ny zazavavikely iray antsoina hoe Sarah. Ny reniny dia nanana fahafahana nanampy vehivavy iray hafa tao amin'ny paroasiny nantsoina hoe Brenda izay tratan'ny aretina sclérose en plaques. Tian'i Sarah ny miaraka amin'ny reniny mba hanampy an'i Brenda. Asiany menaka manitra ny tanan'i Brenda ary oriny ny rantsantanany sy ny tanany satria mahatsapa fanaintainana matetika izy. Dia nianatra nampaninjitra mora ny tanan'i Brenda hankany amin'ny lohany i Sarah mba hampatanjaka ny hozany. Bangoin'i Sarah ny volon'i Brenda ary mitafatafa aminy izy rehefa mikarakara zavatra hafa ilain'i Brenda ny reniny. Nianatra ny maha-zava-dehibe ny fanompoana olon-kafa i Sarah sy ny fifaliana azo avy amin'izany ary nanjary takany fa na ny zaza aza dia afaka mitondra fiovana goavana eo amin'ny fiainan'ny olona iray.

Tiako ny ohatra ananantsika ao amin'ny toko voalohany ao amin'ny Lioka izay mamaritra ny fifandraisana mamy teo amin'i Maria, renin'i Jesoa, sy i Elizabeta havany. Mbola zatovovavy i Maria raha nampahafantarina momba ilay asa nanirahana azy ho renin'ny Zanak'Andriamanitra. Tany am-boalohany dia toa andraikitra tena mavesatra izany raha entina irery. Ny Tompo tenany mihitsy no nanome an'i Maria olona hizarana ny andraikiny.



Tamin'ny alalan'ny hafatra nentin'ny anjely Gabriela no nanomezana an'i Maria anaram-behivavy iray azo itokisana sy mahafinaritra izay azony hitadiavana fanohanana—dia i Elizabeta havany izany.

Nifandray am-po tokoa ity zatovovavy tsy manambady ity sy ilay havany izay “efa antitra”<sup>4</sup> tao anatin'ny fitondran'izy ireo vohoka niseho tamin'ny fomba mahagaga, ary azoko an-tsaina tsara mihitsy fa tsy maintsy tena nandanjanja tokoa ireo telo volana niarahan'izy ireo satria afaka nifampiresaka sy nifankahery ary nifanohana tao anatin'ilay antso miavaka nomena azy izy ireo. Tena ohatra mahafinaritra izy ireo eo amin'ny fifampikarakaran'ny vehivavy tsy mitovy taona.

Ireo izay efa zokinjoiny amintsika dia afaka ny ho ohatra goavana eo amin'ireo taranaka tanora kokoa. Fony mbola anki-zivavy kely ny reniko dia tsy nisy nazoto niangona na ny rainy na ny reniny. Na dia mbola vao dimy taona aza izy dia efa nandeha antongotra irery nankany am-piangonana hanatrika ireo fivoriany—ny Kilonga sy ny Sekoly Alahady ary ny fivoriana fanasan'ny Tompo—izay samy manana ny fotoana hanatanterahana azy.

Vao haingana aho no nanontany ny reniko ny antony nanaovany izany isan-kerinandro kanefa tsy mba nanohana sy namporisika azy ny ray aman-dreniny. Ny valinteniny dia hoe: “Nanana mpampianatra tao amin'ny Kilonga izay tia ahy aho.” Naneho fitiavana sy mpampianatra azy ny filazantsara ireo mpampianatra ireo. Nampianatra azy izy ireo fa manana

Ray any an-danitra izay tia azy izy ary ny fanehoan'izy ireo fitiavana azy no nahatonga azy ho tonga isan-kerinandro. Hoy ny reniko tamiko, “Iray tamin'ireo zavatra tena manandanja nisy fiantraikany teo amin'ny fiainako fony mbola zaza izany.” Manantena aho hoe mba ho afaka ny hisaotra ireo rahavavy mahafinaritra ireo indray andro any! Tsy mifidy taona ny fanompoana araka an'i Kristy.

Tapa-bolana lasa izay dia nihaona tamin'ny filohan'ny Zatovovavin'ny Tsaotoka tany Californie aho izay niteny tamiko fa ny reniny izay 81 taona dia vao nantsoina ho mpanoro hevitra ao amin'ny Farimbona. Tena lasa eritreritra aho ka niantso ny reniny tamin'ny telefaonina. Rehefa nangataka mba hihaona aminy ny evekan'ny Rahavavy Val Baker dia nihevitra ny ho antsoina ho mpitantana ny tranomboky na mpahaitantaran'ny paroasy izy. Rehefa nangatahiny izy mba ho mpanoro hevitra ny Farimbona ao amin'ny Zatovovavy dia hoy ny navaliny hoe “Azona antoka ve izany?”

Namaly tamin'ny fomba hentitra ny evekany nanao hoe: “Rahavavy Baker, aoka ianao tsy ho diso hevitra; avy amin'ny Tompo ity antso ity.”

Niteny izy hoe tsy nanana valinteny hafa ankoatra ny hoe “Marina izany.”

Tiako ny fitaomam-panahy tsapan'ity eveka ity hoe afaka mianatra zavatra maro avy amin'ny fahendrena sy ny traikefa nananan'ity rahavavy efa voky taona ity ireo Farimbona efatra ao amin'ny paroasiny ary afaka mianatra ny ohatra nasehony tao anatin'ny fiainany iray manontolo. Ary iza ary raha fantatrareo no hatonin'ny Rahavavy Baker rehefa mila fanampiana izy mba hanokatra pejy facebook ho azy manokana?

Mieritreritra aho hoe afaka ho tonga fanampiana lehibe entina handraisana ireo rahavavy zandriny izay vao haingana no mbola tao amin'ny Zatovovavy ireo rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana. Matetika ireo rahavavy zandrintsika no mahatsapa ho toy ny tsy manana toerana ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana na tsy manana zavatra iraisana amin'ireo izay ao amin'ny Fikambanana

Ifanampiana. Mialohan'ny ahatongavan'izy ireo 18 taona dia mila mpitarika ao amin'ny Zatovovavy sy reny izy ireo izay hijoro ho vavolombelona am-pifalifaliana tokoa mikasika ireo fitahiana lehibe azo ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana. Mila mahatsapa fientanentanana izy ireo momba ny fidirana ao anatin'ny fikambanana miavaka toy izany. Rehefa manomboka manatrika ny Fikambanana Ifanampiana ireo zatovovavy dia namana iray hiaraka hipetraka aminy, sandry manodidina ny sorony, ary fahafahana hampianatra sy hanompo no ilain'izy ireo indrindra. Ndeha isika rehetra hanolo-tanana hifanampy ao anatin'ireo fiovana sy fotoana miavaka eo amin'ny fiainantsika.

Misaotra an'ireo vehivavin'ny Fiangonana rehetra izay manolo-tanana mba hitahiana sy hanompoana ny hafa, na firy taona izy ireo na firy taona ary na inona na inona kolontsainy. Manompo ireo ankizy ao amin'ny Kilonga sy ireo efa zokinjokiny ireo Zatovovavy. Mandany ora tsy tambo isaina mba hanomezana ny zavatra ilain'ireo manodidina azy ireo rahavavy tsy manambady. Mankasitraka ireo zatovovavy anarivony izay manolotra 18 volana amin'ny fiainan'izy ireo hizarana ny filazantsara amin'izao tontolo izao izahay. Tena mazava tokoa ireo zavatra rehetra ireo ka ambaran'ilay hira malalantsika hoe: "Aux femmes incumbents les tâches des anges"<sup>5</sup> [Iantsorohan'ny vehivavy ireo andraikitra ny anjely].

Raha toa ka misy ny sakana, dia satria noforonintsika izy ireny. Tokony hatsahatra ny fifantohantsika amin'ny fahasamihafantsika fa tokony hitady izay itovizantsika isika; dia afaka manomboka mahafantatra ireo hery anaty lehibe indrindra ananantsika isika ka hanatontosana ny tsara indrindra eto amin'ity izao tontolo izao ity. Niteny ny Rahavavy Marjorie P. Hinckley indray andro hoe: "Tena mila ny tsirairay isika. Izahay izay efa antitra dia mila anareo tanora. Ary enga anie ka mila ny sasany aminay efa antitra koa ianareo tanora. Zava-marina misy eo amin'ny fiaraha-monina ny hoe, mila vehivavy ny vehivavy. Mila fifampinamanana mitondra fahafaham-po lalina



**Vienne, Autriche**

sy feno fahatokiana isika."<sup>6</sup> Marina ny voalazan'ny Rahavavy Hinckley fa tena mila ny tsirairay isika!

Ry rahavavy isany, tsy misy vondrom-behivavy hafa eto amin'izao tontolo izao izay mahazo fitahiana lehibe kokoa noho isika vehivavy Olomasin'ny Andro Farany. Mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo isika, ary na inona na inona toe-javatra iainantsika manokana, dia afaka mahazo ireo fitahiana feno avy amin'ny herin'ny fisoronana isika rehetra amin'ny alalan'ny fitandremana ireo fanekempihavanana nataontsika tamin'ny batisa sy tany amin'ny tempoly. Manana mpaminany velona izay mitarika sy mampianatra antsika isika, ary mifaly amin'ny fananana ny Fanahy Masina izay fanomezana lehibe isika, izay sady mpankahery no mpitarika eo amin'ny fiainantsika. Sambatra isika miara-miasa amin'ireo rahalahy mahatoky rehefa mampahatanjaka ny tokantrano sy fianakaviana. Manana fahafahana hahazo ny tanjaka sy ny hery avy amin'ireo ôrdônansin'ny tempoly ary ny maro hafa isika.

Ankoatra ny fankafizana ireo fitahiana rehetra tena tsara ireo dia manana antsika isika—mpirahavavy ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Nomena toetra malefaka sy feno fiantrana isika izay manome fahafahana

antsika haneho fitiavana sy hanompo an'ireo manodidina antsika araka ny fomban'i Kristy. Rehefa tsy mijery ny fahasamihafan'ny taona sy ny kolontsaina ary ny toe-javatra iainana isika mba hifampikarakarana sy hifanompoana dia ho henik'ilay fitiavana madion'i Kristy sy ilay fitaomana izay mitarika antsika hahafantatra ny fotoana sy ny olona hotompoina.

Manolotra fanasana iray ho anareo aho izay efa nisy niteny indray mandeha teo aloha. Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany iray no nanao izany ka nilaza hoe: "Manasa anareo aho tsy hifankatia fotsiny ihany fa hifankatia *tsara kokoa*."<sup>7</sup> Enga anie isika hahatsapa hoe tena mila ny tsirairay isika, ary enga anie isika rehetra hifankatia bebe kokoa. Izany no vavaka ataoko, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Barbara B. Smith, "The Bonds of Sisterhood," *Ensign*, Mar. 1983, 20–23.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:27.
3. Patricia T. Holland, "One Thing Needful: Becoming Women of Greater Faith in Christ," *Ensign*, Ôkt. 1987, 29.
4. Lioka 1:7.
5. "Nous Soeurs de Sion," *Cantiques*, no. 201.
6. *Glimpses into the Life and Heart of Marjorie Pay Hinckley*, ed. Virginia H. Pearce (1999), 254–55.
7. Bonnie D. Parkin, "Choosing Charity: That Good Part," *Liahona*, Nov. 2003, 106.



**Nataon'i Linda K. Burton**

Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

# Mitady: Tanana sy Fo Vonona Hanafaingana ny Asa

*Afaka manolotra tanana mba hanampy sy fo mba hanafaingana ity asa mahagaga an'ny Ray any an-danitra ity isika.*

Ry rahavavy, tena tianay ianareo! Rehefa nijery ilay horonan-tsary teo isika dia moa ve mba nahita ny tananareo manokana nanampy olona iray teny amin'ilay lalan'ny fanekempihavanana ianareo? Nieritreritra an'ilay ankizivavy kely iray ao amin'ny Kilonga nantsoina hoe Brynn aho izay tsy nana afa-tsy tanana iray nefa nampiasa izany tanana izany mba hoentina hitahiana ny fianakaviany sy ny namany—Olomasin'ny Andro Farany sy avy amin'ny finoana hafa. Tsy hitanareo hoe mahafatifaty ve izy? Dia mahafatifaty koa ianareo! Ry rahavavy afaka manolotra tanana mba hanampy sy fo mba hanafaingana ity asa mahagaga an'ny Ray any an-danitra ity isika.

Fantatr'i Brynn hoe zanakavavin'Andriamanitra izy toy ny nahafantarana'ireo rahavavintsika mahatoky hita ao amin'ny soratra masina izany koa, tahaka an'i Eva, i Saray, i Maria ary ireo maro hafa.<sup>1</sup> Isika koa dia afaka mahafantatra momba ny lova masina nomena antsika amin'ny

maha-zanakavavin'Andriamanitra antsika sy ny asa manan-danja izay tiany hampanaovina antsika.

Nampianatra ny Mpamonjy hoe: "Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin'ny fampianarana izy."<sup>2</sup> Inona no tokony



ho fantatsika sy hataontsika "mba hiarahana miaina aminy indray andro any"<sup>3</sup> Afaka mianatra avy amin'ny tantaran'ilay tovolahy mpanankarena izay nanontany an'i Jesoa ny zavatra tokony hataony mba hahazoana ny fiainana mandrakizay isika.

Hoy i Jesoa taminy: "Raha te-hiditra any amin'ny fiainana hianao, tandremo ny didy."

Nanontany Azy ilay tovolahy hoe inona avy izy ireo. Dia nampahatsia-hivin'i Jesoa azy ny maro tamin'ireo Didy Folo izay efa fantatsika.

Namaly ilay tovolahy hoe: "Izany rehetra izany efa voatandriko avokoa; fa inona no mbola tsy mahatanteraka ahy?"

Hoy i Jesoa taminy: "Raha tia ho tanteraka hianao, mandehana, amidio ny fanananao, ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra hianao; ary avia hanaraka Ahy."<sup>4</sup>

Niantso azy mba handray an-jara amin'ny asany i Jesoa—asan'ny mpianatra iray. Mitovy amin'izany ny asa ataontsika. Ilaintsika ny "[m]amoy ny zavatr'izao tontolo izao, . . . [ary] [m]ifikitra amin'ny fanekempihavanana[tsika],"<sup>5</sup> sy manatona an'i Kristy ary manaraka Azy. Izany no ataon'ny mpianatra!

Ankehitriny ry rahavavy dia aoka isika tsy hanomboka hanome tsiny ny tenantsika momba ny fivoarantsika noho ny filazan'ny Mpamonjy tamin'ilay tovolahy hoe tokony ho tanteraka izy. Ny teny hoe *tanteraka* ato amin'ity tantara ity dia nadika avy amin'ny teny Grika izay midika hoe "feno." Rehefa miezaka ny manao izay tsara indrindra vitantsika isika mba handrosoana hatrany eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana dia lasa feno kokoa sy tanteraka eto amin'ity fiainana ity.

Indraindray isika tratan'ny fakam-panahy hilavo lefona na hiverin-dalana toy io zatovolahy mpanankarena tamin'ny andron'i Jesoa io satria mihevitra angamba isika fa tsy ho vitantsika irery izany. Ary marina ny antsika! Tsy afaka hanao ireo zavatra sarotra nangatahina mba hataontsika isika raha tsy misy fanampiana. Ny fanampiana dia tonga amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy

sy ny fitarihan'ny Fanahy Masina ary ny fanoloran-tanan'ny hafa.

Nijoro ho vavolombelona vao haingana ny rahavavy mpitovo mahatoky iray fa nahazo hery tamin'ny alalan'ny Sorompanavotana izy mba hampiasa ireo tanany enti-manampy sy fo feno fahavononana hitaizana ireo zaza efatra izay zanaky ny rahavaviny matin'ny homamiamidana. Nampahatsiahy ahy zavatra iray nolazain'ny Loholona Neal A. Maxwell izany manao hoe: "Efa vita daholo ny zavatra mora rehetra tokony nataon'ny Fiangonana. Fa manomboka izao amin'izay dia ho henjana sy hampiantanentana kokoa ny fanaovana ny asa ary hotsapaina amin'ny fomba mahavariana ny fanakatoavana."<sup>6</sup> Nalefa ety ambonin'ny tany amin'izao fotoampitantanana izao ianao noho ny maha-ianao anao sy noho ny zavatra nomanina mba hataona! Na inona na inona zavatra ataon'i Satana mba handresena lahatra antsika hieritreritra hoe iza moa isika, dia mpianatr'i Jesoa Kristy ihany isika no tena marina!

Mpianatra marina i Môrmôna izay niaina tao anatin'ny vanim-potoana nahitana fa "nihamafy ny fo tsirairay, . . . ary tsy nisy na oviana na oviana faharatsiana lehibe tokoa toy izay nisy teo anivon'ity vahoaka ity teo anivon'ny zanak'i Lehia rehetra."<sup>7</sup> Ho tianao ve ny niaina tao anatin'izany vanimpotoana izany? Kanefa i Môrmôna dia nanambara tamim-pahasahiana hoe: "Indro, Izaho dia mpianatr'i Jesoa Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra."<sup>8</sup>

Tsy hitanao hoe mendrika ny hotiavina ve i Môrmôna? Fantany hoe iza izy ary inona ny asa nanirahana azy ary tsy mba varimbariana tamin'ny ratsy nanodidina azy izy. Raha ny marina dia noraisiny ho toy ny fanomezana ny antsony.<sup>9</sup>

Eritreritro hoe tena ho fitahiana lehibe izany voantso hanolotra ho an'ny Tompo ilay fanomezana ahitana ny maha-mpianatra isan'andro antsika izany ka hanambara amin'ny alalan'ny teny sy ny asa hoe: "Izaho dia mpianatr'i Jesoa Kristy!"

Tiako ilay tantara notantarain'ny Filoha Boyd K. Packer momba ny



**Gilbert, Arizona, Etazonia**

rahavavy malala iray izay nihomehezana noho ny fanarahany ny torohetry ny mpaminany mba hitahirysakafo. Ilay anankiray nitsikera dia nilaza hoe rehefa tonga ny andro sarotra dia hangataka azy ny mpitarika azy mba hizara amin'ny hafa ny sakafo notehiriziny. Ny valinteny tsotra sy feno fahasahiana nomeny amin'ny maha-mpianatra marina azy kosa dia hoe: "Mba manan-javatra hoentina aho farafaharatsiny."<sup>10</sup>

Tiako ny vehivavin'ny Fiangonana na ny tanora na ny olon-dehibe. Hitako ny hery anananareo. Hitako ny finoana anananareo. Manan-javatra omena ianareo ary vonona ny hanome izany. Tsy ataonareo amin'ny fomba feno fisehosehoana sy amin'ny fomba manakoako izany fa ilay Andriamanitra ivavahanareo no asongadinareo fa tsy ny tenanareo ary tsy mieritreritra izay zavatra ho azonareo ianareo.<sup>11</sup> Izany no ataon'ny mpianatra!

Nihaona tamin'ny zatovovavy iray tany Philippines aho vao haingana. Lasa mpikambana malaina tao amin'ny Fiangonana ny fianakaviany raha vao 7 taona monja izy ka dia navelan'izy ireo handeha irery nankany am-piangonana tamin'ny fandehanana amin'ny lalana iray mampidi-doza izy

tao anatin'ny herinandro nifandimby. Nilaza izy fa tamin'ny faha-14 taonany dia nanapa-kevitra fa hanaja ny fanekempihavanany mba ho mendrika ny hanorina ilay fianakaviany any aoriana ao anatin'ny tokantrano iray "voatahin'ny herin'ny fisoronana."<sup>12</sup> Ny fomba tsara indrindra hanamafisana orina ny tokantrano misy anao amin'izao fotoana izao sy izay haorinao any aoriana dia ny fanajana ireo fanekempihavanana sy fampanantenanana nifanaovanareo sy nifanaovana tamin'Andriamanitra.

Izany no ataon'ny mpianatra!

Nisy rahavavy Japoney mahatoky iray nitsidika ny misiona nisy anay tany Kôre niaraka tamin'ny vadiny. Tsy nahay ny fiteny Koreana izy ary nahay teny Anglisy kely fotsiny saingy nanana fo vonona izy mba hampiasa ireo fanomezam-pahasoavana miavaka nananany sy ireo tanany enti-manampy mba hanaovana ny asan'ny Tompo. Izany no ataon'ny mpianatra! Nampianatra ireo misiôneranany ny fomba famoriporetana taratasy hanana endri-javatra amin'ny fomba tsotra izy—vava iray izay afaka misokatra sy mihidy. Dia nampiasa ireo teny vitsivitsy amin'ny teny Anglisy izay fantany izy mba hampianarana

ny misiônera “hanokatra ny vavany” mba hizara ny filazantsara—lesona iray tsy hohadinoiko sy tsy hohadinoi-n’izy ireo velively.

Alaivo sary an-tsaina iray minitra hoe izaho sy ianao mijoro miaraka amin’i-reo rahavavy sy rahalahy an-tapitrisany maro hafa ao amin’ny Fiangonany, ka mandroso amim-pahasahiana manao ny zavatra ataon’ny mpianatra—manompo sy mitia toy ny Mpamonjy. Inona no dikan’ny hoe mpianatr’i Jesoa Kristy ho anao?

Aron’akanjo sy ambonin’akanjo misy soratra hoe Mômônâ Manome Tanana no nanaovan’ireo mpianatra mahafofy tena an’i Jesoa Kristy an’arivorivony izay nandray anjara tamin’ily tombontsoa nomena mba hanaovana asa fanompoana aranofo. Saingy misy fomba hafa koa ahafahana manompo amin’ny maha-mpianatra mahafofy tena. Alaivo sary an-tsaina miaraka amiko ireo takelajavatra ara-panahy azo heverina, izay misy soratra hoe “fanampiana tadiavina” ka mifandray amin’ny asa famonjena:

- Fanampiana tadiavina: ray amandreny mitaiza ny zanany ao anatin’ny fahazavana sy fahamarinana
- Fanampiana tadiavina: zanakavavy sy zanakalahy, rahavavy sy anadahy, nenitoa sy dadatoa, zanaky ny mpiray tampo, ray amandrenibe ary tena namana mpanoro hevitra sy manolotra tanana enti-manampy eny amin’ily lalan’ny fanekempihavanana
- Fanampiana tadiavina: ireo izay mi-haino ny bitsiky ny Fanahy Masina sy manao asa mifanaraka amin’ireo fahatsapana azony
- Fanampiana tadiavina: ireo izay miaina ny filazantsara isan’andro amin’ny fomba madinika sy tsotra
- Fanampiana tadiavina: olona manao asa momba ny tantaram-pianakaviana sy manao asan’ny tempoly mba hampiraisana ny fianakaviana mandrakizay
- Fanampiana tadiavina: misiônera sy mpikambana hampieliny ny “vao-vao mahafaly”—ny filazantsaran’i Jesoa Kristy



- Fanampiana tadiavina: mpanavotra natao mba hitady ireo izay very
- Fanampiana tadiavina: mpitandrina fanekempihavanana izay mijoro mafy amin’ny fahamarinana
- Fanampiana tadiavina: mpianatra marin’i Jesoa Kristy Tompo

Taona maro lasa izay dia nanao antso avo tamin’ireo rahavavin’ny Fiangonana ny Loholona M. Russell Ballard hoe:

“Manomboka izao ary mandrapiverin’ny Tompo indray dia mila ny vehivavy ao anatin’ny fianakaviana, ny paroasy, ny fiaraha-monina ary ny firenena rehetra Izy mba handroso amim-pahamarinana ka hilaza amin’ny alalan’ny teniny sy ny asany hoe: ‘inty aho, iraho aho.’

“Ny fanontaniako dia hoe: ‘Moa ve ianao ho anisan’ny iray amin’ireo vehivavy ireo?’”<sup>13</sup>

Manantena aho fa ho afaka ny hamaly hoe “Eny!” mazava tsara isika tsirairay. Hofaranako amin’ny alalan’ny tonon’ny hiran’ny Kilonga anankiray ny teniko:

*[Zanakavavin’ny] fanekempihavanana isika izay manana fanomezana atolotra.  
Hampianatra ny filazantsara amin’ny alalan’ny fomba fiainantsika isika.*

*Hijoro ho vavolombelona toy izao isika amin’ny alalan’ny teny tsirairay lazaina sy ny asa tsirairay atao: Mino sy manompo an’i Jesoa Kristy izahay.*<sup>14</sup>

Amin’ny maha-mpianatra marina antsika dia enga anie isika ka hano-lotra ny fontsika feno fahavononana sy ny tanantsika enti-manampy mba hanafainganana ny asany. Tsy maninona na dia tanana iray fotsiny toa ny an’i Brynn aza no ananantsika. Tsy maninona raha toa isika ka tsy mbola tanteraka sy feno. Mpianatra mahafofy tena isika, izay mifanolo-tanana sy mifanampy eny amin’ily lalana. Ny maha-mpirahavavy antsika dia nivelatra tao anatin’ny taranaka maro nifandimby ka mipaka hatrany amin’ireo rahavavintsika mahatoky izay efa nandia ny lalana mialoha antsika. Amin’ny maha-mpirahavavy sy ao anatin’ny fiarahana amin’ireo mpaminany velona, mpahita ary mpanambara ary miaraka amin’ireo fanalahidin’ny fisoronana naverina tamin’ny laoniny dia afaka miaraka mandeha toy ny iray ihany isika, amin’ny maha-mpianatra sy mpanompo miaraka amin’ny fo sy tanana feno fahavononana mba hanafaingana ny asa famonjena. Ho lasa hitovy amin’ny Mpamonjy isika rehefa manao izany. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny “Brynn,” [lds.org/media-library/video/2011-01-007-brynn](https://lds.org/media-library/video/2011-01-007-brynn).
2. Jaona 7:17.
3. “Zanaky ny Ray Aho,” *Fihirana sy Hiran’ny Ankizy*, pejy 113. *no translation*
4. Jereo ny Matio 19:16–22.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:10, 13.
6. Neal A. Maxwell, “The Old Testament: Relevancy within Antiquity” (lahateny natao ho an’ireo mpampianatra finoana ao amin’ny Departemantan’ny Fampianarana an’ny Fiangonana, 16 Aog. 1979), 4; si.lds.org.
7. Mômônâ 4:11–12.
8. 3 Nefia 5:13.
9. Jereo ny Mômônâ 7:2.
10. Ao amin’ny Boyd K. Packer, “The Circle of Sisters,” *Ensign*, Nôv. 1980, 111.
11. Jereo ny 2 Nefia 26:29–30.
12. “Love Is Spoken Here,” *Children’s Songbook*, 190–91.
13. M. Russell Ballard, “Women of Righteousness,” *Liahona*, Des. 2002, 39.
14. “Holding Hands around the World,” *Liahona*, Ôkt. 2003, F12–13.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Zanakavavy ao amin'ny Fanekehempihavanana

*Ny lalana tsy maintsy hizerantsika hiverenana any amin'ny Raintsika any an-danitra . . . dia voamariky ny fanekehempihavanana masina atao amin'Andriamanitra.*

**N**ampianarina niaraka tamin'ny hery ara-panahy isika androany hariva. Antenaiko fa hipaka lalina ao am-ponareo tahaka ny nataon'izany tamiko ireo teny nolazain'ireo rahavavy mpitarika manana ny mahazizy azy ireo.

Manan-tantara ity fivoriana ity. Nasaina hiaraka amintsika eto izao hariva izao ny vehivavy rehetra valo taona no ho miakatra ato amin'ny Fiangonana. Maro tamintsika no nivavaka mba hiarahan'ny Fanahy Masina amintsika eto. Nomena antsika izany fitahiana izany rehefa nandre ireo rahavavy ireo nandray fitenenana sy nihaino ny hira nanentana fanahy isika. Mivavaka aho mba hiarahan'ny Fanahy amintsika mandrakariva eo am-pizarako teny fampaherezana sy fijoroana ho vavolombelona ho fanampin'izay efa voalaza—ary mba hijoroana ho vavolombelona indrindra indrindra fa ny zavatra nolazaina tamintsika no tian'ny Tompo ho rentsika.

Hiresaka mikasika ny lalana—nofariparitana tamintsika teto androany

tamin'ny fomba tena tsara—izay tsy maintsy hizerantsika hiverenana any amin'ny Raintsika any an-danitra aho izao hariva izao. Voamariky ny fanekehempihavanana masina atao amin'Andriamanitra izany lalana izany. Hiresaka aminareo mikasika ny fifaliana amin'ny fanaovana sy fitandremana ireo fanekehempihavanana

ireo aho ary ny fanampiana ny hafa hitandrina izany.

Maro aminareo no natao batisa vao haingana ary nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina tamin'ny alalan'ny fametrahan-tanana. Mbola mazava tsara aminareo izay vao natao batisa izany fahatsiarovana izany. Ny hafa dia efa ela no vita batisa ka mety ho tsy dia mazava loatra ny fahatsiarovana ireo fahatsapana tamin'ny nanaovana izany fanekehempihavanana izany, kanefa mitamberina indray ny sasany amin'ireo fahatsapana ireo isaky ny mihaino ireo vavaka ho an'ny fanasan'ny Tompo ianareo.

Tsy hisy olona hanana fahatsiarovana mitovy momba ilay andro izay nanaovantsika izany fanekehempihavanana masin'ny batisa izany sy nandraisantsika ny fanomezana ny Fanahy Masina. Kanefa samy nahatsapa ny fankatoavan'Andriamanitra isika tsirairay avy. Dia nahatsapa faniriana hamela heloka sy ho voavela heloka isika ary nahatsapa ny fitomboan'ny fahavononana hanao ny tsara.

Ny fomba nanomanan'ireo olona feno fitiavana anareo no tena naha-latsapaka be indrindra ireo fahatsapana ireo tao am-ponareo. Manantena aho fa ianareo izay natao batisa vao haingana tato amin'ny Fiangonana dia mahatsapa fifaliana fa mipetraka eo anilan'ny reninareo. Raha faly ianareo dia mitsikia aminy amin'izao fotoana izao mba hisaorana azy. Tadidiko ny fahatsapako fifaliana sy fankasitrahana rehefa nipetraka tao aorian'ny reniko aho rehefa nandeha



**Raymond, Alberta, Kanada**



**Palmyra, New York, Etazonia**

nody tamin'ny fiara taorian'ny batisako tao Philadelphie, Pennsylvanie.

Ny reniko no nanomana tsara ahy tamin'ny fanaovana izany fanekempihavanana izany sy tamin'ireo zavatra maro hafa rehetra izay ho avy. Nahatoky tamin'ity andraikitra nasain'ny Tompo natao ity izy:

“Ary ankoatra izany, raha manan-janaka ao i Ziona na any amin'ireo tsatòkany izay voatsangana ny ray aman-dreny ka tsy mampianatra azy hahazoany ny fotopampianarana momba ny finoana an'i Kristy, ny Zanak'Ilay Andriamanitra velona, ary ny momba ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fametrahantanana, rehefa feno valo taona izy, dia mby eo amin'ny lohan'ny ray aman-dreny ny fahotana.

“Fa izany dia ho lalàna ho an'ny mponin' i Ziona, na any amin' ireo tsatòkany izay voatsangana.

“Ary ny zanany dia hatao batisa ho famelana ny fahotany rehefa feno valo taona ary handray ny [Fanahy Masina].”<sup>1</sup>

Nanantontosa ny andraikiny ny reniko. Nanomana ireo zanany tamin'ny alalan'ny teny mitovy tokoa amin'ny an'i Almà izy, araka izay voarakitra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna:

“Ary ny zava-nitranga dia hoy izy taminy: Indro, inty no ranon'i Môrmôna (fa izany no niantsoana azy) ary ankehitriny, satria maniry ianareo ny ho tonga ao amin' ny valan' Andriamanitra sy hantsoina hoe vahoakany ary te

hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hanamaivana izany;

“Eny, ary te hiara-malahelo amin'izay malahelo; eny, ary hampionona ireo izay mila fampiononana sy hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin' ny fotoana rehetra sy amin' ny zava-drehetra ary amin'ny toerana rehetra izay mety hisy anareo, na dia hatramin' ny fahafatesana aza, mba hahatonga anareo ho voavotr'Andriamanitra ary ho voaisa miaraka amin' ireo ao amin'ny fitsanganana amin'ny maty voalohany, ka hahazoanareo ny fiainana mandrakizay—

“Ankehitriny, lazaiko aminareo, raha izany no fanirian'ny fonareo, inona no misakana ny tsy anaovana batisa anareo amin'ny anaran'ny Tompo ho vavolombelona eo anoloany fa efa nanao fanekempihavanana Taminy ianareo, fa hanompo Azy sy hitandrina ny didiny mba hahazoany mampidina bebe kokoa ny Fanahiny aminareo?

“Ary ankehitriny, nony efa nandre izany teny izany ny vahoaka dia nitehatànana noho ny fifaliana ary niantso hoe: Izany no fanirian' ny fonay.”<sup>2</sup>

Mety tsy niteha-tanana angamba ianareo tamin'ny nandrenesanareo voalohany io fanasana hanao fanekempihavanana tamin'ny alalan'ny batisa io, kanefa tena inoako fa nahatsapa ny fitiavan'ny Mpamonjy sy fanoloran-tena bebe kokoa mba hikarakara ny hafa ho Azy ianareo. Afaka miteny aho hoe “tena inoako” satria napetraka lalina

ao am-pon'ny zanakavavin'ny Ray any an-danitra rehetra ireo fahatsapana ireo. Anisan'ny lova masinareo avy Aminy izany.

Nampianariny ianareo talohan'ny nahaterahanareo teto an-tany. Nampiany hahatakatra sy hanaiky ianareo fa handalo fizahan-toetra, fitsapana, ary hanana tombontsoa maro izay nofidiana tamin'ny fomba lavorary ho anareo fotsiny ihany. Nianatra ianareo fa nanana drafitry ny fahasambarana ny Ray mba hanampiana anareo handresy ireo fitsapana ireo ary hanampianareo ny hafa handresy ireo fitsapana mianjady amin'izy ireo. Io drafitra io dia voamarika amin'ny alalan'ny fanekempihavanana atao amin'Andriamanitra.

Manana safidy malalaka ianao ny hanao sy hitandrina an'ireo fanekempihavanana ireo na tsia. Vitsy amin'ireo zanany vavy ihany no mba manana tombontsoa eto an-tany hianatra momba ireo fanekempihavanana ireo. Iray amin'ireo vitsy nahazo tombony ianao. Ianareo ranabavy malala, ny tsirairay avy aminareo dia zanakavavy ao amin'ny fanekempihavanana.

Nampianatra anareo mikasika ireo zavatra hiainanareo rehefa mandao Azy ka tonga ety an-tany ny Ray any an-danitra talohan'ny nahaterahanareo. Nampianarina ianareo fa tsy ho mora ny fomba hiverenana any Aminy. Fantany fa tena ho sarotra tokoa aminareo ny hanao ilay dia raha tsy misy fanampiana.

Notahiana ianareo, tsy hoe mba hahita ny lalana hanaovana ireo fanekempihavanana ireo eto an-tany fotsiny ihany fa mba ho voahodidinin'ireo zanakavavin'ny Ray any an-danitra nanao fanekempihavanana tahaka anareo koa, izay hanampy anareo.

Ianareo rehetra dia samy nahatsapa ny fahazoanareo tombony noho ny fiarahanareo amin'ireo zanakavavin'Andriamanitra eto izao hariva izao, zanakavavy izay manao fanekempihavanana ihany koa mba hanampy sy hitarika anareo satria nampanantena ny hanao izany izy ireo. Nahita izay hitanareo aho rehefa manaja izany fanoloran-tena izany ireo rahavavin'ny fanekempihavanana mba hampionona sy hanampy— ary manao izany am-pifaliana.



Tsaroako ny tsikin-drahavavy Ruby Haight. Vadin'ny Loholona David B. Haight izay mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo izy. Fony izy tovolahy dia filohan'ny tsatôkan'i Palo Alto tao Californie izy. Nivavaka sy niahiahy ny amin'ireo zazavavy tao amin'ny kilasin'ny Farimbona tao amin'ny paroasiny izy.

Noho izany dia notaomim-panahy ny Filoha Haight mba hangataka ny eveka hiantso an'i Ruby Haight hampianatra ireo zatovovavy ireo. Fantany fa ho vavolombelon'Andriamanitra ny vadiny, izay hitondra fahazavan-tsaina amam-panahy sy hampionona ary hitia an'ireo zazavavy tao amin'izany kilasy izany.

Zokin'ireo zazavavy nampianariny farafahakeliny 30 taona Rahavavy Haight. Kanefa 40 taona taorian'ny nampianarany azy ireo, isak'izay nihaona tamin'ny vadiko izy, izay iray tamin'ireo zazavavy tao amin'ny kilasiny, dia ahinjiny ny tanany dia mitsiky izy, ary miteny amin'i Kathy hoe "Ndry! Ilay Farimbona keliko marina!" Nahita zavatra hafa ankoatra ilay tsikiny aho. Tsapako ny fitiavany lalina izay nambarany tamin'ny rahavavy iray mbola nifantohan'ny eritreriny toy ny hoe zanany vavy mihitsy. Ny tsikiny sy ny fiarahabany tamim-pitiavana dia avy amin'ny fahitany fa ny rahavavy iray sy zanakavavin'Andriamanitra iray dia mbola eo amin'ilay lalan'ny fanekempihavanana mankany an-trano.

Faly noho ny aminareo ihany koa ny Ray any an-danitra rehefa mahita anareo manampy zanany vavy iray mandeha eo amin'ilay lalan'ny fanekempihavanana mankany amin'ny fianana mandrakizay. Ary faly Izy isak'izay misafidy ny tsara ianareo. Tsy ny mahaianareo anareo amin'izao fotoana izao fotsiny no hitany fa izay mety hahatongavany koa.

Mety nanana ray na reny tety an-tany ianareo, izay nieritreritra fa ianareo dia afaka ny ho tonga tsaratsara kokoa noho izay heverinareo fa azonareo hahatongavana. Nanana reny toy izany aho.

Ny zavatra tsy fantatro tamin'ny fahatanorako dia ny hoe ny Raiko any an-danitra, ny Rainareo any an-danitra

dia mahita hery anaty lehibe kokoa enti-manao zavatra ao amin'ireo zanany mihoatra noho izay hitantsika ao anatintsika na hitan'ireo renintsika ety an-tany aza. Ary rehefa mandroso amin'izany lalana mankany amin'ny hery anaty hahafahanareo manao zavatra izany ianareo dia mitondra fahasambarana ho Azy izany. Dia afaka mahatsapa ny fankatoavany ianareo.

Hitany izany hery anaty lehibe ao amin'ireo zanany vavy rehetra izany na aiza na aiza misy azy ireo. Izany dia manome andraikitra lehibe ho tanterahanareo tsirairay avy. Miandry anareo Izy handray ny olona rehetra mifanena aminareo ho toy ny zanak'Andriamanitra. Izay no antony handidiany antsika ho tia ny namantsika tahaka ny tenantsika sy hamela azy ireo. Tonga tahaka ny lova masina avy Aminy ny fahatsapanareo hatsarampanahy sy famelan-keloka amin'ny maha-zanany vavy anareo. Zanany ara-panahy izay tiany ny tsirairay avy amin'ireo olona mifanena aminareo.

Rehefa mahatsapa izany mampirahavavy izany ianareo dia foana ireo zavatra heverintsika fa mampisaraka antsika. Ohatra, mizara ny zavatra tsapany ireo rahavavy tanora sy zokinjokiny ary manantena ny mba hahatakarany ny olona izany sy ny hanekena azy ireo. Tsy dia manan-danja ny fahasamihafana eo aminareo raha ampitahaina amin'ny zavatra itovianareo amin'ny maha-zanakavavin'Andriamanitra anareo.

Miaraka amin'izany fahatakarana izany, ireo zatovovavy dia tokony hiandrindra ny fidirany ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana ho toy ny fahafahana mampitombo ny isan'ireo rahavaviny izay ho fantatr'izy ireo sy hankamamiany ary hotiaviny.

Izany fahafahana hahita izay azon-tsika hahatongavana izany dia mihamitombo ao amin'ny fianakaviana sy ny Kilonga. Mitranga mandritra ny takarivan'ny mpianakavy sy ao anatin'ireo fandaharam-pianaran'ny Kilonga izany. Taomin'ny Fanahy ny ankizy madinika mba hilaza zavatra lehibe sy mahatalanjona, tahaka ny nataon'izy ireo rehefa novahan'ny Mpanonjy ny lelan'izy ireo tamin'ny fotoana



nampianarany azy ireo taorian'ny fitsanganany tamin'ny maty.<sup>3</sup>

Raha mety manafika ireo rahavavy amin'ny fahatanorany i Satana, ny Tompo kosa dia manentana ireo rahavavy ho amin'ny hery ara-panahy ambonimbony kokoa hatrany. Ohatra, ny zatovovavy dia mampianatra ireo reniny ny fomba ampiasana ny Fikarohana Tantaran-pianakaviana mba hitadiavana sy hamonjena ireo razambe. Ny rahavavy tanora sasany izay fantatro dia misafidy ny handeha vao maraina hanao batisa hisoloan-tena ny maty any amin'ny tempoly ary tsy misy zavatra mahamaika azy ireo ankoatra ny fanahin'i Elia.

Rahavavy maro any amin'ireo misiona maneran-tany no antsoina mba hanompo mba ho lasa mpitarika. Nataon'ny Tompo izay hahatsapan'izy ireo fa ilaina ny fanaovany asa fanompoana tamin'ny alalan'ny fikasihana ny fon'ireo rahavavy maro be mba hanompo. Maro ireo filohan'ny misiona nahita ireo misiônera vehivavy izay lasa matanjaka kokoa aza amin'ny maha-mpitory ny filazantsara azy ireo ary indrindra fa amin'ny maha-mpitarika mpikolokolo azy.

Na misiônera amin'ny fotoana feno ianareo na tsia, dia afaka mahazo fahafahana mitovy mba hikolokolo tsara ny fanambadianareo sy ny fahaiza-manao hitaizana zanaka mendrika amin'ny alalan'ny fanarahana ny ohatra



nasehon'ireo vehivavy mahatalanjona.

Jereo i Eva, ilay renin'ny olombelona rehetra. Hoy ny Loholona Russell M. Nelson mikasika an'i Eva hoe: "Tahiana mandrakizay isika sy ny olombelona rehetra noho ny herimpo sy fahendrena lehibe nananan'i Eva. Nanao izay tokony ho natao izy tamin'ny alalan'ny fihinanana voalohany ilay voankazo. Ampy fahendrena koa i Adama tamin'ny fihinanany izany."<sup>4</sup>

Manana hery anaty hitondra fitahiana toy izany ho an'ny fianakaviany ny zanakavavin'i Eva rehetra, tahaka ny nitondran'i Eva fitahiana ho an'ny fianakaviany. Nanan-danja tokoa izy tamin'ny fananganana ny fianakaviana ka izany no nahazoantsika ity tatitra mikasika ny nahariana azy ity: "Ary hoy ireo Andriamanitra: Aoka isika hanao mpanampy sahaza ho andralahilaha, fa tsy tsara raha irery ralahilaha, koa hanaovantsika mpanampy sahaza ho azy izy."<sup>5</sup>

Tsy fantatsika ny fanampiana rehetra nentin'i Eva ho an'i Adama sy ny fianakavian'izy ireo. Kanefa fantatsika ny fanomezana lehibe iray nomeny,

izay azon'ny tsirairay aminareo omena ihany koa: Nanampy ny fianakaviany hahita ny lalana mody izy rehefa hita fa toy ny sarotra ilay lalana. "Ary nandre izany zavatra rehetra izany i Eva vadiny ka faly, nanao hoe: Raha tsy nandika lalàna isika dia tsy ho nanana taranaka na oviana na oviana, ary tsy ho nahafantatra ny tsara sy ny ratsy na oviana na oviana, sy ny fifaliana noho ny fanavotana antsika ary ny fiainana mandrakizay izay omen'Andriamanitra ho an'ny mpankatò rehetra."<sup>6</sup>

Afaka manaraka ny ohatra nasehony ianareo.

Fantatr'i Eva tamin'ny alalan'ny fanambarana ny lalana miverina any amin'Andriamanitra. Fantany fa ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no nahatonga ny fiainana mandrakizay ho tanteraka ao amin'ny fianakaviana. Azony antoka, ary afaka mahazo antoka ihany koa ianareo, fa rehefa nitandrina ny fanekempihavanana nataony tamin'ny Rainy any an-danitra izy dia hanampy azy sy ny fianakaviany ilay Mpanavotra sy ny Fanahy Masina na inona na inona alahelo sy

fahadisoam-panantenana ho avy. Fantany fa afaka matoky Azy ireo izy.

"Matokia an'i Jehovah amin'ny fono rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao;

"Maneke Azy amin'ny alehanao rehetra."<sup>7</sup>

Fantatro fa nahatsapa alahelo sy fahadisoam-panantenana i Eva, kanefa fantatro ihany koa fa nahita fifaliana izy tamin'ny fahafantarana fa afaka ny hiverina hiara-hiaina amin'Andriamanitra izy sy ny fianakaviany. Fantatro fa maro aminareo izay manatrika eto no mahatsapa alahelo sy fahadisoam-panantenana. Mitso-drano anareo aho mba hahatsapanareo tahaka an'i Eva ny fifaliana izay tsapany rehefa miverina mody any an-trano ianareo.

Manana fijororana ho vavolombelona azo antoka aho fa mitsinjo anareo am-pitiavana Andriamanitra Ray. Tiany ny tsirairay aminareo. Zanany vavy ao amin'ny fanekempihavanana ianareo. Satria tiany ianareo dia hanome anareo ny fanampiana ilainareo Izy mba handrosoanareo sy ny hafa eo amin'ilay lalana miverina eo anatrehany.

Fantatro fa nijaly noho ny fahotana rehetra nataontsika ny Mpamonjy ary mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinana ny Fanahy Masina. Nahatsapa izany fampaherezana izany ianareo tamin'ity fivoriana ity. Manana fijoroana ho vavolombelona aho fa naverina tamin'ny laoniny ireo fanalahidy rehetra izay mamatotra ireo fanekempihavanana masina. Ny Filoha Thomas S. Monson, izay mpaminanintsika velona no mihazona sy mampiasa azy ireo amin'izao fotoana izao. Apetrako aminareo zanakavaviny ao amin'ny fanekempihavanana izay tiany ireo teny mampahery sy mitondra fanantenana ireo, amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25–27.
2. Mòsia 18:8–11.
3. Jereo ny 3 Nefia 26:14.
4. Russell M. Nelson, "Constancy amid Change," *Ensign*, Nôv. 1993, 34.
5. Abrahama 5:14.
6. Mosesy 5:11.
7. Ohabolana 3:5–6.

# Fanoroam-pejin'ireo Tantara nandritra ny Fihaonambe

Ity lisitra manaraka ity izay abitana ireo zavatra niainana nofantenina avy tao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana dia azo ampiasaina amin'ny fandalinan'ny tena manokana sy ny takarivan'ny mpianakavy ary amin'ny fampianarana hafa. Ny tarehimarika hita eto dia maneho ny pejy voalohan'ilay lahateny.

MPANDAHATENY	TANTARA
Neil L. Andersen	(18) Niaro ny fanambadiana nentim-paharazana dia ny fanambadian'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray, ny Ravintsara iray na dia nalaim-baraka sy nompaina aza.
M. Russell Ballard	(78) "Nanohy ny fandraisana andraikitra" tamin'i Barbara Bowen izay nifankafantatra taminy nandritra ny fandihezana tany amin'ny oniversite i M. Russell Ballard. Nanomboka nampiaraka taminy izy ary nanambady azy taty aoriana. Nanasa ny namany sy ny fianakavian'ny namany hamonjy varavarana misokatra nokarakarain'ny paroasy tao Buenos Aires ny zazalahy iray valo taona.
David A. Bednar	(87) Nahazo hery nitarika azy hivoaka avy tao anaty ranomandry ny fiara tsy mataho-dalana iray rehefa avy nofenoina kitay mavesatra tao anatiny.
Linda K. Burton	(122) Mifikitra amin'ny fanajana ny fanekempihavanana nataony ny zatovovavy iray ao Philippines. Nampianatra ireo misiônera ny rahavavy Japôney iray izay nitsidika an'i Kôre.
Quentin L. Cook	(44) Nanoratra taratasy ho an'ny vadiny mikasika ny "lohahevitra iray feno voninahitra" momba ny batisan'ny maty i Vilate Kimball, araka izay nambaran'i Joseph Smith.
Henry B. Eyring	(22) Nifindra monina tany Amerika i Heinrich Eyring, niditra ho mpikamban'ny Fiangonana, namita iraka telo tamim-pahatokiana, ary namela lovam-panantenana ho an'ny fianakaviany. (62) Nanefy ny fiainan'i Henry B. Eyring ireo olona noraisiny ho mahery fo nandritra ny fahazazany: ny rainy, ny mpitarika azy tao amin'ny Fisoronana Aharôna, ny miaramila iray tao amin'ny tafika an-dranomasin'i Etazonia, ary i Joe DiMaggio izay mpilalao baseball. (125) Mbola naneho fitiavana sy fiahiana ho an'i Kathy Johnson (ilay ho lasa vadin'i Henry B. Eyring) ihany i Ruby Haight, efaolo taona taorian'ny niantsoana azy hampianatra an'i Kathy.
Donald L. Hallstrom	(53) Na dia teo aza ny kilema ara-batana izay tsy nahafahan'ny lehilahy iray mahatoky ao Inde nanao zavatra betsaka dia nanao asa fitoriana izy ary niomana niaraka tamin'ny fianakaviany mba hofehезina tao amin'ny Tempolin'i Hong Kong Chine.
Jeffrey R. Holland	(6) Nandeha tsy nilaza na inona na inona tamin'ny lehilahy iray izay niteny ratsy taminy sy nitoraka azy ireo tamin'ny sakafa ary niezaka namely ny iray tamin'izy ireo ny rahavavy misiônera roa.
Thomas S. Monson	(66) Nivavaka isan-kalina ny miaramila tantsambo iray izay 18 taona na dia nandraboraby azy aza ireo hafa tao amin'ny vondron-tafika nisy azy. Nijoro ho vavolombelona nandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo ny zatovolohy iray kanefa taoriana kelin'izay dia nisy nahita nifoka sigara. (91) Lasa mpinamana nandritra ny fiainany manontolo ny vehivavy anankiroa taorian'ny nanampian'ny anankiray ilay iray hafa hianatra ny asany tamin'ny naha-mpanajaitra azy tao amin'ny orinasa iray mpanao akanjo. Tsy nitaraina ireo mpandeha tamin'ny sidina iray rehefa navily lalana mba haka zazalahy iray naratra ny fiaramanidina nitondra azy ireo, ka nitondra ilay zazalahy tany amin'ny hôpitaly. Nanenina noho ny tsy namelany ny mpifanobodirindrina taminy hanivaka teo amin'ny taniny ny vehivavy iray.
Russell M. Nelson	(29) Naneho herim-po sy finoana i Emily zanakavavin'i Russell M. Nelson rehefa teo am-bavahaan'ny fahafatesana noho ny homamiadana.
Bonnie L. Oscarson	(119) Nahafantatra ny fifaliana azo avy amin'ny fanompoana ny hafa ny zazavavy kely iray rehefa nikarakara vehivavy iray tratran'ny aretina sclérose en plaques izy sy ny reniny. Nantsoina mba ho mpanolotsaina ny Farimbona tao amin'ny paroasy ny vehivavy iray 81 taona mba hizara ny fahendreny sy ny traikefany ary ny ohatra avy aminy.
Boyd K. Packer	(94) Naharay fanamafisana avy amin'ny Fanahy ny amin'ny fahamarinan'ny filazantsara i Boyd K. Packer rehefa nivavaka tao anaty toeram-piafenana iray nandritra ny Ady Lehibe Faharoa.
Ronald A. Rasband	(9) Nianjadian'ny tafio-drivotra mahery ny zazavavy kely iray tao amin'ny kilasy fahadimy ka narovan'ny anjely.
Linda S. Reeves	(15) Nampianatra ny zanany vavy mikasika ny fomba hahazoana fanampiana avy amin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy i Linda S. Reeves taorian'ny nahitan'ny zanany vavy sary nanelingelina tao amin'ny fahitalavitra.
Randall L. Ridd	(56) Nanapa-kevitra ny handeha hanao asa fitoriana ny zatovolohy iray toy izay hanambady rehefa nahita topimaso momba ny hoe iza izy tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana.
Richard G. Scott	(32) Nanampy an'i Richard G. Scott tamin'ny fivoarany ara-panahy ny fitiavana sy ny ohatra nasehon'ny renibeny sy ilay ho vadiny.
Jean A. Stevens	(81) Notaomim-panahy i Jean A. Stevens mba hitondra tamin'ny fiarany ny tovolohy iray tsy nahatratra ny fiara fitaterana hodiany avy any an-tsekoly. Nifikitra mafy tamin'ny filazantsara ny fianakaviana Gatrell rehefa nahitana homamiadana mahery vaika tao amin-drahalahy Gatrell.
Gary E. Stevenson	(84) Nahazo medaly volafotsy tamin'ny lalao skeleton i Noelle Pikus-Pace izay mpilalao ôlîmpika Olomasin'ny Andro Farany taorian'ny fanazaran-tena sy fiamanana nandritra ny taona maro. Naneho fitiavana tahaka ny an'i Kristy i Torah Bright izay mpilalao ôlîmpika Olomasin'ny Andro Farany tamin'ny alalan'ny famihinany mpifaninana iray natahotra mafy tamin'ny lalao half-pipe.
Michael John U. Teh	(106) Nifikitra tamin'ny filazantsara ny vehivavy iray avy any Philippines izay 73 taona taorian'ny nahafatesan'ny fianakaviany tamin'ny horohoron-tany sy rivo-mahery.
William R. Walker	(97) Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana i Robert sy Maria Harris ary nifikitra sy nijanona ho mahatoky tamin'ny filazantsara na dia teo aza ny zava-tsarotra sy ny fisarahana.
Claudio D. Zivic	(39) Nandeha tamin'ny lalana diso noho ny fanarahana olona iray hafa mpihanika tendrombohitra i Claudio D. Zivic.
W. Craig Zwick	(41) Nifaneho fitiavana i W. Craig Zwick sy ny vadiny taorian'ny nitsambikinan-dramatoa niaraka tamin'ny zanakalahin'izy ireo niala ilay efitra feno setroka tao anatin'ny fiara vaventin'izy ireo.

# Manome Anjara Toerana ny Fihaonamben'ny Fiangonana eo amin'ny Fiainantsika

*Ampiasao ny sasany amin'ireto asa atao sy fanontaniana ireto mba hanombohana ny fifanakalozan-kevitra ny mpianakavy na ny fandinihana ataon'ny tena manokana.*

## Ho an'ny ankizy

- Ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia nampianatra fa afaka misafidy ny hankasitraka isika na inona na inona zava-tsarotra mitranga eo amin'ny fiainantsika (pejy 70). Hanampy antsika ho faly kokoa sy ho tsara fanahy kokoa ary hanam-pinoana sy hatoky an'Andriamanitra ny fahaizana mankasitraka. Inona no

tsapanareo rehefa mahay mankasitraka ianareo? Inona no azonareo atao mba hahatsapana fankasitrakana isan'andro?

- I Bonnie L. Oscarson, filohan'ny Zatovovavy maneran-tany, dia niresaka mikasika an'i Sarah, zazavavy kely iray nandeha niaraka tamin'ny reniny mba hanampy an'i Brenda, izay vehivavy nianjadian'ny sclérose en plaques. Nibango ny volon'i Brenda i Sarah, nanosotra menaka

manitra ny tanany, nanotra ny rantsantanany sy ny sandriny, ary nanampy azy nanetsiketsika ny vatany (pejy 119). Mieritrereta fomba azonao hanompoana. Maro be ny zavatra azo atao na dia mbola kely aza ianao.

- Ny Loholona L. Tom Perry ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra mikasika ny fomba nampiasan'ny mpamily iray lamboridy mba hanoroana lalana sy hitarihana tsimoramora ny ekipan-tsoavaly iray (pejy 100). Mahalala bebe kokoa ilay mpitondra ary manaraka ny fitarihan'ilay mpitondra ilay soavaly, tahaka ny fahafantaran'ny Tompo izay maha-soa indrindra antsika ka afaka ny ho faly isika rehefa manaraka Azy. Mitovy amin'ny bitsiky ny Fanahy Masina ilay lamboridy. Oviana ianao no nahatsapa ny Fanahy Masina nitarika anao? Toy ny ahoana no fahatsapanao izany?
- I Jean A. Stevens, mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany, dia niantara mikasika ny zazalahy iray izay tsy nahatratra ny fiara fitaterana farany tao anatin'ny andro iray ka nandeha tongotra nody (pejy 81). Raha mbola nisy kilaometatra maromaro ny diany dia natahotra izy ka nandohalika nivavaka. Minitra vitsy taorian'izay dia notaomin'ny Fanahy Rahavavy Stevens mba hijanona ka hanampy azy. Azonao eritreretina ve ireo fotoana namalian'ny Ray any an-danitra ny vavakao? Tamin'ny fomba ahoana no nanampianao tamin'ny famaliana ny vavaky ny olona hafa?

## Ho an'ny Zatovo

- Nampianatra ny Filoha Thomas S. Monson fa isika dia mila "herimpo hilazana hoe tsia rehefa tokony hilaza izany isika, sy herimpo hanaovana izay zavatra tsara satria izay no tsara." Rehefa mandalina ny lahateniny ianao (pejy 66) dia eritrereto ireo zava-tsarotra lalovanao. Inona no drafitra azonao atao mba hananana io karazana herimpo io?





- Nampahatsiahy antsika ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa raha tia ny Mpamonjy isika dia hitandrina ny didiny sy ho tia ny hafa tahaka ny nataony (pejy 6). Ka na rehefa manao izany aza isika dia tsy maintsy mijoro amim-pahavononana mba hiaro ny zavatra inoantsika “amim-pahalalam-pomba sy indrafo.” Mahafantatra olona iray tsy manaiky ny zavatra inoanao ve ianao na inona izany na inona? Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao maneho fanajana rehefa miresaka sy miaro ireo zavatra inoana ireo?
- Mpandahateny maro no niresaka mivantana tamin'ny zatovo. Ohatra, ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanome sosokevitra maro ho an'ny zatovo mikasika ny fomba handresena “ireo tadio ara-panahy” toy ny fitadiavana fiadanana any amin'ny tempoly (pejy 18). Rehefa mamaky ny lahateniny sy ireo lahateny hafa nandritra ny fihaonambe ianao dia manorata hevitra mikasika ny fomba hijanonana ho matanjaka.
- Iray amin'ireo faharatsiana lehibe indrindra amin'izao fotoana izao ny pôrnôgrafia. Nilaza i Linda S. Reeves, mpanolotsaina faharoa ao amin'ny fiadidian'ny Fikambana Ifanampiana

maneran-tany fa ny sivana tsara indrindra hanoherana ny faharatsiana toy izany dia ny fijoroana ho vavolombelona lalina sy maharitra mikasika ny filazantsaran'i Jesoa Kristy (pejy 15). Toy ny ahoana ny tanjaky ny sivana an'ny tenanao manokana? Inona no azonao atao mba hampahatanjarahana izany?

#### **Ho an'ny Olon-dehibe**

- Nampianatra ny Filoha Thomas S. Monson fa rehefa mahatakatra ilay “fanomezana tsy manam-paharoa” an'ny Sorompanavotana isika dia ho feno fitiavana ny Raintsika any an-danitra sy ny Mpamonjy ary ny zanak'Andriamanitra rehetra (pejy 91). Amin'ny fomba ahoana no hanatsaran'io fahalalana io ny fandalinanao ny fiainan'ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotana mandritra ny fandalinanao samirery sy miaraka amin'ny fianakaviana ny soratra masina ary mandritra ny fotoampianarana any am-piangonana?
- Nilaza ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, fa ny ankamaroan'ny fifaliana azony dia avy amin'ny rain'ny iray tamin'ny ray aman-drenibeny izay niditra ho mpikamban'ny Fiangonana sy nanompo tamimpahatokiana ary nijanona ho mafy orina hatramin'ny farany ka namela

lovam-panantenana ho an'ny fianakaviany (pejy 22). Ataovy lisitra ny olona rehetra ao amin'ny fianakavianao ary soraty ny fanekempihavanana sy ôrdônansy ilain'izy ireo mba hanohizany ny diany eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana. Manaova drafitra hanampiana ny olona ao amin'ny fianakavianao handray ny fanekempihavanan'izy ireo manaraka. Azonao atao ny mandinika fomba maromaro mba hitanan'ny fanekempihavanana nataonao anjara asa manan-danja kokoa eo amin'ny fiainanao ka hahafahanao manome lovam-panantenana ho an'ny fianakavianao.

- Nanambara ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa ny fahoriana dia afaka mitarika antsika hiantehitra amin'ny “fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan'ny Mesia Masina,” izay “hanampy antsika hitondra mora foana ireo enta-mavesatsika” (pejy 87). Rehefa mamaky ny lahateniny sy ireo lahateny manomboka ao amin'ny pejy faha- 9, 18, 70, 81, ary faha- 106 ianao dia tadiavo ireo fomba azon'ny Mpamonjy sy ny filazantsarany hanampiana anao hiatrika ireo zava-tsarotra eo amin'ny fiainana.
- Mifantoka amin'ireo mpaminany sy ny fanambarana ny fandaharam-pianaran'ny zatovo ny volana Mey. Halalino mandritra ny fifanakalozan-kevitra momba ny filazantsara ataonao miaraka amin'ny zatovo ao an-trano sy any am-piangonana ny lahateny nataon'ny Loholona Lawrence E. Corbridge (pejy 103) ao amin'ny Fitopololahy sy ny an'i Marcos A. Aidukaitis (pejy 108) ao amin'ny Fitopololahy mba hitadiavana ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto: Nahoana no tsy namela mahazo an'i Joseph Smith ireo mpanenjika azy? Ahoana no hamantarantsika ny fahamarinana ao anatin'ilay izao tontolo izao izay hita fa tsy mitsahamanafika hatrany ireo fampianaran'ny filazantsara? ■



## Fanamarihana mikasika ny fivoaran'ireo tempoly, Manampahefana Vaovao Notohanana Nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana Maneran-tany

**N**andeha tsara tsy nahitana sakantsakana ny fanatanterahana ny asan'ny Fiangonana” tao anatin'izay enim-bolana lasa izay hoy ny Filoha Thomas S. Monson tao anatin'ny lahateny fanofakafana nataony nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana Maneran-tany Fanao Isan-taona faha-184.

Rehefa nitantara mikasika ny fitokanana ny Tempolin'i Gilbert Arizona tamin'ny 2 Martsa 2014, sy tsindrindaona amin'ny fitokanana afaka fotoana vitsy ny Tempolin'i Fort Lauderdale Florida ny Filoha Monson, ary nanao filazana mialoha mikasika ny famitana sy ny fitokanana tempoly any amin'ny faritra maro eto amin'izao tontolo izao nandritra ny 2014 sy 2015, dia nanamarika izy fa rehefa vita daholo ireo tempoly rehetra nambara teo aloha fa haorina dia hanana tempoly miasa miisa 170 isika manerana an'izao tontolo izao.

“Na dia mampifantoka ny ezaka ataonay amin'ny famitana ireo tempoly nambara teo aloha aza izahay amin'izao fotoana izao ary tsy hanambara fananganana tempoly vaovao ato ho ato” hoy izy, “dia hanohy handinika

ireo zavatra ilaina sy hitady toerana ho an'ireo tempoly haorina amin'ny hoavy. Ao anatin'ireo fihaonamben'ny Fiangonana amin'ny hoavy izany vao hisy ny fanambarana. Olona mpanangana tempoly sy mpanatrika tempoly isika.”

Nandritra ny fihaonambe dia nisy ny fanohanana mpikambana vaovao iray ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololalahy sy Manampahefana Ambony vaovao efatra ary fiadidiana vaovaoan'ny Sekoly Alahady sy Fitopololahin'ny Vondrom-paritra miisa 42.

Voantso ho ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololalahy ny Loholona Lynn G. Robbins.

Notohanana hanompo ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololalahy ny Loholona Jörg Klebingat avy any Kiev, Ukraine, sy ny Loholona Chi Hong (Sam) Wong avy any Hong Kong, Chine. Notohanana ho mpikambana ao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololalahy ny Loholona Larry S. Kacher avy any Midway, Utah, sy ny Loholona Hugo E. Martinez avy any Arecibo, Porto Rico.

Ny Loholona Tad R. Callister izay nanompo tao amin'ny Fiadidian'ny

Fitopololalahy sy mpikambana tao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololalahy dia notohanana ho filohan'ny Sekoly Alahady maneran-tany niaraka tamin'i John S. Tanner sy Devin G. Durrant ho mpanolotsaina voalohany sy faharoa.

Jereo ao amin'ny pejy 26–27 ny lisitra iray manontolon'ny fanohanana sy ny fisaorana natao ary jereo manomboka ao amin'ny pejy 141 ny tantaram-piainan'ny Loholona Robbins sy ny an'ireo Fitopololalahy vaovao voantso ary ny an'ireo izay ao anatin'ny fiadidian'ny Sekoly Alahady maneran-tany.

Herinandro talohan'ny fihaonamben'ny Fiangonana dia notanterahina tao amin'ny Ivontoeran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana ny fivoriambe voalohan'ny vehivavy maneran-tany—izay natao ho an'ny vehivavy sy ny zatovovavy ary ny ankizivavy valo taona no ho miakatra rehetra. Misolo toerana ny fivorian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany sy ny fivorian'ny Zatovovavy maneran-tany nisy teo aloha izany. Hita ao amin'ny pejy 116–28 ireo hafatra rehetra avy amin'ny fivoriamben'ny vehivavy.

Talohan'ny fihaonambe koa dia nisy ny fanovana teo anivon'ny filankevi-pitantanan'ny Zatovovavy ka nahitana rahavavy izay vao voalohany no nantsoina any amin'ny toerana misy azy any, ankoatra an'i Salt Lake City. Tafiditra ao anatin'izany i Pérou, Afrique du Sud; Japon; Brésil; ary i Brooklyn, New York, Etazonia. Vakio ao amin'ny [lds.org/callings/young-women](http://lds.org/callings/young-women) ny tantaram-piainan'izy ireo ary jereo ao koa ny sariny.

“Nitondra hafatra mifono fitiavana ho an'ny lehilahy sy vehivavy rehetra eto an-tany ny Mpamonjy,” hoy ny Filoha Monson tany amin'ny fiafaran'ny fihaonamben'ny Fiangonana. “Aoka isika hanaraka lalandava ny ohatra nasehony.” Nanome toky ny mpikamban'ny Fiangonana sy ireo hafa nihaino izy hoe: “Mieritreritra antsika ny Raintsika any an-danitra. Hitarika sy hitahy antsika Izy rehefa mametraka ny finoantsika sy ny fitokisantsika eo Aminy isika.” ■

## FANASANA IREO MPAHAIKANTO MBA HANDRAY ANJARA AO ANATIN'NY FIFANINANANA IRAY

Ny Tranom-bakoka mirakitra ny Tantaran'ny Fiangonana dia manasa ireo Olomasin'ny Andro Farany izay mpahaikanto mba hamorona sangan'asa vaovao ho an'ny Fifaninanana Maneran-tany Ara-javakanto andiany faha-10. Entanina ireo mpahaikanto mba hampiasa ny talentany ka hamorona zavakanto iray izay maneho ilay lohahevitra ny fampirantiana hoe: "Mba lazao ahy ny tantaran'i Jesoa." Ao anatin'ity fifaninanana miavaka ity dia ireo tantara avy ao anatin'ny Testamenta Vaovao ihany no tokony ifantohan'ny asa.

Hita ao amin'ny [lds.org/artcomp](http://lds.org/artcomp) ny antsipiriany mikasika izany sy ny fisoratana anarana en ligne ary hahazo izay fampahalalana tokony ho fantatra ireo mpahaikanto nisoratra anarana. Manomboka amin'ny 3 Nôvambra 2014 ka hatramin'ny 27 Febroary 2015 ny fandraisana ireo sangan'asan'ny mpanandray anjara. Raisina an-tanandroa daholo rehefa mety ho fitaovana sy fiangaly ary kolontsaina entina hanehoana zavakanto. Tsy maintsy 18 taona no ho miakatra ny mpanandray anjara. Hotsaraina ireo sangan'asan'ny mpanandray anjara ary ny sangan'asa voafidy dia haranty ao amin'ny Tranom-bakoka mirakitra ny Tantaran'ny Fiangonana sy ao amin'ny Internet manomboka ny volana Ôktôbra 2015.

## HO HITAO AMIN'NY TRANONKALA LDS.ORG NY FANOFANANA NY MPITARIKA AO AMIN'NY VONDRONA MPANAMPY

Mba hitondrana amin'ny fomba tsara kokoa izay zavatra ilain'ity Fiangonana tsy mitsaha-mitombo ity dia mikasa ny hanolotra fanofanana maneran-tany isan-taona amin'ny alalan'ny Internet ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanam-piana sy ny an'ny Kilonga ary ny an'ny Zatovovavy sy Zatovolaha. Antenaina ho hita ao anatin'ny LDS.org amin'ny fiteny maro isaky ny fiasahan'ny taona isan-taona izany fanofanana izany.

Tsy nasiana intsony ny fivoriana fanofanana ireo mpitarika ao amin'ny Vondrona Mpanampy izay natao nifanarakaraka tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana volana Aprily. Ireo fiadidian'ny vondrona mpanampy maneran-tany sy ireo filankevi-pitantanana ao aminy dia hanohy hanome fanofanana ao anatin'ireo fivoriana hitambaran'ny tsatoka araka izay ampanaovina azy ireo.

# Hisy horonan-tsary vaovao izay hiompana amin'ny hoe *Fantaro ny Môrmôna*

**M**oa ve ianao indraindray maniry ny mba hisian'ny fomba tsotra hampahafantarana ny hafa fa ny Olomasin'ny Andro Farany dia toy ny olon-tsotra ihany izay manana ny tanjona hotratrariny sy ny lalana tokony halehany noho ny fampifotorany ny fiainany amin'i Jesoa Kristy? Hitondra fanampiana ho anao mba hanatanterahana izany ny horonan-tsary fanadihadiana iray izay havoakan'ny Fiangonana atsy ho atsy.

Ilay horonan-tsary hoe *Fantaro ny Môrmôna* dia manomboka amin'ny fijerena tsy amim-pahatezerana ny hevi-diso ao an-tsain'ny hafa mikasika ny mpikamban'ny Fiangonana. Dia mampahafantatra fianakaviana enina izany avy eo, izay samy mizara ireo zavatra niainany manokana sy milaza ny fomba hanampian'ny filazantsara azy ireo eo amin'ny fiainany. Hita ao anatin'izany horonan-tsary izany ireto:

**Ilay Eveka.** Manao asa mba hisian'ny firaisan-kina ao anatin'ny fiaraha-monina iray ahitana olona manana fiaviana samihafa i Jermaine Sullivan sy i Kembe vadiny, izay avy any Atlanta, Georgia, Etazonia sady mitaiza ny zanany kely telo lahy.

**Ilay Mpanazatra.** Mitandrana ny andro Sabata ho masina i Ken Niu-matalolo izay tale mpanazatra ny ekipa mpilalao baolina ao amin'ny U.S. Naval Academy any Annapolis, Maryland, Etazonia ary i Barbara vadiny miaraka amin'ny fanohananan'ny zanany sy ireo mpiara-miasa misahana ny fanazarana.

**Ilay Mpamafy Vatomamy.** Mampahatsiahy ny ankizy mikasika ny maha-zava-dehibe ny fanaovana asa fanompoana i Gail Halvorsen, 93 taona, izay miaramila menavazana nandray anjara tamin'ny Ady Lehibe faha II sy i Lorraine vadiny, 90 taona,

avy any Amado, Arizona, Etazonia. Noho izy mbola mpanamory fiaramanidina dia mandrotsaka vatomamy avy eny ambonin'ny fiaramanidina Rahalahy Halvorsen, toy ny nataony nandritra ny fandatsahana vatsy tamin'ny alalan'ny fiaramanidina tany Berlin taorian'ny ady.

**Ilay Mpiatrika Ady.** Manao izay handanjanjana tsara ilay anjara asany amin'ny maha-vady sy ray aman-dreny azy ireo sy ny fitiavany fifaninana i Carolina Marin, izay mpanao kickboxing avy any San José, Costa Rica, sy i Milton izay vadiny sady mpanazatra azy.

**Ilay Mpanao Asa Soa.** Manome voninahitra ny finoana sy lova avy amin'ny tanindrazany i Bishnu sy Mangala Adhikari, avy any Kathmandu, Népal. Rahalahy Adhikari dia injeniera izay nanorina lalana, sekoly ary nanatanteraka tetikasa hananana rano fisotro madio izay nitondra soa ho an'ny tanàna kely maro.

**Ilay Renin'ny Misiônera iray.** I Craig sy Dawn Armstrong ary ny zanak'izy ireo lahy Anthony, avy any Salt Lake City, Utah, Etazonia, dia mitantara mikasika ny Rahavavy Armstrong izay reny mananotena tsy nanan-kialofana tamin'ny fotoana nihaonany tamin'ireo misiônera. Nanampy azy hanova ny fiainany ny filazantsara nozarain'izy ireo taminy. Nanambady an'i Craig izy taty aoriana ary nifandray tamin'ny toe-javatra nisy tany aloha ny tantara rehefa nandeha nanao asa fanompoana nandritra ny fotoana feno tany Afrika Atsimo i Anthony mba hizara ny filazantsara izay tena nitondra fitahiana tokoa ho an-dreniny.

Ny horonan-tsary *Fantaro ny Môrmôna* dia haseho ao amin'ny Joseph Smith Memorial Building ao Salt Lake City, Utah, Etazonia, ary any amin'ny toerana hafa izay mbola hofaritana ihany. ■

# Tokony Hanaraka ny Ohatra Nasehon'i Kristy ny Fampianarana Atao ato amin'ny Fiangonana

**M**iezaka ny manaraka ny diantongotra navelan'ny Mpamonjy eo amin'ny lafin'ny fampianarana isika,” hoy ny filoha vaovaon'ny Sekoly Alahady manerantany, Tad R. Callister, taorian'ny fihao-namben'ny Fiangonana.

Izany dia midika hoe mametraka fanontaniana mari-pototra tsara izay manampy ny olona ho lasa hiova fo, hoy izy. Ny tanjona dia “ny hanampy azy ireo hahatakatra sy hahatsapa ny Fanahin'ny Filazantsara eo amin'ny fiainany.”

Nilaza izy fa mahavariana azy tokoa ny *Viens, et Suis-moi*, izay fandaharam-pianarana en ligne ho an'ny zatovo ka ahitana ireo lahateny faramparany natao nandritra ny fihao-nambe ary koa zavatra hafa novokarin'ny Fiangonana. Nisolo toerana ny fampianarana zaraina fotsiny ny fandraisana anjara, hoy izy, ary “hita ny fanovana tanteraka ny fampianarana lesona tsotra fotsiny ho lasa fiezahana hampifanaraka izany amin'izay zavatra ilain'ny mpianatra ao anatin'ny kilasy.”

Nanampy izy hoe, ny *Viens, et Suis-moi* dia manampy amin'ny fitondrana fiovam-po fa tsy hoe mampita fampahalalana tsotra fotsiny. “Araka ny eritreritro dia hanangana taranaka zatovo izay ho mpampianatra faran'izay mahay eto amin'izao tontolo izao isika, ray aman-dreny faran'izay tsara eto amin'izao tontolo izao,” hoy izy, “satria izao izy zatovo izao dia efa manana izany traikefa izany fa tsy mila miandry hoe rehefa lehibe izy ireo . . . vao hahita hoe manao ahoana izany fampianarana sy fahatakarana-javatra amin'ny fomba mahomby izany.”

I Jesoa Kristy no Mpampianatra Lehibe hoy Rahalahy Callister ary ny fampianarana zaraintsika ao ampianongana dia tokony hitondra olona hanatona an'i Kristy. Tao anatin'ny fanamafisany ny filana ny fampianarana ny fotopampianarana amin'ny fomba mazava sy voafintina tsara dia nilaza izy hoe: “isaky ny miezaka ny manaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy isika dia manao izay zavatra tiany hataontsika.” ■



## MITOMBO NY MPANARAKA NY MORMON CHANNEL

Mpihaino sy mpijery an-pitrisany maro no mankafy ny Mormon Channel, izay alefa amin'ny teny Anglisy sy Espaniôla mandritra ny 24 ora isan'andro ary mandritra ny andro rehetra ao anatin'ny herinandro, avy any amin'ny Temple Square any Salt Lake City, Utah, Etazonia.

Tamin'ny taona lasa no nandefasana io fitaovana ôfisialy fampitam-baovao an'ny Fiangonana io. Olomasin'ny Andro Farany maro no finaritra amin'ny fizarana ny zavatra vokarin'izany amin'ireo mpikambana namana sy olona hafa. Ny zavatra vokatrina ao anatin'ny dia tsy natao hitadiavam-bola, ary ahitana fandaharana telo misy resadresaka sy hira mandeha amin'ny onjam-peo ao anatin'izany ary horonan-tsary fohy mizara hafatra Môrmôna.

Tadiavo ao amin'ny [mormon-channel.org](http://mormon-channel.org) ny Mormon Channel ary koa ao amin'ny YouTube, iTunes, Roku, Tumblr, Facebook, ary Twitter. Misy application maimaim-poana koa ho an'ireo mpampiasa iOS sy Android.

## Ny Fampianarana ho an'izao Androntsika izao

**M**anomboka amin'ny Mey 2014 ka hatramin'ny Ôktôbra 2014, ny lesona ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana isaky ny Alahady fahefatra dia tokony homanina avy amin'ny lahateny anankiray na mihoatra izay natao nandritra ny fihao-namben'ny Fiangonana volana Aprily 2014. Amin'ny Ôktôbra 2014, dia azo fantenina avy ao amin'ny fihao-namben'ny Fiangonana volana Aprily 2014 na Ôktôbra 2014 ireo lahateny. Tokony hifidy ireo lahateny izay ho ampiasaina any amin'ny faritra misy azy ireo ny filohan'ny tsatôka sy distrika, na azon'izy ireo omena ny eveka na ny filohan'ny sampana izany andraikitra izany.

Ireo izay manatrika ny fampianarana isaky ny Alahady fahefatra dia entanina mba handalina mialoha ireo lahateny voafantina. Hita amin'ny fiteny maro ao amin'ny [conference.lds.org](http://conference.lds.org) ireo lahateny ireo. ■



# Nampivelatra ny Fahafahana Manaraka Maneran-tany ny Fihaonamben'ny Fiangonana ny Teknôlôjia sy ny Tranonkala Ahafahan'ny Daholobe Mifanerasera

**A**nkoatra ireo olona 100.000 mahery nanatrika nandritra ireo fivoriana dimin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana Maneran-tany Fanao Isan-taona faha-184 tao amin'ny Ivontoeran'ny Fihaonambe tany Salt Lake City, Utah, Etazonia, dia olona an-tapitrisany maro hafa no nijery na nihaino ireo fivoriana ireo tamin'ny fiteny miisa 95 tamin'ny alalan'ny fampitana natao tamin'ny fahitalavitra, onjam-peo, zanabolana ary Internet.

Raha olona 21.000 no afaka mipetraka ao amin'ny Ivontoeran'ny Fihaonambe any Salt Lake City, dia hita ary miha-mitombo isa manerana izao tontolo tontolo izao ny mpanaraka ny fihaonamben'ny Fiangonana rehefa mandray anjara amin'izany koa ireo mpikamban'ny Fiangonana sy olona hafa an-tapitrisany maro. Tao anatin'ny 50 taona mahery izay dia nandika ny fizotran'ny fotoana tamin'ny fiteny maro dia maro ny Fiangonana. Firenena mihoatra ny 200 amin'izao fotoana izao no manana fahafahana

hanaraka mivantana ny fihaonambe noho ny teknôlôjia.

Ankoatra ny fampitana atao any amin'ireo trano fiangonana any amin'ny faritra samihafa dia mandefa mivantana ny fihaonambe amin'ny alalan'ny LDS.org, BYUtv, BYUtv International, Mormon Channel, Roku, sy Facebook ary YouTube ny Fiangonana. Nitombo teo amin'ny 30 isan-jato teo raha oharina tamin'ny fihaonambe teo aloha ny mpijery fihaonambe en ligne nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana Ôktôbra 2013.


Maro koa ireo olona nijery ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny alalan'ny tranonkala ahafahan'ny daholobe mifanerasera. Hafatra maro azo tamin'ny alalan'ny #ldsconf hashtag no hita tao amin'ny Twitter nandritra ny fivoriana tsirairain'ny fihaonambe izay niisa dimy ka nahatonga ny fihaonamben'ny Fiangonana ho anisan'ny lohahevitra noresahina be indrindra tao amin'ny Twitter tao anatin'ireo fotoana ireo. Ohatra, nandritra ny Ôktôbra 2013

dia hafatra miisa 155.000 mikasika ny fihaonamben'ny Fiangonana no hita tao amin'ny Twitter. (Ny hafatra iray antsoina hoe tweet dia fanamarihana ataon'ny olona iray manokana ka tsy tokony hihoatra ny taherintsoratra miisa 140 ny zavatra soratana ao.)

Nametraka hafatra mivantana avy amin'ny fihaonambe tamin'ny fiteny maro ny Fiangonana tamin'ny alalan'ireo fampitam-baovao ôfisialy ifaneraserana amin'ny daholobe ka namporisika ny hafa hizara ireo hafatra ireo izany. Nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Ôktôbra 2013 dia olona maro kokoa indray no nijery sy nihaino ireo hafatra nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana rehefa nahita hafatra kely iray nipetaka tao amin'ireo tranonkala ifaneraserana amin'ny daholobe. Nozaraina tamin'ny teny Anglisy sy Espaniôla ary Pôrtogey ireo hafatra kely napetaka ireo.

Lasa azo arahan'olona maro be mihoatra noho ny hatramin'izay ny fizotran'ny Fihaonambe amin'izao fotoana izao. ■

**Afaka arahin'ny olona maro ankehitriny ny fizotran'ny fihaonambe vokatry ny teknôlôjia sy ny tranonkala ifaneraserana.**



# Miresaka momba ny asa Fanompoana sy ny Finoana ireo Tranonkala

**M**anao asa fanompoana ny Olomasin'ny Andro Farany ary mizara ny finoany manerana an'izao tontolo izao. Ny tatitra mikasika ny asa natao toy izany dia miseho ao amin'ireo tranonkala ahitana vaovaon'ny firenena izay voafintina tsy tapaka ao amin'ny newsroom.lds.org, loharano ôfisialin'ny Fiangonana mizara fampahalalam-baovao sy ny hevitr'ireo olona misolo tena ny fiaraha-monina ary zavatra mahakasika ny daholobe.

Tany amin'ny faritra Pasifika dia nanome rano, sakafo, milina mpanapatapaka zavatra, fanatantavanana rano ary groupes électrogènes sy ireo kojakoja hafa ilaina amin'ny voina tampoka mba hanampiana ireo olona tany Tonga taorian'ny fandraravana nataon'ilay Cyclone Tropicale Ian ny Olomasin'ny Andro Farany. Ireo zatovo Olomasin'ny Andro Farany tany Samoa dia nandray anjara tao anatin'ny hetsika niombonan'ny karazam-pinoana samihafa izay naharitra roa andro ka nahitana fampaherezana arapanahy, filalaovana mozika sy dihy ary fanatanjahan-tena izany.

**Zatovo Olomasin'ny Andro Farany mihoatra ny 500 no niara-namboly hazo miisa 1.944 tany Guatemala.**

Ireo mpikamban'ny Fiangonana tany Brésil izay nanao ny ambonin'akanjo Môrmôna Manome Tanana dia nanampy tamin'ny fanadiovana sy fizarana kojakoja ilaina taorian'ny nanimban'ny tondra-drano iray ny toeram-ponenana sy toeram-piasana teo an-toerana ka maro no tsy nanankialofana noho izany. Tany amin'ny toeran-kafa dia nanampy tamin'ny fizarana zavatra ny mpikambana rehefa nanao fanomezana seza misy kodiara miisa 211 ho an'ny olona tsirairay izay mila fanampiana manokana ny Sampan-draharahan'ny Fiangonana Misahana ny Fanampiana Olona. Tafakatra hatrany amin'ny 700 ankehitriny ny isan'ny seza nomena ao anatin'izany fanoloran-javatra any Brésil izany izay mbola mitohy hatramin'izao.

Tany Afrika dia fikambanana nasiônaly sy iraisam-pirenena no nampiray ny heriny niaraka tamin'ny LDS Charities, izay Fikambanana iray mpanampy olona an'ny Fiangonana tao anatin'ilay laminasa nasiônaly voalohany tany Ghana hamongorana ny kitrotro sy ny bonibony amin'ny alalan'ny fanaovana vakisiny ny ankizy manomboka any amin'ny zazakely

ka hatrany amin'ny zatovo 14 taona. Tany Nigéria sy Ghana dia olona anarivony maro no nahazo tombontsoa tao anatin'ny tanàna miisa 100 rehefa nifanome tanana nandritra ny andron'ny Fanomezana-tanana ireo Olomasin'ny Andro Farany tao anatin'ny sokajin-taona rehetra mba hanamboatra tetezana, sy hamboly hazo sy hanala ahi-dratsy ary handoko trano sy hanadio ary hanatsara ny manodidina. Tany Zimbabwe dia zatovo Olomasin'ny Andro Farany mihoatra ny 60 no nanolotra ra maimaim-poana. Ary tany Afrika Atsimo dia voafidy ho lehiben'ny tanànan'i Queenstown, izay tanàna ahitana mponina miisa 200.000 ilay Olomasin'ny Andro Farany, Nozibele Makanda, izay reny manan-janaka enina.

Tany Amerika Afovoany dia zatovo Olomasin'ny Andro Farany miisa 500 tany Guatemala no niasa niaraka tamin'ny fitondram-panjakana teo an-toerana mba hamboly hazo miisa 1.944. Tany Costa Rica dia lasa toerana fanangonana ronono ireo trano fiangonan'ny Olomasin'ny Andro Farany ka mpilatsaka an-tsitrapo miisa 370 avy amin'ny Fiangonana no nanampy tamin'ny fanaterana izany tany amin'ireo tranom-pivarotana izay nandray anjara tao anatin'ny hetsika iray mba hanomezana zavatra ho an'ireo izay sahirana.

Ary tany Kanada dia niara-niasa tamin'ny Christian-Jewish Dialogue of Montreal (Québec) ireo Olomasin'ny Andro Farany mba hanomana horonan-tsary mifono resadresaka talohan'ny firesahan'ny fitondram-panjakana momba ny soatoavina. Ireo izay nandray fitenenana dia nanohana ny fenitra tokony hisy eo amin'ny fiaraha-monina dia ny fanehoana fanajana, fahatakarana miaro fangorahana, fandefarana ary fahalalahana ara-pivavahana ka nanindry mafy izy ireo fa mbola manan-danja eo amin'ny fiainan'ny mponina maro ao Québec ny fivavahana.

Jereo ny [mormonnewsroom.org/newsroom-country-sites](http://mormonnewsroom.org/newsroom-country-sites) raha hitady ny lisitry ny tranonkalan'ny vaovaon'ny firenena maneran-tany amin'ny fiteny maro. ■



***Ny Ivontoerana ho an'ny Vahiny any amin'ny Tempolin'i Mexico City dia mampirantny zavatra maro izay mampianatra ireo fahamarinan'ny filazantsara mba hanamafisana orina ny fianakaviana.***



## **Niverina Nisokatra ny Ivontoerana ho an'ny Vahiny ao amin'ny Tempolin'i Mexico City**

**N**y volana taorian'ny fisokafany indray dia vahiny nihoatra ny 30.000 no nitsidika ny Ivontoerana ho an'ny vahiny ao amin'ny Tempolin'i Mexico City, izay nandalo fanavaozana sy fanitarana nandritra ny roa taona. Ny zavatra rehetra haranty ao amin'izao fotoana izao dia amin'ny teny Espaniôla avokoa ka tafiditra ao anatin'izany ny fitaovana fampahalalan-javatra miavaka izay namboarina manokana ho an'ny mpitsidika Meksikana. Izany ivontoerana navaozina izany koa no ivontoerana voalohany ho an'ny vahiny ahitana toerana

fampirantiana anankiray izay namboarina manokana mba hampianarana ny ankizy ireo fitsipiky ny filazantsara.

Io no fahatelo lehibe indrindra amin'ireo ivontoerana ho an'ny vahiny toy izany ary ny ankamaroan'izy ireo dia hita eo akaikin'ny tempoly na eo akaikin'ny toerana manan-tantara an'ny Fiangonana. Misy ivontoerana ho an'ny vahiny aorina koa amin'izao fotoana izao eo akaikin'ilay tempoly aorina ao Rome, Italie ary misy ivontoerana koa any Angleterre, Nouvelle Zélande, Hawaii, ary any amin'ny faritany sivy

ao amin'ireo faritany 48 ao Etazonia. Ireo ivontoerana ireo izay natao mba handraisana ireo Olomasin'ny Andro Farany mazoto sy malaina ary koa ireo izay avy amin'ny finoana hafa dia tsy hoentina fotsiny mba hampahafantarana ny olona mikasika ny Fiangonana fa mba hanampiana azy ireo koa hahatakatra ny finoana ijoroan'izany ary mba hampitsirina ny faniriana hianatra bebe kokoa momba ny Mpamonjy sy ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara ao amin'izy ireo. Manolotra hafatra mba hanamafisana orina ny fianakaviana koa izy ireo.

I Mexique dia vatofantsika ao amin'ny Fiangonana izay ahitana mpi-kambana miisa 1,2 tapitrisa mahery ary tsatôka 200 mahery sy tempoly miisa 12. ■



**Mandray torolalana mikasika ny fomba fampianarana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ireo misiônera mandritra ny fandalovany ao amin'ny Ivontoerana Fanofanana ny Misiônera.**

## Manampy amin'ny Fanafainganana ny Asa Famonjena ny Ivontoerana Fanofanana Misiônera

Ivontoerana fanofanana ny misiônera miisa 15 manerana an'izao tontolo izao no manolotra fanofanana ho an'ny misiônera 85.000 mahery avy amin'ny firenena miisa 143. Raha atambatra dia mianatra fiteny miisa 55 avy amin'ny mpampianatra miisa 1600 ireo misiônera ary avy eo dia manompo hatramin'ny roa taona any amin'ny misiona miisa 405 any amin'ny firenena mihoatra ny 150.

Eo anatrehan'ny fitomboan'ny isan'ny misiônera vokatry ny fanovana ny taona takiana mba hahafahana manao izany tamin'ny Ôktôbra 2012, dia mampiantrano misiônera marobe mihoatra noho ny hatramin'izay ireo Ivontoerana Fanofanana ny Misiônera. Noho ny fisian'ny Ivontoerana Fanofanana ny Misiônera iray farafahakeliny any amin'ny ilam-bolantany rehetra dia misy misiônera hofanina foana izany any ho any.

Amin'ny ankapobeny ny misiônera dia tonga ao amin'ny Ivontoerana

Fanofanana ny Misiônera miaraka amin'ny fananana fahalalana arapivavahana izay avy tamin'ny fampianarana azo tao an-tokantrano sy tany am-piangonana. Manolotra fanofanana fanampiny ireo ivontoerana izay ahitana ny fomba hampianarana araka ny fomba nampianaran'i Jesoa Kristy sy ny fomba hanasana olona mba hanaraka Azy. Manao fampiharana mikasika ny fomba fampianarana ao anatin'ny toe-javatra samihafa ny misiônera sy ampianarina fiteny iray raha ilaina izany ary mihaino ireo lahateny ao anatin'ny fivoriana fampaherezam-panahy isankerinandro izay ataon'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana sy ireo mpiasa ao amin'ny Ivontoerana Fanofanana ny Misiônera ary mandray anjara amin'ny fahafahana manao asa fanompoana.

Ny Ivontoerana Fanofanana ny Misiônera lehibe indrindra dia any Provo, Utah, Etazonia. Manolotra fanofanana ho an'ny misiônera anarivorivony

amin'ny fiteny miisa 55 izany. Any Mexico City, Mexique no ahitana ny Ivontoerana Fanofanana ny Misiônera faharoa lehibe indrindra. Tamin'ny Jona 2013 dia nesorina tao amin'ilay trano somary kely izany ka naindrana tao amin'ny tobim-pianarana iray mirefy 36,5 ha izay lycée privé an'ny Fiangonana teo aloha, nantsoina hoe Benemerito de las Americas. Ilay toerana teo aloha dia afaka nandray teo amin'ny misiônera miisa 125 teo isaky ny miditra ary ilay toerana vaovao kosa dia afaka mandray 1000 mahery.

Ireo Ivontoerana Fanofanana ny Misiônera hafa dia hita any Buenos Aires, Argentine; São Paulo, Brésil; Santiago, Chili; Bogotá, Colombie; Santo Domingo, République Dominicaine; Preston, Angleterre; Accra, Ghana; Guatemala City, Guatemala; Auckland, Nouvelle Zélande; Lima, Pérou; Manille, Philippines; Johannesburg, Afrique du Sud; ary Madrid, Espagne. ■

# Mampihatra ny Fitsipiky ny Fifanampiana ao Anatin'ny Fanarenana an'i Philippines ny Fiangonana

**V**olana maro taty aorian'ny namelezan'ilay Rivo-mahery Haiyan an'i Philippines tamin'ny Nôvambra 2013 izay nandrava trano teo amin'ny 1,2 tapitrisa latsaka teo ary nahafaty olona mihoatra ny 6200 dia manohy manolotra fanampiana ny Fiangonana ka tsy nionona tamin'ny fitondrana anjara biriky tsotra toy ny mahazatra rehefa misy voina mihatra fa manolotra fanampiana izay maharitra kokoa. Ny ezaka iray manokana nahomby dia ny fisian'ireo mpanao asa an-tsitrapo izay nianatra nanorina trano ho an'ireo mbola tsy manan-kialofana.

Ireto olona manaraka teo anivon'ny fiaraha-monina ireto izay tra-boina noho ilay oram-baratra dia anisan'ireo izay naneho fankasitrahana noho ny fanampiana azon'izy ireo avy tamin'ny Fiangonana na dia tsy Olomasin'ny Andro Farany aza izy ireo:

- Vehivavy iray nialoka tany amin'ny trano fiangonana Môrmôna nandritra ilay rivo-mahery, izay nahita taorian'izany fa rava ny tranony rehefa nianjeran'ireo hazom-boaniho. Tsy nanana na inona na inona mba hanamboarana izany izy sy ny fianakaviany saingy nampian'ireo mpanao asa an-tsitrapo izy hanorina trano vaovao ary ankehitriny izy dia manampy fianakaviana iray hafa hanamboatra trano. "Nianatra niara-niasa tamin'ireo izay sahirana teto koa aho mba hahafahanay ho samy tafarina amin'ilay [rivo-mahery]," hoy izy.
- Mianatra manorina trano ho an'ny fianakaviany sy ho an'ny olon-kafa ankehitriny ny lehilahy iray izay very asa rehefa rava ilay orinasa niasany. "Fantatray fa mila mifanampy izahay mba hahavitan'ny asa haingana kokoa," hoy izy ary nampiana hoe feno fankasitrahana

noho ireo fanampiana entin'ny Fiangonana izy.

Nilaza ny Eveka Mpiahy Gary E. Stevenson fa ankoatra ny fanampiana ireo mahantra sy sahirana, "dia mahita ny fiasan'ny fitsipiky fizakan-tena koa isika amin'izao fotoana izao ary maha-talanjona mihitsy aza izany." Hoy izy hoe: "Ny iray amin'ireo zavatra ezahantsika atao dia ny manolotra fitaovana ary ireo [omena fanampiana] kosa dia manolotra ny herim-batany hanaovana ny asa. Izay tolorana toeram-pialofana dia miasa koa mba hanorina izany toeram-pialofana izany."

Ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana any an-toerana sy ireo solontena misahana ny fanampiana olona dia mivory miaraka amin'ireo manampahefana eo amin'ny tanàna mba hanomezana fanofanana momba ny asa aman-draharaha ary taratasy fanamarinana ho an'ny olona izay nianatra ny fomba fandrafetana. Nampiasaina ireo loharano tao anatin'ny Fonds Perpétuels d'Étude ka nisy ny fitondrana mpandratra tena mahay miisa 20 mba hanampy nandritra ny fanofanana ary trano miisa 2.000 ao anatin'ny 3.000 izay kasaina haorina no efa vita.

Mampiseho ny fahaizana azony amin'ny alalan'ny fanorenana trano fialofana miisa 10 ireo mpiofana eo an-toerana mba hahazoana taratasy fanamarinana avy amin'ny fitondrampanjakana sy vatakely misy fitaovana avy amin'ny Fiangonana, izay hanome fahafahana azy ireo hitady asa maha-soa. Tena ilaina mafy tokoa ireo mpiasa mpanorina trano ireo ka nanaiky ny hampiasa mpandratra an-jatony izay nofanin'ny Fiangonana ny Olomasin'ny Andro Farany ny fikambanana katôlika misahana ny fanampiana olona antsoina hoe Catholic Relief Services.

Nilaza ny Eveka Stevenson fa mpikamban'ny Fiangonana miisa



**Mamantsika tamba-takelakazo mba hanamboarana trano vaovao iray ireo mpanao asa an-tsitrapo any Tacloban, Philippines.**

500 no nanatrika fivoriana iray izay nahitana ny fanazavan'ireo mpitondra fivavahana ilay fanofanana arak'asa sy ny fahazoana taratasy fanamarinana, "ary rehefa nohazavaina tamin'izy ireo izany dia nitehaka mafy izy ireo ary latsa-dranomaso satria nahafantatra fa afaka mahita lalana iray izy ireo. . . mba hamelomana ny fianakaviany."

Ny Fiangonana koa dia niara-niasa tamin'ireo fikambanana maro mpanao asa soa ary koa ny fitondrampanjakana tany Philippines tao anatin'ny fanohizana ny ezaka atao mba hanomezana sakafo, rano, fanafody, fitaovam-pidiovana, groupes électrogènes, fitaovana ilaina ho an'ny toeram-pialofana, fitaovana fandrahoan-tsakafo, fitaovana fanjonoana ary voa mba hambolena.

Ny Fiangonana dia nianatra fa ny fomba mahomby indrindra hiatrehana ny loza dia ny miasa eo an-toerana ihany sy mividy ireo zavatra ilaina ao amin'ilay firenena tra-boina, ka any amin'ny faritra akaiky indrindran'ilay toerana nisehoan'ny loza raha azo atao. Tsy hoe hahazoana antoka fotsiny izany fa mifanaraka amin'ny ilain'ilay faritra ireo zavatra vidina ireo fa manampy koa amin'ny fanarenana ny toekarena eo an-toerana izay marefo.

Entanina ireo mpikambana maneran-tany mba hivavaka ho an'ireo olona any amin'ny toerana niharan-doza izay lavitra ny misy azy ireo ary hieritreritra ny hampitombo ny fanatitra avy amin'ny fifadiankanina omen'izy ireo na handrotsaka fanomezana ao anatin'ny kitapombolan'ny Fiangonana ho an'ny fanampiana olona. ■

# Manampy Olona An-tapitrisany Maro any Afrika ny Tetikasa Hananana Rano Madio

**N**andray anjara mavitrika tao anatin'ny tetikasa hananana rano madio tany amin'ny firenena mihoatra ny 100 ny Fiangonana tao anatin'ny roapolo taona mahery. Raha ao Afrika fotsiny dia nitondra soa ho an'olona mihoatra ny efatra tapitrisa izany tetikasa izany tamin'ny alalan'ny fanolorana lava-drano, fanobiana rano ary ny fomba fampidirandranon'ny fanadiovana rano.

Nisy tetikasa iray toy izany tany amin'ny Nosy Idugo, izay nosy miala kely ny morontsirak'i Mozambique. Ny ankamaroan'ireo olona miisa 15.000 izay mipetraka ao amin'ilay nosy dia miasa ao amin'ny toeram-piompiana sy fambolan'ny fianakaviana na manjono eo amin'ireo rano manodidina ny Ranomasimbe Indiana na miasa ao amin'ny farihy mietona mba hanangona sira avy amin'ny ranomasina. Tsy misy rano avy amin'ny paompy na herinaratra na lalana na fiara any amin'ilay nosy. Amin'ny alalan'ny sambo kely natao tanana na lakana vita tamin'ny vatan-kazo no fomba hahatongavana any amin'ilay nosy.

Nandritra ny taonjato maro, ny hany toerana ahitana rano hositroina tany Idugo dia tany amin'ireo lava-drano marivo kely izay nohadina tamin'ny tanana. Feno fotaka sy poti-javatra foana ireo lava-drano ireo. Rano misy fotaka sy sarotra alaina no omeny. Lasa maloto ny rano mandritra ny fotoan'ny orana, izay miteraka aretina Cholera sy aretim-pivalanana ary aretina hafa.

Rehefa henon'ireo misiôneran'ny Fiangonana misahana ny fanampiana olona ny toe-java-misy tany Idugo dia nihaona tamin'ireo tompon'andraikitra ny tanàna tao izy ireo. Niara-nanao drafitra izy ireo mba hahafahan'ny Sampan-draharahan'ny Fiangonana Misahana ny Fanampiana Olona manome fitaovana sy torolalana

mba hananganana lava-drano 10 ka vita amin'ny simenitra ny vatany ary vita amin'ny vy ny sarony ary afaka manome rano olona miisa 1.000 izany. Hanome fanofanana mikasika ny fahadiovana sy ny fitandroampahasalamana ireo misiônera ary ny mponina eo an-tanàna kosa dia hanolotra olona ilaina manana ny herimbatana hanamboatra sy hikarakara ireo lava-drano.

Fiarabe mpitatitra enta-mavesatra efatra no niainga avy any amin'ilay kaontinanta nitondra vatokely, kitapon-tsimenitra miisa 300, fasika, anja-by fanamafisana ny zavatra aorina, ary vy manara-drefy tsara hanamboarana ny endriky simenitra izay notaterina tany amin'ireo nosy. Dia notaterina nanavatsava ilay nosy antongotra na tamin'ny alalan'ny sarety ireo fitaovana ireo. Mpikambana maro avy tany Quelimane, Mozambique no nitoby tao amin'ilay nosy nandritra ny telo volana mba hitondra fanampiana eo amin'ny fampianarana sy fanamboarana.

Ireo fantsakana rano ireo dia namboarina manokana mba ho afaka hitsika ranon'orana sy hisoroka ny fifindran'ny aretina. Tany amin'ireo tanàna sasantsasany dia nanamboatra fefy hazo sy lalana vita biriky manodidina ny fantsakana rano ireo mponina ka ireo biriky nampiasainy ireo dia namboarin'izy ireo ihany tamin'ny alalan'ireo fitaovana natolotry ny Fiangonana.

Nandritra ireo lanonana ôfisialy dia natolotra ho fananan'ny mponina tany amin'ny tanàna tsirairay avy ireo fantsakana rano ireo. Mponina maro izay nanamboatra ireo fantsakana rano ireo no naneho fankasitrahana fa ireo fahaiza-manao vaovao nianarany—fanaovana biriky, fanamboarana zavatra amin'ny alalan'ny simenitra, fanamafisana izany amin'ny alalan'ny vy ary



**Manatrika lanonana fanehoana ny fanombohan'ny tanàna iray ham-piasa amin'ny fomba ôfisialy ny fantsakana rano iray ireo mponina sy olo-manan-kaja eo an-toerana any amin'ny Nosy Idugo, Mozambique.**

fomba fampiasana fitaovana—dia hanome fahafahana azy ireo hahita asa fanampiny. Ny hafa kosa dia naneho fankasitrahana noho ny fahafahany nianatra ny fomba fitarihana olona.

Taorian'ny fotoan'ny orana manarak'izay dia tsy nisy ny tatitra mikasika ny fisian'ny aretina avy amin'ny rano tao amin'ireo tanàna nahazo fantsakana rano ireo.

Araka ny voalazan'ny Organisation Mondiale de la Santé dia olona mihoatra ny iray miliara no tsy afaka mampiasa rano madio. Noho ilay tetikasa hananana rano madio ataon'ny Fiangonana dia mihamihena izany isa izany amin'ny alalan'ny lamina iray izay mampandray anjara ireo mponina eo amin'ny tanàna ao anatin'ny fandrafetana sy fanatanterahana ny tetikasa ary amin'ny alalan'ny fanolorana olona ilaina manana herimbatana hanorina ilay zavatra ilaina aorina ary amin'ny alalan'ny fanomezana fanofanana sy fikarakarana ireo zavatra voatsangana.

Ankoatra ireo tetikasa hananana rano madio atao manerana an'i Afrika dia manohana tetikasa hananana rano madio any Azia, Amerika Afovoany, Eorôpa Atsinanana, Inde, Indonésie, any amin'ireo Nosy Pasifika, Amerika Atsimo, Azia Atsimo Atsinanana ary any amin'ny faritra hafa manerana an'izao tontolo izao ny Fiangonana. ■



## Loholona Lynn G. Robbins

*Fiadidian'ny Fitopololahy*

**H**atramin'izay niantsoana azy ho Manampahefana Ambony tamin'ny Aprily 1997 izay dia nankafy ilay “fahafahana tena mahafinaritra mifankafantatra amin'ireo Olomasina manerana an'izao tontolo izao” ny Loholona Lynn G. Robbins.

“Tonga dia mahatsapa fifamatorana amin'ny olona ianao na aiza na aiza alehanao,” hoy izy.

Manantena ny hanohy hihaona amin'ireo Olomasin'ny Andro Farany manerana an'izao tontolo izao ny Loholona Robbins rehefa lasa mpikambana ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy.

Naterak'i Joshua Grant sy Evelyn R. Robbins tamin'ny 27 Ôktôbra 1952 tany Payson, Utah i Lynn Grant Robbins. Nipetraka tao Springville, Utah izy nandritra ny fahazazany sy ny fahatanorany, ka tao izy no nihaona tamin'i Jan Nielson izay efa fantany hatrany amin'ny fahazazana. Nivady tao amin'ny Tempolin'i Manti Utah izy ireo tamin'ny 27 Jona 1974 ary manan-janaka fito sy zafikely 15.

Ny Loholona Robbins dia nahazo ny mari-pahaizana Licence en Espagnol sy science politique tao amin'ny Utah State University ary nahazo ny mari-pahaizana MBA momba ny fitantanan-draharaha iraisam-pirenena tao amin'ny American Graduate School of International Management tany Glendale, Arizona, Etazonia. Izy dia mpiaramiombon'antoka tamin'ny fanorenana ny Franklin Quest ary Filoha lefitra zokiny ao amin'izany.

Filohan'ny Misionan'i Montevideo Uruguay ny Loholona Robbins tamin'ny fotoana nahazoany antso ho ao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy. Telo taona taty aoriana dia lasa mpikambana ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy izy. Efa filohan'ny Vondrom-paritra Atsimon'i Amerika Atsimo izy, sy ny Vondrom-parit'i Amerika Afovoany ary ny Vondrom-paritra Avaratr'i Amerika Andrefana. Efa nanompo tao amin'ny Vondrom-paritra Afovoan'i Amerika Avaratra koa izy.

Ny fitahiana lehibe azony tao anatin'izany asa fanompoana izany dia ny fahafahana niverina tany Argentine izay toerana nanaovany asa fitoriana tamin'ny fotoana feno. Fony izy misiônera tanora tany Argentine dia nanompo tany Jujuy izy, izay faritra iray nisy sampana iray. Rehefa niverina tany amin'ilay faritra izy taona maro taty aoriana dia nahita tsatòkan'ny Fiangonana izay nanana paroasy sy sampana folo mahery.

“Mahita izany na aiza na izay eto amin'izao tontolo izao ianareo,” hoy izy. “Andron'ny fahagagana izao.” ■



## Loholona Jorg Klebingat

*Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy*

**N**iaina tao anatin'ny fikirizana ny Loholona Jorg Klebingat. Mino ny fanehoana fankatoavana sy ny fanajana ny didy ary ny fanarahana ny bitsiky ny Fanahy izy.

Naterak'i Klaus-Peter sy Doris Elke Klebingat tamin'ny 19 Desambra 1967 ny Loholona Klebingat ary lehibe tany Zweibrücken, Allemagne, ka mbola tsy nahafantatra ny filazantsara. Nihaona tamin'ny mpikamban'ny Fiangonana iray izy tany amin'ny fampisehoana rindran-kira iray fony mbola zatovo ary lasa mpinamana izy ireo.

Nitantara izy hoe: “Rehefa namangy ilay namako vaovao aho dia variana tamin'ny fianakaviany.” “Nahatsapa ny Fanahy aho tao an-tranony ary naniry ny handeha hiangona.”

Tamin'izay fotoana voalohany nanatrehany fivoriam-piangonana izay no nahenoany momba ny Bokin'i Môrmôna. Nomen'ilay namany tahadika iray izy ary tao anatin'izany dia nisy ny fijoroany ho vavolombelona fa marina ilay boky. Dia nandao ireo fivoriana niaraka tamin'ny fahavononany hahafantatra ny fahamarinan'izany ho an'ny tenany manokana ny Loholona Klebingat.

“Tany amin'ny 1 Nefia tany ho any aho rehefa nahazo fijoroana ho vavolombelona fa marina ilay boky,” hoy ny Loholona Klebingat. “Fotoana niavaka ho ahy koa ny fahazoako fijoroana ho vavolombelona mikasika ny Mpaninany Joseph Smith. Nandritra ny fanaovako asa fitoriana dia nangataka ireo mpiara-mitory tamiko foana aho raha toa mba afaka mitantara izany tantara izany.”

Talohan'ny nandehanany nanao asa fitoriana nandritra ny fotoana feno tany amin'ny Misionan'i Colorado Denver, dia nanompo tao amin'ny tafika Alemana nandritra ny 18 volana ny Loholona Klebingat. Nofehezina tamin'i Julia Poltorak tany amin'ny Tempolin'i Salt Lake izy tamin'ny 21 Desambra 1992. Manan-janaka telo izy ireo.

Ny Loholona Klebingat dia nahazo mari-pahaizana momba ny fandalinana ny teny Rosiana tao amin'ny Ricks College ary nahazo mari-pahaizana maîtrise tao amin'ny Brigham Young University mikasika ny fandalinana ny toetra sy fihetsiky ny olona ao anatin'ny toe-javatra iray. Niasa toy ny mpanoro hevitra eo amin'ny lafin'ny fitantanan-draharaha ho an'i Price Waterhouse sy Arthur Andersen izy ary niasa tao ao anatin'ny sehatra maro tao amin'ny Fiangonana.

Talohan'ity antso ity ny Loholona Klebingat dia efa solontenan'ny tanora tokan-tena teo anivon'ny tsatòka, filohan'ny kôlejin'ny loholona, filohan'ny Zatovolahy, mpanolotsaina avo, filohan'ny sampana ary eveka. Ho tapitra amin'ny Jona 2014 ny maha-filohan'ny Misionan'i Kiev Ukraine azy. Notohanana ho mpikambana ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy izy tamin'ny 5 Aprily 2014. ■



## Loholona Chi Hong (Sam) Wong

*Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy*

Naharay zavatra mihoatra noho ny fianarana ny Loholona Chi Hong (Sam) Wong rehefa lasa mpikambana vaovao tato amin'ny Fiangonana sy mpianatra tao amin'ny Brigham Young University-Hawai—nahazo fahalalana azo antoka izy fa misy Andriamanitra iray izay mahafantatra “ny antsipiriany ny fiainantsika.”

Naterak'i Ngan Kan sy Fat Wong tamin'ny 25 Mey 1962 tany Hong Kong, Chine izy. Iray tamin'ireo zaza fito lehibe tao amin'ny efitrano kely iray ny Loholona Wong.

Nihaona tamin'i Carol Lu izy tany am-piasana izay nampahafantatra azy mikasika ny filazantsara. Natao batisa tamin'ny 14 Febroary 1982 ilay tovolahy naman'ny fiangonana.

Iray taona taorian'izay dia nanambady an'i Carol izy ny 9 Jolay 1983. Nifindra tany Laie, Hawai, Etazonia izy ireo mba hahafahan'ny Loholona Wong mianatra. Satria visa ho an'ny mpianatra no nananany dia tsy afaka miasa afa-tsy 20 ora isan-kerinandro ny Loholona Wong. “Tsy maintsy tena nampihatra ny finoanay sy nivavaka izahay,” hoy izy raha mikasika ny zavatra tokony hatao hamelomana ny fianakaviany.

Niasa mafy mba hahazoana vatsim-pianarana izy ary dia niezaka nanenjika ny ora ilaina amin'ireo taranja araka izay azon'ny oniversite natolotra mba hahazoana mari-pahaizana. “Tsy mora izany,” hoy izy nitantara. “Rehefa niaina izany zavatra izany izahay dia nahafantatra fa azonay atao foana ny miantehitra amin'ny herin'ny lanitra.”

Nofehезina tany amin'ny Tempolin'i Laie Hawai ry Wong tamin'ny 9 Aogôsitra 1984. Dia niteraka ny zanany voalohany izy ireo ary nisy telo hafa fanampiny tonga teo anivon'ny fianakaviana taty aoriana. “Tena niavaka sy sarobidy tokoa ireo taona ireo,” hoy ny Loholona Wong.

Nahazo mari-pahaizana Licence amin'ny siansa momba ny haitoebola ny Loholona Wong ary mari-pahaizana amin'ny siansa mikasika ny informatique. Dia nahatsapa izy avy eo fa mila “mandeha miverina any Hong Kong mba hanompo.”

Taty aoriana izy dia nahazo ny mari-pahaizana MBA tao amin'ny Hong Kong Open University. Ny Loholona Wong no mpanorina sady mpiara-miombon'antoka ao amin'ilay orinasa mpanoro hevitra mikasika ny fandraharahana sy ny fomba hananana zavatra tsara kalitao ary niasa ihany koa tao amin'ilay orinasa mpijery kalitao sy mpanara-maso akora, izay orinasa nanombohany niasa tamin'ny naha-mpitana bokim-bola voalohany azy ary efa lasa tale lefitra mpitantana izy tamin'ny fotoana nialany tao amin'ilay orinasa.

Talohan'ny nanohanana azy ho mpikambana ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy tamin'ny 5 Aprily 2014 dia efa eveka, filohan'ny tsatôka ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra izy. ■



## Loholona Larry S. Kacher

*Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy*

Taorian'ireo bitsika maro azony nandritra ireo taona naha-tanora mpitovo azy dia nanomboka nahatsapa hery lehibe kokoa nitarika azy teo amin'ny fiainany ny Loholona Larry S. Kacher. Rehefa feno 19 taona izy dia nitarika azy tany amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ilay fahatsapany ny Fanahy— toe-javatra izay nitondra fiovana be dia be.

Teraka tamin'ny 12 Febroary 1952 izy. Lahiaivon'ny zanaka dimy naterak'i Albert sy Elaine Kacher. Lehibe tao Bloomington, Minnesota, Etazonia izy.

Taorian'ny fianarany tany amin'ny lycée dia nandeha tany Eorôpa izy mba hanao ski ary enim-bolana mahery taty aoriana dia nahatsapa izy fa mila mody. Rehefa tafody izy dia nahatsapa fa mila mandeha any amin'ny toerana iray saingy tsy fantany hoe aiza. Nisy namany iray nandritra ny fahazazany nifindra tany Utah ka dia nanapa-kevitra ny hifindra hiaraka aminy koa ny Loholona Kacher. Niditra nianatra tao amin'ny Brigham Young University ny Loholona Kacher rehefa tany Utah ary nianatra momba ny Fiangonana ka dia natao batisa.

“Rehefa nampianatra anay ireo misiônera dia tsapako fa marina ilay izy,” hoy izy. “Rehefa nivavaka aho dia nahatsapa fa marina ny Fiangonana.”

Nanapa-kevitra ny handeha hanao asa fitoriana izy ary voantso hanompo tany amin'ny Misionan'i Papeete Tahiti tamin'ny 1973. Rehefa nody izy dia niverina nianatra tao BYU ka nifanena tamin'i Pauline Miller tao. Nivady tany amin'ny Tempolin'i Manti Utah izy ireo tamin'ny 29 Ôktôbra 1976 ary manan-janaka enina sy zafikely 11.

Nahazo mari-pahaizana licence momba ny psychologie ary mari-pahaizana maîtrise momba ny fandalinana ny toetra sy fihetsiky ny olona ao anatin'ny toe-javatra iray ny Loholona Kacher—samy tao BYU no nahazoany izany. Ny asa aman-draharaha nosahaniny dia mikasika ny fanoroana hevitra an'ireo orinasa teo amin'ny firenena sy orinasa iraisam-pirenena.

Talohan'ny nanohanana azy ho mpikambana ao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy, ny Loholona Kacher dia efa filohan'ny sampana, filohan'ny kôlejin'ny loholona, eveka, ary mpanolotsain'ny filohan'ny tsatôka. Niahny ny Misionan'i Genève Suisse izy tamin'ny taona 2000 ka hatrany amin'ny taona 2003. Taona vitsy taorian'ny niverenany avy any Suisse dia lasa niasa tany Abu Dhabi, Emirats Arabes Unis izy ka tany no nahazoany ilay antso mba ho Fitopololahin'ny Vondrom-paritra voalohany tany Moyen-Orient. ■





## Loholona Hugo E. Martinez

*Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy*

Samy tao anatin'ny antsoina hoe période d'études spécialisées après l'internat tany Mississippi, Etazonia ny Loholona Hugo E. Martinez sy ny vadiny, Rahavavy Nuria Alvarez de Martinez tamin'ny 1982, rehefa nisy olona tsy nampozina nandondona ny varavarana fidirana.

Indro misiônera Môrmôna anankiroa no nijoro teo.

“Nampidirinay tao an-trano izy ireo saingy tsy nahalala na inona na inona mikasika Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izahay. Tsy fantatray akory aza ny fisian'ny Amboarampeon'ny Tabernakely,” hoy ny Loholona Martinez tamim-pitsikiana.

Kanefa, tonga dia noraisin'ireto mpivady vao herotreny ireto tsara ireo lesona momba ny filazantsara nozarain'ireo elder ireo. Fotoana fohy taorian'izay dia nanaiky ny fanasan'ny misiônera mba hatao batisa izy ireo.

“Ary tsy nanenina mihitsy izahay hatramin'izay.”

Nantsoina ho ao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy tamin'ny 5 Aprily 2014 ny Loholona Martinez ary izy no Manampahefana Ambony voalohany avy any Caraïbes. Azo an-tsaina fa somary “sahiran-tsaina” amin'ilay andraikiny vaovao ihany izy.

“Saingy nisy fahatsapana fiadanana tonga tao amiko ary nampahafantatra ahy fa mandray ny andraikiny amin'ny fanohanana ahy ny Tompo,” hoy izy.

Herintaona sy iray volana taorian'ny batisan'izy ireo dia nofehezina tany amin'ny tempolin'i Salt Lake tamin'ny 3 Ôktôbra 1983 i Hugo sy Nuria Martinez. Manan-janaka dimy izy ireo ary zafikelivavy dimy.

Naterak'i Hugo E. Martinez-Sandin sy Daly Morales-Alamo de Martinez tamin'ny 10 Janoary 1957 tany Mayagüez, Porto Rico ny Loholona Martinez. Fony tovolahy dia nisafidy ny hanaraka ny lalana nodiavin-drainy teo amin'ny asa izy ka lasa mpitsabo. Nahazo ny mari-pahaizana momba ny fitsaboana tao amin'ny University of Porto Rico (1981) izy ary nahavita ny antsoina hoe période d'études spécialisées après l'internat tao amin'ny University of Mississippi (1984). Mpitsabo no asany mandra-pisotrony ronono tamin'ny 2004.

Fotoana fohy taorian'ny batisa dia voantso ho mpampianatra ny zatovo ao amin'ny Sekoly Alahady izy. Taty aoriana izy dia lasa eveka, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, filohan'ny distrika, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny Misionan'i San Juan Porto Rico. Niahy ny Misionan'i Guatemala City Central Guatemala koa izy ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra rehefa nahazo antso mba ho Manampahefana Ambony. ■



## Tad R. Callister

*Filohan'ny Sekoly Alahady Maneran-tany*

Am-polo taonany maro talohan'ny nahazoany ilay antsony vao haingana mba ho filohan'ny Sekoly Alahady maneran-tany dia nanana anjara toerana lehibe teo amin'ny fiainan'i Tad R. Callister ny Sekoly Alahady.

Fony Rahalahy Callister filohan'ny Sekoly Alahady tao amin'ny paroasy iray tao Brigham Young University dia nifankahalala tamin'i Kathryn L. Saporiti izay ho vadiny izy ka nanambady azy tamin'ny 20 Desambra 1968 tany amin'ny tempolin'i Los Angeles.

Manan-janaka roa vavy sy efa-dahy izy ireo. Manana zafikely miisa 24 koa izy ireo. “Maro ireo zavatra tsara miseho rehefa filohan'ny Sekoly Alahady ianao,” hoy ny Filoha Callister.

Naterak'i Reed Eddington sy Norinne Callister tamin'ny 17 Desambra 1945 izy. Nambarany fa izy dia—tahaka an'i Nefia—nateraka “ray aman-dreny tsongoin'olom-bolo.”

“Ny raiko no evekako rehefa nihalehibe aho,” hoy Rahalahy Callister. “Mahazatra azy ny mitondra miaraka aminy karatra kely vitsivitsy ary dia mianatra tsianjery voambolana sy soratra masina ary ny asa soratr'i Shakespeare.”

Niasa teo amin'ny sehatry ny lalàna toa an-drainy Rahalahy Callister. Rehefa avy nahazo mari-pahaizana momba haitoebola tao amin'ny Brigham Young University izy dia nianatra momba ny lalàna tany amin'ny University of California, Los Angeles ary nahazo mari-pahaizana maîtrise mikasika ny lalàna momba ny hetra tao New York University. Niasa toy ny mpisolovava tao amin'ny orinasa Callister & Callister izy.

Tamin'ny fotoana nahazoany ilay antsony dia vao nisao-rana tamin'ny antsony tao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy izy sy tao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy izy antso nomena azy nanomboka tamin'ny 2008.

Talohan'izany dia efa filohan'ny Misionan'i Toronto Atsinanana Kanada izy, Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, solontenan'ny faritra, filohan'ny tsatòka, eveka, filohan'ny misiona eo anivon'ny tsatòka, filohan'ny kôlejin'ny loholona, ary fony izy mbola tovolahy dia misiônera tany amin'ny Misionan'ny Faritany tany amin'ireo Faritra Atsinanana'i Atlantika.

Rehefa nanome hevitra mikasika ireo fiovana atsy ho atsy mikasika ireo fandaharam-pianarana ao anatin'ny Sekoly Alahady ho an'ny olon-dehibe ny Rahalahy Callister dia nilaza hoe: “Manan-danja mazava ho azy ilay fandaharam-pianarana saingy tsy manan-danja mihoatra noho ny fomba fampianaran'ny olona izany. Ny zavatra manan-danja indrindra dia ny hampianarantsika araka ny fomban'ny Mpamonjy sy hampianarantsika amin'ny alalan'ny Fanahy ary ny hampianarantsika mba hitondra fiovam-po.” ■



## John S. Tanner

*Mpanolotsaina Voalohany  
ao amin'ny Fiadidian'ny  
Sekoly Alahady  
Maneran-tany*

**N**ahita fifaliana tao anatin'ny fianarana i John Sears Tanner hatrany amin'ny fahazazany.

Nanaraka azy tao anatin'ny fianarany sy ny asa ary tao anatin'ireo fahafahana maro nitoriana ny filazantsara izany fientanentanana izany: voalohany tamin'izy misiônera tany amin'ny Misionan'i Brésil Atsimo ary avy eo tamin'izy eveka, filohan'ny tsatôka, mpanolotsaina avo, mpampianatra Fotopampianaran'ny Filazantsara, sy filohan'ny Misionan'i São Paulo Atsimo Brésil (izay hifarana amin'ity fotoam-pahavaratra ity), ary amin'izy izao lasa mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Sekoly Alahady maneran-tany izao.

“Rehefa mandeha araka ny tokony ho izy ny [fampianarana] dia eo ny Fanahy Masina ary mahatsapa ilay fientanentanana ao anatin'ny fianarana ianao. Mahatsapa ho toy ny eo amin'ny faritra masina izany ianao,” hoy ny Filoha Tanner.

Naterak'i William Coats Tanner Jr. sy Athelia Sears Tanner tamin'ny 27 Jolay 1950 tany Salt Lake City, Utah ny Filoha Tanner. Lehibe tany South Pasadena, Californie, Etazonia ny Filoha Tanner ary fahadimy tamin'ireo zanaky ny ray aman-dreniny miisa 13. Nanamboatra tontolo ahitana fahafahana mianatra zavatra maro tao an-tokantrano ny ray aman-dreniny ka tafiditra tao anatin'izany ny lohahevitra momba ny filazantsara. “Tsy tsaroako hoe tsy nisy zavatra nianarako tany am-piangonana izay tsy efa nianarako tany an-trano,” hoy izy. Lasa tia haisoratra koa izy izay nihani-velatra rehefa nianatra mba hahazoana mari-pahaizana momba ny teny Anglisy tao amin'ny Brigham Young University ary avy eo nahazo doctorat momba ny teny Anglisy tao amin'ny University of California, Berkeley.

Nihaona tamin'i Susan Winder izy fony tao BYU. Lasa mpinamana akaiky izy ireo ary taty aoriana dia lasa nifankatia. Nivady tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake izy ireo tamin'ny 1974. Nahalehibe zanaka miisa dimy izy ireo.

Nanomboka niasa tany amin'ny oniversite ny Filoha Tanner ka prôfesora mpanampy tany Florida State University izy tamin'izany. Lasa mpikambana tao amin'ny sekoly ambony tao BYU izy tamin'ny 1982. Nanomboka tamin'izay dia niasa toy ny prôfesora mpanampy sy prôfesora miara-miasa amin'ny hafa ary prôfesora tompon-draharaha mpianatra ny taranja Anglisy izy, ary lasa filohan'ny departemanta sy filoha lefitry ny mpampianatra tany amin'ny oniversite.

Ny ampahany manan-danja indrindra ao anatin'ny fampianarana ny filazantsara hoy izy dia avy amin'ny zavatra nianarany tany am-piandohan'ny asa aman-draharahany: ny fampianarana dia tsy miseho ao amin'ny toerana misy tahotra na faniriana fa ao amin'ny toerana misy fitiavana—misy fiantrana, ilay fitiavana madion'i Kristy. ■



## Devin G. Durrant

*Mpanolotsaina Faharoa  
ao amin'ny Fiadidian'  
ny Sekoly Alahady  
Maneran-tany*

**R**hefa voantso mba ho mpanolotsaina faharoa ao amin'ny fiadidian'ny Sekoly Alahady maneran-tany i Devin G.

Durrant dia mety nisy mpikamban'ny Fiangonana maro nahatsiaro ireo fotoana nampamiratra azy tamin'izy tao anatin'ny ekipa mpilalao basketball tao Brigham Young University.

Mazava ho azy fa nanana anjara toerana lehibe teo amin'ny fiainan'ny Filoha Durrant ny fanatanjahan-tena. Nisy fotoana aza izy nandray anjara tao amin'ny NBA ka nifanandrina tamin'ireo mpilalao fanta-daza tany Etazonia. Saingy manana ny maha-izy azy koa izy ankoatra ny maha-mpanao fanatanjahan-tena malaza azy: misiônera tany Madrid, Espagne, vady, raim-pianakaviana, raibe, mpanoratra, mpan-draharaha, mpikambana mahatoky ary filohan'ny Misionan'i Dallas Texas tao anatin'ny roa taona sy tapany lasa izay.

Ny Filoha Durrant izay teraka tamin'ny 20 Ôktôbra 1960 tany Brigham City, Utah dia nilaza fa ny tokantrano niainany nandritra ny fahazazany dia nanana anjara toerana lehibe teo amin'ny fanomanana azy tamin'ireo anjara asa tsirairay avy hosahaniny eo amin'ny fiainana. Mpampianatra mahay i George sy Marilyn Durrant ray aman-dreniny.

“Marina fa nampianatra tamin'ny alalan'ny teniny tokoa izy ireo—kanefa ireo fampianarana lehibe noraisiko tao an-tokantrano dia tamin'ny alalan'ny fijerena azy ireo miaina ny fiainany.”

Fantatry ny Filoha Durrant sy Julie Mink Durrant vadiny tsara ny maha-zava-dehibe ny fananana mpampianatra matanjaka eo amin'ny fanomanana misiônera hanompo amin'ny ho avy.

“[Ireo misiônera hanompo amin'ny ho avy] dia mahazo fampianarana tsara avy amin'ny ray aman-dreniny any an-tokantrano sy avy amin'ny mpampianatra azy ireo any am-piangonana ary avy amin'ireo fandaharam-pianarana tena tsara ao amin'ny seminera sy institiota.”

Ny fandaharam-pianaran'ny Sekoly Alahady hoy izy nanampy dia manome fahafahana ny mpampianatra sy mpianatra avy amin'ny sokajin-taona rehetra “mba hampianatra araka ny fomban'ny Tompo.”

Nivady tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake ny Filoha Durrant sy Rahavavy Durrant tamin'ny 23 Aprily 1983 ary manan-janaka enina sy zafikely enina.

Talohan'ny niantsoana azy ho filohan'ny misiona dia efa eveka, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny tsatôka, ary mpikambana tao amin'ny fiadidian'ny Sekoly Alahady teo anivon'ny tsatôka sy mpampianatra tao amin'ny institiota izy.

Nahazo mari-pahaizana licence mikasika ny Études Américaines tao amin'ny Brigham Young University izy ary nahazo MBA tao amin'ny University of Utah. Tompon'ny orinasa iray mampiasa vola amin'ny fivarotana trano aman-tany izy. ■



*Ilay Hazavana Nihalehibe, nataon'i Elspeth Young*

*Tamin'ny 1830 dia navelan'i Isaac Morley nindramin'i Mary Elizabeth Rollins izay 12 taona ilay Bokin'i Môrmôna vaovao vao azony. Satria izay irery no hany Bokin'i Môrmôna nisy tany Kirtland, Ohio tamin'izany fotoana izany dia nifandimby namaky izany nandritra ny alina i Mary Elizabeth izay vao vita batisa ary ny fianakaviany.*

*Vao maraim-be ny ampitson'izany dia nosokafany indray ilay boky ary nataony tsianjery ireo andalana voalohany ao amin'ny 1 Nefia. Ilay hazavana hita eo amin'ilay sary hosodoko dia maneho ilay hazavana nanentana ny fanahin'i Mary Elizabeth teo am-pamakina.*



“Enga anie isika ka hanapa-kevitra ny hanao zavatra tsara kokoa noho izay nataontsika teo aloha rehefa misaintsaina ireto hafatra henontsika ireto,” hoy ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny fivoriana famaranana ny Fihaonamben’ny Fiangonana Maneran-tany Fanao Isan-taona Faha-184. “Aoka isika mba haneho hatsaram-panahy sy fitiavana an’ireo izay tsy mitovy finoana sy fitsipika amintsika. Nitondra hafatra mifono fitiavana ho an’ny lehilahy sy vehivavy rehetra eto an-tany ny Mpamonjy. Aoka isika hanaraka lalandava ny ohatra nasehony.”

NY FIANGONAN' I  
**JESOA KRISTY**  
HO AN' NY OLOMASIN' NY  
ANDRO FARANY